



UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE LITTERAIRE
CENTRE D'ETUDES ET DE RECHERCHE
EN LANGUE ET LETTRES MALGACHES



**Mémoire de fin d'études pour l'obtention du Certificat d'Aptitude Pédagogique de
l'Ecole Normale**

**HAIFAMPIANARANA MAMPIASA NY
FITENIN-DRAZANA AO ANATY
LAHATENY**

Présenté par Eugène RASOLONIRINA

Directeur de mémoire : Suzette Malalatiana RATIARAY

Maître de conférences

Antananarivo,

Mars, 2016

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE LITTERAIRE
CENTRE D'ETUDES ET DE RECHERCHE
EN LANGUE ET LETTRES MALGACHES

**Mémoire de fin d'études pour l'obtention du Certificat d'Aptitude Pédagogique de
l'Ecole Normale**

**HAIFAMPIANARANA MAMPIASA NY
FITENIN-DRAZANA AO ANATY
LAHATENY**

Présenté par Eugène RASOLONIRINA

Directeur de mémoire : Suzette Malalatiana RATIARAY

Maître de conférences

Antananarivo,

Mars, 2016

TENY FISAORANA

Fisaorana lehibe no atolotra an'Andriamanitra Andriananahary izay nanome aina sy hery amam-pahasalamana anay ka nahatontosanay izao asa izao. Hitsinjo sy hitantana antsika mandrakariva anie izy ka hampanambina antsika amin'izay rehetra atao.

Tolorana fisaorana manaraka azy ianao Ramatoa RATIARAY Suzette Malalatiana, izay tsy nitandro hasasarana nitarika sy nanitsy anay tany am-pianarana ka hatramin'izao asa izao. Ny hazo no vanon-ko lakana dia ny tany naniriany no tsara, ny katsaka no manao baby telo dia ny tany naniriany no lonaka, ary ity asa ity no azo aseho vahoaka toy izao dia tao ianao izay nanoro lalana anay. Ny andon'ny lanitra sy ny tsiron'ny tany anie hirotsaka ho anao sy ny fianakavianao, ka hitroto akondro, hisakelika fary, ary hivimbin-tantely mandrakariva ianao eo amin'ny fiainana.

Fa ny akoho no lasa zanany dia tao ny atody, ny marary no salama dia tao ny mpitsabo, fa izahay no tonga amin'izao fanohanana asa izao dia tao ny sekoly ENS nanabeazana anay. Tolorana fisaorana safo-morona araka izany ianareo rehetra voakasiny : ny Tale mpitantana ity sekoly ity, ny mpandraharaha rehetra tsy ankanavaka, ary indrindra ireo mpampianatra rehetra ato amin'ny Sampana Malagasy izay nandany ny rondohany sy ny fotoanany tokoa tamin'ny fizarana fahalalana ho anay tato. Hisotro ronono amim-piadanana avokoa anie ianareo rehetra tompoko.

Misaotra sy mankasitraka ary mankatelina ny andiany ZAHATRA, izay nifanohantohana tsy ho lavo niaraka taminay izahay, satria tena vary sy rano tokoa isika hatrizay, iray vatsy sy iray aina, ary maso sy orona ka sady niray alahelo no niara-nifaly ihany koa nadritra izay fotoana lavalava izay. Handidy hahita ny tonony anie isika ary hanapaka hahita ny vaniny.

RASOLONIRINA Eugène

DIKATENY**A**

Antéposition : famadihana singa iray eo alohan'ny singa iray hafa

Antiphrase : tohi-daza

Antithèse : tohi-kevitra

Apologue : tantara fananarana

Argument de communauté : tohan-keviparahamonina

Auxèse : sarin-teny fanaovana filaza masaka miabo

C

Cadre énonciatif : seha-pilazana

Canal : mpampita

Code : faneho

Code non-linguistique : faneho ivelan'ny teny

Calembour : tsilalaon-teny

Caricature : kisary an-kosometa

Comique verbal : filalaovana fampihomehezana amin'ny alalan'ny teny

Communication : serasera

Contexte : seha-pitenenana / hodidina

D

Déduction : fanatsoahan-kevitra

Discours : lahateny

E

Enoncé : laza

Enonciation : filazana

Ethos : sary anehoan'ny mpiteny ny tenany ao anatin'ny lahateniny

Expression figée : andian-teny raiki-drafitra

F

Fable : tantara noforonina misy fanoharana natao anatsoahana fampianarana

G

Génération : andiany indraimihira

Genre de discours : sokajin-dahateny

H

Humour : fampihomehezana maneho fifanoheran-javatra tanteraka

Hyperbole : sarin-teny fanaovana filaza masaka

I

Inférence : tinakatra

Implicite : voafono

Induction : tsoa-kevitra fao-be

Ironie : fanesoana

L

Litote : filaza malefaka

Logos : lafin-javatra mahasahana ny lahateny (zohin-kevitra)

M

Maxime de minimisation : lalànan'ny fanalefahana

Modalisation : fomba filaza

O

Onomatopée : teny feo

Opposition : fifanoherana

P

Parodie : fanakianana tsivalavala

Parallélisme : fimiran-jotra

Pathos : toe-po tia aseho na ananan'ny olona itenenana vokatry ny teny ambara aminy

Polémique : mampifanditra

Prose : lahatsoratra tsotra

Protagoniste du discours : mpifandahatra

R

Référent : ny tondroina

Registre : lokom-pilazana

Registre burlesque : lokom-pilazana kivalavala

Registre comique : lokom-pilazana mahatsikaiky

Registre didactique : lokom-pilazana enti-mampianatra

Registre épideictique : lokom-pilazana enti-mandoka na manabanty

Registre épique : lokom-pilazana maneho herim-po

Registre fantastique : lokom-pilazana mampitolagaga

Registre lyrique : lokom-pilazana mampihetsi-po

Registre pathétique : lokom-pilazana mampihotakotaka

Registre polémique : lokom-pilazana
mampifanditra

Registre tragique : lokom-pilazana
mampangitakitaka

S

Satire : fanarabiana

Signifiant : mpanambara

Signifié : ambara

Subjectivème : mari-pizahoana

Subjectivème affectif : mari-pizahoana
iontanana

Subjectivème évaluatif : mari-pizahoana
anombanana

Subjectivité : fizahoana

Style : fomba fanoratra na fiteny
mampiasa sarin-teny

Synecdoque : sarin-teny fanovana anarana
enti-milaza ny manontolo amin'ny
alalan'ny ampahany na ny mifanohitra
amin'izay ka misy fifandraisana akaiky
izy ireo

T

Tapinose : sarin-teny fanaovana filaza
masaka miiba

Tragique : mampangitakitaka

Type de discours : karazan-dahateny

FIZAHAN-TAKILA

0. TENY FAMPIDIRANA	01
0.1.Tari-dresaka	02
0.2.Petrakolana	02
0.3.Anton'ny safidy	04
0.4.Lalan-tsaina enti-manatontosa ny fikarohana	04
0.5.Ireo dingana efa vita momba ny fikarohana ny fitenin-drazana	08
0.6.Fetran'ny asa	10
0.7.Tanjona	11
0.8.Fomba nanatontosana ny asa	11
0.9.Drafitra	12
 FIZARANA VOALOHANY : ANKAPOBENY MOMBA NY FITENIN-DRAZANA	 13
1.1. Ny fitenin-drazana	16
1.1.1. Famaritana	17
1.1.1.1. Ny ohabolana	18
1.1.1.2. Ny fomba fiteny	20
1.1.2. Toetra ankapobeny ananan'ny fitenin-drazana	23
1.1.2.1. Toetra ivelany	23
1.1.2.2. Toetra anatiny ananan'ny FD	27
1.2. Ny fanehoan-kevitra ao amin'ny fitenin-drazana	59
1.2.1. Ny fanehoan-kevitra ao amin'ny FD amin'ny maha literatiora azy	60
1.2.2. Ny iavahany amin'ny literatiora	62
1.3. Ny lohahevitra voizin'ny fitenin-drazana	65
1.3.1. Miresaka momba ny voary ankapobeny	66
1.3.1.1. Voary manana aina	66

1.3.1.2. Ny voary tsy manana aina	68
1.3.1.3. Voatrolombelona	69
1.3.2. Ny momba ny fiainan'ny olombelona	70
Fehin'ny fizarana voalohany	74
 FIZARANA FAHAROA : NY PIRAGIMATIKAN'NY SERASERA MAMPIASA FITENIN-DRAZANA	 75
2.1. Ny piragimatika	76
2.1.1. Famaritana ny antsoina hoe piragimatikan'ny serasera	76
2.1.2. Ny serasera	80
2.1.2.1. Ny lalan-tsaina mifototra amin'ny fandinihana ny serasera aman- teny	80
2.1.2.2. Ny fetra mampahomby ny serasera	82
2.1.2.3. Ny FD sy ny anjara asan'ny fitenenana eo amin'ny serasera	84
2.1.2.4. Ny filazana (<i>énonciation</i>)	85
2.1.2.5. Ny laza (<i>énoncé</i>)	87
2.1.2.6. Ny lahateny	90
2.1.3. Ny fizahoana araka ny fijerin'i Kerbrat-Orecchioni	94
2.1.3.1. Famaritana ny antsoina hoe fizahoana	94
2.1.3.2. Ny fizahoana amin'ny fitenin-drazana	98
2.1.4. Ny endrika aseho eo amin'ny filazana mandresy lahatra sy ny fitenin-drazana	112
2.1.4.1. Ny lafin-javatra mifamatotra amin'ny mpiteny (<i>ethos</i>)	112
2.1.4.2. Ny lafin-javatra miankina amin'ny olona itenenana (<i>pathos</i>)	114
2.1.4.3. Ny lafin-javatra mahasahana ny lahateny (<i>logos</i>)	115

2.1.4.4.	Ireo lokom-pilazana samihafa (<i>registres</i>)	117
2.2.	Ny anjara asan'ny fitenin-drazana ao anaty lahateny	135
2.2.1.	Ny anjara asan'ny fitenin-drazana ao anaty lahateny tsotra	135
2.2.2.	Ny anjara asan'ny fitenin-drazana ao anaty lahateny literera	148
2.2.2.1.	Tononkalo	148
2.2.2.2.	Hain-teny	149
2.2.2.3.	Kabary	152
	Fehin'ny fizarana faharoa	159
	FIZARANA FAHATELO : FAMPIANARANA MAMPIASA NY FITENIN-DRAZANA	160
3.0.	Fampidirana momba ny fahalalana fototra tokony hilaina	161
3.1.	Ireo fahalalana fototra tokony hananan'ny mpampianatra	161
3.1.1.	Fahalalana manokana takina aminy momba ny lafiny pedagôjia	162
3.1.2.	Fahalalana manokana takina aminy momba ny zavatra hampianariny	168
3.2.	Ireo fahalalana fototra tokony homena ny mpianatra	169
3.2.1.	Fahalalana ilaina ho hain'ny mpianatra momba ny serasera sy ny lahateny	170
3.2.2.	Fahalalana tokony homena ny mpianatra momba ny FD	171
3.2.2.1.	Fahalalana ilaina momba ny FD mandeha manokana	172
3.2.2.2.	Ny fampiasana ny FD ao anaty lahateny	205
	Fehin'ny fizarana fahatelo	214
	Teny famaranana	215
	Tahirin-kevitra	218
	Famintinana	226

FANAFOHEZAN-TENY

FD : fitenin-drazana

FA : fiteny andavanandro

Tj : toe-javatra

Fzk : fehezan-kevitra

F : fehezanteny

LISITRY NY KISARY

Kisary1 : Kisary maneho ny toetra mampiavaka ny fitenin-drazana

Kisary2 : Kisary maneho ireo singa rehetra mandrafitra ny serasera nataon'i Jakobson sy ny anjara asan'ny fitenenana mifanandrify amin'izany.

Kisary3 : Kisary maneho ny telolafin'ny haifampianarana nomen'i R. Legendre

LISITRY NY FAFANA

Fafana1 sy fafana5 : Fafana maneho ny fifanahafana sy ny fifanakaikezan-drafitry ny ankamantatra sy ny FD.

Fafana2 : Fafana maneho ireo endrika filaza mandidy hafa isehoan'ny FD izay miompana amin'ny fampiasan'ny olona azy.

Fafana3 : Fafana maneho ny ambaratongam-pahasarotan'ny FD

Fafana4 : Fafana maneho ny endrika faharoa amin'ny fampiasan'ny olona ny FD izay misy teny natamby eo aloha.

Fafana6 : Fafana maneho ny fisian'ny teny hafa napetraka eo alohan'ny endrika fototry ny FD

Fafana7 : Fafana maneho ny fifandraisan'ireo FD enti-mananatra sy enti-mandatsa/maneso/manebaka.

~ 1 ~

TENY FAMPIDIRANA

0.1. Tari-dresaka

Misy ny fiteny fampiasan'ny besinimaro, manaraka ny fitsipiky ny teny. Ary ny kolontsaina kosa dia mamolaka ny fiteny mifototra amin'ny zava-misy fahita andavanandro, amin'ny zavaboary, amin'ny toetra amam-pihetsika. Samy manana izany ny fiteny rehetra maneran-tany, ka hita izany amin'ny ohabolana, *maxime*, na *expressions figées*. Manana ny azy manokana koa ny teny malagasy. Ka io no ifotorana eo amin'ity asa ity, satria fampiasa amin'ny serasera indrindra.

Hafomezintsika ho FD ny fitenin-drazana mba hanamora ny fanazavana rehetra.

0.2. Petrakolana

Misedra olana maro lafy ny teny malagasy sy ny fampianarana azy ankehitriny. Havondronay ho telo lehibe izay tsapanay momba izany sy izay mikasika manokana ny FD : ny olana momba ny fampianarana ny teny malagasy, ny olana mahakasika ny fitenin-drazana, ary ny momba ny fampianarana ireo FD ireo any an-tsekoly.

✓ Ampahany amin'ireo olana momba ny fampianarana ny teny malagasy

Raisin'ny mpianatra ho mahamenatra ny fanehoana ny maha izy azy ny tenany ; anisan'izany ny iheverany fa sady mahamenatra no mahavaoa sazy ny miteny amin'ny fitenim-paritra niaviany rehefa miserasera any an-tsekoly na ao an-dakilasy izy, ka be very ny kolontsaina fonosin'ireny teny ireny. Misy akony any amin'ny fampianarana ny teny izany satria vitsy ny mpianatra na ny mpampianatra mahalala azy ireny. Tahaka izany ny lahabolana sasany avy any amin'ny faritra izay efa mila tsy ho re intsony noho izy tsy mivoaka amin'ny serasera an-tsekoly fa tazonin'izay olona mahay azy any ihany. Vokany, toa ny fitenin-drazana, dia izay voadika amin'ny teny malagasy ôfisialy ihany no hain'ny mpianatra sady ampiasainy.

✓ Ny olana momba ny fitenin-drazana

Malaza tsy ihinanana ny FD noho izy tsy be mpampiasa intsony ka mbola maro izy ireny no mbola tsy voaangona avy any amin'ny faritra samihafa.

Manahirana ny manome ny famaritana azy satria amin'ny teny samihafa no ilazana azy (ohabolana/fomba fiteny/fitenenana) kanefa tokony havahana mazava tsara ireo.

Tsy manintona ny tanora ny FD sy ny fampiasana azy noho izy mila hakingan-tsaina tanteraka ; lava ihany koa mazàna ny lahateny ampiasana azy (toy ny kabary, ny famelabelarana) ka lasa mahamonamonaina raha tsy mifanentana amin'ny sehatra itenenana azy ilay FD.

✓ Ny olana momba ny fampianarana ny FD

Iaraha-mahita ny olana mahakasika ny fampianarana ity FD ity. Maro karazana izany ary saro-bahana, kanefa mila hofantarina sy hanolorana vahaolana andrana ihany.

Ireto no tsapanay ho anisan'ireo olana ireo :

- Tsy nofanina hahay ny FD sy hampianatra azy ny mpampianatra.
- Vitsy dia vitsy ny FD tena hita atao laza teny amin'ny famakafakan-kevitra ; asaina manohy sy mitanisa azy ireny fotsiny ny mpianatra fa tsy asaina manakatra ny hevidalina fonosiny (kolontsaina, soa toavina, sns.). Mampihena ny fahalianan'ny mpianatra hiaroka sy hitrandraka azy ireny anefa izany.
- Tsy nampianarina ny mpianatra ny fanangonana sy ny fitadidiana azy ireny, ny famaritana mazava, ny fanakaran-kevitra sy ny fanehoan-kevitra ao aminy, ny karazany, sns ; terena anefa ny mpianatra hamoaka FD rehefa hanomboka lesona vaovao ny mpampianatra (ohatra : ny lesona momba ny tsangan-kevitra : *marina, rariny, hitsiny, ...*).
- Tsy omena lanja ny fampianarana sy ny fampiasana ny FD any an-tsekoly sy amin'ny andavanandro ka tsy fantatry ny mpianatra ny lanjany sy ny sehatra tokony hampiasana azy. Noho izany dia mandeha ho azy ny fitenenana. Tokony hosokajiana araka ny ambaratongam-pahalalana misy ny mpianatra izy ireny ary havondrona araka ny tombon-kevitra entiny sy/na ny lohahevitra voiziny izany.

Fehiny : Ny fihenana-danja ny FD dia mampihendana ny teny malagasy, manala ilay hanitra ananan'ny fitenenana, ny kabary, ny fahaiza-miteny. Ka ilana fikarohana ny fanangonana, ny fitadidiana ary ny fampiasana azy ireny.

0.3. Anton'ny safidy

Voalohany, noho io olana mianjady amin'ny teny malagasy io dia heverinay fa mila hamafisina ny fianarana ny teny izay tena mifono soa toavina aman-kolontsain'ny tomponteny¹ ; tafiditra indrindra ao anatin'izany ity FD anaovanay fikarohana ity. Tokony hokirakiraina izy ireny amin'ny maha fitaovan-tserasera azy izay sady enti-manoritsoritra sy manazava no ampiasaina amin'ny fandresen-dahatra ihany koa. Enti-mandranitra ny sain'ny mpianatra ireny FD ireny noho izy mifono zava-dalina. Ka tanjona lehibe eto ny hanazarana ny zaza malagasy hikirakira ireny FD ireny sy hisarihana ny sainy hankafy ny tenim-pireneny.

Faharoa, tianay ny handinika momba io FD io sy ny fomba fampiasan'ny Ntaolo azy hoenti-manabe ny olona sy ny fara aman-dimby. Sady mampitombo ny fahalalana ny fahafolahana ny teny no arofanina ihany koa amin'ny fitondran-tenan'ny tsirairay eo anivon'ny fiarahamonina. Fitaovana mahomby hatafidirana ao anatina vondron'olona iray ny fahafehezana ny teny aman-kolontsaina iainan'izany vondron'olona izany ; raha tsy izany dia manili-tena tsy ho ao antin'ilay fiarahamonina ny olona tsy mahay ny fitenin'io vondrona misy azy² io.

Noho izany, ankoatra ny fianarana mandaha-teny, ity asa fikarohana ity no heverinay fa ho anisan'ny fitaovana iray anampiana ireny tahirin-kevitra mirakitra ny FD ireny sy ny fomba fampiasana azy arakaraka ny tanjon'ny mpiteny.

Farany, ity fikarohana ity dia natao mba hameloma-maso ireny FD ireny ihany koa. Fohazina indray ny fahaizan'ny Ntaolo nampiasa azy ka atoro ny fara aman-dimby.

0.4. Lalan-tsaina enti-manatontosa ny fikarohana

Mba haha siantifika ny asa fikarohana dia tsy maintsy mandray lalan-tsaina manokana ny mpandinika itondrana azy. Eto ary dia lalan-tsaina telo lehibe, izay samy manana ny maha izy azy, no hitanay fa mifampiankina sy mifaningotra azo itrandrahana ity asa ity : ny lalan-tsaina mifototra amin'ny fandinihana fiarahamonina amin'ny maha teny ny FD, ny lalan-

¹CHAPUS G. S. et Razanajoary, *Bulletin de l'Académie Malgache*, 1949.1950, « Les proverbes malgaches sont tout particulièrement dignes d'intérêt parce qu'ils nous permettent d'entrer fort avant dans ce domaine spirituel que constitue la mentalité d'une race. On reconnaîtra bien vite qu'ils renferment toute une philosophie de la vie, car la race s'exprime dans leurs sentences et celles-ci sont l'image fidèle de la population dont elles sont issues », p. 29.

²F. SAUSSURE, *Cours de linguistique générale*, 1997, « Quand nous entendons parler une langue que nous ignorons, nous percevons bien les sons, mais, par notre incompréhension, nous restons en dehors du fait social », p.30.

tsaina mifototra amin'ny fandinihana ny serasera aman-teny am-bava na an-tsoratra : dia ny lalan-tsaina mifototra amin'ny fandinihana lahateny sy ny lalan-tsaina mifototra amin'ny fandaharan-teny.

0.4.1. Ny lalan-tsaina mifototra amin'ny fandinihana fiarahamonina amin'ny maha teny ny FD (*théorie fonctionnaliste*)³.

Ny fiarahamonina tsirairay dia samy manana ny maha izy azy avy eo amin'ny lafin-javatra maro. Ireny toetra ananany ireny dia tsy maintsy mifahatra any amin'ny teny ataony, any amin'ny fihetsika amam-pomba fanaony izay tokony ho fantatra sy hohajain'ny mpandinika tsirairay amin'ny sehatra isan-karazany. Ny fahaiza-manaja ny fiarahamonina io no mampiroso sady mampahomby ny fikarohana atao. Izany hoe apetraka amin'ny toerana misy azy ilay fiarahamonina eo am-pandinihana ny momba azy fa tsy asiana fitsarana sanda mialoha. Ny fanaovana fitsarana sanda mantsy dia mampiditra avy hatrany ny fomba fijerin'ny mpandinika ka manova ilay zavatra dinihina hifanaraka amin'ny hevitra ny tena. Koa eto amin'ny fandinihana ny teny dia tena ilaina ny mampiasa io fomba fijery io satria mety hisy fomba fiteny tsy mahazatra ny mpandinika ka hanomezany hevitra hafa izany fomba fiteny izany. Mila fantatra, noho izany, ny fiarahamonina nipoiran'ilay teny hahitana ny miafina ao amin'izay teneniny. Raha ny ambaran'i Gaston Gross sy ny namany momba ny andian-teny raiki-drafitra (*expression figée*)⁴ no dinihina dia isan'ireny ny FD ka manana hevitra toka-mihasina izy. Koa tsy ho azo izany heviny izany raha tsy mitodika amin'ilay fiarahamonina nipoirany ny mpandinika.

Ankoatra izay, mifototra amin'ny fanajana rafitra (*structure*) ny lalan-tsaina fonkisionalisita : dia ny rafi-piarahamonina namorona ilay fitenenana ary indrindra ny fanajana ny rafitra namoronany izany fitenenana izany, satria mety hiova ny hevitra ny FD raha ovana ny rafitra namoronan'ny mpamorona azy azy. Eto àry dia io firafitry ny FD io no enti-manao ny fanasokajiana azy anehoana ny karazany tsirairay avy.

³http://fr.wikipedia.org/wiki/Bronis%C5%82aw_Malinowski. « Pour comprendre une société dans sa totalité, il faut vivre à son contact et la décrire en ses propres termes ; cela implique notamment d'en apprendre la langue. »

⁴G. Gross, taterin'i C. LEDEE, *L'interprétation des expressions figées du français vers le Langage des Signes Français. Le cas des expressions figées françaises relatives au corps humain*, 2011, « Pour pouvoir dire qu'une séquence est figée, celle-ci doit respecter un certain nombre de critères. G. Gross propose six propriétés générales qui caractérisent le phénomène du figement et permettent de distinguer si une séquence est figée ou non : la polylexicalité, l'opacité sémantique, le blocage des propriétés transformationnelle, la non-actualisation des éléments, le blocage des paradigmes synonymiques, l'impossibilité d'insertion », pp.10-11.

0.4.2. Ny lalan-tsaina mifototra amin'ny fandinihana ny serasera aman-teny ambava na an-tsoratra.

Ity no lalan-tsaina faharoa lehibe fototra itondranay ity asa fikarohana ity ka haompana amina lafin-javatra roa mifamatotra izany. Ao ny lafiny piragimatikan'ny serasera, ary ao ny lafiny filazana. Mifampitsofoka no ilazanay azy ireo satria ao anatin'ny filazana ihany no ijerena ny lafiny piragimatika anazavana ny hafatra ampitaina. Koa sokajim-pandinihana telo no hampiharina eto izay hitanay fa mifanaraka amin'ny lohahevitra nofidinay mikasika ny fitenin-drazana sy ny fampiasana azy. Horesahina voalohany ny momba ny fandinihana lahateny ka ny môdelin-tserasera nomen'i Roman Jakobson no horaisina amin'izany ; faharoa ny momba ny fandaharan-teny araka an'i Olivier Reboul sy i Cathérine Kerbrat-Orecchioni (ny fahaiza-mandaha-teny no ifotoran'ny fomba fijerin'i Olivier Reboul fa ny fizahoana kosa ny an'i Cathérine Kerbrat-Orecchioni).

Hohazavaina fohifohy manaraka eto ny momba azy ireo tsirairay avy :

0.4.2.1. Momba ny fandinihana lahateny.

Ao anatin'ny serasera no misy ny lahateny ka anisan'ireo mpandinika serasera malaza izay namoaka teôria momba io serasera aman-teny io i Roman Jakobson. Aminy dia lafin-javatra maro no miantoka ny fahombiazan'izany serasera izany. Singa fito tsy afa-misaraka izy ireo noho izy mifampiankina tanteraka : lohalaharana amin'izany ny mpandefa / ny mpamolavola ny hafatra, ny mpandray / ny mpamaky azy, ary ny hafatra ampitaina. Tsy ho tafita anefa io hafatra io raha tsy nifanarahan'ny mpandefa sy ny mpandray ny faneho (*code*) hoenti-milaza azy ; tsy maintsy iombonana noho izany io faneho io mba hirindra ny fifandraisan'ny roa tonta momba ny fahatafitan'ny hevitra tiana hampitaina ; ohatra, olona samy mahay teny firantsay/malagasy no mifampita hafatra. Zava-dehibe manaraka izany ny sehatry ny fifandraisana (*contexte* : ny toerana, ny fotoana, ny antony, sns), ny fitaovana na ny fantsona andefasana ny hafatra (*canal*) izay mihazona ny fifandraisan'ny mpandefa sy ny mpandray, ary ny zavatra tondroina (*réfèrent*) ivon'ny serasera (tsy maintsy ao anatina seha-kevitra iray ny serasera atao mba hisian'ny fifanohinana eo amin'ny mpiteny mpandefa sy ny itenenana izay mpandray).

0.4.2.2. Momba ny fandaharan-teny

Ato amin'ity lalan-tsaina momba ny fandaharan-teny ity dia ilaina, an-daniny, ny mandray ny lalan-tsaina momba ny fahaiza-mandaha-teny izay hampiharina any amin'izay famoronana rehetra hatao ; fa an-kilany dia horaisina ihany koa ny momba ny fizahoana noho izy manampy amin'ny fahazoana ny tiana hampitaina ao anatin'ny hafatra.

Fomba fijerina mpandinika anankiroa no nofidinay amin'izany, araka ny efa natsidika teo aloha, ka hatolotray amin'ny ambangovangony manaraka eto :

✓ Ny fahaiza-mandaha-teny araka an'i Olivier Reboul⁵

Ilaina ny fahaiza-mandaha-teny, hoy O. Reboul, ka dingana maro tsy azo ialana no miantoka ny fahatsaran'izany mba hahaliana sy hahasarika ny mpihaino, hahatafita ny tiana hampitaina. Amin'ny maha dingana azy izay dia misy ambaratonga tsy maintsy lalovana eo amin'ny fandrafetana ny lahateny mba tsy handringa izy : ny *fikarohan-kevitra (invention)*, ny *fandaminana izay holazaina (disposition)*, ny *fandrafetana na fandrindrana ny hevitra voaangona (élocution)*, ary ny *fanatontosana am-bava ny lahateny (action)*.

Any amin'ny tovana no hanazavana azy ireo misimisy kokoa.

✓ Ny fizahoana araka ny fomba fijerin'i Cathérine Kerbrat-Orecchioni⁶

Ny voambolana rehetra ampiasain'ny olona tsirairay ao amin'ny lahateny ataony hoy izy dia ahatarafana ny maha izy azy ny tenany sy ny fisehoany ao amin'ny hevitra ambarany. Izany hoe rehefa miteny ny olona dia tsy maintsy mametraka ny tenany amina toerana iray manoloana ny zavatra lazainy izy : na izy hiandany amin'izay ambarany (*discours subjectif*)

⁵O. REBOUL, *Introduction à la rhétorique*, 1991, « On décompose la rhétorique en quatre parties, lesquelles représentent les quatre phases par lesquelles passe celui qui compose un discours, ou par lesquelles il est censé passer [...] : [l'invention, la disposition, l'élocution, et l'action]. Les quatre parties sont en fait les quatre « tâches » dont doit s'acquitter l'orateur. S'il manque à l'une d'elles, son discours sera creux, ou désordonné, ou mal écrit, ou inaudible ».pp.55-56.

⁶C. KERBRAT-ORECCHIONI, *L'énonciation de la subjectivité dans le langage*, « Tous les mots de la langue fonctionnent [...] comme des « praxèmes », [...], les différentes « praxis » caractéristiques de la société qui les manipule, et qu'ils charrent toutes sortes de jugements, interprétatif « subjectifs » inscrit dans l'inconscient linguistique de la communauté », p.70

na tsia (*discours objectif*)⁷ : izay fanehoana ny maha izy ny tena izay no atao hoe « fizahoana » ary ny teny entina milaza azy no antsoina hoe « mari-pizahoana » (Ravolaharimanana Marie Valentine, CAPEN 2014 : 160). Anisan'ny maneho izany mari-pizahoana izany ny fifantenana voambolana ampiasaina (Ireo sokajin-teny samihafa : manao safidy aloha ny mpiteny alohan'ny hampiasany ilay voambolana izay efa maneho ny maha izy azy sahady.) ; ny fehezanteny ampiasaina ary ny fomba anononana io fehezanteny io, ny fomba fanazavana sy ny fomba fandaminan-kevitra, sns.

Hojerena manokana ny momba ireo any am-piandohan'ny fizarana faharoan'ity asa ity.

0.5. Ireo dingana efa vita momba ny fikarohana ny fitenin-drazana

Misionera maro no efa nanangona sy nandinika ity FD ity ka ohabolana no teny heveriny ho FD nanomboka tany ho any amin'ny taonjato faha XVII tany. Voalohany tamin'izany ny misionera Angilisy roalahy, dia i Cousins sy Parret izay nahaangona, tsy mbola nisy fandrindrana, FD miisa 1477 ary nivoaka tamin'ny boky mitondra ny ny lohateny hoe *Malagasy proverbs* ny taona 1871.

Naverina natonta indray io boky io no sady nohatevenina ny FD tao aminy ny taona 1885 ka nampitondraina ny lohateny hoe : *Ohabolan'ny Ntaolo*. Miisa 3818 ny FD ao ary voarindra araka ny abidia.

Nadikan'i Rév. J.A. Houlder tamin'ny teny angilisy indray io asan'i Cousins sy Parret io teny anelanelany teny ka nanomboka tamin'ny taona 1894-1900 ny fandikana voalohany nataony ary navoaka tao amin'ny gazety *Antananarivo Annual* nandritra io fotoana io. Sady voadika tamin'ny teny angilisy sy firantsay izy io ny taona 1915-1916 no voarindra araka ny lohahevitra voiziny ilay fitenin-drazana.

Efa nanao fandikana azy io tamin'ny teny firantsay ihany i Paul de Veyrières teo anelanelan'ny taona 1910 sy 1913 ary nahaangona FD miisa 6533 voarindra araka ny

⁷ C. KERBRAT-ORECCHIONI, *infra*, « Lorsqu'un sujet d'énonciation se trouve confronté au problème de la verbalisation d'un objet référentiel, réel ou imaginaire, et que pour ce faire il doit sélectionner certaines unités dans le stock lexical et syntaxique que lui propose le code, il a en gros le choix entre deux types de formulations :

-le discours « objectif », qui s'efforce de gommer toute trace de l'existence d'un énonciateur individuel ;

-le discours « subjectif », dans lequel l'énonciateur s'avoue explicitement ou se pose implicitement comme la source évaluative de l'assertion. », pp.70-71.

lohahevitra voiziny saingy mbola tsy voatonta ho boky izany. I P. Guy de Meritens no nanonta izany ny taona 1967 ka nampitondrainy ny lohateny hoe : *Livre de la sagesse malgache* (Rahajarizafy, 1970 : 8). Io boky io araka ny voalazan'i G. Navone no heverina fa feno kokoa⁸.

Azo heverina ho nitondra zava-baovao ireo fikarohana telo vita boky ireo miohatra amin'ireo sasany teo amin'ny fanangonana ity FD ity⁹. Izany hoe tsy nisy firy intsony ny nanatevina isa ireo efa voaangona fa nandinika sy nampiasa fotsiny sisa no nataon'ireo mpikaroka taty aoriana.

Rakotoson Phillipe no anisan'ny nanangona tahaka azy ireo ao amin'ny boky mitondra ny lohateny hoe : *Ohabolana tantsiraka*, 1964. Ahitana ohabolana avy amin'ny faritra tandroy, mahafaly, sakalava, tsimihety, tesaka, bara, tanosy ao izay voalahatra araka ny abidia ary misy fanazavan-kevitra amin'ny fiteny merina.

Ny mpikaroka nanara-dia ireo misionera voalaza teo aloha ireo, teny anelanelany teny, dia tsy nanatevina isa ny FD voaangona intsony, fa nifototra kosa tamin'ny fandrindrana sy fandaharana araka ny abidia sy lohahevitra voiziny ireo efa voasoratra fotsiny. Tao ireo nifototra tamin'ny fandinihana ny vontoatiny ka ny toe-tsaina amam-pomba fijery ary ny fomba malagasy fonosin'ireny fiteny ireny no nofakafakainy, ary tao ireo nifototra tamin'ny fampiasana azy (izany hoe nanasokajy ireo fitenenana ampiasaina araka ny lohahevitra voiziny).

Any amin'ny tovana no anolorana ny santionany momba izany.

Ankoatra ireo voalaza ireo, i G. Navone, nanangona sy nandrindra ny FD ireo araka ny lohahevitra voiziny no nandinika ihany koa ny firafitra sy endrika isehoany. Anisan'ny fizarana lehibe ao anatin'ny bokiny mitondra ny lohateny hoe *Ethnologie et proverbes malgaches*, ny fandinihany manokana momba « ny valin'ny natao fonosin'ireny fitenenana ireny ». Araka ny hita ao dia ireo FD manasongadina ny valin'ny natao no tena navohitran'ity mpandinika ity ao amin'io sanganasany io.

⁸NAVONE G., *Ethnologie et proverbes malgaches*, 1977, « Le premier recueil [...] le plus complet dont on dispose », p.7

⁹NAVONE G., infra, « D'autres recueils suivirent l'œuvre de ces trois pionniers, mais sans apporter de nouveautés importantes » p.8

Raha ny ao amin'ny sampana fianarana ny Teny aman-Tsoratra Malagasy/ ENS kosa indray dia i Vololonanahary Raoelinarivo Jemison no efa nandinika ihany koa ny FD ao anatin'ny asa fikarohany famaranana ny fiofanana tato amin'ny sekoly (*Mémoire de CAPEN*), mitondra ny lohateny hoe *Ny fomba fampianarana ny ohabolana eo anivon'ny taranja Malagasy*, ny taona 1995. Ireo FD mifanaraka amin'ny lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pianaran'ny mpianatra ao amin'ny T₁₀ amin'ny ambaratonga faharoa no nangoniny sy nampiasainy, ka ny heviny sy ny fomba fampianarana azy ireny no nifotorany tao anatin'izany.

0.6. Fetran'ny asa

Vokatry ny hafohin'ny fotoana dia noferanay ho tamin'ny FD avy eto [afovoan-tany] (Imerina)¹⁰ izay voaangon'ireo misionera sady voadika amin'ny teny malagasy ôfisialy no tena niasanay ka nanatontosanay izao asa fikarohana izao. Maro tsy tambo isaina mantsy ireo fiteny ireo eto amintsika ary maro ihany koa ireo mbola tsy voarakitra an-tsoratra ka ilana fotoana maharitra ny fanangonana azy ireny. Mety tsy ho voatety ato anatin'ny fotoana fohy i « *Babay sy Lohavohitra* », hoy ny fitenenana, amoriana azy ireny.

Efa misy ihany ireo voasoratra amin'ny fitenim-paritra samihafa nangonina Malagasy vitsivitsy ; kanefa sarotsarotra ihany ny mahazo ny hevitr'izy ireny raha aiditra ato amin'ity asa ity satria mety tsy tena hifanandrify amin'ny tian'ny tompon-teny hambara ny dikan-teny homena eto. Kanefa na izany aza dia hasiana ampahany amin'izay hita sy hay ihany eny antsefatsefany eny.

Maro amin'ireny FD fampiasa eto afovoan-tany ireny no hita miverimberina matetika any amin'ny faritra samihafa eto Madagasikara, saingy ny feo mandrafitra azy no miovaova arakaraka ny fitenin'ilay faritra andrenesana azy. Miseho amin'ny endrika fitenim-paritra ihany koa, noho izany, io FD io eto amintsika (Rakotoson Ph., 1964 : 3). Koa azo atao araka izany, ny maka santionany amin'ireny fitenenana hita any amin'ny faritra samihafa ireny. Tsindrina manokana ihany koa fa paika enti-manavaka ny endriky ny FD sy ny fanehoan-kevitra ao aminy no hatolotray ; paika anazavana azy ary fanomezana izay fepetran'ny

¹⁰HOULDER J.A., *Ethnologie et proverbes malgaches*, 1960, « A peu près tous ceux qui sont ici rassemblés appartiennent au Merina et à peu près la moitié d'entre eux ont été collectés par le Pasteur W.E. COUSINS et M.J. PARRET et publiés à Tananarive en langue indigène, sans aucun essai de classement en 1871 [...] tandis que le reste a été collecté par l'auteur et d'autres amis », p.IV

fampiasana azy. Tsy hohadinoina manaraka izany ny andrana fanatsofohana ireo FD ao anaty lahateny mifanentana amin'ny sehatra samihafa itenenana azy. Noho izany dia tsy hanazava amin'ny antsipiriany ny FD rehetra isam-paritra izahay fa hanolotra torolalana ho vava asa fotsiny mba hanehoana fa tena ilaina izy ireny.

Ny torolalana amin'ny fampianarana azy dia natokana indrindra ho an'ny mpampianatra mba hahafahany mpianatra io FD io fa tsy hanao fampiharana izany any an-tsekoly izahay.

0.7. Tanjona kendrena amin'ny asa fikarohana

Zava-dehibe amin'ny asa fikarohana ny famerana ny tanjona, koa eto dia ny hahazana'ny olona, indrindra ny mpianatra, mampiasa tsy amim-pisalasalana sy araka ny tokony ho izy ny FD ka hanome soso-kevitra ho an'ny mpampianatra entiny mampita ny fahalalana momba izany no tanjona lehibe indrindra tiana hotratrarina amin'ity asa ity. Hainy ny mifidy, arakaraka ny sehatra avy, ireo FD hampiasaina. Ny mba hahatsapan'ny olona fa manana sanda manokana eo amin'ny serasera ireny FD ireny ka tokony hampiasaina matetika hampahomby ny fampitan-kafatra, hananarana ny besinimaro, hanitsiana ny fitondran-tena, handranitany ny vavahadin-tsainy.

Ankoatra izay dia anisan'ny zava-dehibe anatin'izany ny mba hananan'ny olona angona betsaka momba ny FD sy ny hahalalana ny zava-ponosiny.

0.8. Ny fomba nanatontosana ny asa

Nametraka fomba fiasa vitsivitsy izahay teo am-panatontosana ity fikarohana ity ka anisan'izany ireto hotanisaina ireto :

- Nanangona ny vondronambara (FD) aloha izahay ka tamin'ny alalana boky sy fanontaniana olona mivantana no nahazoana izany ; nanome asa fampitadiavana FD ho an'ny mpianatra T10₅ sy ny T11_D ary ny T12 rehetra tao amin'ny lisea Mahanoro izahay tamin'ny Novambra 2014 ka azo izany ny volana Febroary 2015.
- Nijery ny sanganasan'ireo mpikaroka rehetra efa nandinika momba ny FD ihany koa izahay ka nodinihina ny lafin-javatra nifantohan'ny fikarohana nataony.
- Nanao fandinihana ny vondronambara voaangona.

- Namaky boky sy nanangona ireo lalan-tsaina itondrana ny asa ary nanazava fohy izany ka tapaka ny hevitrany fa hifidy ireo lalan-tsaina voalaza tany aloha ireo.
- Natsangana ny drafitra vonjimaika.
- Namaky ireo boky samihafa mifandray amin'ny asa fikarohana ataonay : toy ny *thèses*, *essais*, *mémoires*, boky tsotra ...
- Niroso tamin'ny fanoratana avy eo. Natomboka tamin'ny teny fampidirana kely, vao ny vontoa-tiny, ary nofaranana tamin'ny teny famaranana.

Tsotra ireo dingana ireo kanefa nandany fotoana anay ihany.

0.9. Drafitra

Ireny olana tsapanay momba ny fitenin-drazana sy ny teny malagasy ireny no antony namaritanay an'io tanjona io ka nisafidiananay ny lohahevitry ity asa fikarohana ity ifototra amin'ny « Haifampianarana mampiasa ny fitenin-drazana ao anaty lahateny ».

Arindra ao anatina fizarana telo lehibe izany rehetra izany ka ao amin'ny fizarana voalohany no andiniana ny momba ny fitenin-drazana amin'ny ankapobeny ; ao amin'ny fizarana faharoa no amakafakana ny momba ny piragimatan'ny serasera mampiasa fitenin-drazana ; ary hofaranana amin'ny fampianarana mampiasa ny fitenin-drazana araka ny sokajin-dahateny avy izany avy eo, ka horesahina ao ny momba ny fahaiza-mandaha-teny.

FIZARANA VOALOHANY
ANKAPOBENY MOMBA NY FITENIN-DRAZANA

Savaresaka

Tsy maintsy olona miombona faneho ary ao anaty seha-pitenenana iray no mifanerasera. Amin'izay fotoana izay dia samy mamoka ny heviny araka ny fahaizany mamolaka ny teny ao an-tsainy ny tsirairay eo am-panatontosana io serasera io mba ho azon'ny mpihaino na ny mpandray ny hafatra ny tiany hambara (*énonciation*)¹¹. Noho izany, amin'ny alalan'ny teny iray iombonana no ahafahana mifanakalo hevitra sy/na mifanerasera. Hita taratra izany eto Madagasikara satria saika mifankahazo resaka avokoa, amin'ny ankapobeny, ny Malagasy noho izy mampiasa ny teny malagasy iombonana izay sady tenim-pireneny rahateo.

Noho ny fiparitahan'ny olona amin'ny faritra maro anefa dia misy ny fahasamihafana eo amin'ny fiteny ampiasaina, izay antsoina hoe « *fitenim-paritra* ». Ahitana tsy fitoviana eo amin'ny lafiny *feo* (toe-peo sy ava-peo), *eo amin'ny fanehoana ny fotoana*, *eo amin'ny fanehoana ny mpisolo tena*, *eo amin'ny fifehezan-teny*, sns, arakaraka ny faritra tsirairay. Manamarina izany, ohatra, i Ferdinand de Saussure manao hoe : « Antony iray lehibe mahatonga ny fahasamihafan'ny teny ampiasain'ny olona ny fiparitahany amin'ny faritra samihafa »¹². Satria ny teny dia vokatra avy ao amin'ny fiarahamonina, noho izany ny antokon'olona tsirairay dia mamolavola, amin'ny alalan'ny fifanarahana ankolaka na mivantana, teny entiny miserasera ao aminy.

Lafin-javatra dimy no azo anazavana io tsy fitoviana io : ny zana-peo aorian'ny tsindrim-peo, ny endrika isehoan'ny faran-teny, ny fikisahan'ny tsindrim-peo, ny fivoaran'ny andiam-peo [EA], ary ny fiovana hafa toy ny [li~di], [ti~tsi], [j~z], [ts~š], [o~ô], [n~ñ] ...

Toy izao ny fisehon'izany :

♦ Fivoaran'ny andiam-peo [EA] :

- fiteny téa (ireo mitazona ny andiam-peo [EA]) : *betsileo, bara, tandroy*
- fiteny tia (ireo manova ny andiam-peo [éa] ho [ia]) : *merina, tesaka, tsimihety*
- fiteny té (ireo manova ny andiam-peo [éa] ho [é] ka tononina [ie]) : *sihanaka*

¹¹ ANSCOMBRE et DUCROT (1976), taterin'i C. KERBRAT-ORECHIONI ao amin'ny boky *L'énonciation de la subjectivité dans le langage* : voambolana *énonciation*, « L'énonciation sera pour nous l'activité langagière exercée par celui qui parle au moment où il parle », p.18

¹² SAUSSURE F., op. cit, « La diversité géographique a été présentée jusqu'ici sous sa forme idéale : autant de territoire, autant de langue distinctes. [...] La séparation géographique reste le facteur le plus général de la diversité linguistique », p.265

♦ Fikisahan'ny tsindrim-peo sy ny endrika isehoan'ny faran-teny :

○ Ao ireo fiteny mampihemotra ny tsindrim-peo : *merina, sihanaka, betsileo, bara, tandroy*.

Ohatra : ao amin'ny teny hoe : *maivana*, teo amin'ny [i] ny tsindrim-peo tany ampiandohana (*ma-ívana*).

Ato amin'ity sokajy ity dia toy izao no isehoany : *máívana* (merina), *máivaña* (sihanaka), *máivaña* (betsileo), *máiva* (bara), *máiva (ñe)* (tandroy).

○ Ao ireo fiteny mampiroso ny tsindrim-peo toy ny tsimihety : *maívaña* ; *ariana* / *ári-ana* / *ariáña*.

○ Ao ireo fiteny tsy manetsika ny tsindrim-peo fa manova ny andiam-peo [EA] ho [e] dia ny tesaka izany ; ohatra : *maíya* → *méva*.
é

♦ Misy ireo faritra mampiasa ny renifeo [n] tononina an-danilany malemy ([ñ]), toy ny *sihanaka, betsimisaraka, betsileo, tsimihety, tandroy* ; ny tesaka mampiasa ny renifeo [z] sy [s] mikasaoka ([ž], [š]), ary ny tesaka kosa dia manova ny renifeo [ts] ho [s] mikasaoka ([š]) ; ny tsimihety sy ny betsimisaraka mampiasa ny zanapeo [o] misokatra ([ô]).

Ohatra : *atsimo* ~ *ašimo* (tesaka) ; *tsara* ~ *šara* (tesaka) ; *ôlombeloño* (tsimihety), *ôlombeloño* (betsimisarakana).

♦ Misy miavaka ihany koa ny faritra sasany amin'ny fampiasana ny zana-peo aorian'ny tsindrim-peo : samy mampiasa ny zana-peo [i] aorian'ny tsindrim-peo ohatra ny tsimihety, ny merina, ny sihanaka, ny bara, ary ny tesaka ao amin'ny fiteniny, ohatra : *kély* ; zana-peo [e] kosa ny an'ny betsileo sy ny an'ny tandroy, ohatra : *kéle*

Ireo dia efa ahafahana milaza fa samy manana ny fomba fanehoany ny « fitenin-drazany » ny olona isaky ny faritra misy azy avy na dia iray ihany aza ny hevitra tiana hambara.

Ohatra :

- « *Zañahary tsy amiána tsiñy, Zanahary tsy amiam-pôndro fa ny ôlombeloño besiasia* ». (Fitenin-drazana tsimihety sy betsimisaraka) ~ « *Zanahary tsy omen-tsiny, Andriamanitra tsy omem-pondro fa ny olombelona no besiasia* » (merina).

- « *Sotroranon'akoho : kely azo andrandraina, be azo andrandraina* » (merina) ~ « *Akoho ninon-drano, Zanahary andraiñy* » (tsimihety) ~ « *Sotroranon'akoho ko be haza* »

andrandraena^{sic}, kele haza andrandraena » (betsileo) ~ « *Akoho minon-drano : lanitra andraiña* » (betsimisaraka) ~ « *Akoho minon-drano, miandrandra gne zañahary namboatry* » (tesaka) ~ « *Akoho ninon-drano, kede azo ente-miandra* » (tandroy).

Iray ihany ny hevitra tiana hambara fa ny fomba fanehoana azy no miankina amin'ny fitenin'ny olona isaky ny faritra misy azy avy ; na eo amin'ny fomba fandrafetana fehezanteny izany, na eo amin'ny fanononana ny feo samihafa mandrafitra azy, na eo amin'ny voamboalana ampiasaina.

Ireto misy fahasamihafana hita ao amin'io ohatra farany io eo amin'ny lafiny fanehoana ny feo sy voambolana :

- kely (merina) = kele (betsileo)
- misotro rano (merina) = ninon-drano (tsimihety, tandroy) = minon-drano (betsimisaraka, tesaka).

Koa indramina ny teny ampiasain-dRév. Rasamuel M. hoe : « *fitenin-drazana* » (Rasamuel M., 2012) amondronana ireo endrika isan-karazany isehoan'ireoandian-teny fampiasa ireo. Ka na amin'ny fitenim-paritra avy aiza ilayandian-teny, na amin'ny fitenim-paritra avy aiza dia « *fitenin-drazana* » avokoa no entinay milaza azy.

1.1. Ny fitenin-drazana

Hohazavaina misimisy kokoa fa ny « fitenin-drazana » dia teny napetraky ny razana na feon'ny razana izay efa maty ka velona indray (Rasamuel M., 2012 : 3, 8). Miseho amin'ny endrika samihafa izy ireo, araka ny efa nambara teo aloha, ka izay indrindra no antony amaritana mazava ny vala iasana amin'izao fikarohana izao.

Atsidika mialoha etoana fa ny fomba fijery ara-drafitra no anisan'ny lalan-tsaina fototra itondrana ity asa ity. Ao anatin'ny rafitra misy azy no azo anazavana ny singa na ny trangan-javatra iray, satria faritan'ny lalàna izany¹³. Ambaran'i Saussure mantsy fa miorina amina rafitra (*système*) avokoa ny teny rehetra¹⁴. Izany hoe misy singa maromaro mandrany azy.

¹³<http://www.ac-bordeaux.fr/Etablissement/JMonnet/ses/coursocio/socio.htm>, « Le structuralisme cherche à expliquer un phénomène à partir de la place qu'il occupe dans un système, suivant des lois d'association et de dissociation »

¹⁴<http://www.ac-bordeaux.fr/Etablissement/JMonnet/ses/coursocio/socio.htm>, « Toute langue constitue un système au sein duquel les signes se combinent et évoluent d'une façon qui s'impose aux acteurs et selon des lois qui leur échappent ».

Ny fomba fijery ara-drafitra izany dia mifantoka amin'ny fanajana ny fipetrak'ireo singa ireo ao anaty rafitra misy azy. Ny firafetan'ny singan-teny na voambolana iray amin'ny singa hafa izay faritan'ny lalànan'ny teny no ahazoana mazava kokoa ny heviny. Miova ny hevitr'ilay voambolana arakaraka ny teny arafitra miaraka aminy. Ohatra, ny teny hoe « *mijoro* » : fehezanteny roa no anehoana etoana izay fahasamihafana izay : ***Mijoro₁*** amin'ny heviny mandrakariva izy ; ***Mijoro₂*** eo anilan'ny fiara ny mpandeha rehetra. Ny teny rehetra eo aoriany no mamaritra ny hevitr'ireo teny roa ireo : *mijoro₁* = mihizingizina, tsy miova ; *mijoro₂* = mitsangana mahitsy, mijidina mifanapaka amin'ny tany.

Hofaritana manaraka eto araka izay firafiny izay àry ny antsoina hoe fitenin-drazana :

1.1.1. Famaritana

Marihina fa sarotra ny manome famaritana hentitra eto satria an'ankina amin'ny mpandinika tsirairay izany. Ireo mpandinika nitari-dalana rehetra raha nanome anarana an'ireo FD ireo dia « ohabolana » no nilazan'izy ireo azy. Rehefa dinihina anefa dia hita fa tokony hosokajiana ho roa izy io ; ka ao ny *ohabolana* ary ao ny [*fomba*] *fiteny* (Rasamuel M., 2012 : 7), satria tsy voatery hisy fanoharana hatrany any anatin'ireny fitenenana ireny¹⁵.

Ireto misy famaritana vitsivitsy nataona mpandinika sy mpanoratra samihafa:

- Rasamuel Maurice (2012 : 11) : « [Ny fitenin-drazana] : fomba fiteny fohy, hentitra, mafonja, nateraky ny fandinihana izay hitan'ny maso sy ren'ny sofina amin'ny fiainana andavanandro nefa itoeran'ny anatra mbamin'ny lalàm-pitondran-tena, ny hehy aman-dranomaso, ny eso mbamin'ny fampirisihana » (Rév. RASAMUEL M., 2012:11).

- Rakibolana *Le Robert* (2004) : « *proverbes* » : « Rakipohy maneho hevitra marina notsoahina avy tamin'ny alalan'ny trangam-piainana ; torohevitra momba ny fahendrena mba hahafahana miaina malalaka » [eo anivon'ny fiarahamonina].

¹⁵P. NAVONE G., op. cit. «Le Malgache ne distingue pratiquement qu'un sous-groupe important de firenenana : les « ohabolana », littéralement « comparaison » en .../de « ohatra »-comparaison, et « volana »-expression verbale » ; mais l'emploi de ce terme est loin d'être rigide : [...] il n'il y a pas vraiment de « ohatra », de comparaison », p.16

Mety hisy ohatra na tsia noho izany any anatin'ireny FD ireny. Koa raha fehezina àry ireo rehetra ireo, ny FD dia andian-teny tsy azo sarahina izay noforonin'ny Razana¹⁶ ka fampiasa amin'izay seha-tserasera mifanaraka amin'izany.

Eken'ny besinimaro ny hevitra fonosin'ny FD ka samy mampiasa azy ny olona tsirairay avy.

Azo sokajiana ho roa izy io raha ny firafiny sy ny endrika isehoany ary ny fanehoan-kevitra ao aminy no dinihina : ao ny atao hoe « *ohabolana* » ary ao ny « *fomba fiteny* ».

Koa araka izany àry dia ireto misy andram-pamaritana hoenti-manavaka ny *ohabolana* amin'ny *fomba fiteny* mba hahazoana miroso tanteraka amin'ny fandalinana hatao ary hotohanana amina hevitr'olona samihafa izany.

1.1.1.1. Ny *ohabolana*

Samy manana ny fomba famaritany ny atao hoe *ohabolana* ny mpandinika tsirairay avy ka eto dia tsy hihambo ho mahay izahay fa tsy maintsy hiainga avy amin'ny hevitr'izy ireo.

Fomba fijerina mpandinika efatra no horaisina eto :

Hoy i Lala-Rakotosona R.J.A (2013 : 17-18) : « Ara-piforonan-teny, ny *ohabolana* dia teny amin'ny alalan'ny ohatra entina milaza hevitra iray. [Fa raha araka ny hevitra fonosiny kosa] dia [...] fehezanteny tsara rafitra ahitana ohatra na sary na sarin-teny amin'ny ankapobeny ka entina maneho hevitra iray ».

Rahajarizafy R.P.A. (2011 : 5) : « [...] Koa inona moa ny *ohabolana*, raha tsy ny ohatrohatra fampiasan'ny vahoaka, avy amin'izay hitany sy iainany isanandro vaky izao ? Dia miboraka ho azy tokoa na ny nianany na ny tsy niainany ».

Domenichi-Ramiaramanana B. : « Ny *ohabolana* dia teny an'ohatra, fampiasan'ny olona andavanandro, izay taratry ny kolontsaina malagasy. Ohatrohatra tsara rafitra izay feno hevitra ambadika ka mandona [ny fo amam-panahin'ny mpihaino na ny mpandray] ». ¹⁷

¹⁶ MONIKA Sulkowska, *Expressions figées*, 2005, « [L'expression figée est un] groupe de mots (au moins deux mots) qui sont lexicalisés et dont le caractère est reproductif. [...] La majorité des expressions figées se forme dans les langues d'une manière spontanée, autochtone et tout à fait naturelle », pp.33 et 21.

Ohatra :

- « *Ny ana-dray aman-dreny dia toy ny tsipak'ombalahy : raha mahavao mahafaty, raha tsy mahavao mahafanina* ».

- « *Ny olona toy ny omby ; ny indray mandry tsy indray mifoha* ».

Misy fanoharana amin'ny alalan'ny fampiasana ny teny enti-manohatra toy ny ao amin'ireo ohabolana roa ireo. Misy ny oharina ary ao ny anoharana. Oharina amin'ny tsipak'ombalahy ny anatry ny ray aman-dreny, ao amin'ilay ohabolana voalohany ; fa oharina amin'ny omby kosa ny olona ao amin'ilay faharoa.

Fantatry ny olona zatra manakatra ny hevi-dalina fonosin'ireny fitenenana ireny izany satria zavatra hitany sy tsapany eo amin'ny fiainana andavanandro.

Ohatra : « *Sokina mita rano [aho] ka tsy mahabe vava-mamba* ».

Ilay mpiteny izay takona no oharina amin'ny sokina eto, ary ny olona hafa izay mpifaninana aminy no ohariny amin'ny mamba. Noho izany, dia misy sarin-teny fanovana endri-javatra ao. Resaky ny olona mpifanandrina io izay entin'ny iray milaza ny tanjany ka hahafaty lolo ny an-daniny. Fandresen-drahatra no ataon'ny mpiteny eto no sady fiarovan-tena ihany koa.

Tsapa ao fa « *aho* » na koa « *ianao* » no teny takona anatin'io fehezanteny io izay anondroana ilay mpiteny miatrika zava-tsarotra sy mafy. Mety hifanolo amin'ny « *izaho na ianao* » izy io arakaraka ny sehatra itenenana.

Misy teny enti-manohatra sy sarin-teny (fanovana endri-javatra, fanovana anarana, sns), araka izany, ao amin'ireny ohabolana ireny indraindray ; mazàna koa lasa fanovana endri-javatra ny teny enti-manohatra toy ny ary misy ny takona.

Ohatra : (Toy ny) « *Ny dihy tsy amin'amponga : migadona ihany fa maivan-kitsaka* ».

Sady takona ny teny enti-manohatra toy ny ao amin'io ohatra io no tsy miharihary koa ny fanovana endri-javatra. Tsy eo ny oharina izay mety ho hevitra na teny ataon'olon-kafa, sns. Ny fanebahana no azo ampiasana io ohabolana io.

¹⁷DOMENICHI-RAMIARAMANANA B., *Du ohabolana au hainteny*, 1983, « Les ohabolana, quotidiennement utilisés, devenaient le symbole d'une culture malgache à redécouvrir. [...] Ohabolana : formule imagée et bien frappée . . . [...]. Les ohabolana sont des comparaisons, des formes figurées de l'expression verbale », pp.9-48 et p.65

Koa raha fehezina ireo famaritana rehetra ireo, *ny ohabolona* dia teny voarafitra tsara amin'ny fomba mifintina, niainga avy tamin'ny zava-misy manodidina ka ambara amin'ny fomba ankolaka (amin'ny alalan'ny sarinteny : *fanovana endri-javatra, fanovana anarana, fanoharana, sns.*) enti-manitsy ny fitondran-tenan'ny olona, enti-manazava sy manoritsoritra ary andresen-dahatra ny mpandray azy ihany koa. Miharihary kokoa ny teny enti-manohatra na ilay fanoharana ao aminy.

1.1.1.2. *Ny fomba fiteny*

Maro ihany koa ireo mpandinika no efa nanome famaritana azy ity, ka anisan'izay ireto :

I Lala-Rakotoson (2013 : 21) nilaza fa ny « *fomba fiteny* dia teny fampiasan'ny besinimaro mandrakariva [ka lasa lalàm-pitondran-tena eo anivon'ny fiarahamonina]. Tsy ahitana sary na ohatra fa ampiasaina amin'ny tena heviny ny teny ao anatiny. »

Misy sary na fanoharana indraindray ny fomba fiteny kanefa tsy tena hita miharihary izany raha tsy takarina. Mety hiseho amin'ny alalan'ny fehezanteny tsotra firafitra izy na amin'ny alalan'ny fehezanteny saro-drafitra.

Hita amin'ny fehezanteny tso-drafitra na mivadi-drafitra izany rehetra izany.

Ny fehezanteny tsotra firafitra dia ireo fehezanteny tsy ahitana teny savily mpampitohy na mpampiankin-kevitra : mety ho fehezanteny tso-drafitra izany (EM-L) fa mety hivadi-drafitra ihany koa (L-EM).

Saro-drafitra kosa ny fehezanteny raha toa ka ampiasana ireo teny savily ireo.

Ohatra1: *Manga ny lanitra.* *Izy no tsy manaiky izany.*

EM L L EM

Fehezanteny tsotra firafitra ireo satria tsy ahitana teny savily mpampitohy na mpampifandray na mpampiankin-kevitra.

Ohatra2 : *Nino mihitsy ny mpitsabo fa hanafaingana ny fahasitranan'ny nofony ny hafaliam-panahiny eo am-pikolokoloana ilay silaky ny ainy.* (Andriamangatiana Iharilanto Patrick, 2001: 51).

F₁ : *Nino mihitsy ny mpitsabo.* (Fehezanteny iankinana)

F_2 : *Hanafaingana ny fahasitranan'ny nofony ny hafaliam-panahiny eo am-pikolokoloana ilay silaky ny ainy.* (Fehezanteny miankina)

fa : mpampiankina enti-manitrikitrika ny filazana ny hevitra heverina fa hotanteraka, ho marina.

Saro-drafitra kokoa io fehezanteny io satria ahitana mpampiankin-kevitra mampifameno ny hevitra ny F_1 amin'ny F_2 .

Ireto misy fomba fiteny vitsivitsy anamarinana io fanazavana io :

Ohatra1: « *Izay tery adala* ».

Io fomba fiteny io dia miseho amin'ny alalan'ny fehezanteny tsotra firafitra mivadi-drafitra, tsy misy sary na ohatra. Izany hoe tsy misy teny savily mpampitohy na mpampiankin-kevitra ao aminy ary eo aorian'ny lazaina ny entimilaza (fehezanteny mivadi-drafitra).

- ✓ Lazaina (L) : *Izay tery*
- ✓ Entimilaza (EM) : *Adala*

Ohatra2 : « *Mamy ny miaina* ».

Io indray dia miseho amin'ny alalan'ny fehezanteny tsotra firafitra tso-drafitra. Miseho amin'ny endrika tsotra ny fehezanteny eto ary ny entimilaza dia mialoha ny lazaina (Fehezanteny tso-drafitra).

- ✓ Lazaina (L) : *ny miaina*
- ✓ Entimilaza (EM) : *mamy*

Raha takarina ny sary ao amin'io fomba fiteny io dia hita fa misy sarin-teny fanovana endri-javatra ao. Izany hoe oharina amina zavatra hita maso manana tsiro mamy (toy ny tantely, ny fary, ny voankazo) ny fiainana ka lazaina fa mamy. Tsara sady mahafinaritra ny fiainana araka izany.

Ohatra3 : « *Tsy misy lehibe noho ny vato **fa** raha tsy miteny hitsahan'ny vorona* ».

Hevitra₁ : *Lehibe ny vato.*

Hevitra₂ : *Hitsahan'ny vorona ny vato satria tsy miteny*. Ity no mamoka ny hevitra₃ (*Tsy miteny ny vato*).

✓ **Lazaina (L)** : *ny vato*

✓ **Entimilaza (EM)** : *lehibe, hitsahana, tsy miteny*.

Somary sarotra firafitra *kokoa* io fomba fiteny io satria misy ny andian-teny hoe : « *fa raha* » mampiankina ny hevitra₁ amin'ny hevitra₂. Ary miseho amin'ny fehezanteny tso-drafitra izy eto : ny entimilaza (EM) mialoha ny lazaina (L).

Mazava, araka izany, fa samy hafa tanteraka ny ohabolana sy ny fomba fiteny eo amin'ny firafiny ary indrindra fa eo amin'ny fomba fanehoan-kevitra. Tsy tena mitovy izy roa ireo¹⁸.

Fehiny : Ny *fomba fiteny* dia teny fohy mahalaza hevitra feno sady hentitra, mahitsy fa tsy miolakolaka loatra izay nosintonina avy tamin'ny zava-misy manodidina na avy tao amin'ny fiarahamonina iray (fihetsika na toetran-javatra na fomba fanaona zava-manana aina na tsy manana aina, eny ana habakabaka na ety an-tany na ambanin'ny tany na any anaty rano, na koa zavatra vinavinain'ny olona fotsiny ihany) ka natao ho fitaovana enti-manabe ny olona. Manavaka azy ity matetika ny fampiasan'ny olona azy izay mazàna aiditra na atao fampidirana ny lahateny atao.

Ohatra : Tokony hifanampy sy hifanohana isika ato amin'ity toerana ity satria mpihavana avokoa araka ny *fomba fiteny* hoe « *Velona iray trano, maty iray fasana* », ary tokony hatao amim-pitokisana ny zavatra rehetra. Saingy misy ny fomba fiteny manao hoe « *Ny ahiahy tsy ihavanana* » ka tsy maintsy horaisina an-tsoratra sy hosoniavina ihany ity fifanarahana ity.

Araka izay rehetra izay àry, dia azo ambara fa lahabolana mirindra fampiasan'ny Ntaolo teo amin'ny fiainana andavanandro ny FD ka nentiny nanabe ny mpiara-belona taminy ary mety hisy sarin-teny ao aminy na tsia. Niainga avy tamin'ny fandinihany ny tontolo

¹⁸ VOLOLONANAHARY Raelinarivo Jemison, *Ny fomba fampianarana ny ohabolana eo anivon'ny taranja malagasy, Mémoire de CAPEN*, 1995, « Ny maha samy hafa ny ohabolana amin'ny fitenenana dia noho ny ohabolana misy sary sy sarin-teny ary ohatrohatra. » p.65

manodidina no namoronany azy mba haharesy lahatra ny mpandray ny hafatra satria iarahany ny besinimaro mahita ny zavaboary manodidina azy nakana an'io rakipohy io.

Ny lahabolana dia teny voalahatra, noforonina tam-bava ary tontosaina am-bava ihany koa. Anisan'izany ireny FD ireny, ny angano, ny ankamantatra, ny ankifidy, ny tangahatry, sns.

Lazaina ho *lahabolana mirindra* izay lahabolana ahitana firafitra matipaika : mety hisy rima, misy ngadona eo am-panononana sy am-pihainoana azy ka mahasarika ny saina sy mambabo ny fo avy hatrany. Toy izany ohatra ny FD, ny tononkalo, ny hira, sns.

1.1.2. Toetra ankapobeny ananan'ny fitenin-drazana

Voasokajy ho ao anatin'ny karazan-dahabolana ny FD kanefa tokony hisy toetra manavaka azy amin'ny hafa.

Araka ny fandinihana nataon'i Navone dia hita fa miavaka amin'ny lahabolana hafa rehetra ny FD noho ny fananany toetra manokana : ao ireo toetra izay mety hiombonany amina lahabolana hafa ka antsoina hoe : « *toetra ivelany* » (*caractères extrinsèques*) ary ao ireo « *toetra anatiny* » (*caractères intrinsèques*) (Navone G., 1977 : 17-18) izay efa raiki-tampisaka aminy.

1.1.2.1. *Toetra ivelany*

Miparitaka eo amin'ny habaka ny FD ary mibahana fotoana ihany koa. Izany hoe maro ny ohabolana sy ny fomba fiteny mitovy izay ampiasaina manerana ny nosy (lafiny habaka) ; ary ny ankamaroan'izy ireny dia efa noforonina taloha elabe fa mbola heno mandraka ankehitriny (lafiny fotoana). Andian-teny tsy manam-paharoa izy ireny noho izany ka sarotra hohadinoina. Manamafy izany i Gaston Gross taterin'i Corinne Ledée, ao amin'ny boky *L'interprétation des expressions figées du français vers le Langage des Signes Français. Le cas des expressions figées françaises relatives au corps humain*, 2011, pp.10-11 ka manambara fa manana toetra miavaka ny andian-teny tahaka itony : toka-mihasina izy¹⁹ noho

¹⁹LEDEE C., op. cit., « Les expressions figées sont constitutives de la langue. On ne peut les modifier sans changer leur signification, voire les rendre inacceptables », p.12.

izy manana hevitra azy manokana ka tsy azo saratsarahina ny teny tsirairay mandrafitra azy mba ho voatazona izany hevitra fonosiny izany, tsy azo ampifamadibadihan-toerana na ampifanoloana amina teny mitovy hevitra aminy ny teny izay singa mandrafitra azy, tsy azo sosohana teny hafa ho iray rafitra aminy koa²⁰. Ampiasaina matetika amin'ny faritra sy fiarahamonina maro, tsy anavahana sarangan'olona no sady mahatety vanim-potoana (Navone G., 1977 : 17-18) izy. Izany hoe mipariaka amin'ny faritra maro ny FD no sady tsy lefin'ny fotoana. Ny FD ampiasaina amin'izao fotoana izao, ohatra, dia ireo fiteny voaangona tany amin'ny tapany faharoan'ny taonjato faha XVIII tany²¹, kanefa mbola ampiasaina aty amin'ny taona arivo fahatelo izany na dia misy aza ny fiovan'endriny. Ny ankamaroan'ireo dia fantatra ary ampiasain'ny mponina maro eto Madagasikara.

Raha io fomba fijerin'i G. Gross momba ny andian-teny raiki-drafitra io no dinihina dia anisan'ireny ny FD, satria hita aminy avokoa ny ankamaroan'ireo toetra voatanisa teo ireo :

✚ *Maro hevitra izy noho ireo singa mandrafitra azy samy manana hevitra mahaleo tena avokoa : hita ao anaty rakibolana. Ohatra : « Izay tery adala » :*

izay : teny savily mpandravon-dresaka kanefa azo atao ho lazaina ihany koa, araka ny hita eto ;

tery : mitovy hevitra ara-bakiteny amin'ny hoe *ety* ilazana toerana na faritra tsy misy anisihana zavatra hafa intsony ; ny hevitra ambadika kosa dia midika ho fahasahiranana na tsy fananan-karena /fahantrana izany ;

adala : toetr'olona manaotao foana tsy araka ny fanahy maha olona, tsy mahavaka ny tsara sy ny ratsy.

✚ *Manana ny hevitra azy manokana ny FD. Izany hoe tsy azo dinihina mihasinakina araka ny singa tsirairay mandrafitra azy tahaka ny hita teo aloha izy fa dinihina araka firafetan'ireo singa ireo. Voafatotry ny sehatra ampiasana azy ny heviny ary an'ankina amin'ilay fiarahamonina nipoirany ka ny fiarahan'ilay voambolana rehetra mandrafitra azy no ananany hevitra iray tsy mivaky.*

²⁰GROSS G., *Les expressions figées en français*, 1996, «[Les] six propriétés générales qui caractérisent le phénomène de figement : la polylexicalité, l'opacité sémantique, le blocage des propriétés transformationnelles, la non-actualisation des éléments, le blocage de paradigme synonymiques, l'impossibilité d'insertion ».

²¹HOULDER J.A., op. cit., « Tous ceux qui sont ici rassemblés [...] la moitié d'entre eux ont été collectés [...] en 1871 », p.VI (introduction)

Ohatra : « *Ny zanaky ny do vandana* » : Tsy maintsy misy toetra voarain'ny zaza avy ao amin'izay niteraka azy na dia eo aza ny anatra atao azy. Ny mpamari-toetra vandana eto araka izany dia tsy midika ho mamaritra loko/endrika ivelany tanteraka fa mifono filazana ankolaka toetra amam-pitondran-tenan'olona iray manahaka ny an'izay niteraka azy. Toraka izany ny hevitra ny hoe « *Izay tery adala* » : tsy afaka manao izay mety aminy ny olo-mahantra na dia manana ny marina aza eo anatrehana ady ifanandrinana any amin'ny fitsarana, ohatra. Tsy mba manana hevitra marina eo anatrehan'ny hafa ihany koa izy ireny. Izay fanekena lembenana izay no ilazana azy ho toa ny **adala*.

✚ Tsy azo ampifamadibadihan-toerana ny singa mandrafitra ny FD :

Efa nohazavaina tany amin'ny fanehoana ny lalan-tsaina fonksionalista fa efa misy rafa fitra matipaika ny namoronana ny FD. Miova ny hevitra fonosin'ilay FD raha ampifamadihana ny toeran'ireo singa mandrafitra azy.

Ohatra : « *Zanaky ny do vandana* ».

L EM

Andian-teny raiki-drafitra io : nasongadina eny aloha ny Lazaina « *zanaky ny do* ». Mifono toetra (fitondrantena ratsy na tsara/fananam-panahy) raiki-tampisaka nolovaina avy tamin'ny ray aman-dreny ity fomba fiteny ity. Amin'ny lafiny ratsy hatrany anefa no ampiasan'ny olona azy io matetika.

Rehefa ampifamadihana ny toeran'ireo singa mandrafitra azy ireo dia miova ny tiana hambara ambarany.

Ohatra : * « *Vandana ny zanaky ny do* / *vandan-janaka ny do* ».

EM F L EM F L

Endrika ivelany vandana no mivohitra eto (ny lokon'ilay bibilava do no misongadina).

✚ Tsy azo ampifanoloana amina teny iray tarika aminy ny teny mandrafitra azy (samy anarana, ohatra) :

Voalaza fa andian-teny raiki-drafitra ny FD. Manana rafitra miavaka izay manome hevitra tokana izy ; koa raha ampifanoloana toerana amina vombolana hafa ireo singa mandrafitra azy ireo dia tsy ho voatazona izay hevitra izay.

Ohatra : « *Manan-joky afaka olan-teny, manan-jandry afaka olan'entana* ».

Ny zoky no tompon'ny teny : io no hevitra fototra fonosin'io fomba fiteny io, fa ny *zandry kosa tokony hanaja ny zoky ka handimby entana azy* raha toa ka zakany ilay entana.

Izany hevitra izany dia tsy hita ato anatin'ity FD nasiana fifanoloan-toerana voambolana ity manao hoe : *« *Manan-dray afaka olan-teny, manan-**janaka** afaka olan'entana* ». Tsy tena miharihary ao ilay hevitra hoe *ny zoky no tompon'ny teny* satria amin'ny Malagasy dia antsoina hoe « *ray* » avokoa ireo lehilahy rehetra, na kely izy na lehibe, ka iray tampo tamin'ny rainy niteraka azy (ohatra : dadabe, dadafara, dadaivo, ...). Ireo rehetra ireo dia tsy voatery ho zoky avokoa fa mety ho zandrin'ilay olona ambara ho zanaka. Saingy amin'ny maha « *ray* » azy, araka ny fiheverana malagasy, dia omena azy ny anjara fitenenana raha zanaka no toerana misy ilay iarahany.

Ireto teny ireto no nampifanoloana toerana tao : *zoky ~ ray / zandry ~ zanaka*.

✚ Tsy azo sosohana teny hafa ao anatin'ny :

Ohatra1 : « *Izay tery adala* » : azo adika ho vokatry ny fandefarana an-tery setra izany ka anombanan'ny hafa ho *hadalana*. Raha sisihana teny hafa toy ny *no tena* ao anelanelan'io fomba fiteny io dia toa mitory ho lasitra tokana tsy azo ialana mihitsy ilay toe-javatra : *« *Izay tery no tena adala* ». Tsy ny olo-mahantra rehetra akory dia hanana io toetra io avokoa.

Ohatra2 : « *Ny kibo tsy mba lamosina* » : Mila asiana sakafo lalan-dava ao anatin'ny kibo mba hahavelona ny tompony fa tsy mba tahaka ny lamosina ; mifanohitra amin'izany ny hoe : *« *Ny kibo noana/malemy tsy mba lamosina* » izay mety tsy hahadika tanteraka ny tian-kolazaina ao amin'iry voalohany izany.

Ny toetra fahenina ambaran'i Gross kosa hoe *tsy azo ampifanarahana amin'ny fotoana itenenana (non actualisation des éléments) ny andian-teny raiki-drafitra* dia toa azo ampiharina amin'ny FD ihany, satria eo no mahatonga ny lahateny atao ho mahaliana ; dia *ny fampifanarahana azy amin'ny fotoana itenenana (actualisation des éléments)* izany. Eto ny mpiteny no manova ny FD ka lasa ho toy ny tompony izy. Atsofony hirindra manaraka ny lahateny ataony izy ireny ka mahaliana tokoa.

Ohatra : Ny FD hoe « *Serisery vitan'anamalao tsy hamonoana vantotr'akoho* » dia ovan'ny mpiteny ho toy izao : *Aza hasarotina ny raharaha fa ny « serisery vitan'anamalao »* **ve dia** « *hamonoana vantotr'akoho* » ?


Nesorina ny teny fandavana tsy tao amin'io fomba fiteny io ary nosarahina tamin'ny alalana teny hafa maneho fanontaniana amam-panazavana ve dia izy, nefa voatazona ihany ny endriny sy ny heviny.

Izay no azo ambara momba ny toetra ivelany fa mba toy ny ahoana kosa ny toetra anatiny ?

1.1.2.2. Toetra anatiny ananan'ny FD

Ity toetra anatiny ity no hovahavahana lalindalina kokoa satria ato no andinihana ny vontoatin-kevitra fonosin'ny FD sy ny firafiny (endrika ivelany). Ny FD amin'ny maha fiteny azy manokana no hodinihina eto : mifono hevitra ny teny ary misy firafitra mazava ihany koa.

Koa mialoha ny hamahavahana ity toetra faharoa ity dia hofintinina amin'izao kisary manaraka izao aloha ireo toetrany anankiroa voalaza ireo :



Kisaryl: Ny toetra mampiavaka ny fitenin-drazana (Navone G., 1970 : 24).

❖ Vontoatiny

Natao ho an'olona maneran-tany (an'ny daholobe) ny zava-ponosin'ireny FD ireny izay miresaka na mitodika amin'ny fiainan'ny olombelona amin'ny ankapobeny. Misy fanoritsoritana toetra sy/na fomba fanaon'ny zavaboary (zava-manana aina : biby, olona, zava-maniry ; zavatra tsy manana aina : vato, tany, rivotra, lanitra, sns) ny FD, misy fampifandraisana anton-javatra sy voka-javatra ao na fampitahana zavatra roa, maneho lôjikan-javatra.

Tsoa-kevi-pahendrena niainga avy tamin'ny fandinihana ny tontolo manodidina no ventesin'izy ireny : toetra amam-pihetsika biby na olona, ohatra ; toetra amam-bikan-javamaniry ka anatsoahana hevitra ho lasa anatra ho an'ny olombelona. Noho izany dia mifono anatra ny FD, indraindray koa anefa natao hampihomehy fotsiny ho fanalana hamohamo ny olona.

Mampihomehy ny toe-javatra iray raha toa ka mifanohitra na tsy mifanojo amin'izay eritreretina sy andrasan'ny tena hipoitra no mitranga²².

²²O.REBOUL, *Introduction à la rhétorique*, 1991, « On se moque en disant le contraire de ce qu'on veut faire entendre », p.138.

Ohatra1 : « *Boka mitolona amalona: mifamadika samy malama* ».

Raha ny lôjika no arahina dia tokony hoe « *miala maina* » na hoe « *mitady fahasahiranana* » no teny andrasana aorian'ny hoe « *boka mitolona amalona* ». Tsy izay anefa no miseho fa notafina ny toetry ny amalona ny boka ka lazaina ho malama. Izay fampitoviana ny toetry ny amalona amin'ny olona boka tsy misy rantsana izay no mahatsikaiky aminy.

Ohatra2 : « *Manana amby tsy ampy tahaka ny sola be volombava* ».

Ny mampihomehy eto dia ny fahaizan'ny mpamorona mampifandray zavatra roa samy hafa karazana, samy hafa toerana (volon-doha/volombava).

Ara-tsiansa, tsy mifampiankina ireo zavatra roa ireo ; samy manana ny maha izy azy ka tsy afaka hifameno. Tsy ampoizina anefa ny fampifamenoan'ny mpamorona ity ohabolana ity azy ireo. Izay fizohin-kevitra miteraka figagana izay no mahatonga ny hehy.

Avy tamin'ny fandinihana ny zavaboary manana aina na tsy manana aina tokoa noho izany no namoronan'ny Ntaolo ireny fiteny ireny.

Ireto misy ohatra vitsivitsy anehoana ireo voalaza rehetra ireo :

Lafiny fanoritsoritana :

Manoritsoritra toetra, fihetsika, fanaona olona na zavatra na biby.

Ohatra1 : « *Vero taingenam-pody: tsy folaka fa mandefitra* ».

Ny *vero* dia karazan-java-maniry malemilemy, somary avoavo ; matetika izy matevina faniry ka tian'ny vorona ipetrahana (toy ny fody, ohatra). Noho io fahalemeny io, rehefa tsofin'ny rivotra na ipetrahan'ny vorona izy dia miraika, saingy tsy tapaka na folaka.

Ny fahitan'ny Ntaolo izay toe-javatra izay no namoronany an'io fiteny io hoentiny amin'ny fiainan'ny fiarahamonina. Koa raha mahay mandefitra ny olona tsirairay, araka io teny io, dia ho foana ny korontana ka hanjaka ny fihavanana. Mety tsy hisy zavatra ratsy hanjo ny olo-mandefitra mihitsy araka izany ka tokony hotandrovina mandrakariva io toetra io.

Ohatra2 : « *Fanirin'akondro, ka ny fohy manotrana ny lava, ary ny lava maneloelo ny fohy* ».

Zava-maniry be ravina izay volen'ny olona ny *akondro* ; mamy, azo hanina ny voany, avoavo fijoro ary mitangorongorona ny faniriny izay manao ambaratonga ; misy avo sy iva izy ireo. Rehefa migaina ny masoandro dia voalokaloka ireo ivaiva rehetra ireo ; ny lehibe (avo) kosa voahodidin'izay madinika.

Izay no anaovan'ny Ntaolo tsoa-kevitra ananarany ny mpiara-belona aminy mba hahay hifanampy sy hiray hina, ka hoy izy : « *Manaova toy ny fanirin'akondro, ka ny fohy manotrana ny lava ary lava maneloelo ny fohy* ».

Ohatra3 : "« *Mandainga ny rano* » : *hoy ilay boka nizaha ny tandindony* ".

Amin'ny ankapobeny, dia feno ratra ny vatan'ny *olona boka* ary miova ho ratsy ny bika aman'endriny izay tsara teo aloha. Azo heverina koa mantsy fa mbola tsy nisy ny fitaratra tamin'izany fotoana, ka tamin'ny alalan'ny tandindona anaty rano no nijerena ny sarin'ny tena. Ka eto ilay boka dia nahita ny bika aman'endriny tao anaty rano izay niova tamin'ny fahitany azy hatrizay ; mety ho hitany tao fa mondro ny tanany, mivindina ny molony, sns ; ka tsy mino izany izy.

Ny lafiny fihetseham-po àry noho izany no namoronan'ny Ntaolo an'io fiteny io mba hanalana sorisory ny mpihaino : natao hampihomehy ; fa mety hampangoraka ihany koa.

Ohatra4 : « *Mamangy rafozana jamba : ny manome lamba tsy hitany fa ny manome sira no tsaroany* ».

Eo amin'ny sehatry ny fitondrana indray no azo tsoahina eto. Misy ireo olona mpila handitra amin'ny mpitondra ka mahazo tombony foana eo amin'ny fiainana, kanefa tsy miasa firy akory izy. Misy kosa ireo mpankato sy mahatontosa an-tsakany sy an-davany ny adidy aman'andraikitra napetraka taminy saingy odian'ny mpitondra tsy hita izy ireny.

Mandalo sy mora levona ny sira fa ny lamba sady tsara no maharitra kokoa ; ny nanome sira indray anefa eto no voasafosafo sy mahazo rariny.

Koa noforonina io ohabolana io mba hahatonga saina ireo mpitondra mpanavakava-bolon-koditra eo amin'ny olona ambany fahefany. Atao ho fanaovana faran-teny amin'ny tsy rariny toy izany ity FD ity.

Fampifandraisana anton-javatra sy voka-javatra :

Ohatra5 : « *Ny zaza hendry mahafaly ny rainy, ny zaza adala mampijaly ny reniny* ».

Misy fampifandraisana anton-javatra sy voka-javatra ao izay mifono fananarana ny ankizy rehetra :

Antony₁ : *zaza hendry*, Antony₂ : *zaza adala*

Vokany₁ : *mahafaly ny rainy*, Vokany₂ : *mampijaly ny reniny*

Hita koa eto fa misy fampifandraisana zavatra roa mifanohitra : *zaza hendry /zaza adala ; mahafaly/mampijaly*.

Fampitahana :

Ohatra6 : « *Sakamalao sy havozo, ka samy manana ny hanitra ho azy* ».

Karazan-java-maniry samy manana fofona manitra ny *sakamalao* sy ny *havozo*.

Misy fampitahana eto enti-milaza fa samy manana ny maha izy azy izy roa ireo, na koa tena zavatra roa samy hafa mihitsy.

Ilazana io fa samy manana ny maha izy azy ny olona tsirairay.

Fanehoana lôjika :

Ohatra7 : « *Ny kômbô tsy meñatra* » ary « *Ny maty tsy mataho-davaka* ».

Samy ahitana lôjika ireo satria :

kômbô = *boka*, dia endrika isehoan'ny olona marary hoditra izay mety hiafara hatramin'ny fahatapahan'ny rantsam-batana sy fahavakivakian'ny nofo mihitsy. Tsy azo afenina ny mpiara-monina izy io noho izy efa mandrakotra ny vatana manontolo. Mety hifindra amin'izay mifampikasoka aminy io aretina io ka mazàna atoka-monina ny olona voany. Efa tsy mahamenatra intsony izany satria tsy takona afenina ka fanta-bahoaka.

Maty kosa ny zava-manana aina raha toa efa tsy ao aminy intsony ny fofonaina mahavelona. Raha ny an'ny olombelona manokana dia miala hatramin'ny fanahy maha olona azy izany. Noho izany, ny olona na ny biby maty dia tsy hanana tahotra intsony izay hanjo ny vatany. Ny olona maty dia efa tsy afaka miaro sy tsy afaka miahay ny vatany intsony hiarovany

ny ainy. Koa na ahoana ny halalin'ny lavaka dia manaiky hatrany ny maty halatsaka ao ; tsy misy fandavana mihitsy.

❖ Endrika ivelany

Ny endrika ivelany ananan'ny FD, izay mbola hovahavahana manaraka eto kosa, dia fohy, mifintina, mirindra ary mira zotra hatrany matetika. Ankoatra ireo dia mbola misy endrika samihafa isehoany.

Mialoha ny hamahavahana izany anefa dia tsara ny mindrana ny fomba fiasa nampiasain'i Navone G., nandiniany ny FD. Nanao fanasokajiana ireo FD izy ao amin'ny bokiny *Ethnologie et proverbes malgaches* ka anisan'ny nofakafakainy tao ny endrika isehoan'izy ireo.

Ankoatra ny fandiniany amin'ny ankapobeny ny endrika isehoan'ireo FD ireo dia ny fomba fandinika ara-drafitra²³ no tena nifotorany, izay hofintinina fahifohy manaraka eto. Aorian'io famintinana io no anokafana fomba fandinika hafa izay mifanolotra amin'io ihany, dia ny fomba fandinika ara-drafi-pehezanteny sy ny fipetraky ny teny tsirairay ao aminy.

a) Famintinana ny asan'i Navone G.

Araka ny fahitan'ity mpandinika ity, ny FD amin'ny ankapobeny dia miseho amin'ny endrika fimiran-jotra (*parallélisme*) - fampiasana fehezanteny mitovy rafitra sy/na mitovy vahana ; ao koa ireo misy fitaterana mivantana tenin'olona - olona tena misy na olona vinavinaina (*wellerismes*) (Navone G., 1977 : 24).

Fampimirana :

Ohatra1 : « *Sodokan'akora // ka maty an'ady* ».

Fehezanteny voalohany (F₁) : *Sodokan'akora*.

Fehezanteny faharoa (F₂) : *Maty an'ady*.

Fehezanteny mitovy vahana sady mitovy rafitra no misy eto : samy misy EM (F₁ : *sodoka* ; F₂ : *maty*) sy L (F₁ : *akora* ; F₂ : *ady*) ary samy mivany roa.

²³NAVONE G., op. cit. « Etant donné les caractéristiques des fitenenana, il apparaît évident qu'ils peuvent être analysés à différents niveaux. Nous ne faisons que signaler les principaux, en nous arrêtant plus particulièrement sur le niveau logique », p.26

Fitaterana mivantana tenin'olona na zavatra (manana aina na tsy manana aina) :

Ohatra2 : "« *Feony ihany* », hoy ilay jamba nitsapa tafondro »".

Ohatra 3 : " *Mamba nohitsahin'omby, ka «asa izay ao ivoho ao »*".

Ireo dia fitaterana mivantana tenin-java-manana aina (olona sy mamba) izay mety ho tena nisy marina (tenin'olona) fa mety ihany koa ho novinavinaina noho ny fandinihana ny zava-misy. Azo antoka fa tena tsy hisy mihitsy io tenim-biby io fa novinavinaina hisy fotsiny. Heverina ho miteny an'eritreritra ireny biby ireny saingy tsy henon'ny olombelona izany.

Raha eo amin'ny fomba nandrafetana ny FD kosa dia mizara telo lehibe ny fandinihana nataony. *Voalohany*, ny fomba fandinika ara-drafitra (amin'ny maha FD azy irery) izay ijerena ny toerana misy ny teny tsirairay mandrafitra ny fehezanteny iray ; *faharoa*, ny fomba fandinika ara-drafitra mampifanolotra ny ankamantatra amin'ny FD ; ary *fahatelo*, dia ny fandinihana eo amin'ny lafiny feo, hevitra ary fanononana.

♦ *Fomba fandinika ara-drafitra amin'ny maha fitenin-drazana azy irery*

Ity fomba fandfinika ity dia mifototra fotsiny amin'ny FD mandeha manokana : tsy dinihina miaraka amina lahabolana hafa izy.

Sokajy roa lehibe no hitondrana azy : *ny fomba fandinika ara-pitsipika itiliana ny fampifandraisana ny anton-javatra sy ny voka-javatra amin'ny alalan'ny fampiasana mpampitohy sy/mpampiankin-kevitra, ary ny fomba fandinika manaraka ny lôjika.*

➤ *Ny fomba fandinika ara-pitsipika*

Ny fampifandraisana ny anton-javatra sy ny voka-javatra no misongadina eto ka ny antony no mialoha ny vokany.

Misy ny fampiasana mpampiankin-kevitra toy ny : *Raha...dia.../raha... (dia).../ (raha)... (dia)...*

Ohatra1: ***Raha...dia...*** : « *Raha* ny zaza no tia tsapa fatana (*antony*),

dia ny reniny no be tonotonon» (*vokany*).

Izany hoe, miankina amin'izay ataon'ny ray aman-dreny ihany ny ho toetran'ny zaza rahatrizay. Lasa fahazarana ho an'ny ankizy tinaiza ny toetra aseho azy andavanandro ka iainany izany na tsara na ratsy.

Ohatra2 : ***Raha... (dia)...*** : « *Raha* voatohina ny aty (*antony*) :

...marary ny afero » (*vokany*).

Ny mpihavana akaiky na ny olona iray aina dia tokony hiombona ary hiray alahelo.

Ohatra3 : (***Raha***)... (***dia***)... : « ...ela nihinanan-dronono (*antony*),

...fotsy ny vava » (*vokany*).

Rehefa zatra manao ratsy dia tsy maintsy tratra foana rehefa ela ny ela.

Mety koa fampifanolorina fotsiny ny antony sy ny vokany amin'ny alalan'ny famadihan-drafitra fehezanteny mampiasa faingo (,) na kianteny mpamadi-drafitra dia (takona), na no.

Ohatra1: « *Ny andriana no manjaka, (dia) ny vahoaka* »

Antony : *Sady misy ny vahoaka no hendry* ; Vokany : *Manjaka ny andriana*.

Ohatra2 : « (*ny*) *Mahery tsy maody (dia) tsy ela velona* »

Antony : *Mahery tsy maody* ; Vokany : *tsy ela velona*

Sady manana sanda mampifandray anton-javatra sy voka-javatra ny kianteny dia eto no kian-teny mpamadi-drafitra ihany koa na dia takona aza.

➤ *fomba fandinika manaraka ny lôjika*

Manaraka ny lôjikan-kevitra ambara ny fipetraky ny teny tsirairay mandrafitra ilay FD. Izany hoe, tsy misy fifamadihan-toerana fa eo aloha izay tokony ho aloha ary aoriana izay tokony haoriana.

Ohatra1: « *Ny be no basy* ».

Ny lafitsaran'ny firaisan-kina no tiana havohitra amin'io fehezanteny io.

Ny « *be* » manambara firaisan-kina ; ny « *basy* » manambara hery sy fahombiazan'ny hetsika atao aterak'izany, ka tsy voatazona ny hevitr'io fehezanteny io raha afamadika ny toeran'ny teny hoe *be sy basy* : **Ny basy no be*.

Ohatra2 : « *Afo lavitra tsy azo amindroana* ».

Eto indray dia ny fahalaviran'ny afo no tena tiana hasongadina ka tsy azo atao any aoriana ny hoe « *afo lavitra* ».

Izao no hevitra tiana hampitaina amin'io : ny zavatra na olona eo akaiky ny tena ihany no mahavonjy amin'ny sarotra fa tsy ny any lavitra akory.

♦ *Fomba fandinika ara-drafitra mampifanoloatra ny ankamantatra sy ny FD*

Samy mampiasa sarin-teny ary mitovy firafitra na ny ohabolana na ny ankamantatra fa ny fanombohana azy tsirairay avy no tsy mitovy. Ny ankamantatra manomboka amin'ny hoe : « *Inona àry izany ?* », izay mitaky valiny ; fa ny ohabolana kosa manomboka amin'ny hoe : « *Aza manao..., Ataovy toy ny... ; Aza manao toy ny..., sns.* », izay manome valiny aloha vao manolotra ny famaritana izay tiana holazaina. Samy mifono hevi-dalina mila fanakarana avokoa na ny ankamantatra na ny FD.

Endrika maro no nentin'ny mpanoratra naneho azy io ao amin'ny bokiny fa raha fehezina dia azo aseho tahaka izao :

Ohatra :

Ankamantatra	Ohabolana
<i>Inona àry izany ?</i> Malailay fonosana ; (valiny : « <i>fary</i> »)	<i>Aza manao toy ny « fary »</i> ka malailay fonosana.

Fafana1 : Maneho ny fifanakaikazan-drafitry ny ankamantatra sy ny FD.

♦ *Fomba fandinika miompana amin'ny hevi-teny, feo ary fanononana*

Amin'ity lafiny ity dia tsy misy firesahana intsony ny fipetraky ny teny tsirairay ao anaty fehezanteny ary tsy miresaka rafitra ihany koa ny mpandinika fa ny hevitra sy ny fanehoana azy no avohitra :

➤ Araka hevi-teny

Ny fandinihana ny sarin-teny fanovana endri-javatra no misongadina eto.

Ohatra : « *Ny akoho taman-trano tsy atakalo akanga tsara soratra (mandositra)* ».

Oharina amin'ny akoho sy amin'ny akanga ny olona (*vehivavy : vady sy sakaiza*) eto.

Akoho taman-trano : ilazana ny vady ao an-trano; *Akanga tsara soratra* : ilazana ny sakaiza vaovao izay mbola tsy fantatra toetra akory kanefa ankafizina ny fiarahana aminy. Vorona fetsy anefa ny akanga anoharana ny olon-tiana ivelan'ny ao an-trano eto ka mety hamitaka amin'ny fotoana tsy ampoizina.

➤ Feo

Ahitana zana-tsokajy telo ity filalaovana amin'ny feo ity.

Teny mitovy fanonona

Mampiasa teny roa samy manana ny heviny ao anaty fehezanteny iray kenefa mitovitovy ny fanonona azy ireo.

Ohatra : « *Kibo manina tsy mahatsiaro hanina* ».

Manina = fihetseham-po ; **hanina** = sakafo

Misy sarin-teny fanovana anarana ao ka ny ampahany (kibo) ilazana ny manontolo (olona) anehoana ny hamafin'ny alahelo vokatry ny fahatsiarovana ny olon-tiana iray. Sarin-teny ampifanatrehana teny roa mifanila toerana mitovitovy toetra saingy singam-peo iray ihany no tsy itoviany (eo amin'ny feo [m] sy ny feo [h] : feo toka-maningana²⁴).

Tamberim-peo

Misy feo heno ho miverimberina ao anaty fehezanteny iray.

Ohatra : « *Temitra ivelany toa tandro-trano, miainga ho avo ka mandry irery* ».

Ny feo [t] no miverimberina ao hoenti-manohina ny fon'ny itenena. Ny feo [t] amin'ny ankapobeny dia manana sanda fanebahana araka ny hita ao amin'io FD io. Manamarina izany koa ny teny enti-manondro ny olona iray itezerana (olona akaiky na heverina ho ambany noho ny teny) hoe « *itena* ». Ohatra : Nahoana *itena* no tara fodiana ?

²⁴ RAJAONA S. *Zavakanto vita amin'ny teny*, « Panoramase », t.109

Teny feo (onomatopée)²⁵

Ny hevitr'ilay teny mbamin'ny feo avoaka eo am-panononana azy no mitovy amin'ilay hetsika atao sy/na avoakan'ilay zavatra iray. Izany hoe manakaiky ilay teny tononina ny feon'ilay zavatra faritana na resahina ao.

Ohatra1: « *Kabarin-tsaka, vao miteny dia omeo* ».

Mitovy amin'ny feon-tsaka ny fanononana ny teny hoe : « **omeo** ».

Te hilaza mivantana ny anton-diany ny mpiteny rehefa mampiasa io fitenenana io. Maika izy ka avy hatrany dia ny vontootin-dresaka no avohitrany aorian'io. Fanomanana ny mpihaino sahady koa izany ilazana ny fahamehana.

Azo anebahana ny olona tsy mahay manendrika lahateny koa io FD io, indrindra fa ireo olona mivantambantam-piteny.

Ohatra2 : « *Ny orana mivatravatra mandalo vetivety* ».

Mivatravatra : manambara ny feon'ny orana mirotsaka mafy sady matevina.

Lafin-javatra roa no azo ampiasana ity fomba fiteny ity : ampitonina alahelo efa safo-morona, anebahana ny olona tezi-dava sy/na be hafanam-po loatra amin-javatra atao.

Misy fiverimberenana'ny feo [t] ihany koa eto saingy ny feon'ilay toe-javatra no tena misongadina ao.

Ankoatra ireo fanasokajiana hita teo ireo dia navondron'ity mpandinika ity araka ny hevitra fonosiny izay mifototra amin'ny valin'ny natao (*idée de rétribution*) (G. Navone, 1970 : 59) sy araka ny lohahevitra voiziny ny FD.

Fehiny : Mazava araka iny famintinana iny fa misy rafitra mazava tsara ny FD. Koa avy amin'izay no hahafahana maneho, ato amin'ity asa ity, ny endrika hafa isehoan'ny FD izay tsy mbola voalazan'i Navone. Hodinihina manaraka eto ny momba izany.

b) Fomba fanehoana ny endrika hafa isehoan'ny FD

Tahaka ny zavatra rehetra, ankoatra ny maha fohy sy maha mifintina azy, ny FD dia misy fototra azo heverina fa niaingany teo am-piforonany vao niova (na tsia) arakaraka ny fampiasan'ny olona azy. Misy iraika ambin'ny folo (11) karazana no azo anasokajiana ireo

²⁵http://www.sfu.ca/fren270/semiologie/page2_6.html#start, « Une exception cependant : les onomatopées. Dans ce cas, les mots utilisés sont relativement proches du son que l'on veut décrire, [...] ». »

endrika fototra ireo amin'ny ankapobeny ; ka ny efatra (04) amin'izany dia efa nambaran'i G. Navone tao amin'ny fandinihana nataony ; ny fito (07) ambiny kosa no hatolotray manaraka eto.

Mialoha izany anefa dia ampahatsiahivina fohy aloha ireo endrika efatra voalaza teo aloha ireo :

- 1) *Fampiasana fimiran-jotra (parallélisme)*
- 2) *Filalaovana amin'ny feo izay miseho amin'ny endrika telo : fampiasana teny mitovy fanonona, tamberim-peo, ary teny maneho feon-javatra.*
- 3) *Fampiasana teny maro hevitra sy/na mitovy fanonona fa samy hafa hevitra :*

Ohatra :

Takatra = vorona sady hetsika

→ « "Izay no takatra" : hoy ilay namahan-takatra ».

Manina = hetsika ; *hanina* = sakafo

→ « *Kibo manina tsy mahatsiaro hanina* ».

- 4) *Fampiasana tenin'olona taterina mivantana (wellerisme)*

Ohatra : « "Izay no takatra" : hoy ilay namahan-takatra ».

Ireto manaraka ireto ireo endrika fototra fito hafa isehoan'ny FD :

- 5) *Fampiasana fehezanteny mivadi-drafitra anasongadinana fampitahana takona ila*

Ny entimilaza (EM) no mipetraka eo alohan'ny lazaina (L) amin'ny alalan'ny fampiasana kianteny mpamadi-drafitra : no, ka, dia (*takona*) na amin'ny alalan'ny faingo « , ».

Ny famadihan-drafitra dia fananterana ny lazaina ; izany hoe asongadina ny lazaina (L) amin'ny alalan'ireo kianteny mpamadi-drafitra ireo. Amin'ny FD, mety ho tena ilay Lazaina ambara ao anaty fehezanteny no anterina, nefa matetika dia Lazaina hafa ambadik'ilay voalaza ao. Takarina amin'ny alalan'izay hevitra aroso eo ny tiana holazaina. Ampiasaina amin'ny fifamaliana sy ny fifandresen-dahatra ny rafi-pehezan-teny mamely ankolaka toy izany.

Ohatra1: « *Ny tsihy **no** fola-mandefitra* » (*fa tsy izaho/isika*).

Tokony hitohy toy izao io fehezanteny io fa niniana notapahina mba hampisainana ny olona itenenana : « *Ny tsihy no fola-mandefitra [fa tsy izaho (na ny olombelona) : takona]*. Anitsiana ny olona mba hiezaka handefitra koa izany fomba fiteny izany.

Ohatra2 : « *Manan-tsira **ka** mahay mahandro* » (*fa...*).

Mitovy amin'ilay teo aloha ihany saingy ny kianteny ka eto dia manindry mafimafy kokoa ny EM. Mety ho « *izaho/ianao/ianareo, sns* » ny ho lazaina eto. Azo andokafan-tena io rehefa be ny mpitsikera, fa azo amaliana bontana an'izay manambany ny tena ihany koa izany. Ny kianteny ka rahateo amin'ny ankapobeny dia manana sanda mpampisongadina izay fienti-mandoka²⁶ olona na zavatra iray.

Ny sehatry ny toekarena sy ny fahalalana no ampiasana azy ity matetika.

Ohatra3 : « *Ny hazo avo (dia) halan-drivotra* » (*fa...*)

Manasongadina ny lazaina koa ny kianteny mpamadi-drafitra dia (takona) araka ny hita eto.

Ilazana ny olona manodidina miara-monina amin'ny tena ny « *rivotra* » ary fanasongadinana amin'ny lafiny tsara ao anaty fiarahamonina no ambara amin'ny « *hazo avo* ». Midika izany fa sarotra ny miara-miaina aman'olona tsy tia hava-manana ka ilana fitandremana tsara.

Ireo no tian'ny mpiteny holazaina ao ambadik'io fomba fiteny io. Andresen-dahatra ny olona mba tsy hihontsona fa hitandrina hatrany ny ainy eo anivon'ny fiarahamonina izany.

6) Fampiasana teny enti-manohatra

Fampitahana zavatra roa amin'ny alalan'ireo teny enti-manohatra : « toy ny... / ...toa... / ...ohatry ny... / ...toy ny... / ...tahaka ny... / izay...no toa... » ireto no atao.

Mety ho ny anoharana foana no hita ao anatin'ilay fehezanteny.

Ohatra1 : « *Toy ny kitranotranon'ankizy ka manao soa horavana* ».

Ohatra2 : « *Lany tetika toa ondry momba* ».

²⁶ Siméon RAJONA, *Structure du malgache*, 1972, « L'antéposition par l'intermédiaire de la particule *ka* peut avoir une valeur laudative emphatique », p.66

Izao no ohatra azo ampiharana ny fampiasana an'ireo FD ireo :

a) *Ity fikambanana misy antsika ity anie ka manelingelina ny tombontsoan'ny sasany e! Koa tratry ny tsy azo anoharana isika ankehitriny manoloana izao didimpitsarana manafoana ny fijoroany izao. Tsy maninona fa « toy ny kitranotranon'ankizy » izy ity « ka ny manao soa horavana ». Tsy maty antoka izay manao ny tsara eto an-tany.*

b) *Tsy hahavita na inona na inona io karama isam-bolana io satria mbola tsy voaray akory dia efa « lany tetika toa ondry momba » sahadry.*

Ohatra3 : *«Miebo tapany ohatry ny rano an-tatatra ».*

Ny miebo dia midika hoe « mirehareha », ka ny heviny eto dia « maneno » mafy. Izany hoe, maneno mafy ny rano mandeha anaty tatatra kanefa tsy mahafeno ilay hady akory izy. Noho izany dia diso fanantenana izay mitsiriritra azy. Enti-mitsikera ny olona tsy manana ny maha izy azy amin'ny lafiny maro io (toekarena, fahalalana ...) kanefa misehoseho sy be rehaka eo amin'ny mpiara-belona.

Ity misy ohatra azo ampiasana azy : *Aza maka tahaka ny toetran'ireny fa olona « miebo tapany ohatry ny rano an-tatatra » ireny.*

Ohatra4 : *« Miharihary toy ny kary am-pamoloana ».*

Toerana marina avoavo somary malalaka eo amoron'ny tanimbary ny « famoloana » ; mora tazana izy noho izany. Toerana fanangonana sy fikarakarana ny vary mandra-pitondra azy any an-tsompitra izy io. Saka dia kosa no antsoina hoe « kary » izay tsy mba miseho andro loatra ka mahalana hitan'ny olona. Koa raha hilaza zavatra tsy takona afenina dia ampiasaina io ohabolana io. Ohatra : *« Miharihary toy ny kary am-pamoloana » ny fanaovana kolikoly eto amintsika.*

Ohatra5 : *« Ohatry ny sinibe vakin-tsiny ka matin-jaza tezaina ».*

sinibe : fitaovana lehibe vita amin'ny tanimanga natao ho fitobian-drano fisotro ampiasaina ao an-dakozia, boribory misy vavany somary mihaona izay omby zinga izy. Raha tsy mitandrina ny mpampiasa azy ka voadona mafy matetika ny molony dia mety ho vaky na ho silaka izany.

Ny zinga no fitaovana fampiasa aminy akana rano nangonina ao anatiny. Izay no niheveran'ny Ntaolo ny zinga ho taizan'ny sinibe.

Izao no tiana hambara amin'izany : ny olona na ny zavatra mpifanerasera amin'ny tena na nokolokoloin'ny tena ihany no mamadika indraindray ka mampidi-doza ho an-tena. Ny olona maditra anaka no ohatra akaiky indrindra ity ohabolana ity.

Ohatra fampiharana : Misy zaza iray nangalatra ka voasambotry ny mpitandro ny filaminana ; voaantso any amin'ny birao noho izany ny ray aman-dreniny. Azony ampiasaina toy izao io fitenin-drazana io raha misy ny manontany azy eny am-piverenana : « *Sinibe vakin-tsiny* » aho io « *ka matin-jaza tezaina* » : nangalatra i Ra- ka voaantso tany amin'ny biraon'ny pôlisy aho natao famotorana ...

Ohatra6 : « *Izay adala no toa an-drainy* ».

Misy famadihan-drafi-pehezanteny eto. Ny teny hoe « *adala* » dia tsy mamaritra velively ny toetran'ilay ray faentina milaza kosa ny toetran'izay olona tsy mahavita zavatra mihoatra ny vitan'ny rainy ; ilazana koa ny olona manana toetra ratsy tahaka ny rainy. Ny fivoarana ho amin'ny tsaratsara kokoa no tian-kolazaina amin'izany.

Izany hoe :

* (Ny) *Adala* (dia) *izay toa an-drainy*.

EM L

Enti-mananatra ny ankizy izy io matetika ka ampiasaina amina lahateny tahaka itony : *Miezaha mafy amin'ny fianarana rankizy fa « izay adala » anie « no toa an-drainy » e !*

7) *Fampiasana fanalefahana fampitahana amin'ny alalan'ny teny hoe : « tsy mba... »*

Ny *tsy mba...* dia teny enti-maneho fanetren-tena mba handresen-dahatra ny mpihaino.

Ohatra : « *Tsy mba tsiriry vorona aho ka manidina raha ritra ny rano* ».

Misy karazany roa ny zavaboary atao hoe « *tsiriry* » :

—→ Ny iray dia zava-maniry malemiblemy, fahita any amina tany lemaka mandolava na tena misy rano ka miara-maina amin'ny tany aniriany. Tsiriry ahitra no ilazan'ny olona azy ;

—→ Ny iray kosa dia voron-drano iray sokajy amin'ny gana saingy kelikely kokoa izy ; misy faritra fotsy eo amin'ny tendany anoloana. Tany misy rano, noho izany, no tadiaviny onenana sy ikarohany sakafo. Vokatr'izany dia mety hifindrafindra toerana izy arakaraka ny zava-misy.

Tsapan'ny olombelona izany toe-javatra izany ka noforoniny io fitenin-drazana io atao ho fitaovam-pandresen-dahatra amin'ny fotoam-pangataham-bady. Atsofoka any anaty kabary izy io anomezan-dralehilahy toky ny ray aman-drenin-drazazavavy. Any amin'ny faran'ny resaka no itenenana azy matetika manao hoe : *Mahazo matoky ianareo ray aman-dreny fa hitandrina ny fifankatiavanay ho toy ny anakandriamaso ny tenako. Ny hifanantitra aminy no faniriako satria « tsy mba tsiriry vorona » aho « ka hanidina raha ritra ny rano ».*

- 8) *Fampiasana teny savily mpampitohy, mpampifandray, mpampiankin-kevitra : « ...fa..., ...fa...fa..., tsy misy...fa..., raha...dia..., ny...fa ny..., ...tsy...ka...vao..., ...ka/ : (teboka roa) ..., na ialohavan'ny mpanampy « te » : te...ka...).*

Ny teny savily mpampiankin-kevitra :

fa —→ dia enti-manambara hevitra tiana hisongadina ka ilazana azy amin'ny fomba manetriketrika ; fanantitranterana ihany koa izy. Ny hevitra rehetra manaraka eo aoriany no asongadina.

Ohatra : « *Tombon-dalana ny lasa fa lalan-karahana ihany* ».

Enti-mampionon-tena sy mampionona ny hafa io fitenenana io manoloana izay fahoriana manjo na fahatarana tamin-javatra iray. Hoy ny fiteny atao matetika eny ampangia-manjo : *Mionona fa toe-javatra mpahazo ny miankandrefam-baravarana rehetra ny toy izao, ary « tombon-dalana ny an'ny lasa fa lalan-karahana ihany* ».

—→ *raha... dia* : Mampifandray anton-javatra sy voka-javatra izy amin'ny ankapobeny, mety hampiditra zavatra na hevitra tsy ampoizina aterak'ilay hevitra voalohany.

Ohatra : « *Raha ny manan-drany no anarina dia ny kamboty no mahazo aloha* ».

Fiteny enti-mandresy lahatra ny ankizy na ny tanora anarina io. Ny tiana hambara dia hoe « tsy fidiny ho an'ny kamboty ny tsy misy mpananatra intsony ka manararaotra mihaino ny anatra ataon'ny olona amin'ny hafa izy mba ho azy ihany koa. Noho izany, sambatra izay mbola manana ray aman-dreny mpananatra ».

Teny enti-manindrona ny fon'ny zaza maditra koa io mba hahatonga saina azy. Any amin'ny famaranan-dresaka no tena mety hampidirana azy ity.

→ *ka* : Rehefa dinihina io teny io ao anatin'ireto fitenin-drazana manaraka ireto dia manana sanda telo :

*ka*₁ : mampifandray toe-javatra amin'ny antony mba hanomezan-danja ny vokany.

Ohatra : « *Taitra ny be tsy mba taitra (antony) ka₁ taitra irery vao mamaky takotra (vokany)* ».

Anebahana olona mpiolonolona sy/na tsy mba rototra amin-javatra iarahan'ny besinimaro manao io fomba fiteny io.

*ka*₂ : kianteny mpamadi-drafitra anasongadinana ny toetry ny lazaina.

Ohatra : « *Lolo an-tanin'andro ka₂ tsy mahafoy tany hita* ».

L

EM

Anesoana ny olona tsy te hiala amina toerana iray io, na olona tsy mahatsiaro fodiana. Entina ilazana ny fitiavana tanteraka ny toerana ipetrahan'ny tena koa izany.

Tahaka izao, ohatra, ny fampiasana azy : « *Efa tahaka ny lolo an-tanin'andro* » izy any « *ka tsy mahafoy tany hita* », na hoe : *Izaho tsy hiala satria mety amiko ny fijanonana eto. « Lolo an-tanin'andro » aho « ka tsy mahafoy tany hita ».*

*ka*₃ : Sady mampifandray anton-javatra sy vokany izy no manamafy fanazavana tahaka ny « *satria* » noho ny fiarahany amin'ny mpanampy « *te* ».

Ohatra : « *Te hoderain'ny goaika (antony) ka₃ mambohy voanjo ririnina (vokany)* ».

Azo havadika ho toy izao io fitenin-drazana io : * « *Mambohy voanjo ririnina (izy) satria te hoderain'ny goaika* ». Io no ilazana fa enti-manazava hevitra ny « *ka* » ao.

Ampiasaina anesoana sy anebaka ary anakianana ny olona manao hetsika na fihetsika amin'ny fotoana tsy tokony hanaovana izany io fomba fiteny io.

9) Fampiasana fehezanteny mandidy izay maneho anatra mivantana

Miseho amin'ny endrika enina izany :

- Mandrara tsotra amin'ny alalan'ny fampiasana ireo teny savily maneho fandrarana, toy ny : « tsy mety..., aza..., raha...aza..., aza...ka..., aza...ohatra ny..., aza...toa... ».

Tsy masiaka ny fandrarana eto fa tena feno ny fanetrenan'ny mpiteny. Fananarana avokoa no fonosiny. Ohatra vitsy ihany no handinihana izany.

Ohatra1: « Tsy mety raha fony tsimbotry niaraka ihany ka adrisa vao hifanary ».

Samy valala avokoa na ny tsimbotry na ny adrisa, saingy « tsimbotry » no iantsoana azy vao kely fa « adrisa » kosa no anarana omena azy rehefa manana elatra izy. Mitangorongorona ny valala raha mbola tsimbotry fa samy mandeha amin'izay alehahany kosa izy ireo rehefa lehibe. Noho izany dia ananarana ny olona io fitenenana io mba hifanampy foana amin'ny sarotra ; hifampitsinjo kosa raha misy ny mba mahazo tombon-tsoa.

Ohatra2 : « Aza mitarika hazo an-tendrony ».

Sarotra ny mitarika hazo amin'ny tendrony satria mety ho tapaka izy ary mety ho maro ny rantsany hiraraka an-dalana. Tahaka izany ny mitondra teny na hevitra tsy voafotopototra sy tsy voafakafaka tsara amin'ny hafa. Araka izany, dia tokony hisaina sy hamakafaka ary handinika tsara ny zavatra re sy hita ny olona vao mandray azy ho marina ka hampita izany amin'ny hafa.

Ohatra3 : « Raha indray maka no maty vary aza mandevin-tsotrobe ».

Enti-mampirisika ny olona kivy eo anatrehan'ny tsy fahombiazana teo amin'ny fiainana ity fomba fiteny ity. Andresena lahatra ny tsirairay koa hanao ezaka mafy sy tsaratsara kokoa noho ny natao teo aloha izany. Ohatra : Tsy afa-panadinana ny mpianatra iray ka nihevitra ny tsy hamerina intsony, dia izao no ananarana azy : « Mahereza ary mamerena fanindroany indray fa « Raha indray maka no maty vary, » dia « aza mandevin-tsotrobe ».

- Mandrara sady mampisafidy malalaka amin'ny alalan'ny teny savily maneho fandrarana, toy ny : « aza...fa..., aza...fa...fa... »

Ohatra1: « Aza manetriketrika ny an'olona fa rehefa masaka batain'ny tompony ».

miketrika = mahandro ; ny *manetriketrika* = mahandro ka mampangotraka ny zavatra ahandroina mba ho masaka. Sady fenebahana io no fananarana olona mikolo na mikarakara fananan'olona. Ny lehilahy na vehivavy mitaiza zana-bady (zana-drafy) no fampiasan'ny olona azy ity ; satria rehefa lehibe ilay zaza matetika dia manambany ny mpitaiza azy ary mety hody any amin'izay tena rainy na tena reniny.

Ohatra2 : « Aza mihomehy lavo fa ny tody tsy misy fa ny atao no miverina ».

Ananarana ireo olona rehetra izay faly havana ory izany : mihomehy na faly mahita ny fahavoazan'ny sasany.

Tsy hentitra ny fandrarana eto satria ny fanazavana eo aoriany no ahafahan'ny mpandray ny hafatra hanao na tsy hanao ilay hetsika.

- Mandrara amin'ny alalan'ny fampiasana teny savily maneho safidy mampisaintsaina

Amin'ny alalana teny savily mpampifandray hevitra no anehoana izany.

Mampieritreritra ny mpihaino na ny mpandray ny hafatra ny mpiteny eto ka asehony ny lafitsarany sy ny lafiratsin'ilay zavatra ambarany hahafahan'ny itenenana misafidy izay tiany na ny hetsika hataony.

Ohatra vitsivitsy no haroso eto momba izany :

Fampiasana ny « izay...izay.../ izay...fa.../ izay... »

Ohatra1: « Izay mitambatra vato, izay misaraka fasika ».

Isarihana ny olona hiray hina amin'izay atao rehetra io raha toa ka te ho tafita sy te handroso.

Ohatra2 : « Izay akaiky vilany feno arina ».

Famarananan-dresaka ity ilazana fa mahazo tombony izay eo akaiky zavatra iray (akaiky mpitondra, sns) ; mety ho tombon-tsoa izany fa mety ho loza na sazy na asa ihany koa.

Fampiasana ny « ny...fa... »

Ohatra : « Ny *manao soa tsy mba mahafaty antoka fa ny manao ratsy enjehin'ny nataony* ».

Fandresen-dahatra ny olona mba hanao ny tsara hatrany izany.

Fampiasana ny « ...tsy mahaleo... »

Ohatra : « Ny *hery tsy mahaleo ny fanahy* ».

Enti-manitsy ny olona manome lanja kokoa ny fihetseham-po ity. Izany hoe tokony ho ny fanahy ihany no mibaiko ny fitondran-tena rehetra.

Fampiasana ny teny milaza fandavana tsy miaraka amin'ireo teny hafa.

Toy izao ny endrika isehoany : « ny ...tsy...tsy..., raha tsy...tsy..., tsy...tsy..., ...tsy... »

Ohatra : « Raha tsy *sahy faty tsy mifono lambamena* ».

Andranitana olona hiditra an-tsehatra amina asa iray izany ary fandrisika koa amin'ny fiatrehana zava-tsarotra. Hoy, ohatra, ny mpiloka rehefa hametraka ny volany eo ambony latabatra filokana : *Ity àry ny ahy fa « raha tsy sahy faty tsy mifono lambamena »*. Izany hoe, izay mahafoy volabe ihany no mahazo be, izay sahy sehatra ihany no mahomby.

Ohatra : « Tsy *miady, tsy miady, ny kobay eny an-kelika ihany* ».

Anebahana ny olona mpiatsaravelatsihy ity fomba fiteny ity. Mody mihavana sy mangata-pamelana kanefa mbola mamolavola teti-dratsy hamelezana ny hafa ihany.

Ohatra : « *Tanàna haolo tsy ilaozan'ambiaty* ».

Mety ho tena ambiaty no resahina eto satria fahita amina tanàna haolo izy ireny ; fa mety koa hoenti-milaza ny fisian'ny ahitra maro sy lava amina toerana iray. Lava ahitra foana matetika ireny tanàna haolo ireny.

Ilazana ny toetra raiki-tampisaka amina olona na fianakaviana iray, araka izany, io FD io ; toetra izay mety ho nifandovana na an'olona iray manokana.

➤ Mandrara amin'ny alalan'ny fampiasana teny savily maneho safidy manilika

Azo sokajiana ho karazany telo ity fanehoana safidy manilika ity eo amin'ny FD : ao ny safidy mampihen-danja ny tena na mampidina ny saranga misy ny tena, ny safidy manolotra ny tsy tokony hatao fa manasongadina kosa ny tsara tokony harahina, ny safidy mampiharihary avy hatrany izay mety tokony harahina na ny tsy mety tokony hialana.

Horaisina tsirairay avy ireo rehetra ireo :

Voalohany, ny safidy mampihen-danja ny tena na mampidina ny saranga misy ny tena ampi-dirin'ireto andian-teny ireto: *raha...dia..., raha...dia... aleo..., raha...aleo..., raha...aza....* Izany hoe mitondra mankany amin'ny ratsiratsy kokoa ny safidy ampanaovin'ny mpiteny.

Ohatra1: « *Raha dobo tsy ho sahy siny dia miketraka ho renirano* ».

Toe-javatra roa no azo ampiasana io fomba fiteny io :

→ Fandranitana sy fandrisihana ny olona hirotsaka amina sehatr'asa iray izay mety ho sarotsarotra tanterahina.

→ Fanebahana ireo izay mihalangalana tsy manatontosa ny adidy aman'andraikitra tandrifany azy. Raha ny mpitondra vahoaka no resahina eto dia misy ambadika « fitakiana fialana amina toerana » ao.

Mitovy fiasa amin'io avokoa ireto fitenenana manaraka ireto :

Ohatra2 : « *Raha tanora tsy ho jejo dia aleo maty ho razana* ».

Ohatra3 : « *Raha mitsangan-ko mavo toa valanirana, aleo mipetraka ho sampan-javatra* ».

Ohatra4 : « *Raha volavolain-ko somotra, aza mamilafila ho vaoka* ».

Faharoa, ny safidy manolotra ny tsy tokony hatao fa manasongadina kosa ny tsara tokony harahina amin'ny alalan'ny fampiasana ny andian-teny « *aleo...toy izay..., aza... fa...*

Ohatra1: « *Aleo very tsikalankalam-bola toy izayvery tsikalankalam-pihavanana* ».

Ratsy ny hevitra ampidirin'ny aleo fa tsara kosa ny aorian'ny toy izay.

Azo ampifandefarana olona ao anatina disadisa ity. Ohatra : Misy olona roa niady ka mitaky onitra ny an-kilany vokatry ny fahavoazany manao hoe : *mifandamina ianareo roa tonta fa aza mifampitory tahaka izao ; ny namana ihany anie no mahavonjy amin'ny sarotra ka « aleo very tsikalankalam-bola toy izay very tsikalankalam-pihavanana » e !*

Ny mpanampy aza dia teny fitaovana enti-maneho fandrarana tsy hanatontosan'ny itenenana hetsika na asa iray voafaritra ; ary ny fa dia mpampiankina anasongadinana ny hevitra tiana havohitra. Koa ny fiarahan'izy roa aza...fa... eto dia maneho an-karihary ny fampisafidianana ny olona itenenana tsy hanatanteraka ny asa voalazan'ny hevitra₁ fa hifidy kosa ny ambaran'ny hevitra₂ : Ny fa no mampiharihary ny safidy tsara indrindra tokony hataon'ny olona itenenana.

Ohatra : « Aza ny lohasaha mangina no jerena fa Andramanitra an-tampon'ny loha ».

hevitra₁ : Ny lohasaha mangina no jerena.

hevitra₂ : Andriamanitra an-tampon'ny loha (no jerena).

Anakanana ny olona tsy hanao ratsy io fomba fiteny io anehoana fa misy mahita foana izay atao rehetra ary tsy maintsy misy setriny izany.

Fahatelo, ny *safidy mampiharihary avy hatrany izay mety tokony harahina na ny tsy mety tokony hialana*. Ny fiarahana teny savily mpampiankin-kevitra samihafa amina mpamari-toetra mitana anjara asa EM ao anaty laza iray no maneho izany. Roa karazana no haseho eto :

Ny mpamari-toetra tsara mitana anjara asa EM miaraka amin'ny teny savily enti-mampitaha noho ny no ambara voalohany.

Ohatra : « Ny roa no tsara *noho ny iray ; raha lavo, misy mpanarina* ».

Eto indray dia ny tsara avy hatrany no asongadina amin'ny alalan'ny mpampiankin-kevitra « *noho ny* » izay manana sanda mpampitaha toe-javatra roa (*roa//iray*). Ny mpampiankin-kevitra « *raha* » ao aoriana no mampiditra ny fanazavana manome lanja ny safidy tokony hatao. Tarihina ny olona amin'ny alalan'io fitenin-drazana io mba hiditra hatrany ao anaty fiarahamonina na fikambanana. Tokony hialana ny fiolonolonana.

Ny mpamari-toetra ratsy mitovy anjara asa tazomina amin'ny tsara namabara tetsy aloha (anjara asa EM) saingy ny mpampifandray mpampiankin-kevitra fa miaramirafitra aminy dia mampiharihary ny tsy tokony hatao na ny tsy tokony hosafidina. Izany hoe misy toe-javatra iray iombonana ambara eo alohan'ny fa ; toe-javatra izay ratsy kanefa tsy azo ialana, ohatra : *toetra na kilema*, saingy manan-tombo noho izay no ambara eo aoriany.

Ohatra : « *Maro ny sima fa izay vaky orona no ratsy* ».

Misy safidy manilika koa ao anatin'io fehezanteny io eo anatrehana toe-javatra tsy azo anoharana. Ampiasaina izy io mandritra ny fanaovana don-tany sy kapo-tandroka andresendahatra sy ambadam-bava ny an-daniny. Sady manamarika ny fiarovana ny maha izy azy ny mpiteny io no fiononana amin'izay anjara nomen'Andriamanitra ny tena koa.

Hita teto araka izany fa fanatsoahan-kevitra niainga avy tamina tranga faobe iombonan'ny besinimaro (*déduction*)²⁷ no nentin'ny Ntaolo namorona ity fomba fiteny ity. Izany hoe samy azo lazaina hoe *sima* avokoa izay rehetra vaky molotra ambony fa ny maningana ao anatin'izany izay tena ratsy fiseho indrindra dia ny fitaran'iny vaky iny hatrany amin'ny orona.

➤ *Mandidy amin'ny alalan'ny fampiasana teny savily maneho fanirahana*

Amin'ny ankapobeny dia baiko no endrika isehoan'ny fanirahana. Mazàna amin'ny teny malagasy dia ny fampiasana ny tovan'ny filaza mandidy (-a, -o, -y) no anehoan'ny mpiteny izany. Ahitana an'ireo ity karazana FD horesahina eto ity izay ampiasana ireto endrika ireto : « *mandeha-n-a...*, *maromaro-a...*, *manao-v-a...*, *haja-o.../arahaba-o...*, *avela-o...*, *ome-o...*, *ampisambor-(ina)-y* ».

Ohatra1 : « *Mandehana dieny malaina fa rehefa mazoto tsy afaka intsony* ».

Ampiasaina izany ananarana ny olona hahay hanararaotra fotoana na zava-mandalo izay tsapa fa mety hitondra soa. Ho fampitandremana ny olona mba tsy ho tra-nenina koa izany any aoriana.

²⁷ A. REBOUL sy J. MOESCHLER, *La pragmatique aujourd'hui*, 1998, « La déduction et l'induction sont des processus qui vont en sens inverse : alors que la déduction va du général au particulier [...], l'induction va du particulier au général [...], p.103

Ankoatra izay fampiasana ny tovan'ny filaza mandidy izay dia tsapa ho maneho fibaikoana ihany koa indraindray ny mpanampy toy ny aoka. Mety haneho fanentanana izany fa mety ho fibaikoana hentitra mihitsy : zavatra tsy azo ihodivirana.

Ampiarahina amina teny na andian-teny hafa toy ny *mba...*, *raha...ka...*, *raha...ka tsy...fa...*, *raha...dia...* izy ireo indraindray ; anisan'izany ireto : *mba arahabarabao...*, *raha...ka...avelao...*, *raha...ka tsy...omeo fa...*, *raha...dia aoka...* Manome baiko ny olona itenenany mba hanatanteraka hetsika iray ny mpiteny amin'izay fotoana izay.

Ohatra2 : « Mba arahabarabao ny *rehetra fa tsy fantatra izay horafozanina* ».

Fanirahana mifono fampitahorana sy fampisafidianana ankolaka no voizin'io FD io.

Ohatra3 : « Manaova *soa vato fa misy ipetrahana* ».

Fampianarana ny mpiara-monina mba hanao ny tsara mandrakariva amin'olona tsy ankanavaka io ka ny tombontsoa azo avy amin'izany no asongadina.

Ohatra4 : « Raha *manao ka tsy ambinina, ampisambory fa havana ory ; fa raha miraviravy tanana tsy miasa, avelao hivarina amin'ny tany* ».

Sady fampianarana ny mpiara-belona hifampitsinjo ity no fampitandremana sy fampahatsiarovan-tena ho an'ireo mpidonanam-poana ihany koa.

Ohatra5 : « Maromaroa *fiteraka fa tsy ilaozan'izay ho tsara* ».

Foto-pisainana malagasy momba ny fitsimbinana ny aina no ventesin'ity fomba fiteny ity. Satria amin'ny Malagasy dia ny zanaka no voalohan-karena ka ilaina ny manana azy maro. Tsy miankina aminy, araka ny fiheverany, ny maha soa na ny maha tsara ny taranany fa lahatr'Andriamanitra izany. Ny fiterahana maro no hany vahaolana azony atao itiliana izay zaza hendry hianteherana rahatrizay. Fampirisihana ny olona hiteraka maro io ; fampirisihana ny tsirairay koa hamoaka hevitra mandritra ny famahana olana iray.

Ohatra6 : « Raha *zaza sarotra ala-nify dia aoka ho sosona* ».

Ampiasaina amin'ny olona mandà na manamaivana ny fanampiana omena na atao azy ity. Fanapahan-kevitra an-katezerana no asehony anajanonana ny hetsika rehetra efa natomboka.

➤ Fampiasana ny filazam-potoana ho avy maneho firariana

Misy zavatra rariana hotanteraka amin'ny alalan'ny fampiasana ny filazam-potoana ho avy ho- sy teny firariana anie. Zavatra mbola tsy nisy no rariana hisy na ho azo na ho tonga ka ambara amin'ny fotoana ho avy ny fehezanteny. Sady maneho vinavina ny filazam-potoana *ho avy ho-* eto no maneho firariana ihany koa ; manamafy izany ny anie.

Ohatra1: « **H**angidy lavitry ny faty ; **ho** mamy tian'ny vola ».

Ohatra2 : « *Veloma ry sakaiza ; tsy ho voan'ny an-tanan-tena anie, tsy haratran'ny an-tanan'olona* ».

10) Fampiasana ireo paika enti-manazava, toy ny fampiasana ny « teboka roa (:), ny ka, ny faingo, ny fa, ny ...tsy...fa... » raha an-tsoratra fa fiatoana kely raha am-bava.

Ity karazany iray ity no tena maro indrindra kanefa vitsy ihany no horaisina hatao ohatra eto. Ny zavatra tiana hasongadina no anombohana ilay FD. Ny lazaina (L) na ny fameno (F) ao amin'ilay fehezanteny no atsipy any aloha mba hisongadina. Izany hoe ny teny manana anjara asa L na F no manokatra ny fehezanteny dia manaraka eo aoriana ny famaritana na ny fanoritsoritana manazava izay hevitra fonosiny.

Ohatra1: « *Tsikovoka sy fandiorano : volo no iraisana fa ny fomba samy manana ny azy* ».

————→ Volo no iraisan'ny tsikovoka sy ny fandiorano.

L EM F

Misy toe-javatra iainan'ny tsikovoka sy ny fandiorano izay mety hisy fifanahafana amin'ny fiainan'ny olombelona. Mitovy volo izy roa ireo ary samy miaina ao anaty rano fa ny fombany no samy hafa.

Ampiasaina izany FD izany ilazana ny mahasamy hafa ny fomba, ny fanao, ny toetra, ny fihevitra, ny fisainan'ny olombelona tsirairay (isam-batan'olona).

Ohatra2 : « *Tehin-kiho am-piakarana (L) : tsy haingo fa tohana aina* ».

Misy toe-javatra eo amin' ny fiainana izay tsy maintsy hatao na hotanterahina noho ny olona isan-karazany. Koa ny FD tahaka itony dia atao amaliana bontana izay olona mpitsikera. Azo anakianana ny olona mpizahozaho foana koa izy io.

Ohatra3 : « *Vorodamba atakalo (F) ka ny manana ny ratsy indray no manafatra* ».

Anehoana hasarotam-piaro amin'izay ananana izany na ratsy na tsara. Enti-mananatra ny olona hanaja ny kely ananany ary haningorana azy mba hanaja ny hafa ihany koa.

Ohatra4 : « *Ravin-kazo manintsana (F) , ny lasa tsy ahoana fa ny sisa no ampaniriana* ».

Toe-javatra iainana sy hita andavanandro ny ravin-kazo mihintsana raha ririnina ; fa mitsiry kosa izy raha lohataona (mipoitra ny tsiry vaovao). Manambara fisolosoloana izany anafoanana ny famoizam-po.

Fampaherezana ny olona diso fanantenana eo amin'ny fiainana no ilana io fitenenana io sy izay rehetra mitovy firafitra aminy. Ampiasaina koa izy ananarana ny olona nanao hadisoana tsy nahy (mety ho teny izany na fihetsika).

Ohatra5 : « *Miady varotra am-pandanjana (L) ka misalasala amin'ny efa lafo* ».

Anoritsoritana ny toetran'olona manenina taorian'ny fifanarahana nifanaovana io FD io. Izany hoe mahatsiaro ho matiantoka ny an-daniny na ny an-kilany ka te handresy lahatra dia raisiny avy hatrany io fomba fiteny io. Hanaiky vokatry ny henamaso izay olona iantefan'ity fiteny ity ka tsy ho sahy hihemotra intsony. Ankoatra ny maha mariky ny fanazavana azy dia mampifandray ny antony sy ny vokany ny mpampiankina ka ao anatin'io FD io ; mitovy sanda amin'ny noho izany/vokatr'izany.

Fanamarihana : Marihina fa tam-bava ny nanatontosan'ny Ntaolo an'ireo FD ireo ; noho izy haseho an-tsoratra ankehitriny no nampiasana ireo singa mariky ny fanazavana ireo mba hampisy rindra ny famakiana azy. Koa ny teny eo am-piandohan'ilay fehezanteny dia hazavain'ireo teny rehetra manaraka azy ; izay no fomban'ny fanazavana. Aroso aloha ny zavatra na ny hevitra hasongadina vao manaraka ny fanazavana.

11) Fampiasana fehezanteny takona ila (ny L)

Fehezanteny tso-drafitra no ampiasaina eto ka mety hisy lazaina (L) ao na tsy hisy ary amin'ny fomba tsotra ny fanehoan-kevitra. Maro ny azon'ny mpiteny atao eo amin'ny toeran'ny lazaina (L) : mety ho ireo mpisolo tena rehetra (« *izaho/ianao/izy/izahay* », sns) na ho anarana. Fanoritsoritana toe-javatra no ataon'ny mpiteny amin'izany.

Ohatra1: « *Mangetaheta ambony lakana* ».

Enti-manoritsoritra toe-javatra miteraka fahagaganaio : misy ihany ny vahaolana azo amahana ny olana iray kanefa izany tsy ampiharina fa jerem-potsiny.

Ohatra2 : « *Voatavo tsy mifandraka* ».

Raha ara-bakiteny, ny « *voatavo tsy mifandraka* » dia voatavo mbola tsy matoy ka tsy azo ampiasaina na atao ho fitaovana (atao fasiana na fakana rano ...). Koa ny heviny eto dia anondroana ireo olona mbola tsy vory saina tahaka ny zaza/ankizy.

Ampiasaina, noho izany, ity fomba fiteny ity ho fanebahana sy fanambaniana olona.

Ohatra3 : « *Maniry zaza ka tera-dahy* ».

Nanome lanja ny lehilahy ny Ntaolo ka anisan'ny zava-dehibe taminy sady niriny ny hanana zanaka lahy. Hafaliam-be ho azy ny mahita olona tera-dahy ao anatin'ny fianakaviana. Araka izany, dia ampiasaina ity fomba fiteny ity anehoana ny hafaliana eo am-pahitana ny zavatra tena ilaina. *Ohatra : Mila fitsaboana ny mponina amina tanàna iray ka avy hatrany dia toeram-pitsaboana ary fomba sy mpitsabo ampy sady mahay no nomen'ny Fanjakana. Koa hoy ny mponina maneho ny hafaliany : « Naniry zaza » isika « ka tera-dahy ».*

Ao amin'ireo ohatra naroso ireo dia takona avokoa ny lazaina (L), fa an'ankina amin'izay mpiteny ny fametrahana sy/na ny fanondroana azy.

Ato amin'ity ohatra manaraka ity indray dia miseho ny lazaina.

Ohatra : « *Lasa ny kipikipy zato vao tonga ny voron-tsaradia* ».

Lazaina (L) : *kipikipy zato, voron-tsaradia* ; Entimilaza (EM) : *lasa, tonga*

Tsapa araka ireo fanasokajiana ireo àry fa anisan'ny fototra iorenan'ny FD ireo voalaza rehetra ireo ; ka noho izany dia ny mpiteny no mampiasa azy ireny arakaraka ny safidiny sy ny tanjona kendreny.

Tranga maningana : Ity misy endrika hafa izay sarotra apetraka amin'ireo karazany voatanisa teo ireo kanefa anisan'ny endrika fototry ny FD ihany koa. Avy amin'ny fanambarana ny mpampifandray raha amin'ny mpamari-toetra malina no nahazoana azy ka lasa anaran-tsamirery izany : $ra(ha) + malina = \underline{Ramalina}$.

Tsy fahita amin'ny fitsipi-panoratana ny teny malagasy ny toy izao kanefa mba haharaiki-drafitra an'ilay andian-teny dia natao.

Toy izao ny FD azo avy aminy : “Ramalina aza mifehy hazo tokana”.

Tokony hatsofoka any amin'ny karazany fahasivy izy noho io mpampiankina raha io maneho safidy mampisaina, kanefa dia azo atao ao amin'ny karazany faharaika ambin'ny folo ihany koa satria takona ny lazaina (L) ao aminy (*“Raha malina aza (isika/ ianao) dia tokony mifehy ny hazo tokana”).

Raha io endriny amin'ny maha FD azy io no dinihina dia hita fa miseho amin'ny fehezanteny mivadi-drafitra izy eto : “Ramalina aza (dia) mifehy hazo tokana”.

L EM F

Misy hevitra takona ihany koa tokony holazaina eo aoriana ka ahazoana ny toy izao : “Ramalina aza (isika/ianao/izaho dia) mifehy hazo tokana (**indrindra fa...**)”.

Tsy mba fifehy ny hazo tokana satria tsy hiparitaka velively izany, kanefa rehefa be ny ahiahy amin'izay fahavoazana mety hiseho dia fehezina ihany. Anehoana fitandremana fatratra io, fampianarana koa amin'ny fisorohana izay loza rehetra mety hitranga na ahina hitranga.

Ireto manaraka ireto, izay fahita matetika ihany koa, dia mifototra amin'ny fampiasan'ny olona azy. Izany hoe : ireo FD fototra ireo no volavolain'ny mpiteny araka ny itiavany azy ka ampifanandrifiny amin'ny tanjony.

Maro ny endrika isehoan'izany :

12) Miseho amin'ny endrika lahabolana hafa

Toa misy itoviany amina lahabolana hafa ny FD raha ny firafiny no dinihina ; toy *ny ankamantatra, ny ankifidy, ny fampitaha*.

➤ Ny ankamantatra sy ny FD

Tsy hasian-dresaka intsony ity satria efa nohazavaina tany aloha (p.35) araka ny fandinihan'i Navone ; ny fiandohan'ny fehezanteny no maha samy hafa azy ireo.

➤ Ny ankifidy sy ny fitenin-drazana

Amin'ny maha ankifidy ny ankifidy, dia misy safidy ambara amin'ny alalan'ny sary apetraky ny mpiteny ao ka tsy maintsy maka iray ao amin'ilay zavatra ampisafidianina ny mpihaino. Mifidy iray amin'ilay zavatra fonosin'ilay sarin-teny io mpihaino io ka aorian'ny safidiny vao manome ny valiny ny mpiteny. Mety hahazo ny tsara izy fa mety hahazo ny ratsy ihany koa.

Toy izao ny firafiny : *Alao izay ho anao : ... ?* (Dahle, 1984 : 26)

Ohatra : *Alao izay ho anao*: Tsemboka anatin'ny maro, sa tsemboka irery ?

Valiny :

- Tsemboka anatin'ny maro : *mpamosavy ampinomina*

-Tsemboka irery : *mpiasa*

Ahitana io fampisafidianana io ihany koa ao amin'ny FD saingy tsy misy fanontaniana sy valinyao aminy ; ary ankolaka ny fanolorana ny safidy.

Ohatra : « *Taitra ny be tsy mba taitra fa taitra irery vao mamaky takotra* ».

Ny teny dia noforonina niainga avy tamin'ny zava-misy na zava-nitranga teo anivon'ny fiarahamonina. Ohatra ny teny hoe « *solosaina* » nandikana ny hoe « *ordinateur* » dia noforonina nanomboka tamin'ny fotoana nahatongavan'io fitaovana io teto Madagasikara

mba hahafahana milaza ny anarany amin'ny teny malagasy. Koa ny fomba fiteny sy/na ny ohabolana, araka ny efa voalaza, dia noforonina avy tamin'ny zava-misy manodidina hita sy iainana. Azo heverina eto fa io fomba fiteny natao ohatra io dia vokatry ny zava-misy hitan'ny olona izay namorona azy. Tsy lafatra tanteraka ny fanazana homena eto fa vinavina no haroso.

Fanazavana hevi-teny

taitra : fihetsika maneho figagana manoloana ny tranga na toe-javatra iray tsy ampoizina ka mahatonga ny olona iharany hanatanteraka asa iray an-tery na an-tsitra-po. Ohatra, mitsambikina ka mety handositra ny olona iray mifanena tampoka amina bibilava.

mamaky : matoanteny azo avy tamin'ny fototeny « *vaky* » io izay manambara hetsika milaza fanasarahana zavatra ho roa manaraka ny an-davany (toy ny kitay) fa mety ho zavatra boribory no hiharan'izany (vilia, vilany ...).

takotra : fitaovana boribory ny takotra amin'ny ankapobeny izay atao ho fiarovana sy/na fanakonana na fanakanana zavatra mora very na tsia ka tsy tiana ho hita na ho azon'ny olona, tsy tiana ho very. Noho izany, dia fitaovana loaka aty azo asiana zavatra no ampiasana takotra (sarona). Ohatra, tavoahangy, tohotra tantely, vilany ...

Fanazavana ny hevitr'io fomba fiteny io

Manoritsoritra ny fihetsik'olona iray be fisalasalana sy be ahiahy amin'ny trangam-piainana samihafa atrehan'ny besinimaro izany. Ilazana tsy fandraisana andraikitra avy hatrany fa miandry amin'ny fotoana tsy mahamety ny hetsika intsony vao manao sady manondrana. Manambara fitiavan-tena miteraka fiolonolonana ihany koa io fitenenana io.

Izay no azo ampifanahafana an'io fitenenana io amin'ny ankifidy. Tsara kokoa ny miara-afa-baraka amin'ny maro toy izay ny tena irery.

➤ Ny fampitahana sy ny fitenin-drazana

Ao amin'ny fampitahana dia misy zavatra roa ampifanatrehana ijerena izay tombo sy hala.

Ahitana endrika toy izany ny FD.

Ohatra1 : « *Sakamalao sy havoza ka samy manana ny hanitra ho azy* ».

Ohatra2 : « *Samy zanaky ny mpanefy ka tsy hifampidera taim-by* ».

Araka ireo ohatra ireo àry dia hita fa samy manana ny maha izy azy ny zavatra roa ampifanolorina fa tsy misy ambony sy ambany, na tsara sy ratsy. Noho izany dia misy fampitahana sanda ao.

13) Miseho amin'ny endrika fanontaniana

Ato amin'ity sokajy ity indray dia ny fehezanteny fototry ny FD ihany no nosisihana teny enti-manontany, toy ny ve ?, nahoana ?, inona ?, *sns*, mba hoenti-manakiana na mandà ilay toe-java-mitranga.

Ohatra : « *Sitry ve aho ka ho velona ambony vato ?* ».

Fehezanteny fototra : « *Sitry ka velona ambony vato* ».

Ny teny enti-manontany ve ? no nasisika nandrafetana azy. Fandavana an-kitsirano no ataon'ny mpiteny amin'io. Mody manontany izy kanefa manohitra ny toetra ratsy asehon'ny fomba fiainan'ny sitry. Ny sitry ihany no afa-mivelona ambony vato fa tsy ny olona. Misy fanoharana, noho izany, ao ka ny fanontaniana dia paikady fandavana mafy : *tsy sitry aho ka ho velona ambony vato*. Fomba fandresen-dahatra mahery vaika ihany koa izany.

14) Fampiasana filaza mandidy enti-mandrara na maniraka amin'ny alalan'ny : aza..., aza...ohatry ny..., aza ...tahaka ny..., aza atao..., aza manao..., aza atao toy ny..., ataovy..., ataovy toy ny..., manaova..., aza...fa ataovy..., tahaka ny..., toy ny..., tsy mety raha...

Ankoatra ireny filaza mandidy noresahina tany amin'ny fototra ireny dia mbola misy endrika filaza mandidy ireto izay miompana amin'ny fampiasan'ny olona ny FD. Izany hoe

ny mpampiasa no mamolavola azy hirindra amin'ny lahateny ataony sy ny tanjona kendreny. Ampiana teny hafa eo aloha na any anatin'ilay endrika fototra anomezana baiko ny olona itenenana. Santionany amin'izany ireto haseho manaraka eto ireto.

Atao amin'ny alalana fafana eto ambany ny ohatra anehoana izany :

Teny nanampy azy	Endrika fototra
<i>Aza manao</i> → « Aza manao fihavana-molotra : tezitra vao mifanatona ».	fiavana-molotra : tezitra vao mifanatona
<i>Aza atao toy ny</i> → « Aza atao toy ny vato tsindry ahazana ka raha maloka ny andro atsipy »	vato tsindry ahazana ka raha maloka ny andro atsipy
<i>Ataovy</i> → « Ataovy sotroranon'akoho: kely azo, andrandraina ; be azo andrandraina »	sotroranon'akoho : kely azo, andrandraina ; be azo andrandraina
<i>Toy ny</i> → « Toy ny kitranotranon'ankizy ka manao soa horavana »	kitranotranon'ankizy ka manao soa horavana

Fafana2 : Maneho ireo endrika filaza mandidy hafa isehoan'ny FD izay miompana amin'ny fampiasan'ny olona azy.

Mifototra amin'ny fomban'ny lahateny manazava avokoa ireo. Satria hita ao :

- ny paikan'ny fanazavana : atolotra aloha ny hevitra na ny zavatra hohazavaina (fihavana-molotra, fon'ny mpanefy, vato tsindry ahazana, sotroranon'akoho, vakan-drazana, kitranotranon'ankizy) vao manaraka eo aoriana ny fanazavana ;
- sy ny mariky ny fanazavana : « : », « ka », « , », « ; » (ny « , » sy ny « ; » dia ampiasaina eo amin'ny fitanisana).

Ireto manaraka ireto indray dia miorina amin'ny fampiasana teny enti-manohatra sy teny fandrarana.

Ohatra :

- « **Tsy mety raha** kely mialoha Andriana **toy ny** tehina ».
- Teny nanampy (fanalefahana hevitra) → Teny nasisika (teny enti-manohatra/mampitaha)
- « **Tsy mety** raha mandi-manatrika, fa vaso-miamboho **toa** ravin-tseva ».

Misy fametrahana safidy manilika ao ; misy fitsikerana toetra sy fanao ratsy hita amina zavaboary enti-misarika ny olona tsy hanahaka izany.

Fehiny : Hita àry teto amin'ity toko voalohany ity fa manana ny mampiavaka azy tokoa ny FD eo amin'ny firafiny. Mizara ho sokajy roa izy ireo : dia *ny ohabolana* izay ahitana ohatrohatra, ary *ny fomba fiteny* izay ambara amin'ny fomba tsotra (tsy misy ohatra sy/na teny enti-manohatra). Iraika ambin'ny folo karazana ny endrika fototra iorenany hita tao anatin'ny fanadihadiana izay natao ary telo kosa ny mifototra amin'ny fampiasan'ny olona azy izay tsapa fa samy manana ny maha izy azy avokoa. Ny fomba fanehoan-kevitra ao aminy indray no hodinihina manaraka eto.

1.2. Ny fanehoan-kevitra ao amin'ny fitenin-drazana

Fitambarana voambolana marobe ny teny, ary ny voambolana tsirairay izay antsoina hoe : « mpanambara » (*signifiant*) dia fitambaram-peo maromaro nifanarahan'ny mpitovy teny ka manondro zavatra na hevitra iray eo amin'ny fiainana (« ambara na *signifié* »). Iarahana'ny olona manana izay rehetra izay ka teraka ny fifanakalozana²⁸.

Tsy mitovy anefa ny fomba entin'ny tsirairay, any amin'ny sehatra samihafa, anehoany izay hevitra izay ao amin'ny lahateny ataony. Io dia vokatra ny fahafolahana an'ilay teny ka eo no ahatarafana ny fahaiza-manaon'ny mpiteny. Tsy ny mpiteny ihany no takina hahafolaka ny teny sy hanana fahaiza-manao momba izany fa ny itenenana ihany koa. Satria rehefa ampiasain'ny fiarahamonina io teny io dia folahiny hifanaraka amin'ny kolontsainy ka mety hanana hevitra maro lafy izany. Ny FD izay resahina eto dia anisan'ireo andian-teny mitondra hevitra roa mila ho takatra ny mpamaky/mpandray²⁹. Io fanehoan-kevitra io dia misy itoviany amin'ny literatiora amin'ny maha literatiora azy ny FD, ary misy ny maha hafa azy manokana.

²⁸F. de SAUSSURE, op. cit., « La langue est un système de signes exprimant des idées. [...] Elle n'existe qu'en vertu d'une sorte de contrat passé entre les membres de la communauté », p.31 et p.33

²⁹Monika SULKOWSKA, *Expressions figées*, 2005, « Les expressions figées ouvrent la porte à l'analyse du sens. [...] Très souvent (mais évidemment pas toujours) la nature significative des expressions figées se caractérise par la double structure sémantique (dualité du sens).

Cette dualité sémantique correspond en fait à la dichotomie traditionnelle entre le sens propre et le sens figuré », p.25

1.2.1. Ny fanehoan-kevitra ao amin'ny FD amin'ny maha literatiora azy

Ny literatiora dia zavakanto (*art*)³⁰ vita amin'ny teny am-bava na an-tsoratra izay natao ialana voly sy anabeazana ny fiarahamonina, ary ho fitahirizana ny soatoavin'ny fierenena manana azy. Araka izany dia mifandray akaiky ny fiarahamonina sy asa soratra ; fitaratry ny fiarahamonina izy satria hita ao ny ny finoany sy ny fanantenany, ny fitiavany sy ny ahiahiny, ny firehan-tsainy sy ny fahendreny ary ny ambaratongam-pahaizana amam-pahalalana takatry ny sainy .

Hafa noho ny fanehoan-kevitra siantifika ny fanehoan-kevitra ao amin'ny literatiora ; misy fitoviana amin'izany ny ao amin'ny FD. Ny filazan-javatra amin'ny fomba ankolaka no maha hafa azy ireo. Ambara amin'ny fomba ankifonofono ny hevitra tiana holazaina kanefa tafita tsara any amin'ny mpandray ihany ny hafatra raha toa ka miray sehatra, mitovy fomba fijery sy fomba amam-panao ary mitovitovy fari-pahalalana ny mpiteny sy ny mpandray azy³¹.

Araka izany, dia miankina tanteraka amin'ny mpandray ny hafatra ny fampiasana ny teny manana hevitra ambadika mba hahomby ny fampitan-kafatra.

Olona mifankahalala, mitovy fomba fijery na iray fiaviana no afaka mampiasa izany ka amin'izay fotoana izay ny mpiteny dia tsy milaza zavatra marobe intsony. Fohy, noho izany, ny fehezanteny na ny lahateny ataony³² dia efa mahavoaka ny hevitra rehetra tiany holazaina izy. Satria manana hevitra toka-mihasina³³ iarahan'ny mpiombon-teny manaiiky ny FD. Ireo FD antsoina hoe : « *ohabolana* » no tena mifono hevitra ambadika mila fanakarana be io, araka ny famaritana nomena tany aloha.

³⁰Microsoft Encarta junior 2008, « Les arts sont toutes les formes de création que l'homme utilise pour réaliser des choses belles ou capables de provoquer l'émotion chez ceux qui les regardent [ou écoutent]. Ce sont aussi des moyens d'exprimer une manière de voir le monde. »

³¹MAGNARD, *Méthodes et pratiques du français au lycée*, 2000, « Un texte [littéraire] contient parfois des éléments implicites, c'est-à-dire des informations qui ne sont pas ouvertement exprimées. [...] [L'implicite] permet au locuteur de dire indirectement ce qu'il pense, de porter un jugement (louer, blâmer), d'exprimer un sentiment ou des idées sans en avoir l'air mais en s'arrangeant pour être compris et d'entrer dans un débat ; [...] [si] le locuteur et son destinataire appartiennent à la même culture et qu'ils aient le même système de valeur (conventions, idées, usages). p.46

³²SARTRE J.P., *Qu'est-ce que la littérature ?*, 1970, « L'écrivain parle à ses contemporains, à ses compatriotes, à ses frères de race ou de classe (à ceux qui vivent dans la même culture que lui) [...]. Il n'est jamais question qu'il raconte tout, [...] un mot suffit, un geste ». p.88

³³[http : //semen.revues.org/docannexe/image-1.jpeg](http://semen.revues.org/docannexe/image-1.jpeg), « Une expression figée [...] se heurte à une véritable opacité sémantique [...], son sens ne peut se déduire de celui de ses composants ».

Ireto misy ohatra roa anaporofaona ny fisian'ny filazan-javatra ankolaka ao anatin'ny FD :

Ohatra1: « *Manao ho katsaka fa ladinim-boavahy* ».

Hevitra ara-bakiteny : Zava-maniry mijoro, avo taho, mibaby roa (mamo), azo hanina ka volen'ny olona ny katsaka ; ary ny voavahy kosa dia karazana tsaramaso (Rabenandrasana L. F., 2008 : 61).

Mihanika amin'ny zava-maniry mijoro, avo noho izy ny voavahy. Koa noho izy, matetika ambolena miaraka amin'ny katsaka dia mandady aminy ary eny ambony eny izy no mamoa. Ny malemy eto araka izany no mifehy sy mamatotra ny lehibe sady matanjaka noho izy.

Hevitra ambadika : Ireo zava-maniry roa ireo eto dia oharina amin'ny olona. Izay olona misehoseho ho manana ny maha izy azy, miavaka amin'ny besinimaro, na miseho ho ambony dia tokony hihevi-tena satria mbola misy afaka hifaninana aminy ihany ; mety ho ireo heveriny fa kely sady marefo noho izy izany.

Azo adika àry io FD io hoe « *be hambom-po/be rehaka tsy misy fotony* ». Noho izany dia tokony hotandremana hatrany ny fitondrantena.

Ohatra2 : « *Tanina andro hariva, ka kelikely sisa hananana azy* ».

Hevitra ara-bakiteny : Ilazana ny fotoana rehetra aorian'ny mitataovovonana no ho mankany ka mandra-pilentiky ny masoandro ny « *hariva* ». Malefedefaka ny herin'ny masoandro amin'io fotoana io ka mahafinaritra ny maka hafanàna aminy (mitapy andro). Amin'ny maha folakandro azy izay anefa, tsy ho ela sisa dia hilentika ny masoandro ka handalo fotsiny ilay fahafinaretana ; tsy haharitra.

Hevitra ambadika : Tahaka ny fandalovan'ny masoandro, manam-petra ny fahafinaretana eto an-tany fa tsy maharitra mandrakizay akory. Noho izany, eo amin'ny fiainana, dia tsy tokony hiantehitra loatra amin'izay zavatra mahafinatra foana satria zava-miserana izany. Ny mahafinaritra rehetra anefa tsy voatery hahasoa avokoa fa mety hisy hanimba ny fiainana mihitsy aza. Ka hoy i Chapus G.S. sy Razanajoary milaza izany ao amin'ny fanazavany ny hevitra ambadiky ny ohabolana «*Andevolahy mamosavy tompo : voky hena indray alina fa hiongo-belona herintaona*» (Chapus G.S. sy Razanajoary, 1949-1950 :

29) manao hoe «[...] *Il ne faut pas sacrifier un long avenir pour quelques heures de plaisir*». Izany hoe : tsy tokony hosimbana amin'ny fahafinaretana mandalo ny fiainana sisa rehetra. Mahafinaritra, ohatra, amin'ny mpianatra ny tsy mianatra ; kanefa manimba ny ho aviny izany fa tsy mahaso azy.

Ilaina, araka izany, ny fahaiza-manavaka ny mahaso sy ny mahafinaritra anararaotana ny fotoana fohy iainana eto an-tany.

1.2.2. Ny iavahany amin'ny literatiora

Manana ny mampiavaka azy amin'ny literatiora ny FD sasany eo amin'ny lafiny fanehoan-kevitra. Ireo nosokajiana ao anatin'ny «*fomba fiteny*» no manana io toetra io : mivantana ny filazan-javatra ao aminy ka mora azo ny hevitra ampitainy. Tsy ilana loatra fanakarana lalina izany satria rehefa olona mahafolaka ilay teny, na dia tsy iray fiaviana sy tsy iray fomba amam-panao amin'ilay mpiteny aza ny mpandray ny hafatra, dia mahazo haingana ny tiana holazaina. Misy ny manakaiky ny fanehoan-kevitra siantifika ny fanehoan-kevitra ao aminy : lazaina amin'ny fomba tsotra ny zava-misy ; indraindray koa takarina ny hevitra ambadika.

Ho an'ny olona nianatra teny vahiny, ohatra (toy ny teny frantsay) dia mahazo fa ny dikan'ny fehezanteny hoe « *La terre est ronde* » ; izay teny fampiasan'ny maro ihany koa eny amin'ny fiarahamonina eny dia hoe « *Boribory ny tany* ». Anisan'ny fomba fiteny io amaritana ny endriky ny tany *voalohany*, fa *faharoa* dia ilazana fa tsy maintsy hisy ny fihaonana amin'ilay olona amin'ny fotoana manaraka na ho ela izany na ho haingana hamalian'ny an-daniny ny ratsy na ny tsara natao taminy, tsy ampoizina izany fihaonana izany. Misy tsimbalivaly ihany koa ny fiainana ka tsy ampoizina ny fivadiky ny rasa.

Ireto misy ohatra anampiana izany :

Ohatra1 : «*Ny maso mahita tsy mitondra mody* ».

Fomba fiteny ampiasain'ny olona matetika io eny anivon'ny fiarahamonina eny anehoany fa tsy mpitahiry sary akory ny maso ; mbola hamafisiny aza izany amin'ny hoe « *Ny maso mijery, fitaratra vita* ».

Araka ny siansa mantsy, ny maso dia fitaovana natao hijery fotsiny ka mandefa hafatra na ny sary hitany mankany amin'ny atidoha ary ity farany no mitahiry izany. Sady tsy

fitaovana fitondrana izay zavatra hita ny maso no tsy manan-javatra itondrana sy itahirizana izany ihany koa fa mpandray sy mpampita hafatra fotsiny. Ny atidoha, noho izany, no fitaovana mpitahiry izay hitan'ny maso ; izy no mirakitra ny fahatsiarovana rehetra ka averiny any amin'ireo taovam-pandrenesana dimy (maso, sofina, lela, hoditra, orona) amin'ny fotoana ilana izany.

Enti-maneho fitsiriritana koa ity FD ity.

Ohatra2 : « *Ny sandry be tsy hery* ».

Teny enti-mananatra ny olona mizahozaho amin'ny alalan'ny tena be sy vava be ity teny ity. Ny « *sandry* » mantsy dia rantsam-batana hatreo amin'ny foto-tsoroka ka hatramin'ny hato-tanana (Rajemisa-Raolison Régis, 2003 : 860) izay isan'ny singa iray itarafana ny tanjaky ny olona na zavaboary iray. Izany hoe, heverina fa matanjaka avokoa izay rehetra be sandry (vaventy, sady nofosana). Ary ny « *hery* » kosa dia fanohitra iray lehibe ananan'ny zavaboary ka ahafahany manao hetsika sy manatontosa asa iray ; « *tanjaka* » sy « *fahefana* » ary « *fahendrena* » no mitovy hevitra aminy. Ka ny fananana an'io hery io dia tsy faritan'ny haben'ny sandry akory fa miankina amin'ny fampiasana azy na ny fanazarana azy (toy ny fanaovana fanatanjahantena) mba hahamafy ny hozatra ao aminy. Ny hamafin'ireo hozatra ireo no mampatanjaka an'io sandry io.

Manana hery lehibe eo am-pelatanany koa ny olona manam-pahefana ka ataony ho fitaovana fampitahorana ny hafa izany ary iarovany ny tenany amin'izay rehetra ataony.

Mahomby eo amin'ny fiainana matetika ny olon-kendry ka tsiriritin'ny mpiara-belona aminy.

Raha dinihina io teny mitovy hevitra amin'ny hery io (*fahefana*) dia tsapa fa mbola misy zavatra hafa mamaritra ny fananana azy. Anisan'izany *ny fahefana pôlitika, ny fahefana mividy, ny fananana fahalalana betsaka, ny toetry ny endrika amam-bika, ny fahasalamana, ny saina*, sns. Noho izany, dia tsy ny fananana sandry matavy, lehibe, matanjaka no ilazana fa manana hery tsy hay tohaina ny olona iray fa faritana lafin-javatra maro dia maro ka tsy tokony hanaotao foana izy eo amin'ny manodidina azy ; na amin'ny alalan'ny fihetsika izany na amin'ny alalan'ny teny atao.

Ohatra3 : « *Ny rano tsy androana tsy mahafa-tseroka* ».

Fampiasana rano, atobaka na atao amin'ny vatana analana ny loto (tseroka) eo aminy no atao hoe : « *mandro* ». Mety hampiasa savony ilay olona eto na tsia arakaraka ny safidy sy ny fahefa-mividy. Koa na dia misy rano aza eo anatrehan'ny olona iray maloto kanefa tsy anasany ny tenany io rano io dia ho zava-poana izany. Ho toy ny tsy misy ilana azy ny rano amin'izay fotoana izay ; tsy ho afaka ny loto eo amin'ny tena. Noho izany, ny zavatra rehetra tsy ampiasaina amin'ny tandrify azy dia ho very maina fotsiny.

Miainga avy amin'ireny fanadihadiana ireny àry, ireo *fomba fiteny* ireo rehefa aiditra ao anaty sehatra iray voafaritra mazava tsara dia miova ho sarin-teny manontolo avy hatrany ; mitondra hevitra ambadika.

Raha ampidirina amin'ny sehatry ny asa, ohatra, io fomba fiteny (« *Ny rano tsy androana tsy mahafa-tseroka* ») io dia midika hoe « *Ny fahaizana na ny fananana vatana toady tsy ampiasaina dia tsy misy dikany, tsy hamokatra, mipetra-poana ka tsy mahavelona ny tompony* ». Hita taratra izany ankehitriny : maro ny olona miravaka mari-pahaizana (*salantsalany, ambony*) kanefa tsy ampiasaina amin'ny sehatra tandrify azy dia tsy mampandroso ny faritra na ny firenena misy azy ; na dia ny tenany sy ny ankohonany aza mety tsy ho velony. Tsy izay ihany fa fandrinitana olona hirotsaka an-tsehatra ihany koa ity fitenenana ity araka ny voalaza tany aloha.

Miharihary eto àry fa tena miankina amin'ny kolontsain'ny fiarahamonina tompon-teny no mampisy ny hevitra ambadika amin'izay tenenina ; ary indrindra arakaraka ny fomba ampiasan'ny mpiteny azy any amin'ny sehatra samihafa izany. Ny andian'olona indraimihira (*génération*) ihany koa matetika manova ny hevitra ny teny ara-bakiteny -efa hain'ny maro-hanana hevitra literera. Ohatra, ny teny hoe « *manahy* » izay avy amin'ny fototeny « *hahy* » dia midika fa fametrahana zavatra iray an-karihary hotsofin'ny rivotra na hohamainina amin'ny masoandro na amin'ny afo ; toy ny hoe « *manahy vary* » = « *manapy vary eo amin'ny toerana tratra masoandro mba ho maina* ».

Rehefa homena hevitra ankolaka io fehezanteny « *manahy vary* » io ihany dia ampiasaina amin'olona iray izay tsy mahafehy ny vavany ; izany hoe *ilazana ny olona tsy mba mahatana ny tsiambaratelo henony*. Izay zavatra rehetra henon'ilay olona dia aborany amin'ny hafa avokoa aoriana kelin'ny nahenoany azy. « *Manahy vary* » no ilazan'ny tanora ankehitriny an'io fihetsika io izay tsy misy hevitra andrasana mihitsy hoe « *hisy vary maina* ». Noho ny *vary ahahy* tsy maintsy atao amin'ny toerana malalaka sy an-kahazavana ka hitan'ny

voary rehetra, araka izany, no nampisy ny hevitra faharoa entin'io fehezanteny io. Ny fahafolahana ny teny sy ny kolontsain'ny fiarahamonina no nahatonga izany satria misy ny firenena tsy manahy vary. Ankoatra ny olona efa nifanerasera naharitra tamin'ny Malagasy (mpanahy vary), dia eto Madagasikara ihany no mety hahalala io hevitra faharoa io, ary eto ihany no azo ampiasana azy amin'io lafiny io.

Fehiny : Araka izay fandalinana fohy izay àry dia azo ambara fa misy hatrany ny hevitra tsy maintsy tinakatra ao amin'ny FD. Ny mpiteny no mametraka izay hevitra izay ao antin'ny hafatra mampiasa FD ka anjaran'ny itenenana no manakatra ny tian'ny mpiteny hambara³⁴. Noho izany dia tsy maintsy misy ny lalànan'ny fifampiresahana mampirindra ny fifanakalozana ka tokony hamaly ny filan'ny olona itenenana³⁵ izany resaka izany. Indraindray anefa, mety tsy hampoizin'ny mpiteny ny fisian'ny hevitra ambadika amin'izay ambarany fa ny olona itenenany no mahatakatra izany. Ny fihetsika aseho na ny valin-teny avy any amin'ny mpihaino no ahatsapan'ny mpiteny ny fisian'ny hevitra ambadika tamin'izay nambarany.

Miainga hatrany amin'ny hevitra ara-bakitenin'ilay laza (*énoncé*) ny fanakarana io hevitra ambadika (tinakatra) io.

Mifono hevitra feno, araka izany, ny FD ka tokony hodinihina ny lohahevitra misongadina voizin'izy ireny.

1.3. Ny lohahevitra voizin'ny fitenin-drazana

Miainga avy amin'ny zava-misy hatrany ny mpamorona amin'izay rehetra ataony. Ny zavaboary manodidina azy no trandrahany sy dinihiny ka isintonany hevitra itondrany ny fiainany.

Ny FD izay resahina eto dia noforonina noho ny fahitana ny zava-misy manodidina ny olombelona. Koa noho izany dia mivoy lohahevitra maro izy io. Santionany amin'izany, izay hita tena misongadina, no hambara eto. Azo avondrona ho sokajy roa lehibe izy ireo :

³⁴ O. Ducrot, op.cit., « La proposition implicite se signale par une lacune dans l'enchaînement des propositions explicites. Elle a une existence indiscutable, dans la mesure où la lacune est elle-même indiscutable, mais cette existence reste toujours officieuse [...] dans la mesure où le destinataire seul, et non le locuteur, est appelé à combler la lacune ». p.8

³⁵ O. Ducrot, op.cit., « Pour comprendre la signification implicite de la formule, il faut se référer à la convention oratoire selon laquelle justifier un conseil, c'est montrer que l'action conseillée est dans l'intérêt du destinataire ». p.7

Voalohany, ny firesahana momba ny voary : ny zavaboary manana aina sy ny tsy manana aina, ary ny voatrolombelona (izay vitan'ny olombelona).

Faharoa, ny firesahany manokana momba ny fiainan'ny olona : misongadina ato ny fiainan'ny olombelona amin'ny maha olona azy irery fotsiny, manaraka izay ny fiainan'ny olombelona eo anivon'ny fiarahamonina, ary ny fandrindrana ny fotoana.

1.3.1. Miresaka momba ny voary ankapobeny

Ny voary manontolo izay tratry sain'ny olombelona ka azony hazavaina dia namoronany fitenenana avokoa na manana aina izany na tsia, hita maso na tsia, ety an-tany na ana habakabaka. Ny fiainany sy ny toetra amam-pihetsik'izy ireny no resahany ao anatin'izany.

1.3.1.1. *Voary manana aina*

Ahitana zava-manana aina avokoa na any anaty rano, na ao an-tany, na ety ambonin'ny tany, na eny amin'ny habakabaka. Azo avondrona ho sokajy telo lehibe izy ireo : dia *ny biby* (ny olombelona sy ny biby hafa vaventy na madinika), *ny vorona*, ary *ny zava-maniry* samihafa. Tsapan'ny olombelona ny fisian'izy ireny, hitany ny fiaimpiainany, nodinihiny ka nisintonany fitsipi-pitondran-tena hitondrany ny fiainany. Ity FD ity no anisan'ny fitaovana nampiasainy tamin'izany ary nanabeazany ny taranany mihitsy aza satria mbola tsy nisy ny sekoly tamin'izany fotoana: tao anatin'ny ankohonana no nifampianatra.

Niainga avy tamin'ny fanoritsoritana ny toetra amam-pihetsik'ireo zavaboary ireo izy nanazava ny maharatsy na ny mahatsara ny fihetsika rehetra atao eo amin'ny fiainana ; ny tsirairay avy eo no mandinika ny tenany ka maka izay tandrify azy amin'izay anatra fonosin'ireny FD ieny.

Ireto misy ohatra andinihana izany :

Ohatra1: « *Ankizy lasa sakaiza ka milalao vovoka irery* ».

Tsy dia fahita loatra ny ankizy milalao irery, hany ka rehefa tsy mana-namana iarahana izy dia toa hita ho malahelohelo eo am-pilalaoavana vovoka. Ny fitokana-monina no tiana

havoitra eto izay miteraka sorisorin-tsaina ho an'izay trany. Misy lafiratsiny, araka izany, ny tsy fananana namana eo amin'ny fiainana.

Ohatra2 : *«Foza lohalo, tsikovo-dririnina, trondro an-tanimbary, ka lalina ny fisainana fa ho ritra ny rano ».*

Rehefa fararano amin'ny ankapobeny dia mihena ny rano amin'ny toerana rehetra na ambony izany na ambany, ary mety ho ritra mihitsy aza ka ho maina ny tany. Ireo karazam-biby voalaza ireo anefa dia miaina tanteraka amin'ny rano ; noho izany, efa akaiky ny andro hahafatesany.

Ny olombelona no mihevitra ny biby ho lasa fisainana amin'ny zavatra mety hanjo azy toy izany fa ny biby tsy hahalala izany tsy akory : heverina fa mba manahy ny amin'ny ho aviny ny biby.

Ilazana ny tebitebin-tsain'ny olona iray miandry andro (ho teraka, ohatra), na miandry sazy ho azy (kapoka, na gadra, na fanamelohana ho faty, na sesitany, sns), na miandry ny fandoazan'ny olon-tiany azy io ohabolana io.

Ohatra3 : *« Vorontsilozan'ny vangian-kavana : ny hafaliana dia safo-morona, haravoana dia fenomanana, ka doboka amponga sy ny akoralava dia miketriketrika sy manakoako fa ny hafam-bahiny no tsy misy ».*

Vorona lehibe fiompin'ny olona ny vorontsilozan'ny mihinana vary sy bibikely izy saingy tsy mba afa-manangona an-tsompitra tahaka ny vorona sasany.

Manana toetra miavaka izy io satria rehefa siahina na rehefa tonga namana hafa dia mibontsina mamelatra elatra no sady maneno amin'ny feo mikarantsana sy modoboka.

Anehoany ny hafaliany noho ny fahatongavan'ny namany izay fihetsika rehetra izay na dia tsy misy sakafo homena ny vahiny aza. Ny fifankatiavana no tiana hasongadina eto, ka na dia mahantra tsy manan-katolotra aza dia tokony haneho hafaliana ihany rehefa mihaona amin'ny namana.

Ohatra4 : *« Amberivatra an-tany mena : raha tsy tianao, tian'ny landy ».*

Karazan-java-maniry madinika mitarehin-kazo ny amberivatra ; sady fihinan'ny landibe ny voany no azon'ny olona hanina ihany koa. Tsara faniry izy raha mahazo tany lonaka, fa raha amin'ny tany mafy (tany mena) kosa izy dia tsy vokatra tsara ; ratsy ny endriny ka mety

tsy hahasrika ny olona ; ny landy anefa izay efa mpivelona aminy dia tsy maintsy mihinana izay vokatra eo ihany. Araka izany, na tsara ny vokatra na ratsy dia eo foana ny landy.

Ny faharavan'ny fitiavana amin'ny endriny samihafa eo amin'ny olona roa no resahina eto ka na misy aza ny tsy tia dia tsy ny olona rehetra izany.

1.3.1.2. Ny voary tsy manana aina

Tsy nihanona tamin'ny fandinihana ny zava-manana aina foana ny Malagasy fa namakafaka koa ny toetra amam-pihetsika heveriny fa ananan'ireo voary tsy miaina. Nosoritsoritiny tamin'ny alalan'ny FD ny toetra sy fihetsik'izy ireny, ambarany amin'ny fomba tsotra ny sasany. Ventesiny ao avokoa na ny voary tsy manana aina eny amin'ny habakabaka (*hita maso na tsia*), ny ety an-tany (*anatin'ny sy ivelany*) : anisan'izany ny kintana, ny volana, ny masoandro, ny rahona, ny lanitra, ny varatra, ny rivotra, ny fanahy ratsy (*lolo na angatra*), sns ; ny hita ety an-tany kosa dia ny vato, ny rano, ny tany, sns.

Ohatra avy hatrany no entina maneho izany :

Ohatra1 : « *Ny tany vadibe-Nanahary : mihary ny velona, manotrana ny maty* ».

Mihary amin'ny tany ny olona eo amin'ny fahavelomany, fa an-tany kosa izy no alevina rehefa maty.

Izay soa vitan'ny tany izay no voadiniky ny Ntaolo ka nahatonga ny fampitahany azy amin'ny Zanahary ; satria sady niandohana ny Zanahary no hiafarana.

Ohatra2 : « *Nitady toko ka nahita vato* ».

Zavatra mafy ilaina eo amin'ny fiainana ny vato ; anisan'izany ny fanaovana azy ho toko hahandroin-tsakafo. Tsy mety may tahaka ny hazo izy ka azo antoka fa haharitra ela. Noho izany dia faly izay olona mahita toko vato.

Tiana havoitra eto ny fahitana ny zavatra tena saro-bidy eo amin'ny fiainana kanefa azo tamin'ny fomba tsotra.

Ohatra3 : « *Ny alahelo toy ny rahona : rehefa mavesatra mianjera* ».

Matevina ny rahona rehefa akaiky hirotsaka ny orana. Izay toe-javatra izay no nampitahain'ny Ntaolo tamin'ny alahelo mpahazo ny olombelona ka na dia mavesatra aza dia ho afaka ihany.

Ohatra4 : « *Kintana mialoha johary* ».

Samy zavatra mipetraka eny amin'ny lanitra ny kintana sy ny johary (*masoandro*) ; ny kintana izay kely kokoa mpiseho amin'ny alina fa ny masoandro izay lahibe mpanafàna ny andro. Mialoha ny hipoiran'ny masoandro anefa dia misy kintana antsoina hoe « *fitarikandro* » miseho ho famantarana fa tsy ho ela dia hazava. Izy, araka izany, no heverina fa mitari-dalana ny masoandro.

Mampiseho io fomba fiteny io fa tokony hohajaina ny lehibe ka tsy tokony hialohava-mandeha ; tsy tokony hataon'ny zandry ny andraikitra natokana ho an'ny zoky, sns.

1.3.1.3. Voatrolombelona

Manan-talenta amin'ny fampitafina toetran'olombelona ny zavaboary ny Ntaolo ka na dia ny zavatra vitan'ny tanany aza dia ampiteneniny sy tafiny izay toetra izay. Miresaka ireny voatrolombelona ireny ny FD, indrindra fa ny fitaovana fampiasa andavandro :

Ohatra1 : « *Tranobongo misy ronono ka sarotra ato malahelo* ».

Ny fifankatiavan'ny mpivady ao anatin'ilay trano tsizarizary no ambara ao ambadik'io teny io.

Ohatra2 : « *Maty an-keriny toy ny famaky ; botrin'ny nataony toy ny fanoto* ».

Tokony hotandremana ny fihetsika atao rehetra eo anivon'ny fiarahamonina fa ny ataon'ny tena ihany no hahatonga loza ho an-tena.

Voaporofa, hatreto àry fa manoritsoritra ny fomba amam-panaon'ny voary rehetra no ataon'ny FD mba hakan'ny tsirairay anatra tandrify azy avy araka ny teny malaza hoe « *Voankazo an'ala ka ny mamy hanina, ny mangidy aloa* ».

1.3.2. Ny momba ny fiainan'ny olombelona

Miavaka amin'ny biby iray sokajy aminy ny olombelona noho ny fananany saina amam-panahy mampandroso ny fiainany. Io finiavana te handroso io, izay mifototra amin'ny fahatanterahan'ireo filana samihafa ambaran'i Maslow³⁶, no tena maha izy azy ny olona. Aminy, misy ny fandrosoana raha toa ka tanteraka ireto filana dimy lehibe mandeha ambaratongany ireto, izay azo fehezina ho vondrona roa (*filana ambaratonga voalohany, filana ambaratonga faharoa : besoins primaires, et besoins secondaires*³⁷) :

a) Ny filana fototra mifehy ny fepetra maha zava-manana aina ny olombelona : ny fananana sakafo, manana fitafiana, misy trano itoerana, ampy torimaso sy miaina tsara, salama, afaka mianatra, ary afaka mampitombo isa ny taranaka, sns.

b) Ny filana fandriampahalemana amin'ny lafiny rehetra, ho an'ny olona tsirairay ka hatrany amin'ny firenena manontolo. Ity no tena fototra mampivelatra ny isambatan'olona³⁸ satria ao anatin'ny filaminana no mampisy ny saina matsilo sy aina mazoto ka ahafaha-mamokatra. Izany hoe : tsy iharan'ny herisetra samihafa, tsy ailiky ny fiarahamonina, afa-po amin'ireo filana fototra ireo. « *Raha noana mantsy ny kibo* », hoy ny fitenenana, « *dia mivezivezy ny fanahy* ».

d) Ny fampiaraha-monina : ilain'ny olona ny fiainana ao anaty fiarahamonina ; mila miditra ao anaty vondrona izy hanatanterahany ny hetahetany. Anisan'izany ny fananana ankohonana sy fianakaviana, ny fitsofohana anaty fikambanana samihafa (*antoko, sendika, finoana, sns*).

³⁶<http://enkatsu.free.fr/weblog/index.php?2005/08/27/48-maslow-la-pyramide-des-besoins0>, « Selon A. Maslow, les besoins humains sont hiérarchisés en cinq niveaux : au bas de la pyramide sont placés les besoins physiologiques (faim, soif, sommeil, etc.) ; lorsque ces besoins sont raisonnablement satisfaits, d'autres générations de besoins peuvent émerger : besoins de sécurité (stabilité dans son cadre d'existence ou son travail par exemple), besoins sociaux d'appartenance (affection, identification, solidarité, etc.), besoins d'estime (prestige social, amour-propre individuel...) et besoins de réalisation de soi (développer son potentiel de façon efficace et la plus complète possible) ».

³⁷<http://enkatsu.free.fr/weblog/index.php?2005/08/27/48-maslow-la-pyramide-des-besoins0>, « Du bas vers le haut de la pyramide, la progression des besoins passe du registre de l'AVOIR au registre de l'ETRE. Les besoins primaires se déclinent en termes d'avoir : on a faim, on a soif, on a sommeil, on a besoin de sécurité.... *Besoins matériels*. Les besoins secondaires correspondent à l'épanouissement de l'être : on désire être accepté, être aimé, être reconnu, organiser, créer, exister... *Besoins sociaux*. »

³⁸http://formationcip.overblog.com/pages/LA_PYRAMIDE_DES_BESOINS_HUMAINS_SELON_MASLOW-1583539.html, « Selon lui [MASLOW], la satisfaction d'un besoin ne peut être réalisée que si les besoins de niveau inférieur sont eux-mêmes satisfaits. Ainsi, un individu ne peut se sentir en sécurité que si les besoins de niveaux inférieurs [besoins physiologiques] sont eux-mêmes[au moins en partie] satisfaits. »

Ny fifankatiavana no mahamafy orina ireo rehetra ireo.

e) Ny fametrahana ny tsirairay amin'ny toerana tokony hisy azy. Izany hoe : omena hasina izy, deraina amin'izay zava-bitany hananany fahatokisan-tena. Miteraka fanatsarana sy fampitomboany ny traikefa ananany izay fihetsika atao aminy izay.

f) Ny fanomezana vahana azy an-kahalalahana hanatanteraka ny hetsika rehetra kasainy hatao. Omena sehatra izy hanatontosa ny vinanasany raha toa ka tsy hanakorontana ny fiainam-piarahamonina izany, ary tokony hotohanana ihany koa. Mahafantatra ny hataony izy ary afa-mamaha samy irery ny olana sedrainy.

Ohatra iray entina manaitra ny mpiara-belona mba hioitra amin'ny fiainana ity fitenenana ity : « *Zanahary tsy mitahy ny vaka* ». Manambara io fa tsy mahazo fanampiana izay olona midonanam-poana.

Izay hahafeno ara-drariny an'ireo filana rehetra ireo no tanjon'ny Ntaolo ka mahatonga azy mivoy azy ireny amin'ny alalan'ny FD. Lohahevitra telo no itarafana izany rehetra izany : ny firesahaha ny fiainan'ny olombelona amin'ny ankapobeny, ny momba fiainana eo anivon'ny fiarahamonina, ary ny firesahana momba ny fandrindrana ny fotoana .

Araka ireo filana samihafa ireo, ny Malagasy amin'ny ankapobeny dia mitady fiainana lafatra.

Asehony amin'ny FD izany araka ireto zavatra takiny ireto :

- Mila miaina tsara izy nefa mety maty ka manao izay hahasoa ny tenany ; arovany ny ainy mba haharitra elaela kokoa, ka hoy izy “*Ny mahery tsy maody tsy ela velona*”.

Asehony amina lafin-javatra maro io fitsimbinana ny aina io, toy ny faniriana harena (“*Manan-tsira ka mahay mahandro*”), ny fitsiriritana fahasalamana (“*Aza manaotoy ny boka manjono : mifamitaka samy malama* »), ny finoana amam-piheverana (« *Andriamanitra tsy andrin'ny hafa, andriko ihany* » ; « *Raha Razana tsy hitahy, fohazy hihady vomanga* » ; « *Ny tody tsy misy fa ny atao no miverina* ») : apetraka eo am-pelatanana hery tsy hitany zavatra tsy tohatry ain'ny olombelona).

Mbola anisan'io fitsimbinana ny aina io ny fitandremana tsara ny toetra amam-pihetsika aseho ka itandrovan'ny fitondran-tenany. Hoy ny FD milaza izany : « *Ny tarehy ratsy tsy azo ovana fa ny fanahy ratsy azo ialana* ».

- Tsy mety aminy ny miolonolona fa tsy maintsy miaina anaty fiarahamonina izy ka manana ny fepetra mifehy azy izany : ny fifankatiavana (« *Ory hava-manana* » ; « *Izay tiana mitombo tarehy* »), manana ny fombany (« *Ny maty no tsy alevina alakamisy, ny velona no tandrovana* »), ary manaja ny rafitra sy fepetra takin'ny fiaraha-monina : mifampifehy sy mifampitondra (« *Manan-joky afaka olan-teny, manan-jandry afaka olan'entana* » ; « *Ny fanompoana tahaka ny lanitra ka samy miloloha ny tandrifiny* »), mikatsa-pahefana sy voninahitra (« *Lolohavina vao manaikitra toy ny hao* » ; « *Voninahitra an-tsobika tsy atao am-patambary* »), mifanitsy ka ny fitsarana no enti-manavaka ny tsara sy ratsy amin'izany (« *Aza atao mizana tsindriana ila* »), ary mitaky fahaiza-miaina enti-miara-monina amin'ny hafa izay ivoizany ny fahendrena amam-pahamarinana, ny fifanajana sy ny firaisan-kina ary ny fifanampiana. Ireto ny FD miresaka momba ireo nambara ireo : « *Ny ela nihetezana lava volo* », « *Ny zaza hendry mahafaly ny rainy, ny zaza adala mampijaly ny reniny* », « *Ny marina tsy mba maty* », « *Asa vadi-drano, tsy vita raha tsy ifanakonana* ».
- Alaminy ny fotoanany amin'ny fiainana andavanandro araka ny hita ato amin'ireto FD ireto :
 - a) FD miresaka ny fotoana andavanandro (*maraina, antoandro, hariva/alina*), ohatra : « *Antoandro fitery ronono ka ilaozan'ny omby mihahaka* » ; « *Vikina alina, ka aleo mihoatra toy izay latsaka* » ; « *Hady voanjo hariva, ka fantatro ny mavo ravina hakofoka* ».
 - b) FD miresaka ny fizaran-taona, ohatra : « *Zatra ny lalan-dririnina ka fahavatra avy manao hitsin-dalana* ».
 - d) FD miresaka ny faharetana, ohatra : « *Diavolan-ko lava, ny lalao mbola ho ela* ».

Fehiny : Misandrahaka amin'ny fiainan'ny olombelona manontolo mihitsy ny lohahevitra voizin'ny FD, indrindra fa ny an'ny Malagasy hita eto. Saika voaresaka ao avokoa

ny voary manodidina ny olombelona nany miaina izany na ny tsy miaina anatsoahany lesona hampirindra ny fiainany.

Ankoatra ny fiainan'ny velona dia resahany ihany koa ny mety ho fihetsiky ny maty any ankoatra izy, ny momba an'Andriamanitra sy ny hery tsy hita isan-tsokajiny. Hain'ny Ntaolo tokoa, araka izany ny mampifandray azy ireo.

Fehin'ny fizarana voalohany

Lafin-javatra telo no nezahina navohitra tato amin'ity fizarana voalohany ity :

Voalohany, natao ny andram-pamaritana ny fitenin-drazana niainga avy tamina hevitra mpandinika samihafa. Hita tao anatin'izany fa misy ny antsoina hoe *ohabolana* ary misy ny atao hoe *fomba fiteny* ; samy manana ny mampiavaka azy avokoa ireo. Nosokajiana ny FD tamin'ny fampiharana ny fomba fijery ara-drafitra manaja ny fiarahamonina nipoirany (lalan-tsaina fonkisionalisita) sy ny fomba fijery ara-drafitra momba ny fandinihana ny teny araka an'i Ferdinand de Saussure. Naseho tao fa misy endrika fototra miisa iraika ambin'ny folo (11) no isehoan'io FD io, ary ao ireo endrika telo (03) hafa izay miorina amin'ny fampiasan'ny olona azy (miseho amin'ny endrika lahabolana hafa, endrika fanontaniana, ary amin'ny filaza mandidy).

Ny fanazavan'ny mpahay rafi-teny firantsay Gaston Gross no niaingana ka nahafahany nilaza fa anisan'ireo andian-teny raiki-drafitra (*expressions figées*) izy ireo. Manana ny mampiavaka azy ny FD araka ny fandinihana rehetra natao ireo.

Faharoa, nodinihina manokana indray koa ny fomba fanehoan-kevitra eo amin'ny fampiasana FD. Tsapa tamin'izany ny maha literatiora azy izay mifono hevitra saro-takarina (ankolaka) ary ny fananany hevitra ara-bakiteny rahateo. Miainga amin'ny fanakarana aloha ny hevitra ara-bakiteny ny fahazoana ny heviny ambadika, araka ny voalazan'i Oswald Ducrot³⁹, satria mifampiankina tanteraka izy ireo.

Fahatelo, ny fanasokajiana ny FD araka ny lohahevitra voiziny no namaranana ity fizarana voalohany ity, ka lohahevitra roa lehibe no hitanay misongadina amin'izany : *ny firesahana momba ny voary ankapobeny* (manana aina na tsia, ny voatrolombelona) ary *ny fiventesana manokana momba ny fiainan'ny olombelona*.

Azo atao araka izany ny mandinika ireny fitenin-drazana ireny ao anatina serasera samihafa.

³⁹ O. Ducrot, op.cit., « La Si [signification implicite] ne peut être comprise, dans des conditions « normales », qu'une fois la Sl [signification littérale] déjà comprise ».p.11

FIZARANA FAHAROA

NY PRAGMATIKAN'NY SERASERA MAMPIASA FITENIN-DRAZANA

Nifantoka manokana tamin'ny ankapobeny momba ny fitenin-drazana iny fizarana voalohany iny ; ka nijerena ny firafiny izay nahatarafana ireo endrika samihafa isehoany ary ny toetoetra ananany, ny fomba fanehoan-kevitra ao aminy, ary nofaranana tamin'ny fanasokajiana azy ireo araka ny lohahevitra voiziny. Hita tao, araka ny fandinihana natao, fa anisan'ny fitaovan-tserasera azo ampiasaina tsara ny fitenin-drazana.

Ato amin'ny fizarana faharoa kosa no itrandrahana azy ireny ka hasongadina indrindra amin'izany ny anjara asany ao anaty seha-tserasera isan-tsokajiny. Hodinina manokana ato ny lafiny piragimatika izay mitondra hatrany amin'ny famantarana ny anjara asan'ny fitenin-drazana ao anaty lahateny samihafa.

2.1. Ny piragimatika

Tsy mitsaha-mivoatra ny fikarohana momba ny teny sy ny fampiasana azy. Karazantaranja maro no miforona vokatr'izany ka anisan'izany ny haihevi-teny sy ny fianarana momba ny fifehezan-teny. Mba hampahazava ny hafatra tiana hampitaina amin'ny fitenenana no antony andinihana azy ireny. Mahatsapa anefa ireo mpikaroka maro fa tsy mahafa-po loatra ny vokatra azo avy amin'ireo zana-taranja roa ireo fotsiny. Satria misy lafin-javatra hafa tokony hodinihana izay manampy amin'ny fanazavana ny hafatra : dia ny lafiny piragimatika izany.

2.1.1. Famaritana ny antsoina hoe *piragimatika* ny serasera

Tsiahivina eto am-piandohana fa momba ny serasera aman-teny no dinihina. Ny teny dia anisan'ny fitaovan-tserasera mahomby ampitan-kafatra avy amina olona iray mpandefa mankany amin'olona iray [na maromaro] mpandray⁴⁰.

Hifototra amin'izay piragimatika ny serasera aman-teny izay ary ny asa rehetra hatao manaraka eto. Amin'izay lafiny izay dia mpandinika maro no maneho ny fiheverany momba ny atao hoe *piragimatika* ka tsara aloha ny manolotra izany mialoha ny hanaovana tsoa-kevitra : ao ohatra i Charles Morris, i Oswald Ducrot, i Anne Reboul sy i Jacques Moeschler, ary i Patrick Charaudeau sy i Dominique Maingueneau.

⁴⁰ O. Ducrot, *Dire et ne pas dire*, 1980, « On cessera donc de définir la langue, à la façon de Saussure, comme un code, c'est-à-dire comme un instrument de communication » ; « Les langues naturelles sont des codes, destinées à la transmission de l'information d'un individu à un autre », p.4 sy p.5

Hatolotra tsirairay eto ny hevitr'izy ireo :

Amin'i Charles Morris ny *piragimatika* dia mifantoka amin'ny fandinihana ny fifandraisan'ireo singa mandrafitra ilay laza (*énoncé*) amin'izay mampiasa azy, amin'ny fomba fampiasany azy, ary indrindra ny mety ho fiantraikan'izany fampiasana ilay singa izany⁴¹.

Manaraka azy i Ducrot izay milaza fa samy hafa ny haihevi-teny sy ny piragimatika. Ny piragimatika dia mitodika indrindra amin'ny fandinihana ireo lafin-javatra ivelan'ny teny hoenti-manazava ny laza ao anaty hodidin-tserasera iray⁴². Izany hoe tsy ampy hampahazava ny laza ao anaty filazana ny fandinihana fotsiny ny rafi-teny sy ny hevi-teny amin'ny maha teny azy fa tsy maintsy dinihina ihany koa ireo singa rehetra na lafin-javatra mifandray aminy. Anisan'izany ny hodidin-tserasera (ny fotoana, ny toerana, ny mpiteny...) ary ireo ovan-tserasera isan-karazany. Noho izany, ny piragimatika dia fanazavana ny laza ao anaty hodidin-tserasera voafaritra mazava tsara. Tsy mazava, ohatra, ny hevitra ny laza hoe « *Noana aho* » raha tsy fantatra ny sehatra namoahana izany.

Tokony hovalina ireto fanontaniana ireto fara faharatsiny vao mety hazava ny tian'ny mpiteny hampitaina amin'io :

- ✓ *Iza no miteny ?* (ny anarany, ny taonany, ny fiaviany, ny saranga sy ny anjara toerana misy azy eo anivon'ny fiarahamonina, ny finoana amam-piheverany, ny toetrany, ...).
- ✓ *Taiza izy no niteny an'io ary oviana ?*
- ✓ *Tamin'ny fotoana inona ?* (Mety ho tany am-pivoriana, tany am-piasana/tany am-pianarana, teny an-dalana, teo am-pifampiresahana tamina toerana mangina/maresaka, teo anatrehana lehibe/mpampiasa, mety ho tratra teo am-pangalarana zavatr'olona). Tsy maintsy ho samy hafa ny hevitr'io laza hoe « *Noana aho* » io arakaraka ny sehatra sy ny toe-javamitranga⁴³.

⁴¹ P. Charaudeau et D. Maingueneau, *Dictionnaire d'analyse du discours*, 2002 : voambolana *pragmatique*, « Cette notion issue de la tripartition de C. Morris (1938) qui distinguait trois domaines dans l'appréhension de toute langue, qu'elle soit formelle ou naturelle : (1) *la syntaxe*, qui concerne les relations des signes aux autres signes ; (2) *la sémantique*, qui traite de leurs relations avec la réalité ; (3) *la pragmatique*, qui s'intéresse aux relations des signes avec leurs utilisateurs, à leur emploi et à leurs effets ».

⁴² P. Charaudeau et D. Maingueneau, op.cit, voambolana *pragmatique*, « pragmatique [...] étant ramenée à une description des procédures non-linguistiques qui permettent dans un second temps l'interprétation des énoncés en contexte ».

⁴³ Anne Reboul et Jacques Moeschler, op. cit. « L'énoncé, [...], est le résultat, qui varie suivant les circonstances et les locuteurs, de la prononciation d'une phrase ». p.50

Ny filazana hoe « *Noana aho* », araka izany, dia azo adika amin'ireto lafin-kevitra telo ireto fara fahakeliny :

- ✓ Te hihinan-javatra izy (aho) izao. (amin'io fotoana itenenany io)
- ✓ Nihinana izy (aho) fa tsy mitovy tamin'izay nohanin'ny hafa.
- ✓ Mahantra izy (aho).

Koa raha tsy fantatra ny hodidin-tserasera rehetra teo am-pilazana io laza iray io dia tsy ho hay izay tian'ny mpiteny holazaina ; tsy hifanoaka amin'izay takiny koa ny ho valiny avy amin'ny olona itenenany.

I Anne Reboul sy i Jacques Moeschler indray dia mahita fa ny piragimatika dia dingam-pandinihana mifanindran-dalana amin'ny fanazavana ny faneho (*code*) ampiasaina mba hanazavana feno ny hevitra ny fehezanteny iray na maromaro⁴⁴. Na izany aza anefa dia mihoatra noho ny fahalalana ny rafi-pamantarana ny tombon'ny fahafehezana ny piragimatika, satria misy zavatra ivelan'ny teny nenti-namokatra ny hafatra iray izay ilana fahaiza-manakatra⁴⁵.

Ny amaranana ny fanolorana ny fomba fijerin'ireo mpandinika samihafa dia ny hevitr'i Charaudeau sy i Maingueneau : manana hevitra maro lafy, hoy izy ireo io teny piragimatika io. Sady anarana izy (ohatra, ny piragimatika) no mpamari-toetra ihany koa (ohatra, ny fomba fijery piragimatika) ; kanefa tsy mifanalavitra ny vontootin-kevitra fonosiny. Azo heverina ho anisan'ny zana-taranja iray mandinika ny teny izy no sady firehan-kevitra mandinika lahateny ; ary indrindra indrindra andinihana ny fitenenana⁴⁶. Mitovy fomba fijery amin'i Charles Morris izy ireo, araka izany.

Manampy izany fanazavany izany izy ireo etsy an-daniny manambara fa singa misahana ny lafiny haiteny ny piragimatika izay mandinika ireo dingana samihafa anazavana ny laza ao

⁴⁴ Anne Reboul et Jacques Moeschler, op. cit. « Nous traiterons uniquement des processus d'interprétation qui viennent se superposer au code pour livrer une interprétation complète des phrases, c'est-à-dire de pragmatique » p.23

⁴⁵ Anne Reboul et Jacques Moeschler, op. cit. « Loin que le langage se réduise à un code de communication transparente, il est vite évident que l'usage du langage, la production et la compréhension des phrases font appel à des connaissances non-linguistiques et impliquent des processus inférentiels » p.18

⁴⁶ P. Charaudeau et D Maingueneau, op.cit. : voambolana *pragmatique*, « [...] Elle permet de désigner à la fois une sous-discipline de la linguistique, un certain courant d'étude du discours ou, plus largement, une certaine conception du langage ».

anaty seha-tserasera iray⁴⁷. Noho izany, hoy izy ireo, ny piragimatika dia azo faritana ho anisan'ny taranja fianarana ny fampiasana ny fitenenana, izay mifanohitra amin'ny fianarana ny rafi-teny⁴⁸.

Tsoa-kevitra :

Raha aravona àry izay fomba fijery samihafa izay dia tsapa fa saika mitovitovy avokoa ny fiheveran'ireo mpandinika serasera ireo mikasika ny atao hoe *piragimatika*. Misongadina eto fa ny piragimatika dia ny fampiasana ny fitenenana faritan'ny hodidin-tserasera iray voafaritana mazava tsara.

Raha heverina ho anisan'ireo zana-taranja mandinika ny teny izy, dia taranja enti-manazava ny laza ao anaty hodidin-tserasera iray. Tsy ampy hahazoana ny hevitra ny laza ny fiononana fotsiny amin'ny lafiny maha teny ny teny irery ihany. Noho izany, ny piragimatika dia zana-taranja⁴⁹ andinihana manokana ireo singa samihafa ivelan'ny teny izay miditra antsehatra amin'ny famokarana sy amin'ny fahazoana ny hevitra ny laza. Fanakarana ny tian'ny mpiteny (na ny mpandefa) holazaina no hevitra fototra ao aminy ; vinaina ny ao ambadik'izay voalaza.

Lafin-javatra vitsivitsy heverinay fa mahakasika izany piragimatika izany no hodinihanay eto : *ny filazana izay andinihana ny fizahoana, ny ethos, ny pathos, ny logos, ary ny registres* ka hasiana fanazavana fohy ny momba azy ireo tsirairay avy. Mialoha izay anefa dia tsara ny miresaka manokana momba ny serasera sy ny lahateny izay tsy azo sarahina amin'ny firesahana ny lafiny piragimatika ambara eto.

⁴⁷ P. Charaudeau et D Maigeneau, op.cit. : voambolana *pragmatique*, « De manière plus générale, quand on parle aujourd'hui de composant pragmatique ou quand on dit qu'un phénomène est soumis à des « facteurs pragmatiques », on désigne par là le composant qui traite des processus d'interprétation des énoncés en contexte ».

⁴⁸ P. Charaudeau et D Maigeneau, op.cit. : voambolana *pragmatique*, « On définira la pragmatique comme l'étude de l'usage du langage, par opposition à l'étude du système linguistique ».

⁴⁹ Anne Reboul et Jacques Moeschler, op. cit. « On peut aussi dater la naissance de la pragmatique de l'année 1955, lorsque John Austin a prononcé les *William James Lectures* à l'université Harvard, [...] ». Lorsqu'en 1955 le philosophe John Austin prononce les *William James Lectures*, il n'a aucunement conscience de fonder une sous-discipline de la linguistique. [...], mais les *William James Lectures* seront également le creuset de la pragmatique linguistique, dont elles constitueront le centre pendant une trentaine d'année ». p.26 et p.27

2.1.2. Ny serasera

Tsara aloha ny manome ny hevitra ny teny hoe « serasera » (*na communication*) eto ampanombohana ny asa.

❖ Famaritana

Ny voambolana serasera (*na communication*) dia midika hoe fifanakalozana hevitra voarindra tamin'ny alalan'ny teny eo amin'ny olona iray namolavola izany ho amin'ny olona iray hafa kendreny sy iriny hihaino sy/na hamaly azy mazava na ankolaka araka izay ambarany⁵⁰. Sehatra ifanandrinan'ny mpandefa hafatra sy ny mpandray araka izay io serasera io. Noho izany dia tokony hisy fifanohinana eo amin'ny mpiteny sy ny itenenana ka hampifanojo na hifanojo ny hevitra omen'ny an-daniny sy ny havalin'ny an-kilany mandritra izany. Hamafisin'i Hymes izany hevitra izany fa ny serasera dia mifototra ihany koa amin'ny fifanohinana sy ny fifanarahan'ny mpandray anjara⁵¹.

Misy lalan-tsaina fototra azo andiniana izany serasera izany, ka anisan'izany ity hambara manaraka eto ity :

2.1.2.1. Ny lalan-tsaina mifototra amin'ny fandinihana ny serasera aman-teny

Heverinay fa ampy ny fanazavana natolotray momba ny lalan-tsain'ny fandaharan-teny nomen'i Olivier Reboul ka tsy hampiana intsony na ilaina ato amin'ny fizarana faharoa ity aza izy, fa ny fandinihana ny serasera araka ny fijerin'i Jakobson sy ny lalan-tsaina momba ny fandaharan-teny araka an'i Kerbrat-Orecchioni izay amakafakana ny fizahoan'ny mpiteny no hovahavahana eto.

⁵⁰ DUBOIS et consorts, *Dictionnaire linguistique*, 2002 : voambolana *communication*, « La communication est l'échange verbal entre un sujet parlant, qui produit un énoncé destiné à un autre sujet parlant, et un interlocuteur dont il sollicite l'écoute et/ou une réponse explicite ou implicite (selon le type d'énoncé). La communication est intersubjective. Sur le plan psycholinguistique, c'est le processus au cours duquel la signification qu'un locuteur associe aux mêmes sons », p.94.

⁵¹ www.composite.org, « Pour Hymes, la communication ne se reposerait pas uniquement sur des échanges des messages mais sur des interactions, des transactions ou des négociations ».

❖ **Môdelin-tserasera nataon'i Jakobson**


Manam-pahaizana maro momba ny fandinihana ny serasera no samy maneho ny fomba fahitany ny endrika isehoan'ny serasera ifanaovan'ny olombelona ; nanomboka tany amin'i Aristote (tany ho any amin'ny taona -350) izany ka hatramin'ny andron'i Matilda Riley (1965). Samy nanome ny môdelin-tserasera hitany avy izy ireo fa ny an'i Roman Jakobson (1963) ihany no hampiasainay ka haroso eto.

Fototra enina no iorenan'ny serasera, dia ny mpandefa sy ny mpandray ary ny hafatra ampitaina, ny sehatra itenenana (*contexte*), ny faneho (*code*) ampiasaina, ary ny mpampita (*canal*) izany. Misy hafatra na hevitra ifampizaran'ny mpandefa sy ny mpandray ao anatin'ny serasera ka ny teny no fitaovana ampiasaina amin'izany ho an'ny olona salama sy tsy sembana (tsy moana, tsy marenina). Afaka mifampita hafatra ihany koa ny olona amin'ny alalan'ny faneho ivelan'ny teny (*code non-linguistique*) izay ampiasainy amina anton-javatra maro (resaka ifanaovan'ny olona moana sy marenina) sy amina lafin-javatra maro (mampiasa tanana raha hiantso olona, mampiasa famantatra samihafa amin'ny sehatra sasany « *symboles, légendes, icônes, ...* »)⁵².

Ohatra : Ny fampiasana ireo takela-by samihafa apetraka eny amoron-dalana, ny marika famantarana ny trano fivarotam-panafody, ny marika siantifika (na simika) toy ny H₂O = « *eau* » (na rano), ny fitafo manavaka ny lahy sy ny vavy na ny mpitondra sy ny vahoaka entina, ny feon-javatra toy ny fiara mpamonjy voina sy/na mpitondra marary, sns.

Toy izao, araka izany, ny kisary anehoan'i Jakobson an'io môdelin-tserasera io ahitana ireo singa enina sy ny anjara asany eo amin'ny fitenenana :

⁵²[http://www.sfu.ca/fren 270/semiologie/page 2-6 html # start](http://www.sfu.ca/fren%20270/semiologie/page%202-6%20html%20#start), « [Les êtres humains] peuvent communiquer aussi par des gestes, des rites symboliques ou des codes visuels ou auditifs qu'ils ont créés pour répondre à des besoins spécifiques ».



Kisary2 : Kisary maneho ireo singa rehetra mandrafitra ny serasera nataon'i Jakobson sy ny anjara asan'ny fitenenana mifanandrify amin'izany.

Manana ny fomba firafiny ny serasera araka ny hita ao amin'io môdelin-tserasera nomen'i Jakobson io. Koa mety ho tafita ara-dalana ny hafatra omena fa mety hifanohitra amin'izay ka tsara ny mandinika ireo lafin-jatra mety hampahomby ny serasera.

2.1.2.2. Ny fetra mampahomby ny serasera

Tsy maintsy miombona faneho ny mpifampiserasera vao afaka mifanerasera. Tokony hisy fifanojoam-pijery kely farafaharatsiny amin'izy roa momba izay zavatra resahina⁵³ ; fa ny manavaka azy tsirairay dia eo amin'ny tanjona kendrena sy/na ny zavatra andrasana.

Ny hahatafitra ny hafatra no tanjona kendren'ny mpandefa, an-daniny. Mitaky lafin-javatra maro avy aminy izany vao ho tontosa : toy ny fanomezany lanja ny olona itenenany ka isafidianany ireo toetra amam-pihetsika tokony haseho. Ny fahafantaran'ny mpiteny ny mpandray ny hafatra no ahafahany mametraka endri-pifandraisana aminy ; fantany koa ny filàn'ny olona itenenana ka hety ny hatao rehetra.

⁵³ O. REBOUL, op. cit. « Orateur, auditoire : il est impossible que l'un s'adresse à l'autre s'il n'y a pas entre eux un accord préalable. En effet, il n'est pas de dialogue, ni même d'argumentation, sans une entente minimale entre les interlocuteurs, entente portant à la fois sur les faits et sur les valeurs ».p.146

An-kilany, manana zavatra andrasana indray ny mpandray izay tsara ho fantatry ny mpandefa. Miankina amin'ny olona tsirairay izay filàna izay ; izany hoe miankina amin'ny maha lahy na maha vavy azy, miankina amin'ny taonany, ny toetrany, ny fiaviany, ary ny habetsahany. Koa mety tsy hahaliana azy ny lahateny atao raha toa ka mivaona amin'izay tanjona kendreny izay⁵⁴.

Tokony ho voavolavola tsara hifanentana amin'ny mpandray azy ihany koa ny hafatra ampitaina, mazava, ary mifanoaka tsara amin'ny seha-tserasera atrehina. Tsy hohadinoina manaraka izany fa anisan'ny antoka mampahomby ny serasera koa ny fahatsaran'ny fantsona ampitana ny hafatra, ary iarahan'ny mpifampiresaka mahafantatra ny faneho ampiasaina⁵⁵. Ny serasera miteraka hetsika amin'ny mpandray ny hafatra no ambara ho serasera mahomby. Mamaly hatrany izay olona iantefan'ny hafatra : mety handà izy, mety hanaiky, mety halahelo ary mety hitroatra avy hatrany. Ireo dia midika fa voarainy ny hafatra nomena azy : tafita any aminy ny tiana holazaina.

Tsy ho tontosa anefa izany rehetra izany raha tsy voahaja ny fepetra takina momba ny hafatra, ary izay rehetra takina amin'ny mpandray sy ny mpandefa. Ilaina ihany koa ny ho mpandray mba ho olona mahay mihaino sy afa-manitsy tena ka vonona handray ny hevitra ny hafa. Anisan'ny fahaiza-mihaino ny fifantohana tsara amin'ny mpiteny sy ny zavatra ambarany. Ezaka ara-tsaina tsy maintsy ataon'ny mpihaino ny mifantoka amin'ny zavatra nanomanany tena hatrehina⁵⁶ (na hohenoina, na hovakina, na hojerena, na asa ilana herimbatana, sns.).

Ireto koa fepetra takina amin'ny mpandefa ny hafatra :

→ Tokony hahay haka ny toeran'ny mpihaino azy izy ahafahany mampirindra ny lahateniny araka izany. Milaza izany i Hugues Blair, taterin'i Jean Michel Adam sy i Bonhomme ao amin'ny boky *Rhétorique de l'argumentation* hoe : « Ny olona rehetra izay

⁵⁴ O. REBOUL, op. cit. « La règle d'or de la rhétorique est de tenir compte de son auditoire. Les auditoires se distinguent de diverses manières [...] : *par la taille*, [...] *par les traits psychologiques* dus à l'âge, au sexe, à la profession, à la culture, etc. [...] *par la compétence*. On ne s'adresse pas à un groupe de médecins comme à un groupe de malades, à un public spécialisé comme au grand public. La compétence différencie non seulement les savoirs requis, mais aussi le niveau d'argumentation et même le vocabulaire. [...] *par l'idéologie*, qu'elle soit politique, religieuse ou autre. Car non seulement les arguments changent d'une idéologie à l'autre, mais le vocabulaire lui-même ». p.146

⁵⁵ http://www.sfu.ca/fren_270/semoilogie/page_2-6.html#start, « Afin de permettre la transmission du message, le code doit être compris par tous les locuteurs en présence, donc il doit être commun à tous ; dans le cas contraire, la communication risque de n'être que partielle, voire nulle ».

⁵⁶ F. MACAIRE & P. RAYMOND, *Notre beau métier*, 1964, « L'attention est un effort intellectuel, qui consiste à concentrer son esprit sur un objet ou une pensée, à le fixer à ce qu'on fait ou à ce voit », p.445.

hiteny dia tokony hipetraka eo amin'ny toeran'ny mpihaino aloha, ka amin'izay izy no afa-maminavina ny toe-po samihafa hasehony ary hamakafakany izay tokony holazaina aminy. »⁵⁷

→ Tokony hanao safidy eo amin'ny lafiny voambolana izy izay iarahan'ny roa tonta mahazo ny heviny⁵⁸, ny faneho, ny endrika tokony haseho ary eo amin'ny rafi-pehezanteny ampiasaina. Misy akony any amin'ny mpandray avokoa ireo rehetra ireo. Mitaky voambolana tsara fantina ny lahateny tian-kanintona ny saina amam-panahin'ny hafa ; voambolana mifandraika indrindra amin'ny hevitra tian-kambara.

→ Tokony hananafahalalana ampy (*compétence*) : tokony hanana fahalalana sy fahaizamano momba ny teny ampiasaina sy ny lalànan'ny fandaharan-teny izy.

2.1.2.3. Ny FD sy ny anjara asan'ny fitenenana eo amin'ny serasera

Olana lehibe no tsapa ato amin'ity lafiny ity satria mety ho banga ny anjara asa fampahalalana sy manazava ao aminy noho ireo FD ireo saro-takarina ka tsy ho azon'izay olona marivo salosana ny hafatra ampitaina aminy. Noho izany, na atao ahoana na atao ahoana ny fanehoana ny fihetseham-po sy ny fandrisionana ary ny anjara asa fiantsoana amin'ny FD dia tsy ho tafita velively ny hafatra ampitaina noho izy tsy mazava amin'izy mpandray.

Vitsy ihany koa ny fitenin-drazana tena iarahan'ny mpifanerasera mahay noho izy ireo tsy ampiasaina matetika, ary maro amin'ny mpiteny no mampiasa azy amin'ny fomba tsy feno. Izany hoe tsy avoakan'ny mpiteny amin'ny endriny feno ilay FD teneniny fa ny fiandohany fotsiny ihany nolazainy. Ireo no tena manahirana ny mpandray ilay hafatra.

Ohatra vitsivitsy amin'ireo izay somary saro-takarina no hatolotray eto araka izay fomba mahazatra ampiasan'ny olona azy izay :

⁵⁷ J. M. ADAM & M. BONHOMME, *Rhétorique de l'argumentation*, « Tout orateur devrait toujours commencer par se mettre à la place de ses auditeurs, et voir quelle impression ferait sur lui ce qu'il se propose de leur dire », p.97.

⁵⁸ R. JAKOBSON, tome1, op. cit. « Parler implique la sélection de certaines entités linguistiques et leur combinaison en unités linguistiques d'un plus haut degré de complexité. [...] Mais le locuteur n'est d'aucune manière un agent complètement libre dans le choix des mots : la sélection (exception faite des rares cas de véritable néologisme) doit se faire à partir du trésor lexical que lui-même et le destinataire du message possèdent en commun », p.46

Ohatra1 : “*Sakafom-borondolo ...*” (Ity no tokony hanohizana azy : *ka ny alina no miantoka ny andro*).

Ohatra2 : “*Velirano-mamba ...*” (tohiny : *ka izay tsy mety iarahantsika rehetra manatsikafona*).

Ohatra3 : “*Varotra omby anaty ambiaty ...*” (tohiny : *ka atao ankinafinafina*)/ “*Varo-piso an-dasaka*⁵⁹ ...” (tohiny : *vinavinaina fotsiny ihany fa tsy hita maso*).

Ohatra4 : “*Totovarim-boalavo ...*” (tohiny : *ny mongo misavovona fa ny diony tsy hita*).

Ireto kosa ohatra feno fampiasan’ny olona kanefa dia saro-takarina :

Ohatra5 : “*Fara vady anadahy*”.

Miankina amin’ny fahalalana ny fomba amam-panaon’ily fiarahamonina namorona azy ny fahazoana ny hevitr’ity fomba fiteny ity.

Izao no azo andikana tsotra an’io : tsy maintsy mody any amin’ny tany niaviany ny vehivavy rehefa misara-panambadiana ka ao amin’ny anadahiny no ivantanany ; io no manome azy izay zavatra hamelomany tena ; io no mikarakara azy.

Ohatra6 : “*Mangetaheta ambony lakana*”.

Ohatra7 : “*Ny olombelona tsy fo vato fa fo emboka*”.

2.1.2.4. Ny filazana (*énonciation*)

Hazava kokoa ny zavatra hatao raha toa ka fantatra ny momba azy, ndeha homena aloha ny famaritana ny atao hoe filazana.

❖ Famaritana

Niraisan’ireo mpandinika ny teny ny hevitra nomena ity voambolana *énonciation* ity tany am-piandohana. Amin’ny Benveniste, ohatra, ny *énonciation* dia ny fampiasan’ny

⁵⁹ Lasaka=gony (fiteny betsimisaraka atsimo).

tsirairay ny teny ananany araka ny fahafolahany azy⁶⁰. Ary i Anscombe sy i Ducrot kosa manambara fa ny *énonciation* dia midika ho famokaram-pitenenana ataon'ny mpiteny mandritra ny fotoana itenenany, na koa izay ataon'ny mpihaino mandritra ny fotoana ihainoany⁶¹. Izany hoe raha fehezina ireo rehetra ireo dia azo ambara fa misy angona (teny) ao an-tsain'ny tsirairay ka izy no tsy maintsy mamolaka an'iny angona iny ho azo ampiasaina. Anisany amin'ireo angona ireo ny voambolana sy ny heviny, ny lalàna mifehy ny fandrafetana azy, ary ny lalànan'ny fifehezan-teny.

Tsy hadinoina anefa fa mifatotra tanteraka amin'ny kolontsaina ny teny ka mila ho voafehin'ny mpiteny izany. Noho izany, ny voambolana *énonciation* dia milaza ny fanetsehana ireo angom-pahalalana momba ny teny ananan'ny tsirairay ireo ampiasaina eo amin'ny famokaram-pitenenana⁶².

I Kerbrat-Orecchioni manokana dia milaza fa ny voambolana *énonciation* dia manambara dingam-pamokaran-dahateny/ lahatsoratra maneho ny fidiran'ny mpiteny antsehatra amin'ny teny ataony⁶³. Izany hoe ny voambolana *énonciation* izany dia azo adika ho fanehoan-kevitra ataon'ny mpiteny, satria famokaram-pitenenana ataon'ny mpiteny amin'ny maha tomponandraikitra azy amin'izay rehetra ambarany izany.

Ny filazana araka izany dia manondro ireo toe-javatra rehetra maneho ny fizahoan'ny mpiteny ao amin'ny fitenenany⁶⁴.

Ilaina koa ny mahalala ny atao hoe laza (*énoncé*).

⁶⁰ Benveniste, taterin'i Kerbrat-Orecchioni, op. cit., ny voambolana *énonciation* : « L'énonciation est cette mise en fonctionnement de la langue par un acte individuel d'utilisation ». p.28

⁶¹ Anscombe sy i Ducrot, taterin'i Kerbrat-Orecchioni, op. cit., ny voambolana *énonciation* : « L'énonciation sera pour nous l'activité langagière exercée par celui qui parle au moment où il parle » [mais aussi, par celui qui écoute au moment où il écoute]. p.28

⁶² Kerbrat-Orecchioni, op. cit., voambolana *énonciation* : « Nous dirons donc que « l'énonciation, c'est en principe l'ensemble des phénomènes observables lorsque se met en branle, lors d'un acte communicationnel particulier ». p.28

⁶³ Kerbrat-Orecchioni, op. cit., voambolana *énonciation* : « L'énonciation est alors définie comme le mécanisme d'engendrement d'un texte, le surgissement dans l'énoncé du sujet d'énonciation, l'insertion du locuteur au sein de sa parole ». p.30

⁶⁴ *discours.pdf*, « L'énonciation désigne les traces linguistiques de la présence du locuteur au sein de son énoncé. C'est-à-dire tous les phénomènes de subjectivité dans le langage ».p.2

2.1.2.5. Ny laza

Ny *énoncé* indray dia vokatra⁶⁵ azo avy amin'ny filazana. Vokatra miovaova arakaraka ny mpiteny sy ny toe-javatra eo am-pitenenana azy, satria tsy mitovy velively ny ambara amin'ny hoe « *Antitra aho* » raha olona samihafa sy amin'ny fotoana samy hafa no milaza izany.

Amin'ny maha vokatry ny filazana azy izay àry, ny *énoncé* dia azo heverina ho hafatra ampitain'ny mpilaza. Koa mety ho fehezanteny izany « *Manomboka ny taom-pianarana vaovao* », izay midika ho *fahatongavan'ny fotoana fidiran'ny mpianatra an-tsekoly* ; fa mety ho teny na andian-teny manana hevitra feno ihany koa (« *Izany ve ?* » (Maneho figagan'ny mpiteny)).

Ohatra FD izay anisan'ny *laza* :

- *Laza* tsy fehezanteny : “*Tompokolahy sy Tompokovavy*”, anjara asa fiantsoana no anjara asan'ny fitenenana eto izay iantsoana am-panajana ny mpihaino rehetra.

Noraisinay ho anisan'ny fitenin-drazana malagasy io (*andian-teny raiki-drafitra “expression figée”*) satria ampiarahan'ny olona araka izao filaharany izao foana rehefa teneniny ; ny an'ny firantsay izay mira lenta amin'io dia afamadiny indray : ny *Tompokovavy* ny azy no mandeha aloha (*mes Dames et Messieurs*). Ny kolontsaina no mibaiko izany.

- *Laza* fehezanteny : “*Volaña imaso tsy mba kilema*”. Fehezanteny io satria ahitana ny anjara asa fototra (EM : *tsy mba kilema* ; L : *ny volaña imaso*) ary mahalaza hevitra feno izany.

Dingana roa tsy afa-misaraka no tsy maintsy harahina raha hanakatra ny hevitra fonosin'ny laza : dia ny famahavahana ny faneho nampiasaina sy ny fanakarana ny hevitra

⁶⁵ A. REBOUL et J. MOESCHLER, *La pragmatique aujourd'hui*, 1998, « L'énoncé, est le résultat, qui varie suivant les circonstances et les locuteurs, de la prononciation d'une phrase ». p.50

ambadik'izany (ny tinakatra)⁶⁶. Mialoha lalana ny fikarohana ny hevitra ambadika hatrany ny fanazavana ara-bakiteny ny laza iray.

Fehiny : Voafono ao anatin'ny filazana ny laza izay hafatra ampitaina amin'ny olona tokony handray azy anatarana tanjona iray. Noho izany dia tsy maintsy faritan'ny hodidin-tserasera hatrany ny filazana sy ny fanakarana ny heviny. Ireo rehetra ireo no manambara fa serasera ny filazana satria fehezin'ireo singa mandrafitra ny serasera ambaran'i Roman Jakobson.

Koa amin'i Kerbrat-Orecchioni⁶⁷ dia misampana roa ny sehatra anaovana fandinihana araka ny velarany izay miankina amin'ny karazan-tsinga tafiditra ao anatin'ny : dia ny filazana mivelatra sy ny filazana mifintina.

Ilaina ny manazava fohy ny momba ireo.

❖ Ny filazana mivelatra

Zava-dehibe eo amin'ny serasera ny fisian'ireo singa samihafa mandrafitra azy ireo. Misy fiantraikany eo amin'ny famokarana sy fandraisana ny hafatra izy ireny. Izany hoe mifandray tanteraka amin'ny laza ireo singa rehetra mandrafitra ny seha-pilazana : toy ireo mpifandahatra (*protagonistes du discours*), ny hodidin-tserasera, ireo toe-javatra mamaritra ny fotoana sy ny habaka (toy ny teny na singan-teny mamaritra velarana sy manambara fotoana), ireo fepetra ankapobeny mamaritra ny famokarana sy fandraisan-kafatra (ny mpampita, ny hodidina ara-piarahamonina/ ara-tantara, ny fepetra takin'ny tontolon'ny lahateny). Koa ny fandinihana ny filazana mahasahana ireo rehetra ireo no ambaran'i Kerbrat-Orecchioni amin'ny hoe *filazana mivelatra*. Mikendry indrindra izany ny famaritana ny fifandraisana rehetra misy eo amin'ny laza sy ny seha-pilazana⁶⁸ voalaza teo.

Hita araka ireo fitanisana fohy ireo fa midadasika sady mahasahana lafin-javatra maro ny fandinihana ny filazana mivelatra ; fahalalana maro ihany koa no tokony hananana hoentimandinika izany.

⁶⁶*Linguistique et pragmatique.pdf*, « Le sens d'un énoncé est le résultat d'un processus à la fois codique (décodage linguistique) et inférentiel (pragmatique) » p.8

⁶⁷Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « Selon que la perspective adoptée admet ou non cette restriction du concept, on parlera de linguistique de l'énonciation « restreinte » ou « étendue » », p.30

⁶⁸Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « Conçue extensivement, la linguistique de l'énonciation a pour but de décrire les relations qui tissent entre l'énoncé et les différents éléments constitutifs du cadre énonciatif », p.30

❖ Ny filazana mifintina

Mbola ny lafiny velarana sy/na habe ihany no resahina amin'ny teny hoe « *mifintina* ». Izany hoe mifintina ny zavatra iray raha toa ka mihakely miohatra amin'ny teo aloha ny habeny/ny velarany. Raha eo amin'ny lafiny serasera no andinihana izany dia mifantoka amina singa na lafin-javatra vitsivitsy ny fandinihana atao. Noho izany, ny filazana mifintina dia tsy mijery afa-tsy ny iray fotsiny amin'ireo singa mandrafitra ny seha-pilazana ireo, dia ny mpiteny izay mpilaza⁶⁹ izany. Ny soritra na ny marika amantarana ny fisian'ny mpiteny ao amin'izay ambarany no jerena ; ambaran'i Benveniste hoe « ny fizahoana ao amin'ny fitenenana »⁷⁰. Araka izany àry, ny filazana mifintina dia taratra amin'ny alalan'ny fandinihana ny fizahoan'ny mpiteny.

Inona no tiana holazaina amin'izany ?

Amin'ny ankapobeny ny piragimatika dia tsy hita raha tsy ao anaty filazana ; satria vokatry ny filazana ihany ny laza⁷¹ izay hazavaina sy dinihina eo amin'ny lafiny piragimatika io. Ny laza, araka izany, no akora fototra dinihina ka ireo lafin-javatra ivelan'ny teny mifamatotra aminy no manampy amin'izany. Mifehy ny famokarana ny laza iray, noho izany, ny hodidin-tserasera samihafa sy ny fepetran'ny famokaran-kafatra. Miova araka io hodidin-tserasera io ny laza⁷². Izany hoe misy laza vaovao hatrany miforona na teraka arakaraka ny hodidina namokarana azy.

Ohatra : *Tonga teto aminay izy omaly*.

Ny fahatongavan'olona iray no vontoatin-kafatra ao. Ny olona izay soloin'ny mpisolo tena « *izy* » tena eto dia faritan'ny toerana tondroin'ny mpilaza toerana « *teto* » sy ny mpilaza fotoana « *omaly* ». Ny sehatra misy ny mpiteny sy ny itenenana ihany koa no amantarana ny olona ambaran'ny « *izy* » eto, satria tsy voatondro mivantana ao anatin'io laza io izany fa mila tinakatra⁷³.

⁶⁹Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « Conçue restrictivement, la linguistique de l'énonciation ne s'intéresse qu'à l'un des paramètres constitutifs du CE : le locuteur-scripteur », p.31

⁷⁰Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « Dans cette perspective restreinte, nous considérons comme faits énonciatifs les traces linguistiques de la présence du locuteur au sein de son énoncé, les lieux d'inscription et modalités d'existence de ce qu'avec Benveniste nous appellerons « la subjectivité dans le langage », p.31

⁷¹[discours.pdf](#), « L'énoncé est le produit de l'énonciation ».

⁷²Anne Reboul et Jacques Moeschler, op. cit. « Le contexte est construit pour chaque nouvel énoncé », p.78

⁷³Anne Reboul et Jacques Moeschler, op. cit. « La signification de mots qui s'interprètent relativement à la situation de communication », p.64

Ohatra amin'ny FD : “*Mitari-bady tsy lasam-bodiondry*”/ “*Mandrimandry manana aretina*”.

Raha dinihina tsotra izao dia tsy hazava ny tiana holazaina satria tsy fantatra ny mpiteny sy ny olona ambara ao anatin'ilay hafatra. Ny hodidina rehetra mihitsy no tsy mazava eto. Koa tsy hisy heviny io raha tsy ao anaty seha-tserasera voafaritra ahatarafana ny fotoana, ny toerana sy ny toe-java-niseho, ny mpiteny sy ny itenenana ...

Ampahany amin'ireo lafin-javatra mahakasika ny piragimatika ireo koa no hotanisaina eto izay hitanay fa misavily any amin'ny fitenin-drazana. Mialoha izany anefa dia tsara ny mampahatsiahy fa ny filazana dia famokaram-pitenenana ataon'ny mpiteny amin'ny maha tomponandraikitra azy amin'izay lazainy⁷⁴. Noho izany dia tsy maintsy misy fiandiana ataon'ny mpiteny ao anatin'ny ka izay no antsoina hoe *fizahoana*. Araka izany, ny piragimatika dia mahakasika **ny fizahoana** (*fizahoana maneho fanombanana, fizahoana maneho fiantanana, fizahoana ateraky ny fomba filaza*), **ny endrika aseho mandritra ny filazana** (ny *ethos*, ny *pathos*, ny *logos*, ary ny *registres* « lokom-pilazana/lokon'ny laza/ lahateny »).

Hasongadina manaraka eto ny ifandraisan'ireo amin'ny fitenin-drazana.

Tsy hatao amin'ny alalana andian-teny fohy na fehezanteny iray na roa foana anefa ny laza fa mety ho lahateny iray manontolo mihitsy ka tsara raha hasian-teny ny momba izany satria singa ao anatin'ny serasera izy.

2.1.2.6. Ny lahateny

Ambaran'i Ferdinand De Saussure fa efa ao an-tsain'ny olona ny teny. Mila arafitra sy arindra anefa izany raha havoaka ety ivelany amin'ny alalan'ny feo (am-bava) na amin'ny alalan'ny soratra. Ny fandaharan'ny tsirairay azy, no ahafahan'io teny io manana hevitra azo ifampizarana. Koa hofantarina etoana àry ny momba izany.

❖ Ny antsoina hoe « lahateny »

Antoka mampahomby ny fifanakalozana ny fahafolahana ny teny. Alahatra (am-bava na an-tsoratra) izy io amoahana hevitra mba hampirindra ny fifampiresahana. Tsy maintsy misy

⁷⁴ Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « L'énonciation est alors définie comme le mécanisme d'engendrement d'un texte, le surgissement dans l'énoncé du sujet d'énonciation, l'insertion du locuteur au sein de sa parole ».p.30

ny mpihaino na ny mpandray ao anatin'izany ka izay indrindra no ilazana fa ny « lahateny dia famelabelarana amam-pamahavahan-kevitra am-bava atao eo anatrehana mpihaino iray [na maromaro] arakaraka ny zava-miseho [sy ny tanjon'ny mpiteny].⁷⁵

Misy hevitra efa voavolavolan'ny mpiteny ao an-tsainy ka hazavainy sy voaboasany amin'ny fomba mirindra eo amin'ny olona manatrika azy. Tsy am-bava foana no isehoany fa miseho amin'ny alalan'ny soratra ihany koa. Natao ampitana hafatra izy, izarana fahalalana sy/na anovana olona. Noho izany, ny mpandaha-teny dia manana tanjona kendrena, ka izay tanjony izay no mahatonga azy hamorona karazana lahateny arakaraka ny sokajin-dahateny ataony.

❖ Ny karazan-dahateny

Fitaovana enti-maneho hevitra, fihetseham-po, fanoritsoritana (fomba amam-panao, fomba fisainana), filazana ny zava-misy, fanazavan-kevitra, fandresen-dahatra ny karazan-dahateny izay hitondra fahalalana vaovao ho an'izay ivantanany. Koa azo aravona ho dimy, araka izany, ny karazan-dahateny misy, dia :

1. *Ny lahateny mampahalala* izay milaza fotsiny ny toe-java-misy na zava-mitranga marina ;
2. *Ny lahateny manoritsoritra* : ny lahateny manoritsoritra dia lahateny anehoan'ny mpiteny ny zava-misy eo amin'ny habaka (toerana, olona/zavatra hafa ...), fomba amam-panao na toe-javatra na hetsika iray.
3. *Ny lahateny mitantara* indray dia natao anehoana ny fomba fijery ny tontolo ka itaterana ny zava-nisy na zava-nitranga arakaraka ny fotoana sy ny toerana nisehoan'izany ;
4. *Ny lahateny manazava*, dia natao amahana olona, itondra fahazoana amin'ny mpandray ny hafatra ;
5. *Ny lahateny mandresy lahatra* : ampanaikena hevitra ny olona itenenana, ambaboana sy ampinoana azy. *Ny lahateny mandresy lahatra dia misarika ny olona itenenana hanaiky ny hevitra ny tena ka amin'izany dia mitondra fomba fanehoana*

⁷⁵<http://fr.m.wikipedia.org/wiki/Discours>, « Un discours est un développement oral fait devant une audience, le plus souvent à l'occasion d'un évènement particulier ».

sy fandaharana tohan-kevitra isan-karazany hahatonga azy hiandany amin'izany hevitra izany (Randriamahazo J.C. sy Ratiaray S.M., p.31).

Na inona na inona, araka izany, ny karazan-dahateny atao dia tokony hitondra fahazoana hatrany amin'izay olona iantefan'ny hafatra izy. Izany hoe miampy ny fahalalana ananan'ny olona itenenana ka mety hitarika azy hanao hetsika iray izany : handà na hanohitra, hanaiky, hanampy hevitra, hiontana (tezitra, malahelo, faly).

Ohatra iray maneho ny tanjona hotratrarina amin'ny fanaovana lahateny (*fanovana olona*) izay iraisan'izy rehetra ireo no hatolotra eto.

Ohatra : Lahateny am-bava nataon-drenin'i Rija nangataka an'i Niry tany Vohipeno ; ao amin'ny boky *Ilay vohitry ny nofy* nosoratan'i E.D. Andriamalala, p.98.

- *Misy fiteny any aminay [...] manao hoe : « **fozalahy natakalò fozavavy** » ... Koa i Niry no anay fa i Rija kosa no anareo. Manan-tsiny ianareo raha mihevitra azy ho olon-kafa fa tsy zanakareo, **tapakareo**, iray foko sy fiaviana aminareo, tahaka ny anananay fondro raha tsy mandray an'i Niry ho terakay, fianakavianay... Tsy ho sarotra aminay akory izany fa mbola ao ireo havanareo, taranak'Andriamahazonoro araka ny voalaza teo, izay efa tena lasa Ambaniandro ankehitriny, ka... **Voanemba mitsipika an-joro ihany ny vavitokako amin'izany : tsy very fa mody amin'ny toerany !***

Lahateny mandresy lahatra no misy eto. Lahateny nentin-drenin'i Rija nanafoana ny elanelana nisy teo amin'ny Tanindrana sy ny Merina vokatry ny disadisa niseho teo amin'ny foko roa tonta tamin'ny faha mpanjaka.

« *Ny fihavanana, ny maha iray tsy mivaky ny foko anankiroa ka tsy hifanao ratsy* » no hevitra tohanana ao ka ny FD “fozalahy natakalò fozavavy” no nentiny nilaza sady nanohana izany. Ny hahazoana an'i Niry sy ny hampitony ny sain'ny fianakavian-drazazavavy no tanjon'ny mpiteny amin'izany. Efa fantatry ny mpiteny io ahiahin'ny olona itenenany io ka novolavolainy tsara ny hevitra sy ny teny hambaboana azy ; nataony tsara rindra ihany koa ny fomba filazan-javatra. Ny FD “*Voanemba mitsipika an-joro : tsy very fa mody amin'ny toerany*” no tohan-kevitra faharoa namaranany ny teniny.

Tsapa araka ny fizotran'ny tantara fa nanaiky ny ray aman-drenin'i Niry ka nanome azy amim-pitokisana tanteraka. Izay no ilazana fa ny lahateny dia natao ampitana hafatra ; natao anovana olona ihany koa indraindray, araka ny hita eto.

Mety mifampiditra ny karazany samihafa amin'ireo lahateny ireo. Ny fanazavana sy ny fanoritsoritana, ohatra, dia mety hifampitsofoka anaty fandresen-dahatra mba ho tohan-kevitra ; ny fanazavana koa indraindray dia mampiasa fanoritsoritana.

Ohatra :

Lahateny : EFITRA TELON'NY FIAINANA

Miefitrefitra ny fiainan-dRaolombelona. Misy efitra voalohany, dia ilay itovizany amin'ny biby rehetra : dia izy teraka sy mitombo sy maty, mahare hafinaretana na fijaliana amin'ny nofony, mampiasa ny zava-boahary hahasoa ny fiainany. Ambaratonga ambany indrindra io amin'ny fiainan'olombelona : fiainana ara-batana, ara-pivelomana.

Efitra faharoa kosa, dia ilay iarahany amin'ny olombelona tahaka azy : dia izy mifanerasera sy mifampikasoka, ka mifankatia na mifankahala, mifamalifaly na mifanorisory. Ambaratonga ambony kokoa io : fiainana araka ny fo, ara-pihavanana.

Ary efitra fahatelo sy farany, dia ilay ao anaty miankina amin'ny safidy sy ny finiavana tokana : dia izy mizaka ny tenany na ho tsara na ho ratsy, na ho mahitsy na ho meloka, eo anatrehan'ny eritreriny tsy azo salovanina. Ambaratonga ambony indrindra io : fiainana ara-panahy, ara-pahamarinana.

P. RAHAJARIZAFY, *Filôzôfia Malagasy*, 2004, p.134

Lahateny manazava mampiasa fanoritsoritana io : ity ny hevitra hazavaina ao : *Miefitrefitra ny fiainan'ny olombelona.*

Fanorotsoritana ny fomba iatrehan'ny olombelona ny fiainana no entiny manazava azy ka ambarany fa mizara telo lehibe izany :

- Voalohany, ny momba ny fiainany amin'ny maha sokajin'ny biby azy ny olombelona : teraka, mitombo sy maty ary finaritra sy mifaly ; miaina amin'ny alalan'ireo zava-boahary manodidina azy.
- Faharoa, ny momba ny fiarahany monina amin'ny hafa izay efa iavahany amin'ny biby : mifanerasera izy, mifankatia, mifankahala, fa mety mifanampy koa ...
- Fahatelo, ny fiainany araka ny fananam-panahy : mahavaka ny tsara sy ny ratsy izy itondrany ny tenany eo anivon'ny fiarahamonina misy azy.

Iny fanazavana fohifohy iny no nahatsapana fa tokony hisy famokaran-kevitra hatrany ataon'ny mpiteny rehefa miserasera izy ; ka izay araka ny famaritana tany aloha no antsoina hoe filazana na *énonciation*. Ao anatin'izay filazana izay no andinihana ny lafiny pragmatika.

Hojerena manaraka eto amin'izay ny momba ny fizahoana.

2.1.3. Ny fizahoana araka ny fijerin'i Kerbrat-Orecchioni

Singa enina lehibe no mampisy ny serasera araka ny nahitana azy tao amin'ny fanazavana ny môdelin-tserasera nomen'i Jakobson naseho teo : misy ny hafatra ampitaina, ny mpamolavola izany, ary ny olona iantefany rahateo, ny sehatra, ny faneho (*code*), ary ny mpampita/mpanalalana (*canal*). Samy miezaka ny tsirairay izay mpandefa hanao izay hampahomby ny fampitan-kafatra ataony. Mandritra izay izy no maka elanelana amin'izay ambarany : hiandany na tsia. Izay fiandanian'ny mpiteny amin'izay ambarany izay no fizahoana ataony.

2.1.3.1. Famaritana ny antsoina hoe fizahoana

Tsy maintsy hita hatrany eo amin'ny fitenenany ny toerana misy ny mpiteny iray. Mety hanala ny tenany amin'izay ambarany izy, fa mety hampiditra ny tenany ao anatin'izany. Izay fampidirana ny tena ao amin'ny laza izay no antsoin'i Benveniste hoe « fizahoana »⁷⁶. Izany hoe fahafahan'ny mpiteny mametraka ny tenany ho *izaho* ao anatin'ny ambarany, izay lazaina hoe *izaho mpanambara*. Ny mpisolo tena tampisaka mahaleo tena « *izaho/aho* » (amin'ny teny malagasy), ary ny « *je* » (amin'ny an'ny firantsay), sns, no anondroan'ny mpiteny ny tenany.

Mifanahantsahana amin'izay ihany no ilazan'i Kerbrat-Orecchioni ny fizahoana, satria mifototra amin'ny fikarohana ireo lafin-javatra/voantenany mamaritra ny fidiran'ny mpiteny amin'ny zavatra ambarany ny asany ; mijery ny fandraisana andraikitry ny mpiteny fa manoritenana ao amin'ny hafatra ampitainy izy, mametraka elanelana eo amin'izy mpiteny sy ny zavatra lazainy⁷⁷. Izany hoe ny fizahoana aminy araka izany dia ny fandraisana andraikitra feno ataon'ny mpiteny amin'izay ambarany ka misoritra ao anatin'ny hafatra izany. Mety ho amin'ny alalana singan-teny/voambolana no isehoan'izany fa hita koa amin'ny fehezanteny sy fanonona azy. Araka izay maha singa dinihina azy ao anatin'ny laza izay ary dia azo lazaina fa marika amantarana ny fizahoan'ny mpiteny izy ireo izay antsoin'i Kerbrat-Orecchioni hoe *mari-pizahoana*.

⁷⁶[eer-I-2-02-balatchi.pdf](#), « Pour Benveniste, la subjectivité est omniprésente dans le langage. Elle se définit comme la capacité du locuteur à se poser comme sujet », p.24

⁷⁷Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « La problématique de l'énonciation (la nôtre) peut être ainsi définie : c'est la recherche des procédés linguistiques (shifters, modalisateurs, termes évaluatifs, etc) par lesquels le locuteur imprime sa marque à l'énoncé, s'inscrit dans le message (implicitement ou explicitement) et se situe par rapport à lui (problème de la « distance énonciative ») », p.32

Maro karazana ny mari-pizahoana, anisan'izany ny deikitika na ireo sokajin-teny na singan-teny izay miovaova ny zavatra tondroiny arakaraka ny sehatra⁷⁸ ampiasana azy.

Ohatra ny mpilaza fotoana « *omaly* ». Samy hafa ny « *omaly* » 15 septambre 2007 sy ny « *omaly* » 15 septambra 2015 : satria ny *omaly* voalohany dia manondro andro *sabotsy* ary itsy faharoa andro *talata*, samy hafa koa ny zava-niseho tamin'ireo fotoana ireo ; toy izay ihany koa ny toetran'ny mpisolo tena « *izaho* ». Tsy mitovy ny tondroin'ny *izaho* arakaraka ny sehatra sy ny olona mpiteny.

Amin'ny endrika fanontaniana matetika no isehoan'ny *izaho mpiteny* amin'ny FD. Ohatra : “***Izaho*** tompony indray ve no hañiry ny atiny ?”

Misy kosa ireo maneho fihetseham-po fanekena na fandavana an-kitsy rano tsotra izao : ohatra : “***Izaho*** tsy fangaraka ka mahalevin-tena !” ; “Tsy hidoka tena (hilaza tena) ohatry ny papelika⁷⁹ ***aho*** na hisora-tena tahaka ny voatango” ; “***Aleoko*** tsy misy toy izay misy ratsy”.

Takona indraindray ny deikitika sasany manambara ny *izaho mpiteny* ao amin'ny FD.

Ohatra1 : “Main'ny afo natsangany/natsangana (***izy/ianao/isika*** ...)”.

Ohatra2 : “Miaramila be nify (***aho/izy/ianao/isika***) ka tsy mandalo katsa-maina”.

Ohatra3 : “Laingom-boaloboka lohataona (***aho/izahay/isika***) : tsongoina vao misandrahaka”.

Ohatra4 : « Samy zanaky ny mpanefy (***isika***) ka tsy hifampidera taim-by ».

Misy ny fitenin-drazana ahitana deikitika milaza fotoana.

Ohatra1 : “Ny lala-madisaka ***omaly*** no nanjary tevan-kamono”.

Ohatra2 : “Ny vola toy ny vahiny : tonga ***anio***, lasa ***rahampitso***”.

Tsy raikitra ny hevitra entin'ny *omaly*, ny *anio*, ny *rahampitso* ao amin'ireo FD ireo fa an'ankina amin'ny hodidin-tserasera ampiasana azy.

Ankoatra ny deikitika dia milaza koa i Kerbrat-Orecchioni fa misy ireo mari-pizahoana mifono tombana : ahitana taratra ny fiheveran'ny mpiteny ilay teny/voambolana na fehezanteny ampiasainy.

⁷⁸Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « On appelle « déictiques », ou « shifters » [...] une classe des mots dont le sens varie avec la situation », p.34

⁷⁹ Voronkely lehibe noho ny kibobo (mitovy endrika aminy)

Misy karazany roa ny mari-pizahoana mifono tombana : ny mari-pizahoana anombanana sy ny mari-pizahoana iontanana.

❖ Ny mari-pizahoana anombanana

Ny mari-pizahoana anombanana dia maneho ny fitsaran'ny mpiteny ny sandan'ilay zavatra resahiny. An'ankina amin'ny mpiteny ny fiheverana ny hevitra faritan'ny voambolana iray. Ohatra, ny mpamari-toetra « *lavitra* » amin'ny ankapobeny dia manambara elanelana lava/betsaka. Izay hevitra faritany izay anefa dia miankina amin'ny fenitra heverin'ny mpiteny⁸⁰, satria samy manana ny amaritany ny elanelana hoe « *lavitra* » ny tsirairay arakaraka ny fahalalany sy ny fahazarany ary ny toetrany. Mari-pizahoana anombanana tsotra no ilazan'i Kerbrat-Orecchioni ny mpamari-toetra tahaka an'io satria tsy misy fitsarana sanda maneho ny fitsefan'ny mpiteny ny zavatra ambarany⁸¹ amin'izany.

Toy izao ny fisehony amin'ny FD. Ohatra : “*Lava hadalana ohatry ny trambo : tongotra hahelika ka enti-mandady*”.

Ny mpamari-toetra lava no nentiny nanombana ny hadalan'ny trambo ; fiheveran'izy mpiteny no mamaritra izany fanombanana izany.

Misy koa an-daniny ireo mari-pizahoana anombanana itsarana, izay ahatsapana ny fanakianana na ny fanambonian'ny mpiteny ny zavatra ambarany⁸². Mifandray akaiky amin'ny foto-pisainan'ny mpiteny izany ary ny fiheverany manokana ny zavatra tondroiny. Ahitana fiandaniana kokoa amin'ny lafiny fenitra na hatsaran'ilay zavatra resahina⁸³ ao aminy.

Ohatra : Fehezan-kevitra nalaina tao amin'ny lahatsoratra navoakan'ny gazety *Ao Raha*, lah.3017, p.12, ny talata 15/09/2015 : « *Maro ny kaominina ambonivohitra eto amintsika tsy ahitana fotodrafitrasa manamarika ny maha renivohitra azy akory* ».

Ny mpamaritra isa « *maro* » eto dia milaza habetsahana mihoatra ny iray/roa ka samy manana ny fiheverany izany « *maro* » izany ny olona tsirairay.

⁸⁰ Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « L'usage d'un adjectif évaluatif est relatif à l'idée que le locuteur se fait de la norme d'évaluation pour une catégorie donnée ».p.86

⁸¹ Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « Cette classe comprend tous les adjectifs qui, sans énoncer de jugement de valeur, ni d'engagement affectif du locuteur ».p.85

⁸² Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « A la différence des précédents, les évaluatifs axiologiques portent sur l'objet dénoté par le substantif qu'ils déterminent un jugement de va leur, positif ou négatif ».p.91

⁸³ Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « Leur utilisation implique une double norme : interne à la classe de l'objet-support de la propriété [...] ; interne au sujet d'énonciation, et relative à ses systèmes d'évaluation (esthétique, éthique, etc.) ».p.90

❖ Ny mari-pizahoana iontanana

Ny lafin'ny fo no voakasika amin'izany fiontanana izany. Hita amin'ny alalan'ny endrika ivelany asehon'ny olona izy io (ohatra : Mipararetra rehefa tojo zavatra mahatahotra), fa tsapa amin'ny alalan'ny teny sy ny voambolana nofidiny ampiasaina ihany koa. Ny mpilaza toetra no matetika maneho io fiontanana io ao amin'ny teny avoakan'ny mpiteny ; ka mety izy ho faly, mety ho tezitra, ary mety halahelo.

Sady maneho ny toetran'ilay zavatra faritany ireo mpamari-toetra ireo no maneho ihany koa ny toe-pon'izay namoaka azy⁸⁴. Izany hoe indroa miantoana ny fiontanana asehon'ilay voambolana : sady efa raikitra amin'ilay teny izany no mivohitra eo amin'ny fampiasan'ny olona azy.

Ohatra : lahateny fohy avy tamin'ny hain-teny nosoratan'i Estine Rinasoa, nalaina tao amin'ny boky *Takelaka notsongaina I*, p.189 : « *Voahangy soa mitohy am-bozona ny havana, ka mpampifaly raha sendra misento* ».

Voambolana roa no maneho ny fihetseham-pon'ny mpiteny ao anatin'io fehezanteny io :

soa : Mamaritra ny hatsaran'ny zavatra resahina ary maneho ny fitiavan'ny mpiteny izany ihany koa : finaritra izy.

mpampifaly : Endrika mirana no ambaran'io mpilaza toetra io izay mifamatotra tanteraka amin'ny mpampiasa azy. Sady efa faly ilay mpiteny eo am-panononana izany teny izany no miseho amin'ny endriny ety ivelany rahateo ny hafaliany.

Ny *misento* dia amaritana ny toetr'olona mihetsi-po amina toe-javatra mampalahelo, mahahontsa izay hita taratra ety ivelany amin'ny alalan'ny fisefoana. Tsy ahitana ny fiontanam-pon'ny mpiteny io voambolana io fa anombanany fotsiny ny toetran'ny olona teneniny. Ny fihetseham-pon'ny olona ambara ao amin'ny hafatra no lazaina eto.

Araka izany dia sady efa raiki-tampisaka amin'ilay voambolana ny sandany no mbola hamafisin'ny rafi-pehezanteny mitondra azy koa⁸⁵. Ny voambolana « *manina* », ohatra, dia mamaritra ny toetran'ny olona iray mahatsiaro ny zavatra tiany/tsy foiny kanefa lavitra azy ; toy ny hoe « *Manina ny olon-tiana/manin-kavana* ». Efa raikitra ao anatin'io mpamari-toetra

⁸⁴ Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « Les adjectifs affectifs énoncent, en même temps qu'une propriété de l'objet qu'ils déterminent, une réaction émotionnelle du sujet parlant en face de cet objet ».p.84

⁸⁵ Kerbrat-Orecchioni, op. cit. « La valeur affective peut être inhérente à l'adjectif, ou au contraire solidaire d'un signification prosodique, typographique (le !), ou syntaxique particulier ».p.85

io ny sanda mampaneho fiontanana azy no mbola ahatsapana ny fiontanam-po amam-pihetsik'izay mampiasa azy ihany koa. Alahelo miteraka endrika manjorettra no fonosin'izany.

Hita ao amin'ny FD io voambolana *manina* io ka sady mitana ilay sanda maneho fiontanana izy no manery ilay FD manontolo hahahontsa tanteraka. Ohatra : « *Lahiantitra manin-kavana : hitsinjo, tsy mahita ; handeha tsy afaka* ».

Amin'ny ankapobeny ny voambolana dia azo sokajiana telo raha ny tombon-kevitra entiny no jerena : ao ireo maneho hevitra marina mandrakariva ka eken'ny besinimaro (ireo voambolana rehetra manambara loko (ohatra : *manga, mena, ...*), ny mpamaritra isa (*fito, valo, ...*), sns, ao ireo maneho fizahoana mandrakariva (ny *mpamari-toetra*, ny *mpanampy*, ireo *matoanteny maneho fanombanana/fitsarana sanda*, sns), ary ao ireo sady maneho hevitra marina eken'ny rehetra no azo anehoana ny fizahoana ihany koa arakaraka ny fampiasana azy (ny *anarana*, sns).

Ao koa ny sokajin-teny miteraka fomba filazan-javatra, toy ny kian-teny mpamadi-drafitra, ny mpampifandray, sns. Izay misy ifandraisany amin'ny FD ihany no horesahina eto.

Ankoatra ireo sokajin-teny voatanisa ireo dia tsapa fa anisan'ny mari-pizahoana ihany koa ny *fomba fandrafetana fehezanteny*, ny *fomba fanonona teny na fehezanteny*, ny *fomba fandaminana sy fandrindrana hevitra*, ary ny *fomba fanazavana*.

Andeha hojerena manaraka eto avy hatrany ny fisehon'izany rehetra izany amin'ny FD :

2.1.3.2. Ny fizahoana amin'ny fitenin-drazana

Misy karazany telo ny fizahoana hodinihinay eto, ka ndeha hojerena mihasinakina izy ireo : *fizahoana maneho fanombanana*, *fiazahoana maneho fiontanana*, *fizahoana ateraky ny fomba filaza*. (Tsy ho fanadihadiana ny mari-pizahoana amin'ny antsipirihany no hatao eto fa fanazavana fohy azy izay misy ifandraisany amin'ny fampiasana ny fitenin-drazana ihany).

Manana safidy ny mpiteny amin'ny fampiasana ireo fitenin-drazana ireo : azony tazonina ny endrika maha tohan-kevi-piarahamonina azy ny FD (*argument de communauté*), fa mety havadiny ho azy izany iresahany mivantana amin'ny olona itenenany. Io fahaizany

mampiasa ny FD ao anatin'ny sokajin-dahateny ataony io no maneho ny izahon'ny mpiteny ; satria araka ny voalazan'i Benveniste, ny fizahoana dia ny fahafahan'ny mpiteny mametraka ny tenany ho *izaho* ao amin'izay ambarany⁸⁶.

❖ Ny mari-pizahoana anombanana amin'ny fitenin-drazana

Mifototra amin'ny fampiasana azy ny fizahoana amin'ny fitenin-drazana noho izy ahitana sarin-teny samihafa. Amin'ny alalan'ireny sarin-teny ireny no itsaran'ny mpiteny ankolaka ny zavatra teneniny ; tsy afa-misaraka aminy koa ny fampiasana sokajin-teny samihafa ato amin'ity fizahoana ity : ny *anarana*, ny *mpamari-toetra*.

♦ ny *anarana* : mizara roa ny anarana amin'ny ankapobeny ; ka ao ny anaran-tsamirery (ohatra : Rasoà) ary ao ny anarana iombonana (ohatra : olombelona, kisoa,...). Raha tsy aiditra amina lahateny ireo anarana ireo dia tsy manana sanda maneho ny izaho velively mihitsy, fa rehefa ampiasain'ny mpiteny izy vao mety hiteraka « fanamboniana » an'izay lazaina ao amin'ny hafatra na ho « fanabantiana » izany. Ohatra : ny anaram-biby « *kisoa* » dia ampiasaina ho fanabantiana ny olona na zaza bonaika na olona tsy mba mitandro ny fahadiovana, ka lazaina ho « * kisoa lahy/kisoa vavy » izy ; tahaka izay koa ny fampiasana ny anaran-tsamirery « *Bema* » izay ilazana ny olona marivo salosana.

Ny anaran'olo-malaza tsara toetra no andokafana ny olona manana toetra mahafinaritra (mety ho anaran-tsamirery izany fa mety ho anarana iombonana ; ohatra : amin'ny ankapobeny ny *kiristianina* sy ny *mpampianatra* dia olona miavaka amin'ny sarambambahoaka noho ny fanany toetra tsara eo anivon'ny fiarahamonina, ka atao amin'izay olona manana izany toetra izany ireny anarana ireny manao hoe « *tena kiristianina iny /tena mpampianatra iny* »).

Hoy ny FD : “*Rafotsibe nihinana ambioka : am-bava homana am-po mieritreritra*”. Enti-milaza ny olona tsy mahay mitantana ny haren'ny io *Rafotsibe io* fa tsy voatery ho olona antitra akory ; olona very hevitra amin'ny olona nahazo azy ka nanao ny zavatra tsy fanao, tsy tokony hatao. Manaraby ilay olona teneniny ny mpiteny eto na koa maneso ny tenany satria mety ho izy tratr'io tranga io.

⁸⁶eer-I-2-02-balatchi.pdf, op. cit. « Pour Benveniste, la subjectivité est omniprésente dans le langage. Elle se définit comme la capacité du locuteur à se poser comme sujet », p.24

♦ ny mpamari-toetra: maro karazana ny mpamari-toetra maneho ny fizahoan'ny mpiteny saingy an'ankina amin'izay mampiasa azy izany ary indrindra miankina amin'ny fomba amam-piheveran'ily fiarahamonina mampiasa azy⁸⁷. Misy karazany roa izany, dia ny mpamari-toetra manana sanda « mari-pizahoana anombanana » (*subjectivèmes évaluatifs*) ary ireo maneho « fiontanana » (*subjectivèmes affectifs*).

Ohatra1 : « *Masisosiso* » *kely anie izany zaza kely izany e !*

Ny teny hoe « *masiso* » eto dia ilazana fa mahafatifaty ilay zaza kely : sady ahatsapana ny fiontanam-pon'ily mpiteny io fehezanteny io no anombanany ihany koa ny hatsaran'ily zaza ;

Ohatra2 : « *Mavao* » *ily mofo nomeny azy*.

Milaza io teny « *mavao* » io fa ratsy ka tsy laitra hohanina intsony ilay mofo ary ny fampiasana azy ao anatin'io fehezanteny io dia ahatsapana ny fiontanam-pon'ily mpiteny manaratsy ilay zavatra natolotra ny hafa ;

Ohatra amin'ny FD : “ *Sola malahelo **tsy mba** Rangahy* ”.

Ao aloha eto ireo mpamari-toetra (*Sola, malahelo*) maneho fanombanana itsarana ahatarafana ny fomba fijerin'ny mpiteny, fa eo koa ny maha raiki-drafitra ilay FD ka lasa mampiontana izy manontolo.

Ireto misy ohatra fanampiny izay mampiasa ny sarin-teny fanoharana sy fanovana endri-javatra.

Ohatra1 : « *Ny alahelo toy ny rahona : rehefa mavesatra mianjera* ».

Tsy misy lalàna raikitra amaritana ny havesatry ny alahelo fa miankina amin'ny olona tsirairay izany. Tombanana ho mitovy amin'ireny rahona ho avy orana ireny ny alahelo izay samy miseho amin'ny fomba sy endrika samihafa arakaraka ny olona trany.

Ohatra2 : « *Malailay fonosana toa fary* ».

⁸⁷ C. KERBRAT-ORECCHIONI, op. cit. « « Tout est relatif », dans l'usage des adjectifs » ; « l'objet de jugements évaluatifs variables d'une société à l'autre », p.75 et p.83

Ny toetra ananan'ny fary izay sarotra raisina aharo amin'ny hafa noho izy « malailay fonosana » izay no atafy ny olona itenenana. Tombana ho manana izay toetran'ny fary izay ny olona mihalangalana, tsy mba mifanerasera amin'ny besinimaro fa miolonolona hatrany.

Ohatra3 : « *Kintana mialoha johary* ».

Raha jerena avy ety ambonin'ny tany ny kintana dia kely noho ny masoandro (johary) ; alina no isehoan'ny kintana fa antoandro kosa no miseho ny masoandro. Miorina amin'ny fanombanana ny habe ny sarin-teny fanovana endri-javatra eto ; habe izay mety ho ara-batana na ara-môraly na fahefana na fananana. Olona no tiana horesahina amin'ireo zava-boary roa ireo : *kintana = olona kely na ambany saranga/fahefana na mahantra* ; *johary = olona tena manana ny maha izy azy amin'ny lafiny rehetra*. Satria amin'ny fomba malagasy dia tsy tokony hialoha lalana ny lehibe ny madinika. Soa toavina iraisam-pirenena koa anefa izany. Misy fanakianana toetra amam-pihetsika tsy mifanaraka amin'ny maha izy azy ny tena nataon'olona iray fonosin'io FD io, ka itsaran'ny mpiteny fa manatao foana izy.

Izay no ambangovangony azo ambara momba ny mari-pizahoana anombanana fa hodinihina manokana ihany kosa ny mari-pizahoana iontanana.

❖ Ny mari-pizahoana iontanana amin'ny fitenin-drazana

Manampy ny fomba fandrafetana fehezanteny (fanalefahana filazan-javatra, ny fanasongadinana ny tiana hambara⁸⁸) ny *fomba fanonona azy* : lahateny am-bava no isehoan'ity tranga ity izay ahatarafana ny fiontanam-po sy ny fihetseham-pon'ny mpiteny⁸⁹. Ny fomba fononony an'ilay fehezanteny no ahatsapana fa faly izy na malahelo na taitra, sns. Ohatra : Ity fehezanteny « *Latsaka ny orana* » ity raha tononina amin'ny fomba tsotra dia milaza amin'ny fomba hentitra sy mahitsy ny fahatongavan'ny orana ; kanefa rehefa voatonina mafy, tsy nahy, manaraka ny lantom-peo miakatra izy dia maneho ny tsy fankasitrahan'ilay mpiteny ny fiavian'ilay orana ; marihina amin'ny alalan'ny tsoraka izany : « *Latsaka ny orana !* ».

Misy fahatairana ao izay midika ho fankahalana ilay zava-mitranga.

⁸⁸ Kerbrat-Orecchioni, op. cit., « L'antéposition d'un adjectif le change souvent d'affectivité » p.85

⁸⁹ C. KERBRAT-ORECCHIONI, op.cit., « L'intonation peut rendre injurieux un terme habituellement neutre », p.79

Ohatra1 amin'ny FD : «*Ny kely tsy mba mamindro* ».

Famadihana ny fehezanteny tso-drafitra (*tsy mba mamindro ny kely*) hivadi-drafitra (*ny kely (dia) tsy mba mamindro*) no nahazoana io fomba fiteny io, anasongadinana ny tsy fananan'ny sokajin'olona heverina ho madinika fahefana eo anivon'ny fiarahamonina. Toe-po anankiroa no mety ho hita avy amin'ny fampiasan'ny olona azy :

Voalohany, maneho fiontanam-po malahelo izany raha olona voasokajy anatin'ny olo-malahelo no miteny azy. Amin'ny lantom-peo malefaka no anononany azy ary azo marihina amin'ny alalan'ny tsoraka ny fisiany : « *Ny kely tsy mba mamindro !* ».

Faharoa, raha anisan'ireo olona lehibe manana ny fahefany ao anatin'ny fiarahamonina no miteny dia mitory hatezerana indray izy. Voamarika amin'ny alalan'ny fanononany an'io fehezanteny io izay ka ny fiakaran'ny feony manonona azy no manambara izany : « *Ny kely tsy mba mamindro !* ».

Ohatra2 : « *Ny omby mahia, tsy lelafin'ny namany* ».

Fehezanteny mivadi-drafitra ihany koa no misy eto, saingy fiontanam-po mifono alahelo ihany no ambarany. Ny mpamari-toetra mahia izay manambara tsy fahampiana no mampivandravandra izany arahin'ny andian-teny hoe « *tsy lelafin'ny namany* ». Misy fanoharana ao (olo-mahantra oharina amin'ny omby mahia : *tsy lelafin'ny namany* = *tsy misy mpiraharaha*).

Ohatra3 : « *Ny vody sobika aza manan-tandrifiny* ».

Ny hafanam-po miharo herijika hanohitra ny toe-java-misy no fonosin'io fomba fiteny io izay midika fa tokony hanana ny anjara sahaza azy avokoa ny olona tsirairay eo amin'ny fiainana ka tsy tokony ho ketraka. Noho izany dia misy fahavitrihana hanao zavatra hatrany ao amin'ilay mpiteny ; sady mitory faharetana izy no manambara ny fananan'ny mpiteny finoana ihany koa.

Anampy an'ireo voalaza ireo ny fizahoana amin'ny alalan'ny fanehoana filaza, izay hojerena manaraka eto.

❖ Ny fizahoana amin'ny fanehoana filaza ao amin'ny fitenin-drazana

Araka ny efa natsidika tany amin'ny fanasokajiana ny endrika isehoan'ny fitenin-drazana dia tsapa fa miseho amin'ny endrika maro ity fanehoana filaza ity. Ateraky ny fampiasana sokajin-teny samihafa izany ary ny filalaovana amin'ny rafi-pehezanteny. Maro ny tanjona kendren'ny mpiteny amin'izany, toy ny fanalefahan-kevitra anindronana ny fon'ny olona itenenana araka ny lalànan'ny fanalefahana⁹⁰ nomen'i Levinson, ny fanitrikitrihana mivantana na ankolaka, ny fanamafisan-kevitra amin'ny alalan'ny fomba fandaminana sy fandrindrana hevitra, ny fampisafidianana, ary ny fandidiana (fampiasana filaza mandidy).

Hojerena tsirairay mifanesy eto ireo.

◆ Ny fanalefahan-kevitra amin'ny alalan'ny sokajin-teny samihafa

Teny na singan-teny manana ny heviny arafitra ao anaty fehezanteny ireo sokajin-teny ireo ka manome tombon-kevitra amin'izay ambara.

➤ Ny fitenin-drazana sy ny mpanampy

Teny atamby eo alohan'ny teny faritany ny mpanampy izay mety hanamafy na hanalefaka hevitra vokatry ny fomba enti-milaza azy. Ny tsy mba no miharihary indrindra amin'ity karazany voalohany ity.

Ohatra1 : « *Sola malahelo tsy mba rangahy* ».

Ny mpanampy mba ialohavan'ny teny fandavana tsy no manalefaka ny filazan-javatra eto, kanefa manabanty tanteraka ny itenenana ny mpiteny mampiasa io fomba fiteny io. Sokajian'ny sasany ho anisan'ny olona tsy manana ny maha izy azy ny olona sola (antitra) nefa mahantra.

Ohatra2 : « *Tsy mba tsiriry vorona aho ka hanidina raha ritra ny rano* ».

⁹⁰Lecture 1-4.pdf, « La maxime de minimisation : on peut signifier beaucoup en disant peu ».p.247

Mifono ny fanetren-tenan'ny mpiteny tanteraka izany, satria toe-javatra tsy irina no manaraka eo aorian'ny andian-teny mitory fandavana tsy mba. Misy fanehoana hamoram-po ihany koa ao anatin'izany.

➤ Ny mpampifandray sy ny fitenin-drazana

Ahafaha-manasongadina ny hevitra ny tena ny fampiasana ny mpampifandray samihafa, indrindra fa ny mpampifandray mampiankin-kevitra. Misy amin'izy ireny ny mpampifandray anton-javatra sy voka-javatra, ary misy ny enti-manazava hevitra. Mitory ny fandraisana andraikitra ny mpiteny matetika ny fanazavana.

Ampahany amin'ireo ihany no hanolorana ohatra manaraka eto.

Ohatra1 : Ny mpampiankina raha dia mampiditra ny safidy ataon'ny mpiteny amin'ny toe-javatra resahiny :

a) « Raha dobo tsy ho sahy siny aho, dia miketraka ho renirano ».

Ny fahavononana hatrika ny adidy aman'andraikitra tandrify ny tena no avohitran'io FD io.

b) « Raha mitsangan-tsy hahay, aleo misonenika an-toerana ».

Eso no mety hateraky ny fampiasana ity fomba fiteny ity itsarana ny olona iray amin'izay ataony.

Ohatra2 : Ny fampiasana mpampifandray ka izay mpampifandray fehezan-kevitra roa (antony sy vokany) mifampiankina : « *Taitra ny be tsy mba taitra ka taitra irery vao mamaky takotra* ».

Fomba fijery manakiana ny toetr'olona manaotao foana no asehon'ny mpiteny eto. Sady mifono hatezerana izany no maneho fahatairana na fahagagana ihany koa.

Ohatra3 : Ny fampiasana mpampifandray fa maneho fifanoheran-kevitra : « *Tsy misy lehibe noho ny vato fa raha tsy miteny hitsahan'ny vorona* ».

Tokony hifanaraka amin'ny toe-batana na ny toerana misy ny tena ny toetra amam-pihetsika aseho. Manome soso-kevitra ankolaka ny mpiteny amin'ny alalan'ny

fampifanoherany ireo toe-javatra roa mifangarika ireo mba hahafahan'ny olona itenenana manitsy tena.

Ankoatra izay, ny mpampifandray maneho safidy manilika aleo ... toy izay ... dia anisan'ny mampisongadina tanteraka ny hevitra ny mpiteny ihany koa.

Ohatra : « Aleo very tsikalankalam-bola toy izay very tsikalankalam-pihavanana ».

Ny fiarahamonina mandala ny fironan-tsaina sôsialisita tahaka ny fiarahamonina malagasy no manaiky sy mampiasa io fomba fijery io ; ary izay no anisan'ny maha izy azy tiana horeshaina eto. Tsara aminy ny very vola toy izay tsy manan-kavana na arian'ny havana. Ny aleo mampiditra ny safidy tokony harahina, ny toy izay kosa manilika izay ratsy tokony hohalavirina.

➤ Ny kianteny mpamadi-drafitra sy ny fitenin-drazana

Fanasongadinana ny tiana holazaina no antony amadihan-drafitra ny fehezanteny. Endri-panehoan-kevitra mampiharihary ny mpiteny izany. Ankoatra ny fampiasana teboka roa na fiatoana amin'ny FD, ny famadiha-drafi-pehezanteny dia ahitana miharihary ny fampiasana ireo kianteny mpamadi-drafitra roa amin'ny teny malagasy : ny ka sy ny no (ho an'ny enti-milaza voasoritra). Tsy miharihary kosa ny fampiasana ny kianteny dia fa takona.

Hakana ohatra tsirairay avy ireo.

Ohatra1 : Ny fampiasana ny kianteny ka : « Manan-tsira ka mahay mahandro ».

Lafin-toetra roa no ateraky ny fampiasana io FD io : fandokafana tena (« Manan-tsira (izahay/izaho) ka mahay mahandro ») sy fanakianana ny olona mpirehareha, mpizahozaho (« Manan-tsira (ianareo) ka mahay mahandro »). Misy fiontanam-po maneho alahelo ao.

Ohatra2 : Ny fampiasana ny kianteny mpamadi-drafitra no : « Ny hazo no vanon-ko lakana, ny tany naniriany no tsara ».

Sokajin-teny anankitelo no tsapa fa manasongadina ny fomba fijerin'ny mpiteny ao anatin'io fomba fiteny io ; fehezan-kevitra roa no mandrafitra azy : ny kianteny mpamadi-

drafitra no izay manindrahindra ny hatsaran'ny hazo sy ilay tany naniriany, ny matoanteny maneho fizahoana mandrakariva vanona izay mamaritra ny toetran'ilay hazo, ary ny mpamari-toetra tsara mamaritra ny toetran'ilay tany.

Izao no azo ambara momba ireo :

Fitaovam-pitaterana ambony rano (ranomamy/ranomasina) ny lakana. Tsy misy refy hentitra mamaritra ny habeny ka ahafahana manasokajy azy ho lakana na tsia. Noho izany, na lehibe ilay hazo natao lakana na kely, fa rehefa maka ilay endrika ilaina aminy dia lakana no ilazana azy. Ny mpiteny noho izany no manana refy azy manokana amaritany ny heviny. Ny irin'ny olona matetika dia ny zavatra lehibe na antoniny mba hahafa-po azy.

Ny zaza tsara taiza teo amin'ny ray aman-dreniny, eo amin'ny Malagasy, no oharina amin'ny lakana eto, ary ny ray aman-dreniny no oharina amin'ny tany. Manahirana anefa ny mamaritra ny atao hoe tsara satria arakaraka ny fiarahamonina izany ; ary miankina amin'ny toetra na fihetsika nasehon'ilay zaza teo anatrehan'ilay mpiteny ihany koa. Maneho ny maha izy azy an'ilay mpiteny sy ny fiarahamonina misy azy ny fampiasana io FD io.

Ohatra3 : Ny fampiasana ny kianteny mpamadi-drafitra dia izay takona fa tsy miharihary tahaka ireo roa nambara teo aloha : « *Atody (dia) tsy miady amam-bato* ».

Nasongadina eo aloha ny anarana hoe atody anehoana fahalemena. An'ankina amin'ny mpiteny ny tian-kambara eo : na izy hanambony ny tenany ka hanabanty ny mpifanandrina aminy ; na izy resy tsy afa-manohatra ka milavo lefona manoloana izany. Noho izany dia sady maneho herijika io fomba fiteny io no manambara hakiviana ihany koa.

➤ *Ny mpampifandray maneho safidy mampisaina sy ny fitenin-drazana*

Fampifanoherana mafy hevitra roa amin'ny alalan'ny mpampifandray maneho safidy mampisaina no hita eto.

Ohatra : Ny fampiasana ny ...fa... : « *[Ny manao soa tsy mahafaty antoka] fa [ny manao ratsy enjehin'ny nataony]* ».

Matahotra ny valin'ny natao ny mpiteny amin'izany heviny izany ka misafidy sy mampisafidy ny hanao ny tsara mandrakariva izy. Ampifanoherina amin'ny alalan'ny fa ny

hevitra roa mifangarika ahafaha-manao safidy amin'izay hatao arakaraka izay ho vokatr'izay ambarany eo aoriana :

Hevitra₁ : Tsara ny manao soa satria ahazoana tombony.

Hevitra₂ : Tsy mety ny manao ratsy satria manody ny tena.

Mifangarika eto ny voambolana *soa/ratsy*.

Tsapa ihany koa ao anatin'io FD io fa misy ny fimiran-jotra eo amin'ny rafi-pehezanteny izay mampisongadina ny fifanoherana ; misy toe-javatra roa ampitahaina ao : *Ny manao soa (dia) tsy mahafaty antoka // Ny manao ratsy (dia) enjehin'ny nataony.*

Samy efatra ihany koa ny voambolana mandrafitra azy ireo :

Fehezanteny voalohany : /*Ny manao/ soa / (dia)/ tsy mahafaty/ antoka. /*

1° 2° 3° 4°

Fehezanteny faharoa : /*Ny manao/ ratsy / (dia)/ enjehin'ny nataony. /*

1° 2° 3° 4°

◆ Ny fanitrikitrihan-kevitra

Manan-tanjona kendrena hatrany ny olona amin'ny famokaram-pitenenana ataony⁹¹ ; ary izay tanjony izay no manosika azy hiteny. Mety haneho hevitra tsotra izy amin'izany, mety handresy lahatra na hanazava, fa mety hangata-javatra ihany koa.

Fomba maro no azo anehoana izany hevitra izany ka anisan'izany ny fanitrikitrihana mivantana na ankolaka an'izay tiana holazaina. Ny fanehoan-kevitra ankolaka dia mampisaintsaina an'izay itenenana satria afenina ao ambadik'izay notenenina ny tiana hampitaina⁹². Anjaran'ny itenenana araka izany ny mihevitra izay ao an-tsain'ny mpiteny⁹³. Ny hafonjan'ny fanehoan-kevitra mivantana na ankolaka no maneho ny fanitrikitrihana noho izy mandona mivantana ny olona itenenana.

⁹¹ Oswald Ducrot, op. cit. « Toute parole doit se présenter comme motivée, comme répondant à certains besoins ou visant à certains fins » p.8

⁹² Oswald Ducrot, op. cit. « On demande souvent à l'implicite de répondre à une exigence beaucoup plus forte. Il ne s'agit pas seulement de faire croire, il s'agit de dire, sans avoir dit » p.15

⁹³ Oswald Ducrot, op. cit. « Dire quelque chose, ce n'est pas seulement faire en sorte que le destinataire le pense, mais aussi faire en sorte qu'une de ses raisons de le penser soit d'avoir reconnu chez le locuteur l'intention de le lui faire penser » p.15

Anisan'ny maneho izany fanitrikitrihana izany amin'ny fitenin-drazana ny fampiasana *mpanampy* sy ny *fampitahana*, ny fampiasana ny *filaza mandidy* (amin'ny endrika mivantana), ny *fanontaniana* (ankolaka), ny *mpampifandray*, ary ny *fandrafetana fehezanteny*.

➤ Ny fanitrikitrihana mivantana sy ny fitenin-drazana

Misy hevitra ijoroan'ny mpiteny izay hizingiziny mivantana. Fomba vitsivitsy izay tsikaritray tao amin'ny FD no haseho eto : ny fampiasana *mpanampy*, ny *fampitahana*, ny *mpampifandray*, ny *fandrafetana fehezanteny*, ary ny *filaza mandidy*.

Ny fampiasana mpanampy

Anamafisana ny hevitra entin'ny teny faritany ny *mpanampy*. Roa amin'izy ireny no miseho any amin'ny FD, raha ny lafiny fanitrikitrihan-kevitra no ifotorana : ny *mpanampy* te sy ny aoka.

Ohatra1 : Ny fampiasana ny *mpanampy* te : « Te hoderain'ny goaika ka mambohy voanjo ririnina ».

Manizingizina ny haratsin'ny hambom-po diso toerana ny fampiasana ny *mpanampy* te eto ; hambom-po vokatry ny faniriana tsy tokony hotanteraka amin'ny fotoana ilana azy. Manamafy ny hevitra entin'ny matoanteny *hoderaina* ny te ao : faniriana no tombon-kevitra entiny, ary fanabantiana no ataon'ilay mpiteny.

Ohatra2 : Ny fampiasana ny *mpanampy* aoka. Sady fanentanana mifono fiangaviana ny tombon-kevitra entin'ny aoka no mandidy mivantana ihany koa ny olona itenenana. Misy baiko araka izany no ao ambadiny : « *Raha zaza sarotra ala-nify dia aoka ho sosona* ».

Maneho fanakanana an-kitsy rano ny hetsika tokony hatao ny aoka ao anatin'io FD io.

Ny fampiasana fampitahana

Ny fahasamihafana sy ny tsy fitovian'ny zavatra roa iray sokajy no jerena rehefa mampitaha. Ny fehin-kevitra mandravona izany fampitahana izany no maneho ny izahon'ny mpiteny satria ao no anehoany ny fomba fijeriny.

Ohatra : « *Sakamalao sy havoza ka samy manana ny hanitra ho azy* ».

Misy fanehoana hambom-po miontana ao izay miendrika teny an-katezerana. Ny fampitahana ny hanitra avoakan'ny zava-maniry iray sokajy « *sakamalao/ havoza* » no enti-maneho izany. Ilazana izany fa samy manana ny maha izy azy ny olona tsirairay.

Ny fampiasana filaza mandidy

Baiko no isehoan'ny filaza mandidy. Ny nahim-po sy ny vinavinan'ny mpiteny no iriny hotanterahan'izay itenenany. Amin'ny alalan'ny fanovana ny endriky ny matoanteny no anatanterahana izany ka ny tovan'ny filaza mandidy karazany telo amin'ny teny malagasy no arafitra amin'ilay matoanteny : -a, -o, -y, arakaraka ny zava-misy.

Ohatra1 : Matoanteny aman-tovana -a : « *Manao-v-a soa vato fa misy ipetrahana* ».

Ohatra2 : Matoanteny aman-tovana -o : « *Tan (ana)-o ny azo fa sarotra ny mila* ».

Fananarana ny olona hanaja sy hihazona ny anjara nomena azy io.

Ohatra3 : Matoanteny aman-tovana -y : « *Raha manao ka tsy ambinina, ampisambor (ina)-y fa havana ory* ».

Ny fampiasana mpampifandray maneho fanitrikitrihana ao amin'ny FD

Ny mpampifandray fehezan-kevitra matetika dia manolotra ny safidy hentitra ataon'ny mpiteny , toy ny fa ; na ahatarafana tsotra izao ny fankatoavana na fandavana ilay hevitra manaraka eo aoriany, toy ny saingy.

Ohatra : Fehezan-kevitra nalaina tao amin'ny boky *Sarobabay*, nosoratan'Iharilanto Patrick Andriamangatiana, p.22, sombin-tantara mitondra ny lohateny hoe « Ingahy Raebolava » :

« *Tonga tokoa [Ingahy Raebolava], saingy tahaka ny mahazatra azy : diso aoriana !* ».

Hevitra₁ : Tonga tokoa [Ingahy Raebolava].

Hevitra₂ : Diso aoriana [ny fahatongavan'Ingahy Raebolava].

Ampifanoherin'ny mpampifandray saingy ny hevitra₁ sy ny hevitra₂ ao amin'io fehezan-kevitra io. Manakiana ilay fahatongavan' ny mpiteny ilazana fa tsy misy ilana izany intsony.

Hoy ny FD : “*Fy ny toho, fy ny amalona fa ny lelako tsy ataoko jono*”.

Mampiharihary ny fandavana ny hevitra aroso eo aoriana ny fa eto.

Fanalefahan-kevitra no sady fanitrikitrihan-kevitra mivantana amin’ny alalan’ny fanehoana filaza

Manasongadina izany ny *fandrafetana fehezanteny* : ny fanombanana olona amin’ny lafiny ratsy no matetika hita amin’ity lafiny ity ary mety hamaly bontana avy hatrany ilay olona itenenana amin’izay fotoana izay⁹⁴. Mety haneho ny halemam-panahin’ny mpiteny ny *fandrafetany* an’ ilay fehezanteny. Ohatra : raha hanakiana hevitra tsy dia mitombina loatra dia izao no atao : « *Misy azo raisina izany hevitra izany saingy ...* ».

Misy toetra asehon’ny mpiteny ao anakanany ny olona itenenany tsy hiteniteny foana, anehoany koa ny fahaizany miady hevitra.

Ohatra amin’ny FD : “*Tsy misy mangidy noho ny sakay fa raha teny ierana dia hanina*”.

Maneho ny tsy fankasitrahan’ny mpiteny ny zavatra ampanaovina azy io FD io.

➤ *Ny fanitrikitrihana ankolaka sy ny fitenin-drazana*

Anisan’ny maneho ny fahaiza-mandaha-teny ity araka ny amaritan’i Olivier Reboul azy : atao miendrika fanontaniana ny fandresen-dahatra⁹⁵. Izany hoe mody manontany, kanefa tena manizingizina mihitsy ny hevitra aroso. Masiaka kokoa ny tenin’ny mpiteny mampiasa ny fanontaniana. Sady natao isarihana ny mpihaino ny fampiasana fanontaniana no ilazana ny fanitrikitrihana amin’ny fomba somary malefaka⁹⁶.

Ireo fitenin-drazana amin’ny endrika tsotra ihany no ovana ho lasa fanontaniana, ka fomba roa no azo atao amin’izany :

- 1) Tonga dia akarina ny lantom-peo eo am-panononana azy ahazoana ny fanontaniana ;

⁹⁴ C. KERBRAT-ORECCHIONI, op. cit., « Les termes péjoratifs sont tous disposés à fonctionner comme des injures, et que les injures relèvent de la pragmatique du langage : elles visent à mettre le récepteur, selon un mécanisme de Stimulus→Réponse, dans une situation telle qu’il est contraint de réagir à l’agression verbale (d’en « tirer la conclusion normale ») – par la « rogne » ou par la fuite. », p.79

⁹⁵ O. Reboul, op.cit., « La question oratoire présente l’argument sous forme d’interrogation »,p.140

⁹⁶ Kerbrat-Orecchioni, op. cit., « Les questions qui se formulent à la seconde personne relèvent de l’allocution explicite, et que les autres, sollicitant l’attention du destinataire sans lui faire directement violence, ont une fonction allocutoire atténuée »,p.160

2) ampiasana teny manontany ve, nahoana, sa, sns. Enti-mandà izany na manakiana toe-javatra iray. Ilazana fahavononana hanao zavatra ihany koa na ho famaliana bontana ny fanakianana nataon'ny hafa.

Ohatra1: « Izaho mpisaka indray no ivarotana orana ? ».

Indroa miantoana ny fizahoana ao amin'io fomba fiteny io : ny iray asehon'ny mari-pizahoana deikitika « *izaho* », ary ny faharoa fizahoana asehon'ny fomba filaza amin'ny fampiasana fanontaniana. Tsy manaiky ilay toe-java-misy ny mpiteny eto.

Ohatra2 : « **Nahoana** no dia mpanefy ka dombo antsy ? ».

Ny teny enti-manontany nahoana ? no nanovana ilay fitenin-drazana « *mpanefy ka dombo antsy* » ho lasa fanontaniana. Sady maneho figagana izany no manakiana ny olona tenenina ao amin'ny hafatra. Tsy voatery ho ny olona itenenana no ambara amin'izany fa mety ho izay tondroina ao anatin'ny laza.

Ohatra3 : « *Na tsy hitahy aza ny maty, ranomaso ve tsy hirotsaka ? Ary na tsy hino aza ny velona, kabary ve tsy hatao ?* ».

Ny teny maneho fanontaniana ve ? no nandrafetana io fitenin-drazana natao amin'ny endrika manontany io. Entin'ny mpiteny amaliana bontana ny mpanakiana azy izany, ary milaza ihany koa fahavononana hanao zavatra.

♦ Ny fanamafisan-kevitra amin'ny alalan'ny fomba fandaminana sy fandrindrana hevitra

Izay hevitra na teny manan-danja kokoa no lazaina mialoha na ny mifanohitra amin'izay, fa amin'ny FD dia atao mifanesy ny fitanisana ireo izay mitovitovy hevitra mba hanehoana izay tiana holazaina. Maneho ny fahaizan'ny mpiteny mifantina sy mandrindra hevitra izany.

Ohatra1 : “*Sambatra kosa Raherana fa manan-kierana, sambatra Razozoro fa manan-kijoroana, fa mahantra kosa Ratatamo : velona manao ranomaso havozone, maty manao ranomaso havozone*”.

Ohatra2 : “Mamy ny akondro fa misy hodiny, fy izany amalona fa misy taolany, kanto ny lamba fa mora simba”.

Miankina amin’ny olona tsirairay ny fahaiza-mifantina ireo zava-boary samy manana ny toetrany ireo kanefa toa azo ampifandraisina avokoa ny hevitra na ny vokatra aterak’izany.

Fehiny : Hatreto dia fandinihana ny fizahoana fonosin’ny fitenin-drazana tsy ao anaty lahateny no natao. Hita araka ireny famahavahana ireny fa maro ny fitenin-drazana mifono fizahoana, fa vao mainka maneho ny izahon’ny mpiteny izy rehefa hay ny mampiasa azy ao anatina sokajin-dahateny samihafa. Rehefa vita moa ny famahavahana ny lafiny piragimatika amin’ny fitenin-drazana ity vao haka ohatra vitsy ampiharana izany izahay : ampiasaina ao anaty lahateny ireny fitenin-drazana ireny anaporifoana ny fanazavana.

Ireo lafin-javatra hafa mahakasika ny piragimatika indray no horesahina manaraka eto.

2.1.4. Ny endrika aseho eo amin’ny filazana mandresy lahatra sy ny fitenin-drazana

Araka ny voalazan’i Aristote dia lafin-javatra telo no ifotoran’ny fandresen-dahatra. Tsy tokony hosarahina amin’ny lahateny atao izy ireo : ny lafin-javatra mifamatotra amin’ny mpiteny, ny lafin-javatra miankina amin’ny olona itenenana, ary izay mahasahana ny lahateny manokana ; ambara izany amin’ny teny girika hoe « *ethos, pathos, logos* ».

Misy akony amin’ny fandraisana ny ambara avokoa izany rehetra izany ka tokony hodinihina ihany koa.

2.1.4.1. Ny lafin-javatra mifamatotra amin’ny mpiteny (*ethos*)

Sary anehoan’ny mpiteny ny tenany amin’ny endrika samihafa ao anatin’ny lahateniny ny *ethos*. Ny mba hampahomby ny fampitan-kafatra atao sy mba hampisy lanja ny mpiteny amin’izay olona itenenany no tanjona amin’izany⁹⁷. Toetra na endrika tsy maintsy aseho amin’ny mpandray ny hafatra izany isarihana azy sy mba hanany fahatokiana amin’izay

⁹⁷ R. Amossy, *L’argumentation dans le discours*, 2000, « [l’*ethos* c’est] l’image que l’orateur projette de lui-même dans son discours, et qui contribue puissamment à assurer sa crédibilité et son autorité » p.4

lazain'ny tena aminy⁹⁸. Izany hoe fihetsika aseho amin'ny alalan'ny lahateny ny *ethos* akana ny fon'ny mpihaino. Amin'izay fikatsahana ny fifantohan'ny mpihaino amin'ny tena sy izay ambara aminy izay ny mpiteny dia afaka mampiasa fihetsika hita maso ihany koa. Mahamora ny fandraisan-kafatra izany⁹⁹.

Araka izany dia mifantoka indrindra amin'ny mpiteny ny *ethos* izay endrika tsy maintsy ampiasaina raha tiana hahomby ny serasera. Tokony ho endrika faly mandrakariva no haseho, noho izany, mba tsy hampanampin-tsofina ny olona itenenana. Azo afenina ao anatin'ilay endrika faly ny hatezerana, kanefa azo aharihary ihany koa, raha ilaina izany.

Ahoana ny fisehon'izany amin'ny fitenin-drazana ?

❖ Ny *ethos* sy ny fitenin-drazana

Ny fampiasana ny FD ao anaty lahateny voafaritry ny seha-tserasera iray no ahatarafana ny endrika tian'ny mpiteny haseho ao amin'izay lazainy. Misy anefa ny ohabolana na ny fomba fiteny sasany toa efa mitory ny fihetseham-pon'izay olona miteny azy sahady.

Ohatra1 : « *Maso sy orona (isika) ka iray alahelo* ».

Ny fiombonana alahelo amin'izay ory no endrika asehon'ny mpiteny amin'izany ka ny lafiny fo no kasihiny.

Ohatra2 : « *Tsingirity miaraka amim-pody : ramarama raha tsara* ».

Ny fiaraha-mifaly no tiana haseho ao na dia olona samy hafa saranga na tsy mitovy karazana aza. Endrika faly no mivohitra anatin'izany anehoan'ny mpiteny ny toe-pony.

Ohatra3 : « *Ny kely mitorabotrehy (votry) ka ny geda (lehibe) no fani-maso* ».

Endrika tezitra, kivy, sorena, fanakianana no miseho amin'izany izay vokatry ny hadalana ataon'ny hafa. Sady mahakasika ny fo io no mandona ny fomba fisainana ihany koa,

⁹⁸ O. Reboul, op. cit. « L'ethos, le caractère que doit prendre l'orateur pour capter l'attention et gagner la confiance de l'auditoire » p.7

⁹⁹ Hdr-hilton-nov. 2009, « Dans la réception interactive, le traitement prosodique du flux parlé est renforcé par la perception visuelle de toute une série de mouvements effectués (automatiquement, pour la plupart) par l'énonciateur : gestes des mains, écartement de paupières, mouvements du buste, de la tête, des épaules, des sourcils » pp.68-69

satria ny fahasahiranana mianjady amin'ny tena izay vokatry ny toetra ratsy ataon'ny hafa no ambara ao.

Ohatra⁴ : « *Tsy hañano fatakam-be vody (vero) izahay ka haneritery ny madinika* ».

Endrika tsara fanahy indray no tiana haseho ao anatin'izany satria misy fanomezana vahana ny sokajin'olona/antokon'olona madinika eo anivon'ny fiarahamonina : be fandefarana, mamindra fo, manavotra, sns.

Atao izany rehetra izany mba hahitana vokatry tsara. Noho izany, ny endrika rehetra aseho amin'ny olona mpanatrika dia tokony habanjina hatrany amin'ny tanjona tiana hotratrarina¹⁰⁰.

2.1.4.2. Ny lafin-javatra miankina amin'ny olona itenenana (*pathos*)

Ny *pathos* dia ireo toe-po tia aseho na ananan'ny olona itenenana vokatry ny teny ambara aminy. Ny mpiteny no misingotra izay fiontanam-pon'ny olona izay mba hahafantarany azy ka hahafahany mandanjalanja ny tokony hatao sy hambara aminy¹⁰¹.

Tsy ny fiontanam-po irery ihany no voakasiky ny atao hoe *pathos* fa ao koa ny fironana sy ny faniriana ao amin'ny olona itenenana : ireo no lalaovin'ny mpiteny¹⁰² ifehezany ny fifampiresahana.

Fantatry ny mpiteny, araka izany, ny olona manatrika azy sy ny filany ka ampifanarahany amin'izany ny fandresen-dahatra ataony.

❖ Ny *pathos* sy ny fitenin-drazana

Mifampiankina sy mifandray amin'ny *ethos* ny *pathos* satria ny endrika aseho amin'ny olona itenenana ihany no hampihetsi-po azy na tsia. Samy mifototra amin'ny lafiny fiontanam-po izy ireo. Tsy maintsy atao mandona ny fon'ny mpandray azy ny teny ambara,

¹⁰⁰ R. Amossy, op. cit. « Le locuteur se fait de son partenaire une image simplifiée qu'il schématise en tenant compte des buts et besoins de l'échange » p.41

¹⁰¹ R. Amossy, op. cit. « Pathos, l'émotion que l'orateur cherche à susciter dans son auditoire, car il importe de toucher aussi bien que de convaincre si l'on veut emporter l'adhésion et modeler des comportements » p.4

¹⁰² R. Amossy, op. cit. « Le pathos, les tendances, les désirs, les émotions de l'auditoire, sur lesquels peut jouer l'orateur » p.7

ary mamaly ny filany ny vontoatin-dresaka. Noho izany dia azo ampiasaina avokoa ireo fitenin-drazana isan-tsokajiny, arakaraka ny fahaizan'ny mpampiasa azy.

Ohatra1 : « *Lambolahy nitsako moka, ka sitrany ahay vaza-mihetsika* ».

Ny toe-pon'ny olona zatra na mora mionona no donina amin'ity fomba fiteny ity : anakianana na anitsiana azy.

Ohatra2 : « *Sola manasa tava ka vita mbamin'ny loha* ».

Sady mampihomehy izany no anindronana an'izay olona mpitsabaka amin'ny raharaha tsy nampandraiketina azy.

Ohatra3 : « *Siketry lahy (vorona) nialaka olatra ; ny alaina tsy azo ny an-tàñana mirabaraba (miraraka)* ».

Mahahontsa tanteraka ny toe-javatra toy izany. Ny fo aman'eritreritry ny olona tsy mety mba mahavory harena tahaka ny namany no voadona amin'ny fampiasana io ohabolana io. Ahatsapany ny fitsefana azy sy ny fampitoniana azy io noho izy efa very hevitra tanteraka. Enti-mamaran-dresaka ihany koa izany.

2.1.4.3. *Ny lafin-javatra mahasahana ny lahateny (logos)*

Ny fahaiza-mandaha-teny no ambara amin'ny hoe *logos*. Izany hoe mifototra manontolo amin'ny lahateny izy ka ny saina no miasa kokoa amin'izany. Misy zohin-kevitra, lôjikan-kevitra tsy maintsy arahina izay ilana haranitan-tsaina tanteraka ao. Araka izany dia any amin'ny fifandresen-dahatra no ifotorany¹⁰³.

❖ Ny *logos* sy ny fitenin-drazana

Ampiasaina ho tohan-kevitra ao anaty lahateny ny FD amin'ny maha tohan-kevi-piarahamonina azy, ka tsy dia asiana fanovana loatra ny endriny amin'izay. Fitaovam-pandresen-dahatra izy araka izany.

¹⁰³ O. Reboul, op. cit. « Le logos concerne l'argumentation proprement dite du discours. C'est l'aspect proprement dialectique de la rhétorique ».p.60

Ohatra1 : Mba handresena lahatra olona iray na ankizy iray hiezaka amin'ny fianarana sy/na hanatsara ny fiainany dia ampiasaina ny fitenenana hoe : « *Ny nifin-drahalahy tsy fientimihomehy* ».

Misy toe-javatra lôjika ao : tsy misy olona afaka mihomehy amin'ny alalan'ny nifin'ny hafa mihitsy.

Azo anakianana ny olona mirehareha amin'ny fananan'olon-kafa ihany koa io.

Ohatra2 : « *Atao tery omby ririnina ka sady tsy hankarary ny reniny no tsy hambotry ny zanany* ».

Fiteny ampiasaina amin'ny fifandresen-dahatra mandritra ny ady varotra io ijerena ny marimaritra iraisana : fampanekena ankolaka ny olona itenenana.

Ohatra3 : « *Lanja amin'anjera (tehina) : raha mahay manan-droa, tsy mahay votso-droa* ».

Ananarana ny olona mampirafy (eo amin'ny sehatry ny fitiavana na asa) io ; itenenana ny olona be ierehana koa.

Amin'ny maha tohan-kevitra azy dia raisina ho ohatra ny filanjana zavatra amin'ny tehina ; ohatra hita maso azo porofoina satria raha latsaka ny entana amin'ny laniny iray dia lasa ho azy ny an-kilany. Ny fomba fijerin'ny olona manana an'io toetra io no ahitsy amin'izany.

Fehiny : Mitombina ny filazan'i Charles Morris sy ny namany manambara fa tokony hodinihina ny fifandraisan'ireo singa rehetra namoronana ny laza iray amin'ny mpampiasa azy raha tiana hazava ny hafatra : ny hodidin-tserasera no tiana holazaina amin'izany ; eo ihany koa ny vokatry ny fampiasana izany singa izany ao anatin'ny serasera. Anisan'ireny ireo lafin-javatra telo novahavahana teo ireo.

Mikendry kokoa ny fiontanam-po ny roa voalohany (*ethos, pathos*) fa any amin'ny lafiny saina kosa ny iray farany (*logos*). Ho fandresen-dahatra ny mpandray avokoa anefa no tanjona amin'izany.

Mba hahafahana manasokajy ny fiontanam-po aterak'izy ireo dia tsara ny hanazavana fohy manokana an'ireo lokom-pilazana isan-karazany (*registres*) manaraka eto.

2.1.4.4. Ireo lokom-pilazana samihafa (registres)

Mifamatotra akaiky amin'ny *logos* sy *pathos* ary *ethos* voalazan'i Aristote ny *registres* satria samy mahakasika ny endrika aseho ao anatin'ny fandaharan-teny avokoa¹⁰⁴. Ny mba hahafahanay manazava azy ireo misimisy kokoa no nanokanana izany aty aoriana. Ny famaritana sy ny tanjona kendrena aminy no hatolotray amin'izany.

❖ Ny antsoina hoe lokom-pilazana

Fomba iray anehoana amin'ny alalan'ny lahateny ny zava-misy ny lokom-pilazana¹⁰⁵. Tsindromin'ny mpiteny na ny mpanoratra ny fon'ny mpihaino/mpandray ny hafany mba hampisy vokatry amin'izay tiany hampitaina¹⁰⁶. Misy fampiasana teny tsara fantina, fomba fanoratra sy filaza efa voaomana izany ; ao koa ny fanobahan'ny mpiteny ny fihetseham-pony samihafa.

Any amin'ny sokajin-dahateny literera no ahitana betsaka ny lokom-pilazana¹⁰⁷ ; fa ny FD sasany ihany koa dia efa maneho manokana ireo loko samihafa asehon'ny mpiteny.

Marihina fa fomba iray miteraka fiontanana ny fampiasan'ny mpiteny na ny mpanoratra ny *style* (*fomba fanoratra na fiteny mampiasa sarin-teny*) ; noho izany dia hotafiditra any anaty lokom-pilazana izy.

¹⁰⁴ Aristote, taterin'i R. Amossy, op. cit. « Les preuves inhérentes au discours sont de trois sortes : les unes résident dans le caractère moral de l'orateur ; d'autres dans la disposition de l'auditoire ; d'autres enfin dans le discours lui-même, lorsqu'il est démonstratif, ou qu'il paraît l'être ».p.4

¹⁰⁵ Mme Réalini, *51-les-registres-litteraires.pdf*, « On entend par « registre » la façon dont le texte fait percevoir le réel »

¹⁰⁶ Mme Réalini, op. cit. « Le texte suscite des émotions, l'auteur a recherché des effets pour lesquels il s'est appuyé sur des caractéristiques d'écriture précise, des procédés repérables ».

¹⁰⁷ Magnard, op. cit. « Les registres concernent tous les genres littéraires, qu'ils soient en prose ou en vers ».p.349

Santionany amin'izany lokom-pilazana izany ireto manaraka ireto :

♦ Ny lokom-pilazana enti-mampianatra

Fizarana fahalalana, fampisaintsainana ary fampianarana ny olona itenenana no atao amin'izany : fahalalana môtaly, ara-pôlitika ary ara-poto-kevitra no ampitaina. Anisan'ny zana-tsokajy ao anatin'ny « *satire* » ny « *fable* », ary ny « *apologue* ».

Mitovitovy avokoa ny ambara amin'ny *apologue* sy amin'ny *fable* satria samy milaza tantara enti-mananatra avokoa ireo : tantara fohy atao miendrika tononkalo na lahatsoratra tsotra (*prose*) mba hampisaintsaina sy hampianarana ny olona¹⁰⁸ izy io.

Indraindray ny *fable* dia maneho zavatra tsy azo inoana loatra : mifono lainga izy indraindray kanefa ahafaha-manome fahalalana ho an'ny olona ; mifono lainga indraindray satria hevitra foronina no ao aminy.

Ohatra ao amin'ny FD hoe “*Ny lambo no votady ka ny kisoa no meñameñatra*”. *Fable* enti-mananatra ny olona io fa tsy toe-java-misy marina, satria tsy ahalala menatra mihitsy ny kisoa noho ny atao'ny lambo ; ary ny biby tsy hanana izany velively.

Araka izany dia fitaovana enti-mampianatra ny olona ny fiainana manontolo eo anivon'ny fiarahamonina ny lokom-pilazana enti-mampianatra.

Ny ankamaroan'ny fitenin-drazana dia azo ampiasaina ho fitaovana enti-mampianatra avokoa, fa vitsivitsy amin'izy ireny izay hitanay fa tena miavaka no itarafana izany.

Ohatra 1 : « *Adin-tsongomby : raha resy ny rainy, misisika ny reniny* ».

Ireto ny soa toavina (fahalalana môtaly) tiana halentika amin'ny olona izay mivohitra ao : fifanampiana sy firaisankina, fifankatiavana sy fifampitsinjovana, fitsimbinana ny aina.

Mivoy hevitra mitovy amin'izany ny hoe : « *Fanirin'akondro : ny lava manalokaloka ny fohy, ary ny fohy manotrana ny lava* » ; « *Tsipoy mifamelona* » ; ...

¹⁰⁸<http://www.etudes-litteraires.com/argumentation.php>. « L'apologue (du grec apologue, « récit ») est un court récit en prose ou en vers dont on tire une instruction morale, c'est donc au sens strict un synonyme de « fable ». Plus généralement, il désigne un récit pédagogique à des fins morales, mais parfois aussi politique ou religieuses ».

Ohatra2 : « *Ny hery tsy mahaleo ny fanahy* ».

Ny foto-piheverana môrally ananan'ny Malagasy izay manao ny « fanahy » ho zava-dehibe manoloana ny zavatra hafa no fonosin'izany, araka ny fomba fiteny mahazatra hoe « *Ny fanahy no maha olona* ». Ampianarana ny olona mba hiaina araka ny fananam-panahy izany. Andonana ny mpihaino koa io satria biby na sahala amin'ny biby izay rehetra manao ny mifanohitra amin'io fananam-panahy io.

Ohatra3 : « *Ny lambo no voatady ka ny kisoa no mañameñatra* ».

Fitaovam-pandresen-dahatra mafonja (*logos*) izany anakanana ny olona tsy hanao zavatra ratsy. Izany hoe tsy ny nanao ny ratsy ihany no hiharan'ny vokatry ny nataony fa hatramin'izay olona iray karazana sy fiaviana aminy. Noho izany dia tokony hitandrina amin'izay hataony ny tsirairay ; tokony hifananatra ihany koa.

Voakasika noho izany ny lafiny *pathos* eto satria voadona ny saina sy ny fon'ny olona itenenana ka tsy maintsy handray fanapahan-kevitra hanao ny tsara izy.

♦ *Ny lokom-pilazana mampihetsi-po*

Fanatobahan'ny mpiteny ny fihetseham-po amam-piontanam-pony no endrika isehoan'ity lokom-pilazana *mampihetsi-po* ity ka ireo voambolana maneho hafaliana na alahelo, voambolana maneho fanantenana sy/na fangirifiriana no ampiasaina ; ao koa ny fampiasana ireo voambolana milaza fahadisoam-panantenana, fitarainana, ary fahatsiarovana ny lasa.

Any amin'ny lahateny literera no tena ahitana izany.

Fitenin-drazana vitsivitsy no hatolotra eto itarafana an'io lokom-pilazana io.

Ohatra1 : « *Kamboty len-damba ka mivoady izay hiposahan'ny masoandro* ».

Sady efa ory tsy misy mpiahy ny kamboty no mbola tra-boina ihany koa (lena ny lambany).

Ireto ny voambolana mampihetsi-po, maneho alahelo ao : *kamboty, len-damba, mivoady* (mitalaho sady miandry ka maniry fatratra izay hahatongavan'ny zavatra iray).

Ohatra2 : « *Tsimbotry niaraka ihany ka adrisa vao mifanary* ».

Ilay toe-javatra mihitsy no mampalahelo eto : vao kely samy tsy nisy mpiahy, tsy afa-nanao na inona na inona dia niray hina/niaraka fa rehefa tafita ny sasany (lehibe afa-manao zavatra) dia tsy mahalala ny hafa intsony (mifanary).

Ohatra3 : « *Lahiantitra manin-kavana : hitsinjo tsy mahita ; handeha tsy afaka* ».

« Manina nefa tsy afa-manohatra » no toe-javatra mampitsetra eto.

♦ Ny lokom-pilazana mampihotakotaka

Mahakasika ny *pathos* tanteraka ity lokom-pilazanaity satria natao hampangirifiry ny olona handray ny hafatra no tanjona aminy, anindronana mafy azy. Noho izany dia ireo voambolana mampangotsoka, maharary, maneho fangirifiriana (ara-tsaina na ara-batana) no ampiasaina. Ahitana fanatavezan-dresaka ihany koa ao aminy.

Ohatra1 : « *Ravin-kazo nanintsana, ny sisa no ampaniriana* ».

Mandona ny saina sy ny fo izany fomba fiteny izany satria manambara toe-javatra tsy afaka miverina intsony, tsy azo averina sy tsy azo tanterahina fanindroany intsony kanefa dia toe-javatra tena ilaina eo amin'ny fiainana. Fahadisoam-panantenana tanteraka no ambarany ka mahahontsa ny olona itenenana.

Io fomba fiteny io mihitsy no mampangirifiry ny mpandray azy.

Ohatra2 : « *Maty tsy atrehin-kavana toa ny adrisa ka mamikitra ahitra irery* ».

Mampahonena ny olona itenenana io noho ny fisian'ireto voambolana maharary ireto : « *maty tsy atrehin-kavana* », « *mamikitra ahitra irery* ».

♦ Ny lokom-pilazana mampangitakitaka

Eto dia aseho fa eo am-pelatanana hery lehibe tsy hay tohaina ny zava-drehetra ka feno fahadisoam-panantenana ny androm-piainana, manaiky lembeana ny olona. Ireo voambolana mifanaraka amin'izay no ampiasaina : voambolana maneho fankasitrahana tsy fidiny / fankatoavana an-tery.

Ny hampankato, hampahatahotra ny mpihaino no tanjona kendrena aminy.

Ohatra1 : « *Ny lala-madisaka omaly no nanjary tevan-kamono* ».

Mifono fahadisoam-panantenana io fomba fiteny io : misy fivadihan-javatra tsy nampoizina ao.

Ohatra2 : « *Rapanitra (fandrotrarana) an-tanàna haolo, ka mandimby ray tsy satry* ».

Ny andian-teny « *mandimby ray tsy satry* » no milaza fanaikena an-tery setra ao ; maneho fankatoavana na fandraisana adidy amin'ny taona mbola tsy tokony handraisana izany : zava-tsarotra izany ka mampatahotra, mapangitakitaka.

♦ Ny lokom-pilazana maneho herim-po

Raha any amin'ny teatra no resahina dia fanomezana anjara asa ny mpandray anjara iray hanana hery sy fahamboniana tanteraka, miavaka, afa-manohitra zava-tsarotra ny *épique*. Noho izany ny lokom-pilazana maneho herim-po dia misarika ny olona itenenana hanapoitra ady feno fanamby aman-kerim-po, hanana fahavononana amin'ny lafin-javatra maro.

Manao laza masaka ny mpandefa ny hafatra.

Maro ny fitenin-drazana maneho izany fa santionany fotsiny no horaisina eto.

Ohatra1 : « *Sômotro (somotra) kalalao : samy mañetsiketsiky nihinazy* ».

Rehefa mivorivory ny kalalao dia toa samy mampandihidihy ny sangany / somony (*entennes*) avokoa. Izay toe-javatra izay no tsinjon'ny Ntaolo ka nakany lesona anentanana ny olona samy ampiasa izay zavatra ananany iatrehana ny fiainana. Ampiasaina koa izany itarihana ny olona tsy ho menatra handihy amin'ny lanonana izay atao. Midika izany fa samy afa-manao zavatra avokoa ny tsirairay raha miezaka mampiasa izay zavatra eo aminy.

Ohatra2 : « *Raha olona iray no tsy tia, mitotoa koba hatavy* ».

Misy fanamaivanana ny toe-java-mitranga izany ilazana fa tena azo toherina tsara ilay izy. Omena hery ilay olona hanohitra ny zava-manjo azy.

Feno filaza masaka kosa ny filazana fa « ny fihinanana koba dia tsy maintsy hampahatavy mandakariva ».

Ohatra3 : « *Manaram-po fahazaza ka maka kitay fotsy volo* ».

Ao amin'ny « *maka kitay fotsy volo* » no isehoan'ny fanatavezan-dresaka eto. Ny hamafin'ny zavatra hanjo ny olona mpidonanam-poana tamin'ny fahazazany sy tamin'ny fahatanorany no ambara amin'izany.

Fampitandremana, fanentanana, fandrisihana ny olona hiezaka, dieny mbola kely sahadry, hizatra hanao zavatra na hiady amin'ny fiainana no hevitra ankolaka fonosin'io fomba fiteny io. Mandona ny hambom-pon'ny olona mandray ny hafatra izany (lafiny *pathos*) ary fitaovam-pandresen-dahatra manaraka ny lôjika ihany koa (*logos*).

♦ Ny lokom-pilazana *mampifanditra*

Isehoana fifandresen-dahatra mahery vaika ao, ary mety hisy fanabantiana (amin'ny endrika mampihomehy), hisy fiantsiana, fanakianana mandranitra. Amelezana mafy ny mpifanandrina amin'ny tena no tanjona kendrena aminy. Noho izany dia ny voambolana manambany na manabanty ny itenenana nefa maneho ny fahambonian'ny mpiteny no ampiasaina. Sarin-teny maro ihany koa no hita amin'izany, toy ny sarin-teny fanovana endri-javatra, ny filaza masaka ary ny famerenan-dresaka ...

Ohatra1 : « *Tany mena tsy mirehitra afo* ».

Anoritsoritana toe-javatra babangoana izany, maneho tsy fisiana ka tsy ahafahamantanteraka zavatra izany. Ny fandavana sy ny fanesoana ary ny fanambaniana no azo ampiasana azy io.

Ohatra2 : « *Tsy milaza vato amim-bary fa ao ny nify hahita azy* ».

Fanomezan-toky feno fanamby no raketin'izany ; manasongadina ny lafitsaran'ny zavatra iray.

Ohatra3 : « *Ny lemilemin-drady no nahafaty an-dravorona* ».

Enti-mandresy lahatra ny olona izany mba handefitra, hianatra halemy fanahy ao anaty fiahamonina. Kianina ho matimaty foana ilay vorona.

♦ Ny lokom-pilazana *enti-mandoka na manabanty*

Ny lokom-pilazana *épidictique* dia natao ankatoavana, andokafana na anabantiana (zavatra na olona) ao anatin'ny fifandresen-dahatra atao satria enti-mandresy lahatra ihany

koa ity. Noho izany dia ampiasana ireo voambolana maneho sanda miabo ny fandokafana ; ny mifanohitra amin'izay kosa no atao raha hanabanty.

Ohatra1 : « *Osy vavy somorina : lova avy tamin-dray, tsy avela ; hetra avy tamin-dreny, tsy foy* ».

Lafin-javatra roa no azo tarafina avy amin'io ohabolana io : dia ny lafin-javatra tsara izay nolovaina tamin'ny ray aman-dreny ary ny lafiny ratsy ihany koa. Noho izany dia miankina amin'ny zava-misy (ny hodidin-tserasera) no ampiasana azy ; na izy andokafana ny toetra tsara ananan'ny olona iray na anesoana azy.

Ohatra2 : « *Ratsy fiafarana toa fanoto ; antitra vao kely anarana* ».

Tena fanesoana ranoray izany ary mahonena tanteraka ny olona ivantanany hafatra (mahakasika ny *pathos*).

♦ Ny lokom-pilazana mahatsikaiky

Anisan'ny voambolana ao anatin'ny sahan-kevitra ny « *hafaliana* » ny voambolana mahatsikaiky. Ho mirana, ho faly, hitsiky na hikakakaka ny mpihaino amin'izay fotoana izay, fa mety ho taitra fotsiny. Noho izany, ny lokom-pilazana mahatsikaiky dia natao hampihomehy ny olona itenenana ; mikendry ihany koa ny hampisaintsaina azy.

Ny tsiky mazàna dia teraka vokatry ny fitrangana toe-javatra tsara tsy nampoizina, tsy araka izay nandrasan'ny tena.

Anakianana amin'ny fomba mampihomehy toetr'olona tsy mety ity lokom-pilazana ity. Miorina amina fampiasana sarin-teny samihafa izy.

Any amin'ny fanazavana ireo zana-tsokajy mandrafitra azy no hanolorana sy hanazavana izay sarin-teny ampiasaina araka izany.

Ireto avy ireo zana-tsokajy azonay omena ato amin'ity karazany ity, ary hotohanana amina FD mifanandrify aminy ny fanazavana aroso : ny *fanarabiana*, ny « *humour* », ny « *grotesque* », ny « *ludique* » na ny « *comique verbale* ».

➤ Ny fanarabiana

Karazan-dahateny (am-bava na an-tsoratra) mampihomehy izay amelezana olona na anakianana toe-javatra iray ny *satire* ; enti-manitsy ny toetra tsy mety ataon'ny mpandray ny hafatra izany¹⁰⁹.

Zana-tsokajy vitsivitsy no voasaron'ity *satire* ity : ny fanesoana (*ironie*), ny fanakianana tsivalavala (*parodie*), ary ny kisary an-kosometa (*caricature*).

Hohazavaina tsirairay manaraka eto ireo :

Ny fanesoana

Mila hakingan-tsaina ny fanakarana ny hevitra ny *ironie*¹¹⁰ satria hafa ny hevitra voalaza fa hafa ny tiana ho azon'ny olona itenenana. Izany hoe ankolaka ny filazan-javatra : ny mifanohitra amin'izay tiana hampitaina no lazaina¹¹¹.

Miseho amin'ny endrika maro izany :

Misy ny fanasongadinana fifanoherana zavatra na toe-javatra amin'ny alalan'ny famerimberenana hevitra na voambolana iray ; na fampiarahana hevitra na toe-javatra roa mifangarika.

Ohatra1 : « *Fatra-pandefitra ohatry ny mpivaro-tantely ka ny tompony indray no milela-tanana* ».

Ny toe-java-misy no mahatsikaiky amin'ity ohabolana ity :

Tj₁ : mpivarotra tantely

Tj₂ : ny tompon'ny tantely no milela-tanana

¹⁰⁹ Mme Réalini, op. cit. « La satire : écrit ou discours qui s'attaque à quelqu'un ou à quelque chose en s'en moquant, le ridiculisant, le raillant. Dénonce les défauts ou les ridicules pour les corriger ».

¹¹⁰ Mme Réalini, op. cit. « L'ironie est une argumentation par l'absurde, qui tente de séduire le lecteur par un appel à son intelligence ».

¹¹¹ Mme Réalini, op. cit. « L'opinion se dissimule derrière une formulation strictement inverse ; aussi le lecteur doit-il être attentif et réagir aux indices qui la lui indiquent ».

Mifangarika ireo toe-javatra ireo satria lasa ny tompon-javatra indray no tsy afa-po amin'ny fananany : tsy migoka ny tsirony izy fa lasa mpanandrana fotsiny. Ny mpividy no mihanoka amin'ny hatsaran'ny fananan'ny tena.

Ny olona be fandefarana ka haraotin'ny hafa no tiana hokianina eto.

Ohatra2 : « *Mangetaheta ambony lakana* ».

Toe-javatra roa mifangarika ihany koa no ampifanatrehana eto ka mahatonga io fomba fiteny io hahatsikaiky.

Tsy azo eritreretina mihitsy ny hisian'ny olona mangetaheta (te hisotro rano kanefa tsy maka na tsy mahita) eny ambony lakana satria ambony rano no misy azy. Mety ho hadalana no mahatonga izany, kanefa tena ho fitsimbinana ny aina ihany koa. Izany hoe, matahotra izy sao handrendrika azy ny fakana rano avy eny ambony lakana ka aleony ihany miharitra ny hetaheta.

Misy ny fanasongadianana kokoa izay hevitra tiana havohitra : hevitra na toe-javatra roa no ampifanoherina kanefa miavaka tsara ny tiana hasongadina. Milaza ny fahamboniany aloha ny mpiteny vao maneho ny maha izy azy ny tenany avy eo.

Ohatra1 : « *Fatin-drenitantely, ka maty mamela mamy* ».

Mifangarika ny fahafatesana (zavatra ratsy) sy ny famelàna mamy (zavatra tsara) eto. Izany hoe toa lasa toe-javatra irina/tsara ny fahafatesana raha toa ka mamela zava-tsoa ho an'ny velona (taranaka, mpiara-monina ...). Koa na dia maty aza ny renitantely dia mba namela mamy ho an'ny zanany, ho an'ny namany ary ho an'izay mila izany (olona/biby hafa) izy.

Toetra toy izany no irina hananan'ny olona ka voizina anatin'io FD io.

Ohatra2 : « *Voavahy an-dafin-drano : ompan-ko faty vao ela velona* ».

Ny ompa na ny ozona dia mahatonga ny olona iantefany tsy ho lavorary sy tsy hahomby amin'izay atao satria mikendry haratsiana hatrany izany. Nohozonin'Andriamanitra hijaly sy ho faty, ohatra, ny olombelona taorian'ny fahotana nataon'i Adama sy Eva ; dia tanteraka tokoa izany. Ary mandraka androany dia mandaitra ilay fitenenana malaza hoe « *Ny hatsembohan'ny tavanao no hihinananao* ».

Koa eto, raha nompaina ho faty ilay voavahy dia tokony ho faty ; tsy izay anefa no miseho fa vao mainka nihatsara izy : *velona*. Toe-javatra tsy ampoizina izany ka mahatsikaiky.

Ny tsy fahatanterahan'ily toe-javatra ratsy nokendrena hahazo azy no asongadin'ny mpiteny mampiasa io fitenin-drazana io.

Ohatra3 : « *Ny tsinjaka maro mahay fa ny dada no sarotra ianarana* ».

Zavatra roa tsy tokony hiaraka ireo kanefa nampiarahan'ny Ntaolo anasongadinany ny maha izy azy ny mpiteny. Ny zavatra na ny toe-javatra mora hain'ny besinimaro no ambarany mialoha vao kianiny amina toe-javatra sarotra noho izany.

Ny fiavahana amin'ny hafa no tiana holazaina amin'izany satria fepetra maro no mamaritra ny atao hoe « *dada* » na « *ray* » ; misy toetra tsy maintsy ananana izany ary misy adidy maro tsy maintsy atrehina, sns.

Noho izany sady fitaovana enti-mandresy lahatra io no azo amaliana bontana ny olona itenenana izay manakiana ny tena ; azo enti-mandà am-panajana sy an-kitsy rano ihany koa. Misy ny fampiarahana voambolana roa mifangarika ka tsy tokony hiaraka ; toe-javatra toa tsy eken'ny saina mandanjanja ihany koa izany.

Ohatra1 : « *Kalon'ily moana : ao am-po no mametsovetso* ».

Misy feo (ratsy na tsara) tokony hivoaka avy amin'ny vavan'ny olona mikalo na mihira. Noho izany dia olona tsy manana fahasembanana amin'io lafiny io no tokony hanao azy (mamoaka feo azo arindra araka ny gadon-kira ny vava).

Mifanohitra amin'izay anefa ny ambara eto ka lasa mahatsikaiky ilay toe-java-misy : « *mikalo ny moana* ». Tsy hisy feo hohenon'ny sofina velively amin'izany, ka fehezina'ny Ntaolo amin'ny hoe « *ao am-po no mametsovetso* ».

Ohatra2 : « *Maiva-mavesatra tahaka ny hanoanana* ».

Hevitra roa mifanipaka no fonosin'ny voambolana « *maivana* » sy ny « *mavesatra* » ; ny iray milaza toe-javatra mora entina/azo entina, fa ny iray faharoa manambara zavatra na toe-javatra sarotra entina sy/na tsy azo entina. Tsy eken'ny saina tsy miangatra ny fampiarahana azy roa ireo kanefa raha ny toe-javatra resahina eto dia azo ampiarahana izy ireo (toe-javatra : *hanoanana*).

Toa tsy entana izy kanefa tsy zaka, maharary, tsy tany. Teny enti-manohatra ny toe-javatra mifanahaka amin'izany io FD io, ohatra, ny fitondrana fianakaviana : toa mora kanefa sarotra satria tsy maintsy misy fifandirana ihany matetika.

Misy ny fanaovana laza masaka (*hyperboles*) : sarin-teny enti-manitatra na mampitombo resaka ny *hyperbole*¹¹². Miorina amin'ny fanovana endri-javatra sy/na amin'ny *synecdoque* izy. Misy ny oharina sy ny anoharana ao amin'ny fanovana endri-javatra, fa fanovana anarana enti-milaza ny manontolo amin'ny alalan'ny ampahany na ny mifanohitra amin'izay kosa ny *synecdoque*, kanefa misy fifandraisana akaiky ilay zavatra anankiroa (ilay ampahany sy ilay manontolo).

Ohatra : « *Lavak'oron-dambo nambolen-tsahôño ka ny raha hita nidirana* ».

Hita ao amin'io ohabolana io avokoa ireo sarin-teny roa nambara teo ireo :

- Misy ny *synecdoque* amin'ny hoe « *lavak'oron-dambo* » satria nentina nilaza ilay lambo iray manontolo ny lavak'orony : tia saonjo (*sahôño*) ny lambo ka ny orony no fitaovana ahitany azy voalohany.

- Ahitana sarin-teny fanovana endri-javatra koa ao : oharina amin'ny lavak'oron-dambo ny tany ka atao ho azo ambolen-tsaonjo.

Tsy irin'ny mpamboly ny hahitan'ny lambo ny voliny (toy ny saonjo...) satria ho potika izany. Koa ny tiana hambara eto àry dia ny mbola fidirana ihany amina toe-javatra na zavatra izay efa hita fa ratsy dia ratsy.

Mahatsikaiky eto ny fampiarahana an'ireo zavatra roa tsy afaka miaraka ireo : voly saonjo irina mba hamokatra sy ny lambo mpanimba azy.

Misy karazany roa ny *hyperbole* araka ny voalazan'i Pierre Fontanier : dia ny filaza masaka miabo (*auxèse*) ary ny filaza masaka miiba (*tapinose*)¹¹³ :

¹¹² O Reboul, op. cit. « L'hyperbole est la figure de l'exagération », p.130

¹¹³ Pierre Fontanier, teterin'i O Reboul, op. cit. « Nous avons là la structure de l'hyperbole, *auxèse* quand elle amplifie dans le sens positif, *ce géant*, *tapinose* dans le sens négatif, *ce nain*, le signifié figuré étant toujours bien plus ou bien moins que le signifié propre » p.130

Ny filaza masaka miabo dia fanasongadinana tafahoatra ny lafiny tsara amin'ilay toe-javatra na ilay zavatra resahina.

Ohatra : « *Lava hadalana ohatra ny trambo : tongotra hahelika ka enti-mandady* ».

Ny fijery amam-piheverana no mahatonga ny olona hilaza fa mandady ny trambo : tokony hijoro hanaraka ny an-davany ny fandehan'ny trambo kanefa tsy izay no hita eto. Mandeha mira zotra amin'ny tany ny trambo mampiasa ireo tongony marobe. Izay toe-javatra hitan'ny olona izay no ilazany an'io biby io ho mandady.

Ny fanehoana filaza maneho habetsahan-javatra mihoatra ny tokony ho izy, ary tonga hatrany amin'ny toerana tsy tokony hisy azy intsony (feno tongotra hatrany an-kelika) no « filaza masaka » eto. Heverina ho manan-tongotra aman-tanana ny trambo ka ny rantsam-tabatany rehetra aorian'ilay roa akaiky ny vavany (ilay heverina ho tanany) no lazaina ho tongony avokoa. Tongony avokoa anefa izany rehetra izany ka tsy tokony ho mandady no ilazana ny fandehany.

Ny filaza masaka miiba kosa indray dia fanasongadinana mihoatra ny tena izy ny lafiny ratsy amin'ilay zavatra na toe-javatra iray resahina.

Ohatra : « *Kamboty manan-tiana, lany mbamin'ny tanin-ketsa* ».

Mihoatra ny tokony ho izy eto ny filazana ny fandanim-bolan'ny kamboty manamby fitiavana.

Toe-javatra ratsy ny fandanindaniam-poana, kanefa tsy ny kamboty rehetra ary tsy izy ireo ihany no mandany vola anandana ny fitiavana ny olona iray.

Mahatsikaiky ny hoe “*Kamboty manan-tiana, lany mbamin'ny tanin-ketsa*” satria toe-javatra tsy ampoizina no miseho eto ka miteraka fahatairana sy figagana ; manohitra ny lôjika heverina hiseho izany.

Raha ny marina, ny kamboty dia *tsy ampy fitiavana sy tsy misy mpikarakara*. Koa raha manana olon-tiana izy dia tokony hameno an'izay banga aminy izay. Eto anefa dia nanampy trotraka ny fahavoazany ilay olon-tiany : ny fananana kely mba ho azy indray no fongana. Noho izany dia azo heverina fa tsy tena tia azy ilay malalany matoa mitaky tambiny be avy aminy.

Ny tsy fiheverana intsony ny ampitso, vokatry ny fitiavana fotsiny, no mahatsikaiky ao anatin'izany.

Ao ny filaza malefaka (*litote*) : Ny *litote* dia fanalefahana ny filazan-javatra mba tsy hahitsy loatra, tsy havesatra amin'ny olona itenenana ary tsy hanafintohina azy ihany koa. Ny toe-javatra malefaka noho ilay toe-java-misy/mianjady no tenenina, ka izay fomba fanehoana izay no mahatsikaiky aminy. Mba hampitony ny fon'ny olona itenenana ary koa tsy hanaitra tampoka azy dia ambara ho « *nantsoin'ny Ray hody any aminy* » ny filazana ny olona « *maty* » na hoe “*nody mandry*” ; « *Somary reraka* » no ilazana ny « *tena reraka* », ...

Noho izany dia mety ho ny voambolana toy ny mpanampy « *somary, mba, sns* » no ampiasaina analefahana ny hevitra, fa mety ho ny fomba filaza ihany koa, araka ny hita eo : ampifanoloana amin'izay hevitra malefaka noho izy ilay zavatra/hevitra marihina.

Mampiasa *litote* ihany koa ny fitenin-drazana.

Ohatra : « *Tsy mba ny sompanga miantendro vero (aho/izahay) fa ny tsimbotry mandady amin'ny tany* ».

Ny *sompanga* sy ny *tsimbotry* no ampifanoloana eto : tena sompanga izy (tahaka ny sompanga ny mpiteny) kanefa ny toetran'ny tsimbotry no itafiany. Izany hoe miharihary ao amin'io hevitra io fa manana ny maha izy azy ny mpiteny (lehibe = sompanga) ; kanefa tsy miseho amin'izay fahamboniany izay izy fa maka ny toeran'izay ambany noho izy (kely = tsimbotry). Mifono fanetren-tena izany fomba filazan-javatra izany : atafy ny sompanga (miantendro vero) ny toetran'ny tsimbotry (mandady amin'ny tany). Io fomba fanetren-tena io no mahatsikaiky ao anatin'izany.

Ny fanakianana tsivalavala

Fanoritsoritana bika aman'endrik'olona amin'ny alalan'ny singa na ny rafi-batana ny *parodie*. Izany hoe misy fampitahana azy amin-javatra iray : toy ny hoe « *Iny tapak'amponga iny* » izay ilazana ny olona tena fohy. Tena feno fanesoana ny fampiasana ny *parodie* izay mitsikera toetra na fihetsika hafahafa ataon'olona iray na maromaro.

Ohatra1 : « *Mpandihy lava volon-kelika : mahay manan-tsiny, tsy mahay manan-tsiny* ».

Toa hita sary an-tsaina ny fihetsika asehon'ilay mpandihy eto izay sady menatra no mahazo fanakianana avy amin'ny mpijery, satria ny fanafenana an'ilay volon-kelika no tena imasoany eny an-tsehatra eny ka tsy lavorary ny dihy ataony. Mahatsikaiky izany toe-javatra izany rehefa fotorina akaiky.

Ohatra2 : “*Rafotsibe kendam-bomanga, kendan 'ny nasesiky ny tanany*”.

Ny fihetsika saintsainina mety hataon-dRafotsibe eo am-pihinana ilay vomanga no mampihomehy eto, ary mahatsikaiky satria misy toe-javatra mifanohitra amin'izay nandrasana : nikendry ny ho voky izy kanjo namono ny tenany ihany ; olon-dehibe ihany koa izy ka tsy tokony hiharana toe-javatra toy izany.

Ny kisary an-kosometa

Manao fitsikerana kilema/aretina mba hahatsikaiky ny olona itenenana. Mety ho ny olona ivantanany ny hafatra no tsikeraina ankolaka na mivantana eto fa mety ho olona hafa mihitsy mba hampieritreritra ny mpandray/mpiaino : mifono fanambaniana na fanabantiana izany matetika.

Toetra (toe-tsaina, toe-batana) na fihetsika no soritsoritana mivantana anehoana ny haratsiny ka ampisaintsaina izay voakasiny.

Ity no be indrindra amin'ny fitenin-drazana izay mifototra amin'ny sarin-teny fanoharana sy/na fanovana endri-javatra, na fanovana anarana.

Ohatra : « *Banga nihinan-kitoza ka ny hivy indray no raraka* ».

Aretina no mahazo ny olona banga (tsy misy nify itsakoan-kanina intsony) ; ny kitoza anefa dia zavatra mazana ka saro-potehina. Koa ao amin'ny hevitra hoe « *bang a nihinan-kitoza* » no misy ny fanoritsoritana toetra ratsy eto. Izany hoe manao zavatra tsy sahaza ny tena ka iharan-doza na matiantoka. Ny « *ho voky* » no hevitra andrasana eto fa tsy ny « *ho raraka hivy* ».

➤ Ny fampihomehezana maneho fifanoheran-javatra tanteraka

Toe-javatra tena mampihomehy sy mampikakakaka no aseho amin'ny *humour*. Miresaka zavatra toka-miavaka izay mety hahafinaritra izy ; minia tsy ho maotina ny mpiteny

ary ataony amin'ny fomba milamina sy malefaka ny filazana izany. Izany hoe toe-javatra tsy azo heverina ho hisy no ampisina.

Ohatra1 : « *Fihavanan-tsaka : hiady vao mifampitso-drano* ».

Toe-javatra tsy ho hisy velively eo amin'ny fiainan'ny olombelona ny hifanome tso-drano mialoha ny hiadiana : ompa sy ozona no betsaka.

Fomba fiheverana no mahatonga ny olona milaza fa mifampitso-drano ny saka noho ny feo avoakany toa olona mandrora na mamoka rano avy amin'ny vavany.

Ohatra2 : « *Tsy misy be alahelo tahaka ny maty vady fa raha mahakitsaka androngo mitsinjaka* ».

Zavatra fahita ihany indraindray amin'ny fiainan'ny Malagasy ny fampifangaroana ny alahelo sy ny hafaliana. Koa eto dia azo sainina ilay fihetsika nataon'ilay olona maty vady nahakitsaka androngo ; ilay izy taitra no ambaran'ny mpiteny fa hoe « mitsinjaka », heverina ho faly. Raha ny toe-javatra mahazo azy eto dia tsy tokony hisy fampiarahana ny « faty » (alahelo) amin'ny « dihy » (hafaliana) ; ny mahita azy toa mitsinjaka no mampihomely amin'izay fotoana izay fa tsy izy tra-pahoriana akory.

Izay fomba nenti-nilaza azy izay no mahatsikaiky : ny olona tena vonton'alahelo roa sosona nolazaina fa mitsinjaka.

➤ Ny filalaovana amin'ny teny

Filalaovana amin'ny fampifangaroana feo na hevi-teny no atao ato amin'ity zana-tsokajy ity : misy tsilalaon-teny toy ny *calembour* sy ny *onomatopée (teny feo)* ampiasaina aminy.

Ny tsilalaon-teny

Fampiarahana, ao anaty fehezanteny iray, teny roa mitovy fanonona fa tsy mitovy hevitra ny *calembours*¹¹⁴.

Ohatra1 : « *Izay no takatra hoy ilay namahan-takatra* ».

¹¹⁴ O. Reboul, op. cit. « C'est le calembour qui rapproche deux mots, identiques par le son ; mais de sens différent ».p.124

Sady mitovy fanoratra ny teny hoe « takatra » no mitovy fanonona ihany koa, kanefa samy hafa ny heviny : ny iray voalohany dia matoanteny ilazana fahavitana na fahatanterahana zavatra iray ; ny faharoa kosa dia anaram-borona. Zavatra tsy misy fifandraisany avokoa ireo.

Ohatra2 : « *Kibo manina tsy mahatsiaro hanina* ».

Mitovitovy ny feo rehetra namoronana ny voambolana roa « manina/hanina » ka izay no mampifanahaka ny fanononana azy ireo. Midika ho « mahatsiaro » ny manina, ary « sakafo » no ambaran'ny hanina.

Ao amin'ny sarin-teny fanovana anarana (*synecdoque*) « *kibo manina* » no tena mahatsikaiky eto, satria ny kibo no nentina nilaza ilay olona manontolo. Mahatsikaiky ny fiheverana amam-pilazana fa manina tahaka ny olona tompony ny kibo.

Ny teny feo

Efa nambara tany amin'ny fizarana voalohany fa ny *onomatopée* dia teny maneho feon-javatra¹¹⁵. Izany hoe manakaiky an'ilay teny tononina ny feon'ilay zavatra resahina.

Ohatra1 : « *Kabarin-tsaka, vao miteny dia omeo* ».

Ohatra2 : « *Ny orana mivatratra mandalo vetivety* ».

Hita araka izany àry fa miorina amina toe-java-mitranga tsy ampoizin'ny saina mandanjalanja ny lokom-pilazana mahatsikaiky ; ireo karazany hafa indray no hojerena eto.

♦ Ny lokom-pilazana kivalavala

Miolotra amin'ny mahatsikaiky ihany ity lokom-pilazana ity, satria fifanoherana toe-javatra ihany koa no hita ao aminy. Izany hoe ampifangarihana (ampifanoherina) ny toetran'ny olona ambara ao anatin'ny hafatra sy ny fiteny ilazana azy¹¹⁶. Ohatra, raha olona maotina, manana ny maha izy azy eo anivon'ny fiarahamonina no resahina dia voambolana

¹¹⁵ Op. cit. http://www.sfu.ca/fren270/semiologie/page2_6.html#start, « Une exception cependant: les onomatopées. Dans ce cas, les mots utilisés sont relativement proches du son que l'on veut décrire, [...] ».

¹¹⁶ *Etudes-littéraires.com*, « Registre burlesque : le burlesque repose sur un contraste entre le style et le sujet traité ».

tsy dia mihaja no ampiasaina (mety ho tenim-boto na voambolana tsy maotina) ; azo atao ihany koa ny mifanohitra amin'izany.

Araka izany, ao amin'ny FD, dia ireo olona miavaka eo anivon'ny fiarahamonina no ventesiny : na io ahindrahindrany na ambaniny arakaraka ny fiteny sy ny voambolana ampiasainy.

Anisan'ny maro ny FD azo atao ohatra ato anatin'ity lokom-pilazana ity fa ohatra vitsivitsy ihany no hatolotra eto :

Ohatra1 : « *Mbola ho be ny hihinan'ny amaniny* », hoy i Mompera nilatsahan-dakolosy ».

Mety ho zavatra tsy nisy akory izany fa ninina noforonina mba hampihomehy sady hatao tohan-kevitra (*doxa*) andresena lahatra ny olona. Tsy tokony hiteny ratsy ny Mompera amin'ny maha ray ara-panahy azy.

Ohatra2 : “*Lelankindy*¹¹⁷ voadidim-bendraña¹¹⁸ : ny raha efa kely koa mbôla angalana”.

Hita ho miharihary ny filazana kivalavala eto amin'ity ohatra ity satria miresaka ny zavatra/faritra tsy faseho masoandro amin'ny fari-batan'ny olombelona izy. Sarotra amin'ny Malagasy ny manonona ny maha lahy na ny maha vavy azy imason'olona, indrindra eo anatrehan'ny olom-pady. Eto anefa dia tenenina io FD io mba hoenti-mandresy lahatra ny olona mba tsy hanala izay kely ananan'ny hafa.

Heverina ho mivantambantam-piteny ny olona miteny toe-javatra tahaka izany ka izay no maha kivalavala azy ; tenenina fotsiny izy na hanafintohina ny hafa aza na tsia.

Ohatra3 : “*Antibavy*¹¹⁹ nivady an-teñina¹²⁰ ka tsy mañindroa ambany”.

Olona voky andro, matotra eo anivon'ny fiarahamonina ny *Antibavy* ka tokony ho haja sy teny mihaja no atao aminy. Eto anefa dia teny famingavingana no atao aminy ; teny

¹¹⁷*Lelankindy* = tingy (fiteny tanosimboahangy) : ilay nofo mivohitra somary maranitra eo amin'ny maha vehivavy ny vehivavy “clitoris”.

¹¹⁸*Vendraña* = erana

¹¹⁹*Antibavy* = rafotsibe

¹²⁰*Tenina* = ahitra marani-doha

mahamenatra. Mety ho nisy izany trangan-javatra izany fa mety ho noforonin'ny mpiteny mpamorona.

♦ Ny lokom-pilazana mampitolagaga

Toe-javatra tsy fahita, tsy fandre andavanandro matetika no mampitolagaga ; noho izy mifono misitery no manavaka azy amin'ny mahatsikaiky. Araka ny fanazavan'i Réalini azy, ny lokom-pilazana mampitolagaga dia miventy toe-javatra hafahafa, sady tsy hay hazavaina no mampanao fanontaniana sesilany (amin'ny tena na amin'ny olona hafa) kanefa dia misy eo amin'ny fiainana andavanandro¹²¹. Ireo voambolana maneho tahotra sy/na fangirifiriana, voambolana manao ambaratonga (hevitra) no ampiasaina ; misy ihany koa ny fanehoana hevitra amin'ny alalan'ny fehezanteny manontany sy maneho fihetseham-po (fampiasana tsoraka,...) ; mitsitapatapaka ny fehezanteny ary any amin'ny fiainan-tsy hita no sary avohitra (toy ny fahafatesana, alina, sns).

Atao indrindra izany mba hahatonga ny tsirairay tsy hijery fotsiny ireo toe-javatra tsy hay hazavaina manodidina azy fa hamantatra ny zava-ponosiny ; ampisaintsainana ny mpandray rahateo izany. Mety ho toe-javatra tsy azo inoana toy ny fampitenenana biby izany ; fitondrana ny mpihaino/mpamaky any amin'ny tontolo tsy hita.

Ohatra iray no tsapanay fa manahatahaka izany amin'ny fitenin-drazana.

Ohatra : « *Jamba mitondra fanilo, ka tsy ny hahita lalana fa ny ho hitan'ny olona* ».

Sady mahagaga izany no mahatsikaiky satria toe-javatra mifanohitra/mifangarika ary tsy azo inoana. Mahagaga ny ahafantaran'ny jamba fa fanilo no entiny, ary mihoatra noho izany ny tanjona kendreny amin'izany izay tsy tena fantatra mazava.

Mahahontsa ihany koa io toe-javatra io satria maniry mba te hahita ny jamba saingy tsy afa-manohatra. Anehoana faniriana mafy eo amin'ny fiainana nefa tsy azo tanterahina izany.

Fehiny : Amin'ny ankapobeny ny lokom-pilazana rehetra dia tsapa fa maneho ny maha izy azy ny mpiteny avokoa. Izy mpiteny no mifidy sy mamaritra ny fontanana tiany haseho na tiany ho azo avy amin'ny lahateniny. Tsy ny fontanam-pony fotsiny no mivohitra ao fa manapoitra ny an'ny hafa ihany koa izy. Noho izany, dia azo lazaina ho maneho ny

¹²¹ Réalini, op. cit. « Le registre fantastique exprime l'irruption du surnaturel, de phénomènes inquiétants et inexplicables, dans un univers quotidien et banal ».

fizahoan'ny mpiteny ny lokom-pilazana¹²², sady misikotra ny hambom-pon'ny olona mandray azy ihany koa.

Mazava araka izany fa anisan'ny lafin-javatra mahakasika ny piragimatika izy satria anisany ao amin'ireo hodidin-tserasera handinihana ny laza.

Ampiasain'ny olona matetika anaty lahateny ireny fitenin-drazana ireny satria tsy tena afaka mandeha irery akory ka izay indrindra no hodinihana manaraka eto : inona ny sandany ao, ary manahoana ny fitsofohany ao anatin'izany ? Hohamarinina amin'ny alalan'ny fampiasana lahateny eto ambany àry ireny fanazavana momba ny piragimatika teo ireny mba hamalianay io fanontaniana io sy hijerena ny anjara asan'ny FD ao anaty lahateny.

2.2. Ny anjara asan'ny fitenin-drazana ao anaty lahateny

Nandinihana ny FD ivelan'ny lahateny araka izany iny toko farany niresahana ny lafiny piragimatika iny ka ny fanehoan'ny mpiteny ny fizahoany no nasongadina tamin'izany. Ny fampiasana azy ireo ao anaty lahateny indray no hanompanana ity toko ity. Havohitra sy hoporofoina ato ny anjara asan'ireo FD ireo izay efa natsidika kely ihany teo aloha.

Tsy hitompo teny fantatra tahaka ny antsikely be zarany izahay ka hilaza hahita ny sokajin-dahateny rehetra (*genre de discours*) fa ny sasantsasany amin'ireny ihany no harosonay eto. Hotsinjarainay ho roa izy ireo hoentinay mandinika izany anjara asan'ny FD izany : ny lahateny tsotra sy ny lahateny literera.

2.2.1. Ny anjara asan'ny FD ao anaty lahateny tsotra

Ny tsy fisian'ny fanehoana ny kanto sy ny tsy fampiasana tafahoatra sarin-teny no manavaka ny lahateny tsotra amin'ny lahateny literera. Karazan-dahateny vitsivitsy ihany koa no hatolotra eto. Hodinihana ao anatin'izany ny fiandanian'ny mpiteny amin'izay lazainy na tsia ; manabanty ve izy sa mandoka ? sns.

¹²² Hoy i Michèle Narvaez, nalaina tao amin'ny etudes-litteraires.com, « Le registre nous révèle donc l'émotion, la subjectivité de l'auteur, mais il indique également l'effet que celui-ci souhaite produire sur le lecteur ».

Lahateny1 : Lahateny manazava sady mandresy lahatra

Resaka nataon'i Bary tamin'i Willy sy i Liva, nalaina tao amin'ny boky *Menarana* nosoratan'i E.D. ANDRIAMALALA, p.44 manao hoe:

« Willy sy Liva, [...]. Tonga eto izahay mivady, tsy hanao teniko fe lehibe na hitompo teny fantatra toy ny **antsikely be zarana, fa hitapatapaka ahitra sy hisavasava ny raviny hahitana ny fotony**. Hanatitra ny zokinao avy nifana no anton-dianao sy Gisèle eto Toamasina, ry Liva, fa ny anao kosa henatra sy fahafaham-baraka no naterinao taty aminay. Koa mifona aminareo roa izahay dieny tsy mbola mipaka any ifotony ny tantara, raha lalao lahy, aoka re mba samy ho afa-pon'izay iray volana mahery niarahanareo izay... ».

Nentin'ny mpiteny namaky resaka ny ohabolana sy fomba fiteny hoe « *tsy hanao teniko fe lehibe na hitompo teny fantatra toy ny antsikely be zarana, fa hitapatapaka ahitra sy hisavasava ny raviny hahitana ny fotony* » teto. Fanazavana ilay toe-javatra no nampanarahany eo aoriany arahina fandresen-dahatra mifono fanabantiana.

Ny lokom-pilazana enti-mifandahatra araka izany no mibahan-toerana ao amelezana mafy ny olona itenenana. Miseho ho mahay mandresy lahatra izy mpiteny amin'izany (lafiny logos) izay mody manetry tena mialoha ny hanitrikiritrihana ny fandonana mafy ny fo sy ny sain'ny itenenany.

Lahateny2 : Lahateny mampahalala arahina fanazavana mampifandray anton-javatra sy voka-javatra.

Lahateny mitondra ny lohateny hoe « Very fanahy mbola velona ! », nalaina tao amin'ny gazety *Inona ny vaovao*, lah.1480, p.02, ny 26 may 2014.

VERY FANAHY MBOLA VELONA !

Lasan'ny teratany karàna mpanam-bola ny tany dia noroahiny tamin'ny alalan'ny fomba feno herisetra ireo mponina teratany malagasy nanamaintimolaly ny tany niaina sy nanorim-ponenana teo efa am-polo taona. « Bulldozer » no tonga nandrava sy nandrodana ny trano fonenan'izy ireo.

Very fanahy mbola velona ireo mponina rava trano satria traboina tsy manan-kialofana. An-jatony izy ireo, misy ireo mitaiza kely, ny beantitra ary misy ny ankizy mpianatra hiatrika fanadinam-panjakana. Raha tsorina, tsy misy fiheverana ny maha-olombelona mihitsy fa ny fampiharana ny didim-pitsarana no mahamaika. [...]

Mila jerena akaiky sy fandraisana andraikitra ity fangoronan-tany ataon'ny teratany vahiny ity, indrindra ny Karàna. Raha izao no avela hahazo vahana dia **ho tompony mangataka atiny** ny Malagasy ary ho vahiny eto amin'ny taniny. Ny vahiny mpanam-bola eto

*no manjakazaka, manao ny lalànanany fa ny Malagasy teratany mandefitra satria tsy manana. Tonga amin'ilay fitenenana hoe ny **tompom-pasana indray no atao anirotra** !*

BELOHA

Toy izao ny lanjan'ny fampiasana ny FD ao :

- Sady milaza voka-javatra izy no mampifandray izany vokatra izany amin'ny antony : *antony*, Lasan'ny tera-tany karana mpanam-bola ny tany ; *vokany*, « *very fanahy mbola velona* » ireo mponina [Malagasy] rava trano satria tra-boina tsy manan-kialofana; mampiditra fanazavana ihany koa izany (*very fanahy mbola velona* ireo mponina).

- Tohan-kevitra enti-manazava izany vokatra izany ireto fomba fiteny ireto : « *tompony mangataka atiny* » ny Malagasy ; « *ny tompom-pasana indray no atao anirotra* ». Ity farany no mamintina sady manamafy ny fanazavana natao teo aloha.

Izany rehetra izany dia ahatsapana fa sady maneho fitsarana miiba ny toe-javatra resahiny ny mpiteny (satria mirona amin'ny lafiny ratsy ny fomba fijery) no miontana sy mampiontana ny fon'ny olona iantefan'ny hafany ihany koa. Lokom-pilazana mampihetsi-po sy mampihotakotaka noho izany no nampiasain'ny mpanoratra ao mba handonana ny fon'ny isam-batan'olona, indrindra fa ny mpitondra ny firenena Malagasy ; nenti-nanakiana ny fanaovana an-kila bao ny vahoaka madinika izany.

Lahateny3 : *Lahateny manazava hevitra*

Azo atao ho teny fampidirana hamakiana resaka ny FD, raha hanazava ; kanefa azo atao ho porofon-kevitra sy/na ho tohan-kevitra ihany koa.

Na dia manalava resaka aza izy dia manamafy ny fanazavana satria mifono hevitra mafonja iarahan'ny rehetra manaiky, tsy azo kianina, maneho ny zavatra tena misy. Mamintin-dresaka ihany koa izy indraindray.

Ity misy ohatra iray anehoana izany rehetra izany :

NY OLAN'NY FANABEAZANA

Mandry tsy mandry ohatry ny mena-dambo ny sain'ny olona mandinika ny fanabeazana eto amintsika noho ireo olona samihafa sedrainy. **Tahaka ny vay an-kandrina** ny fiantraikan'izany any amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona, ary **an-karihary toy ny kary am-pamoloana** ny maha anisan'ny sakana azy ireo amin'ny fampandrosoana ny firenena : **tongo-bakivaky izany ka sady marary no mahamenatra**.

Tsy odian-tsy hita toy ny tonon'ny vomanga vory vahoaka izany olona izany fa mahasahana manontolo ny pôlitika ankapoben'ny fitondram-panjakana mihitsy : ankoatra ny tsy fahampian'ny fitaovana sy ny fotodrafitrasa ary ny mpampianatra (fa tsy holazaina intsony ny karamany), ny tsy fahampian'ny fanaraha-maso ny mpiasa tsirairay avy ary ny fanaovana kolikoly isan-karazany dia mibahan-toerana ny fitsabahan'ny mpanao pôlitika ao amin'io sehatra io ; tsy mifanaraka amin'ny zava-misy eto an-toerana ihany koa ny fampianarana atao (indrindra, tsy mamaly ny filan'ny olona ny fandaharam-pianarana) ary lavitra ezaka loatra ny tanjona kendrena amin'izany. Koa tsy mamokatra olona afaka hiatrika asa avy hatrany isika fa mamolavola olona ho be diplaoma fotsiny.

Mitombo an-dalana tahaka ny dian'Andriana noho izany ny tahan'ny tsy an'asa, indrindra indrindra fa ny tanora; mihabe ny mpianatra any amin'ny ambaratonga samihafa no mitsoaka an-daharana, ka **mihena an-toerana ohatry ny fen'antitra** ny isan'izy ireo any an-tsekoly. Hany ka lasa **tsy ambony tsy ambany toa ny lohalik'alika** ny fari-piainan'ny ankamaroan'ny Malagasy fa olom-bitsy ihany no mba hany mahita tombony.

Dodona manenjika izay hahazoana mari-pahaizana fotsiny ny ray aman-dreny ka maniraka ny zanany hanala fanadinana tsy ara-potoana izy (ampandinganina kilasy ny zaza, ohatra : ny T₄ ampanalana CEPE ary ny T₈ ampanaovana BEPC, sns). **Maika tsy faingana tahaka ny boka ndeha hanambady** izany ka tsy tratra ny zava-kendrena : simba ny toe-tsain'ilay mpianatra satria tsy mifanaraka amin'ny taonany ny kilasiny ; tsy mandeha araka ny tokony ho izy ihany koa ny asa hataony rahatrizay noho ireo fahalalana maro izay banga tao aminy. Ireo mpanao nylalan-dririnina no lohalaharana amin'izany ; ary izay no tonga amin'ilay fitenenana hoe « **mitetika arivo ka maty iray alina** ». **Harem-bery foana tahaka ny menaka nahoso-bato** ny vola lany taminy satria mivily ilalana ny tanjona nokasaina.

Tonga ho **anaran-tsy very ohatry ny fatambary fahavaratra** sisa ny fianarana/fampianarana amin'ny olona sasany ka **tsidi-pahitra** fotsiny no ataony.

RASOLONIRINA Eugène

Mahanoro,

Talata, 17 novambra 2015.

Lokom-pilazana maromaro no miharihary eto : lokom-pilazana *mampihetsi-po* sy mahahontsa izay asehon'ny ankamaroan'ny FD ao, *mampangitakitaka* satria mamotika ny fiainana manontolo : « **mitetika arivo ka maty iray alina** », « **Harem-bery foana tahaka ny menaka nahoso-bato** », ary enti-mifandahatra amin'ny hoe « **Tahaka ny vay an-kandrina** », « **An-karihary toy ny kary am-pamoloana** », « **Tongo-bakivaky ka sady marary no mahamenatra** », « **Maika tsy faingana tahaka ny boka ndeha hanambady** », sns.

Tsy hohadinoina anefa fa feno fanakianana, fanabantiana io lahateny io noho ny fisian'ireo andian-teny raiki-drafitra ampiasaina ao ireo.

**Lahateny4 : Lahateny mandresy lahatra mifamongady amina
fanazavana ho fanentanana**

NY FITIAVAN-TENA !

Inona moa no fototr'izao tsy fandriampahalemana izao fa tsy ny fitiavan-tena ihany ? Io no « **Rangory fototry ny afo** ». Ny fialana amin'io fitiavan-tena io ihany no vahaolana mahomby hiadiana amin'izany. Mampikorontana sy mampitotongana ny firenena izy io satria samy miezaka ny hanana ny ho azy manokana avokoa no tanjon'ny olona tsirairay ; samy te hiavaka eo amin'ny manodidina azy ; te hiseho sy te hirehareha fa izy no olona. Tsy ny fanahy intsony no maha olona amin'izao fa ny vola, satria **ny vola no maha Rangahy, ny vola no hozatry ny fiainana** ; very hasina aman-kaja **ny sola malahelo**.

Tokony hotsarovana mandrakariva anefa fa ny tena olona dia izay mahalala mandanjalanja ny hataony, mahay mandefitra sy mahalala oniny, ary tia ny namany satria **tanana havia sy havanana** nyolombelona **ka izay didia-marary**. Tokony hifampitsinjo ny mpifankatia : **manao toy ny vary sy rano ka an-tsaha tsy mifanary ary an-tanàna tsy mifandao**, mifampiry, mifampiaro, mifamelona ; ka mampihatra amin'ny fiarahamonina ilay ohabolana manao hoe « **Manaova toy ny fanirin'akondro: ny lava manalokaloka ny fohy ary ny fohy manotrana ny lava** » ; ao koa ny hoe « **Manaova tsipoy mifamelona** » isika. Koa ny fifankatiavana sy ny fihavanana ihany no fahavalon'ny fitiavan-tena : ireo no harena voalohany indrindra matoa ny Razantsika nilaza hoe « **Aleo very tsikalankalam-bola toy izay very tsikalankalam-pihavanana** ». Loza ho an'ny firenena ny **manao toy ny zana-dambo ka izay tsy mahadika vatana**¹²³ **dia maty**, ary **toy ny zana-pody ka izay foy dia lasa avokoa**. Ho tratra aoriana mandrakariva ny madinika, ho sahirana hatrany izay tsy mba manam-piahy. **Roa alahelo tahaka ny bevohoka nilaozam-bady** izy ireo satria sady matin'ny hanoanana no mbola voalatsa ihany koa.

Tsy mahagaga raha toa ka velona ny « **aleoko maty amaraiña toy izay ho faty niany** » : dia **misotro ny « aleokomaty »** ny olona. Ny fomba fiteny firantsay voizin'i Lucky Dube amin'ny hirany manao hoe « **La loi du plus fort est toujours la meilleure** » no manjaka eto. Samy manao izay hahavelona azy ny tsirairay, **tsy mifampitsinjo** intsony **tahaka ny mangady agoago**¹²⁴ ny mpira-belona ka raikitra ny **valala an-karona**, mafotaka ny **valavala maizinaka izay voa any no voa, ... Akoholahy miady am-pasika ka samy miaro ny masonry tsy ho ditsoka**, ary **androngo an'asa ka samy mitondra ny rambony mandositra**. Fitiavan-tena avokoa izany rehetra izany satria ny ainy sy ny fianakaviany ihany no heveriny fa olona. Tsy mbola mandroso, hoy E. D. Andriamalala ao amin'ny *Fanagasiana*, ny olona tahaka izany : kely loatra ny famaritany sy ny fiheverany ny atao hoe « izao tontolo izao ». Noho izany dia izay hahasoa an'io izao tontolo izao kely io ihany no imasoan'ny isam-batan'olona (avy any amin'ny lehibe indrindra izany ka hatrany amin'ny madinika indrindra).

Tsy **zaza diso sakaiza akory isika ka hilalao vovoka irery** fa tokony **hita be mba tsy ho lanin'ny mamba**, ary **ny firaisan-kina no hery** ; ny fifanampiana **no lova tsara indrindra**.

Tsy azo sainina ihany koa ve fa raha foana ny fitiavan-tena ka misy ny fifampitsinjovana dia ho fongana koa ny fanaovana kolikoly amin'ny endriny samihafa, ny ady, ny asan-jiolahy sy ny dahalo, sns ? Ny fanaovan'ny tsirairay ny marina sy ny mangarahara no lalan-tokana mankamin'ny filaminana satria **ny marina tsy mba maty**. Izany hoe mety handroso ny olona sy ny firenena mandala io fahamarinana io.

Araka ny lovantsofina manko dia nandry fahalemana ny tany fahagasy satria na dia **ny tain'omby nivadika**¹²⁵ **aza tsy nisy naka**, be ny vokatra, nirindra sy nifanaraka tamin'izany vanim-potoana izany ny fiainan'ny olona. Nampiharina ny Ntaolo araka ny tokony ho izy ny lalàna nifampifehezany, toy ny fanaovana « tsobo », ka **nany amboany na ny amboan'olona**

¹²³ Hazo mandry

¹²⁴ Voahirana

¹²⁵ Harem-be ny tain'omby maina tamin'izany fotoana noho izy sady zezika no fandrehitra : atao kitay na fitahirizana sy fitondrana afo.

fa rehefa vandana dia kary avokoa taminy : tsy nisy fijerena tavan'olona sy izay tsara vozon'akanjo izany.

*Natokana ho an'ny vahoaka madinika anefa ny lalàna ankehitriny ka samy manao **ampihi-mamba** avokoa izay mahazo fahefana rehetra ; manao azy ho **lehibe tsy omby fatana** izy ary maneho fa **ny kely tsy mba mamindro**. **Ataotantely afa-drakotra** ny harem-pirenena ka **anjakan'ny mahery rehetra**. Koa **sitry ve ny olona ka hamono tena ambony vato ?** Tsia! Samy manao izay hihinanany izy ka ny halatra hampitovy azy amin'ny mpanana no vahaolany : **sômotro kalalao io ka samy mañetsiketsiky nihinazy ; mampandihy zaza be lelo ka samy mandahilahy ny eny an-tanany ; efa manao mizana tsindrina ila ihany ka izay sahy faty no mifono lambamena**. Aleo maty rahampitso, hoy izy, **toy izay maty anio satria ny tranom-borona ihany no vita amin'ny vava fa ny ariary zato tsy azo am-pandriana, ary ny valala eny an-danitra tsy azo hasian-tsira**. Noho izany dia tsara ny manova toetra amin'izay atao rehetra.*

RASOLONIRINA Eugène

Mahanoro,

Alatsinainy, 23 Novambra 2015

Lahateny5 : lahateny manoritsoritra

Azo atao tsara ny mampiasa ny FD ho fitaovana enti-manoritsoritra. Ny manoritsoritra manko dia toy ny manao sary¹²⁶ : soritina amin'ny alalan'ny teny ny bika aman'endrik'ilay zavatra resahina. Atao izay hampiavaka azy amin'ny hafa¹²⁷. Azo soritsoritina ihany koa ny toe-javatra, toy ny fizotran'ny fomba iray, ohatra ; ka amin'izay lafiny izay izy dia miolotra tanteraka amin'ny fanazavana. Tsy hadinoina anefa fa tena ilaina amin'ny fanazavana ny fanoritsoritana.

Ity misy lahateny anehoana ny fanoritsoritana amin'ny alalan'ny FD :

Lahateny : NY OLOMBELONA

*Biby misaina ny olombelona ka afa-mitsinjo ny ho aviny ; **manafatra ny voa mahatsiaro** izy **fa manary ny voa manadino**. Miaina izy, mandeha ka mety maty. Mandalo ny fahaterahana (zaza) sy ny fahatanorana ary ny fahafatesana izy ; ary heveriny fa tsy ny antitra ihany no ho faty, ka hoy izy “**Ny tanora, vato mandondona ; ny antitra, hazo amoron-tevana ka tsy fantatra izay ho lasa aloha**”. Lava kokoa ny fotoana iainany ny fahatanorana ka ahafahany miriaria tanteraka. **Toy ny zozoro tanora sy akondro maitso vololona** izy mandritra ny fahavelomany: **midokadoka toa tsy ho antitra, midoladola toa tsy ho faty**.*

¹²⁶ RATIARAY S.M. sy RANDRIAMAHAZO J.C., *Document d'Appui en vue de Favoriser la Recherche sur les Cours Malagasy*, « Rehefa hitantara na hanoritsoritra dia manao toy ny mpakasary, mampifantoka amin'ny zavatra iray, mifantana teboka hosoritsoritana ny mpiteny arakaraka izay tiany isarihana ny iresahana, heverina fa manan-danja ka tiana hasongadina », tak.19

¹²⁷ Gilles-Gaston Granger *Qu'est-ce que décrire ?* « Cette connaissance est issue d'un travail qui obéit à l'objectif de représenter toute chose associée à la « réalité » sous une forme distincte de sa nature propre »

Ao anaty fiarahamonina no ivelomany fa tsy mba afa-miaina irery. Satria tsara aminy ny roa noho ny iray ka raha misy lavo mba misy mpanarina ; ny firaisan-kina no heriny ka mpirahalaha mian'ala izy rehetra : ny iray no tokin'ny iray. Ambarany fa ny hazo tokana tsy mba ala, ary izay iray donak'afo aminy dia iray dinidinika ; ny iray vatsy iray aina.

Toy ny embok'akondro io olombelona io ka iray ihany raha manondro lanitra, fa raha mitsontsorika kosa dia samy manana ny holafiny. Samy manana ny razany sy ny fiaviany ary ny toeram-ponenany ny olona rehetra eto an-tany. Toy ny ladim-boatavo izy ireo ka raha fotorina, iray ihany ; molo-bilany ka iray mihodidina; maso sy orona, ary aty sy afero ka iray alahelo raha misy ny manjo ny iray.

Mivoatra ny fiainana ka samy manana ny tandrify azy ny tsirairay. Mason-tsokina, masom-boalavo io ka izay kely ananan'ny tena no enti-miaina. Tsy misy miady ny anjaran'ny hafa fa nataony ho toy ny loloha lanitra izany ka samy miloloha ny tandrifiny. Kanefa mivoatra ampangoro ny fiainana ka mifandimby ambony sy ambany ; voan'angivy ka mifandimby mena ; kodiara-tsarety ka mivadibadika hatrany.

RASOLONIRINA Eugène
Mahanoro,
Sabotsy, 28 Novambra 2015.

Fanoritsoritana bika aman'endrika sy toetoetran'ny olombelona no natao voalohany ; fomba kosa no nosoritsoritana nanaraka izay ; ary toe-javatra iainany no namaranana azy. Lokom-pilazana mampihetsi-po sy enti-mampianatra no nasongadina indrindra tao. Maneho izany ireto FD ireto : « Ny tanora, vato mandonona ; ny antitra, hazo amoron-tevana ka tsy fantatra izay ho lasa aloha » ; « Toy ny zozoro tanora sy akondro maitso vololona : midokadoka toa tsy ho antitra, midoladola toa tsy ho faty » ; « mpirahalaha mian'ala: ny iray no tokin'ny iray » ; « Mivoatra ampangoro ny fiainana ka mifandimby ambony sy ambany ; voan'angivy ka mifandimby mena ; kodiara-tsarety ka mivadibadika hatrany » ; sns.

Lahateny 6 : Fandavana am-panajana

Ilana fandresen-dahatra ihany ny fandavana am-panajana ny iraka na ny fiangaviana ataon'olona amin'ny tena, satria hevitra no ampiadiana amin'izany. Tsy maintsy misy zohinkevitra amam-paikady arahina ao anatin'izany izay mampivohitra kokoa ny lafiny lôjika. Ny fandresen-dahatra rahateo dia fampifanesena sy fampifanongoana ao anaty lahateny ireo tohan-kevitra samihafa mba handonana ny sain'ny olona itenenana¹²⁸. Koa mba hampiorina izay fanajana ny hafa izay dia ekena aloha ny hevitra arosany vao toherina amin'ny alalan'ny fampibosesehana tohan-kevitra isan-karazany avy eo. Anisan'ny tsara kokoa ny miainga amin'ny zava-misy ka ny tohan-kevi-piarahamonina no ampiasaina ao (*arguments de communauté*) : tohan-kevitra mampisongadina ny lafiny lôjika eo amin'ny fiainana

¹²⁸ Olivier REBOUL, op.cit., « Comment définir l'argumentation ? Certainement pas comme un ensemble, ou une suite d'arguments ! », p.100

andavanandro. Ao ireo afototra amin-javatra tsy azo ihodivirana, toy ny toe-javatra voajanahary ka eken'ny besinimaro, ary ao ireo ateraky ny fahazaran'ny olombelona fotsiny.

Ity ohatra iray ity no anehoanay izany :

Manjaka ny herin'ny vola ankehitriny. Fitaovana mahery vaika izy anatontosan'ny olona asa ratsy samihafa : maro ny sahy manao sorona ny tenany ka manao vy very ny ainy vokatry ny fitiavam-bola. Atakalo vola io aina io.

Ohatra iray anehoana fandavana tsy hanao asa hahazoam-bola amin'io lafiny io no atolotra eto :

Lahateny : *NY VOLA*

*Ekeko fa raha tsy misy ny vola amin'izao fotoana izao dia tsy ho afa-manao na inona na inona ny olona, satria efa « **ny vola no maha Rangahy** » ; **io no hozatry ny fiainana**. Miankina aminy ny zava-drehetra, toy ny fananan-kasina amam-boninahitra, ny haja, ny hery, sns. **Toy ny mpantsaka mahay mikabary ny olona ory be hevitra : mahay ihany fa ambanin'ny siny ; toy ny langilangy zozoro ny teny ataony : midoboka ihany fa maivamaivana, ka ataon'ny olona tsinontsinona ny maha olona azy.***

*Kanefa ny zavatra azo tamin'ny makarakara dia tsy maintsy mivoaka amin'ny kiloadoaka ka sarotra ny hanao sorona ny tena hahazoam-bola amin'ny fomba ratsy. **Lahitokana** maintsy **ny aina** ka tsy maintsy tandrovana ; **aloka aman-javona izy ka mielina dia lasa**. Ary tsara ho fantatra koa fa **nyaina Ramangatahiana fa ny vola Ramangatadiavina** ka mety ho hita foana izy na ho ela na ho haingana fa **ny aina** ihany **no tsy ananam-piry**. Mazava koa fa **ny hazakazaka tsy mba dia fa ny miada-mora ihany no mahazo ny lavitra ; ka aleoko miadan-ko reniny toy izay hitsatsaingo-kovantony, ary ny mahery tsy maodytsy mba ela velona**. Koa aleoko mihanona amin'izao tsy hanao asa tahaka izany.*

*Ho lasa fahazarana manko ny fanaovan-dratsy ka sarotra ny miala aminy, satria « **ny tanana efa zatra mitsotra** », hoy ny ntaolo, « **dia tsy afaka hivonkina intsony** » ; « **ny kibo tama-manan-tsara, manevika raha manan-dratsy** ». Noho izany, **raha ela ihinanan-dronono dia ho fotsy ihany ny vava**, ka raha tratra amin'ny asa ratsy fanao dia **ny tritry no manefa** ary dia ho any amin'ny **varo-tsy mifody** no hiafarana. **Matin-kanin-kely toa ny amalona amin'izay fotoana izay ka mitelim-pitana ho singotry ny aina** ; ary raha tsy maty dia **hivadi-po isan'andro tahaka ny akanga sisa nanamborana** hatrany eo am-pihinanana ny azo. Araka izany, **ny fitiavako lambo dia tsy hibabeko amboa velively.***

RASOLONIRINA Eugène

Mahanoro,

Alarobia, 18 Novambra 2015

Araka ny hita eto dia maneho ny fiombonan-kevitra ny itenenana amin'ny olona nanome baiko azy ny tapany voalohany amin'ity lahateny ity, ka ireo FD manambara lôjikan-javatra no nampiasaina. Ireo toe-javatra tsy azo ihodivirana no resahina ao. Ohatra : «*Toy ny*

mpantsaka mahay mikabary ny olona ory be hevitra : mahay ihany fa ambanin'ny siny ; toy ny langilangy zozoro ny teny ataony : midoboka ihany fa maivamaivana ».

Ireto toe-javatra ireto no maneho ny zava-misy iainana tsy azo ialana andresena lahatra ny itenenana ao amin'ireo ohabolana ao ireo :

Ny mpantsaka : saika ny vehivavy, amin'ny ankapobeny, no manao io asa fantsakana io, ary ny loloha no mahavantana azy ireo. Noho izany dia tsy maintsy eny ambony loha mandrakariva ny siny lolohavina na dia manana ny maha izy azy tahaka ny inona aza ilay mpiloloha. Zava-misy hita eo amin'ny fiainana andavanandro izany ka eken'ny besinimaro.

Oharina amin'izay toe-java-misy izay ny toe-javatra iainan'ny olona mahantra izay tsy maintsy manaja izay olona mety ho kely hasina noho izy ; kanefa voatery hajaina noho ny fananany vola.

Ny zozoro : zavaboary maivan-danja izy io na maina na lena, ary rehefa atao langilangy ka atoraka dia midoboka saingy tsy maharary izay iantefany. Izay no anoharana ny hevitra mba arosan'ny olona ory eo anatrehan'ny mpanana noho izy.

Ny tapany faharoan'ity lahateny ity kosa indray no nanehoana ny fandavana tanteraka ilay hevitra naroso ka ny toe-java-misy vita-Nanahary hatrany no natao ohatra, miampy fampivohirana ny voka-dratsin'ny fahazarana.

Ohatra1 : Ireo FD maneho toe-javatra tsy azo ihodivirana :

« *Lahitokana ny aina* » : izany hoe tsy indroa maty ny zava-manana aina rehetra fa indray mandeha ihany ka tokony hitandrim-batana izy.

« *Aloka aman-javona ny aina ka mielina dia lasa* » : mandalo, tsy maharitra eo amin'ny toerana iray ny aloka sy ny zavona, mora miala ka tahaka izay koa ny aina ; izany hoe sarotra hotazonina haharitra mandrakizay.

« *Ny hazakazaka tsy mba dia* » : Amin'ny ankapobeny, rehefa mihazakazaka dia tsy maintsy mora reraka ka tsy tody amin'ny toerana lavitra irina hahatongavana ; mety hiverina ilalana aza indraindray.

« *Matin-kanin-kely toa ny amalona ka mitelim-pintana ho singotry ny aina* » : Tsy azo ialana fa tsy maintsy mitady izay harapany ny biby rehetra kanefa ny tsy fitandremana kely eo anatrehan'izay dia mety hahafaty azy, tahaka ny hita eto.

« *Mivadi-po isan'andro tahaka ny akanga sisa nanamborana* » : Voajanahary ihany koa ary lôjika fa mifampiankina ny fiainan'ny zavaboary eto amin'izao tontolo izao ; mifampihinana izy ireo ka izay malemy dia hanin'ny mahery noho izy.

Eto dia malina mandrakariva ny akanga sisa tsy matin'ny mpihaza noho ny tahotra ny ho faty, satria tsy afa-manohatra.

Ohatra2 : Ireo FD mampivohitra ny voka-dratsin'ny fahazarana eo amin'ny fiainana andavanandro :

« *Tanana zatra mitsotra tsy afaka hivonkina intsony* ».

« *Ela ihinanan-dronono, fotsy ny vava* ».

« *Ny kibo tama-manan-tsara, manevika raha manan-dratsy* » ; sns

Raha handà an-kitsy rano ny hevitra tahaka itony kosa dia tsy mampiasa fanekena hevitra toy ny natao tao amin'ny tapany voalohany amin'io lahateny io intsony fa miroso avy hatrany amin'ny fanoherana.

Ny fampiasana ireo FD maneho faharetam-potoana kosa no anehoana fisalasalana manoloana izany.

Ohatra : « *Dingadingana tsy namoa : mbola ho lava ny taona* » ; « *Diavolan-ko lava, ny lalao mbola ho ela* ». Endrika hentitra no aseho eto andonana ny fo sy ny sain'ny mpihaino. Eo ihany koa ny fampiasana ireo FD maneho tsy fahavononana avy hatrany.

Ohatra : « *Handroso maty raibe, hihemotra maty renibe* » ; « *Manalasala ohatry ny vozon'akoho : hanina toa taolany, havela toa misy nofony* » ; « *Very fanahy mbola velona tahaka ny valala voatango* », sns.

Anomanana ny itenenana sahady ireo handravonany izay tiana hambara aminy.

Lahateny7 : Rehefa hangata-javatra

Izay hampanaiky ny olona ivantanan'ny hafatra no tanjona ambony indrindra kendrena amin'ny fangatahana. Tsy maintsy resena lahatra izy araka izany ka afangaro ao amin'ny lahateny atao ny tohan-kevitra maneho lôjikan-javatra sy ny maneho fihetseham-po samihafa. Ny fo sy ny sain'ny itenenana no kitihina amin'izay ka afaka mampiasa lokom-pilazana mampihetsi-po, mampihotakotaka ary enti-mifandahatra ny mpiteny ; endrika malahelo, miangavy, mahonena no tokony hasehony be indrindra ao anatin'ny lahateniny, kanefa tokony ho hentitra sy hanizingizina ihany koa izy indraindray.

Haseho ato amin'ity ohatra iray ity àry izany amin'ny alalan'ny fampiasana FD :

Lahateny am-bava : *Fangatahana rano fisotro madio amina mpitondra Fanjakana manao fitsidiham-paritra izay mandalo amina toerana iray : ohatra, ao VOHIPOA.*

Eny àry Tompokolahy, tsy hanao gisalahy mangala-ketsa ahoka ny mangalatra indray no avo vava, ary tsy hanao toy ny bala ka hitselatra alohan'ny vanja fa teny nomena izao ka maha solanga ahy. Tsy mba sompanga miantendro vero akory ny tenako fa ny tsimbotry mandady amin'ny tany ka zaza manoloana anareo. Arika noho izany ny tsiny, atsipiko ny fandro raha hiteny eo imasonareo tendrombohitra sangany ny tany, rofia sangany ny ala, ary loholona ravaky ny firenena, izay tsy mpindrana fa tompon'ny teny. Mitafy lamba imason'ny tompony aho eto ka sakodiavatra ihany.

Ny rano, hono, tsy miriana tsy misy vato ; ny hitsikitsika tsy mandihy foana fa ao raha; ary ny ranomaso tsy mirotsaka raha tsy malahelo ka izahay no miteny dia ao ny antony. Noho izany, tsy voatavo akory izahay ka hovavana vao hivôlaña, tsy tandra ka hoterena vao hanaikitra, ary tsy romba ka hotohinina vao ho manitra fa olombelona mitafy nofo aman-drà ihany ka tokony hilaza izay maharary ny tena.

Tonga eto aminay ianareo, Tompoko : avy tsy nantsôvina izany satria nasesiky ny Razana ; ndeha hifampitafa aminay sy hizaranay ny hetahetanay. Tsy mpangataka afo akory izahay ka hanontany mahita anareo tomponandraikitra mahefa tonga eto, fa avy hatrany dia hataonay ady ombimangan'i Kirijavola ny resaka ka tonga dia ny voamasony no hopotsirina : “ny marary tsy mitaraiña mantsy, hono, very tanik'aody”¹²⁹, ary ny manam-bava ka tsy miteny dia tahaka ny moana, koa mangataka aminareo, fotodrafitrasa maharitra hahazoanay rano fisotro madio, ny tenanay ; mila fitsaboana haingana izany. Ianareo no heverinay ho raiamandreny itarainana, angady mety hananana sy vy mety hahitana izany ka tsy hanosi-bohon-tanana anay fa hamaly an-kitsim-po ny antsonay. Tsy misy mangataka voan'ny tehamaina, Tompoko, ary ny ray aman-dreny tsy hanolo-bato mafana ny zanany fa tsiriry sy harefo isikaka iray petsapetsa, maso sy orona ka iray alahelo sy miombon-kafaliana hatrany.

Olona handrandrana ianareo ka tsy hanafenana ny loha sola fa mahita izao fahasahirananay amin'ny rano izao ; aza mba hatao ho zanak'Ikalahafa re izahay amin'izany, Tompoko.

Ny omena moa tsy mba mananda, ary ny tanty be tsy fienti-mangataka, kanefa fantatrareo tsara izay sahaza anay rehetra izao.

¹²⁹ Tanik'ody

Manana io loharano lehibe io izahay eto saingy noho ny tsy fahampian'ny fitaovana dia lasa **ohatry ny papango nahazo sokatra** izahay eo anatrehany ka **mijerijery** azy **foana tahaka ny mijery ny tany nahalavoana** hatramin'izao. **Maizina am-pototry ny jiro**, noho izany, ny iray tanàna satria misotro rano maloto tsy ara-pahasalamana; tonga amin'ilay fitenenana hoe **"mangetaheta ambony lakana"** izahay ankehitriny. **Antibavy mihinana ambeoka**¹³⁰ izay rehetra misotro rano eo : **misotro ihany fa be eritreritra**. Koa miangavy izahay ny mba hijerenareo akaiky ny momba izany satria **efa halohalika ny ranom-bary**.

Hamaranako ny teniko, Tompoko, dia ny filazako ny fahavononan'ireo fokonolona namako handray ny anjara birikiny avy amin'izany asa izany ; **nify ambony** izy ireo **ka mandinny**¹³¹ **hiaviana fotsiny**.

Ny vorona no manadino ny akany nahafoizany, ary ny valala no mahafoy ny tany niaviany fa izahay kosa hahatsiaro lalan-dava izay soa rehetra hataonareo aminay. **Ho sitraka enti-matory izany ka hovaliana zaha mahatsiaro**.

RASOLONIRINA Eugène
Mahanoro,
Talata, 08 Desambra 2015

Lahateny8 : Fanampian-kevitra

Afaka manampy hevitra narosony ny mpiteny nefa tsy sakanana ihany koa ny olona hafa. Ity farany no haseho eto.

Lahateny am-bava anampiana ny hevitra momba ilay fangatahana rano fisotro madio teo :

Izany tenin-dRa- izany, Tompoko, dia **tsy mangarakaraka hososohana na matevina hangalana fa tovon-tany notovonana taniditra**¹³² **ka ny mafy ihany no mbola hamafisina. Tsy hipasoka ny efa malama toa vankona aho** fa hanampy kosa izay kely tsy voalaza teo.

Ankoatra ny fahavononany ara-batana/ara-tsandry, efa manana ampaham-bola ihany koa izahay ireto hiatrehana izany ; ao ihany koa ireo fitaovana samihafa efa vonona azo itaterana izay fitaovana rehetra ilaina amin'izany, indrindra fa ny toerana hametrahana ireo fotodrafitrasa ireo. **Mondram-boanjo** izahay manoloana izany, Tompoko, **ka miandry ny oran-kidona fotsiny**.

RASOLONIRINA Eugène,
Mahanoro,
Talata, 08 Desambra 2015

Raha fehezina ny anjara asan'ny FD ao amin'ireo lahateny roa ao ireo dia **ravaka izy sady fitaovana** ; fitaovana nenti-namaky sy namaranan-dresaka, ary fitaovana nenti-nanazava sy nandresy lahatra ihany koa.

¹³⁰ Ambioka

¹³¹ Miandry

¹³² Tanimanga

Lahateny9 : Doka am-bava

Tokony hifototra amin'ny fiainana andavanandro ny fianarana sy ny fampianarana ny teny amin'ny maha fitaovan-tserasera azy. Sehatra maro samihafa no azo ampiasana azy ka anisan'izany ny fanaovana dokam-barotra.

Ny haharesy lahatra ny olona no tanjon'ny doka ka atao izay handonana ny sainy sy ny fony mba hahababo azy. Tsy maintsy manao laza masaka ny mpiteny amin'izany ary mampiasa haingon-teny sy angolan-teny isan-karazany izy. Anisan'ny manan-danja amin'ireny ny fampiasana ohabolana amam-pomba fiteny maneho zavatra hafa kely, mahatsikaiky, tsy manam-paharoa, miavaka amin'ny hafa.

Isarihana ny mpanjifa avokoa izany rehetra izany ka aompana amina fanoritsoritana ny bika aman'endrika tsara ananan'ily zavatra dokafana ny resaka atao.

Doka am-bava azo alefa amina vata fandraisam-peo no hatao ho ohatra eto :

Famaranana fifaninanana « dihy gasy mirindra » ao amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina Antananarivo.

Allo ! Allo !

Allo Antananarivo tsivakivolo !

Ela ny ela fa dia ho tonga ity ilay nandrasantsika e ! Raikitra amin'izay ilay fifaninanana lehibe hafa kely : « dihy gasy mirindra manaraka ny vanim-potoana ankehitriny » izay hafa noho ny hafa a, hatao ao amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina amin'ny 02 janoary 2015 ho avy izao, manomboka amin'ny 03ora tolakandro. Tarika roa efa kalazalahy tsy tontan'ny ela avy any Madirovalo sy avy any Ambohimananjara no hifandramatra amin'io dingana famaranana io, ka tongava maro e !

Masa-bary mainty kitoza isika ka ny tiako ihany no tianareo. Ny masoandro maty no hampalahelo amin'izany ! Hahita maso ny « boka mitolona amalona » isika ao satria « hifamadika samy malama » ny samy ngeza. Koa aleo mahita toy izay hitantarana e !

Tandremo !

§ Hifandrombahana ny toerana ka sao ho kely ray mizaha lanonana ianao, ka voatery hijery ny lamosin'ny hafa raha taratara a !

§ Sao ho lasa mpifosa indray vao hifafa trano ! Mba taira miaraka amin'ny be fa ny mamaky takotra irery no ratsy, ary fantaro fa « ny ranoampango tsy indroa mangitra a ! ». Ka velezo ny vy dieny mafana ; hararaoty koa fa ny valala tsy indroa mandry am-bavahady ! Vidim-pidirana a !

Tsy misy fa rakitra no hotantazana. Tsara kokoa ny manome noho ny mandray ka ataovy mason-tsokina mason-tsôra e : izay kely anananao no harotsahy.

*Zava-dehibe ny fahatongavana amin'io ho fampirahana ny mpifaninana. Hifidy ny tiantsika isika ao ka ho **samy hidokadoka ny azy ho tsara avokoa tahaka ny mpivaro-jabo an-tsena.***

Avo ny lanitra tsy tratrao amin'io fotoana io.

Tongava maro !

RASOLONIRINA Eugène

Mahanoro,

Alakamisy, 10 Desambra 2015

2.2.2. Ny anjara asan'ny FD ao anaty lahateny literera

Manasongadina ny lafiny kanto ny lahateny literera ka mampiasa be indrindra sarinteny isan-karazany. Telo amin'ireny no homenay eto : ny tononkalo, ny hain-teny, ary ny kabary.

2.2.2.1. Tononkalo

Tononkalo mitondra ny lohateny hoe « Havozy sy sakamalao », nalaina tao amin'ny boky ***Takelaka notsongaina I***, pp.47-48, andininy 1, 2, 6, 8.

HAVOZO SY SAKAMALAO

Tsy miaraka isika, fitia tsy sahala, ka dia samy miala ;

Fitia hafahafa, fitia maro loko, ka leony ny foko ;

Tsiriry sy arosy tsy miara-parihy, tsy miara-mandihy ;

Tsimbotry sy adrisa izaho sy hianao, ka dia hifandao.

Tsy simban'ny sasany fa ravan-tena, ny fo no tonena ;

Hifanadino tanteraka izaho sy hianao, hatramin'izao,

Tsikirity sy fody mpiray lohasaha, k'andeha mikopaha,

F'izaho sorohitra tsy zatra ala, ka vonona hiala.

Ny avelom-pitiavaka mila hifoha, totofako koa ;

'Zay kely sisa mitady haniry, tsongoiko hariry ;

Aleoko tsy misy toy izay misy ratsy, horosako ny antsy,

Haleviko impito mandifotraanao, hatramin'izao.

Ka veloma sy masina indrindra, fara hafatra ataoko aminao,

Ho samy manitra an-taniny, roy, fa Havozy sy Sakamalao !

LALA ROSAT

(In Ny tanamasondro, lah.1564, 20 sept. 1938)

Saika novan'ny mpanoratra avokoa amin'ny ankapobeny ny endriky ny FD nampiasaina ao amin'io tononkalo io. Ohatra : ny hoe « *Sakamalao sy Havozy ka samy manana ny hanitra*

ho azy » ~ « Ho samy manitra an-taniny, fa Havoza sy Sakamalao » / « havoza sy sakamalao » ; ny « kitranotranon'ankizy : ny nataon-tena horavana » ~ «Tsy simban'ny sasany fa ravan-tena » ; sns.

Anehoan'ny mpiteny ny izahony io fanovana endrika nataony io anambarany ny fahafehezany an'ireny FD ireny. Fanazavana ny tiany holazaina no nampiasany azy ho toy izany.

Misy kosa ireo notazonina amin'ny endrika namoronana azy. Ohatra : « *Tsikirity sy fody mpiray lohasaha* », « *Tsiriry sy arosy tsy miara-parihy* », « *veloma sy masina* ». Ho tohan-kevitra no antony nitazonana ireo endrika ireo anazavana ny tian-kolazaina.

Lokom-pilazana mampihetsi-po sady enti-mamelively no voizin'ireo FD ireo ao araka izany ; kanefa ahatsapana fiontanana maneho herim-po ihany koa satria misy fahavononana hiatrika zava-tsarotra ao.

Endrika tezitra, sahy ary vonona no asehon'ny mpiteny amin'izany, ary mandona ny fo sy ny sain'ny olona mifanandrina aminy koa izy. Maneho fanitrikitrihana tanteraka ireo rehetra ireo.

Ary azo ambara farany koa fa anisan'ny mahakanto an'io tononkalo io ny fisian'ireo FD ireo ao. Hain'ny mpanoratra tsara ny nampiasa azy tao. Nampidiran-dresaka izy ary namaranana izany ihany koa.

2.2.2.2.Hain-teny

Lahateny fitoriana fitiavana, amin'ny ankapobeny, ny hain-teny. Olona roa (lahy sy vavy) no mety hifamaly resaka ao anatin'ny ka lokom-pilazana enti-mifandahatra, araka izany, no ampiasain'ny an-daniny sy ny an-kilany. Mitarehin'ankamantatra izy io¹³³ ; ka anisan'ny fombafomba ampiasaina amin'izany ny tsilalaon-teny, ny fanoharana ary ny fampiasana ohabolana (Simeon Rajaona, 1972 : 157). Ireny ohabolana ireny no ataon'ny mpiteny ho fitaovana : anindronany ny olona itenenany mba haharesy lahatra azy, anesoany sy anabantiany azy, fa mety koa hanasohasoany an'ilay olon-tiany. Ravaky ny hain-teny rahateo koa izy ireo ao anatin'izany.

¹³³ Siméon RAJAONA, *Takelaka notsongaina I*, 1972, « Azo heverina fa ny ankamantatra no loharano nipoiran'ny hain-teny, ary ny hain-teny angamba dia tsy hafa fa ankamantatra nitarina sy nangolaina », p.156

Maneho izany indrindra ity ohatra horaisina manaraka eto ity : Hain-teny mitondra ny lohateny hoe « Eny kosa... », nalaina tao amin'ny boky *Takelaka notsongaina I*, pp.183-184.

(*Fanamarihana* : Tsy ho fanadihadiana hain-teny loatra akory no hatao eto fa fandinihana ny fiasan'ireo FD nenti-nandrafitra azy).

ENY KOSA...

*Eny kosa, ho 'aho, ry volomaso sady haingo no tohan'aina !
Saingy tiana ve ka hampitamby,
Saingy lalaina ka hampitomany ?
Ny fakofako ireo tsy tambo handitsoka
Ka hianao natao ho hitsikitsika indray ve, roy,
No zary voromahery hampifendro isan'andro ?
Ny tsihy, hono, no fola-mandefitra
Fa ny henja-droa mora tapaka ;
Izay to fo no mpamosavy,
Fa ny malemy fanahy tratra am-parany.
Koa asanao, ry tia filafila !
Tsakoy ny taolana fa ho azonao ny tsoka,
Mieritrereta fa inenin'ny vata ny vary iray.
Sady izao e, aza atao sotrobe hazo ny tiana:
Very tsy mahataitra, hita tsy mahafaly.
Dia ny akanga tsara soratra ve, Rasena,
No hialana amin'ny akoho efa tamana ?
Asa lahy ! Asako ! Asanao !*

Setriny :

*Ny akoholahy, hono, no mikoko vavy,
Tsy hanin-kahavoky fa voninahitra ifanolorana ;
Ka na nanao ny ho olombe aza Rabetsimiteny,
Efa halohalika ny ranombary ka vaky hehy.
Tsy ny mpandefitra no be filafila, Rahavako,
Fa ny be fila vaniny no hafa kely.
Ka rehefa varotra tsy raikitra, hono,
Ny manao Tanala very sampy no mety.
Tsindrio ny fo, aza be eritreritra,
Fa rehefa tsy nanendrika ny sampin-kaviako,
Ovay fola-droa fa io no raitra.
Ny andron-dririnina no mivadibadika,
Koa dia soava hahita ny meva, Rabelohako,
Fa ny « Asanao » tsy ny « Asako » intsony.*

E. R. MILLY

(*Vaovao frantsay-malagasy*, 15 février 1952)

Lahateny ifamaliana isehoana fifandresen-dahatra ny hain-teny araka ny hita eto ; koa samy manao izay hahombiazany ny mpifanandrina. Ny mpanao ny sasiny no miteny

voalohany ka manobaka araka ny fahaizany tohan-kevitra hambaboany ny mpihaino azy. Valiny kosa na setriny no ataon'ny iray faharoa anoharana na anekena izany.

Ao amin'io ohatra io dia hita fa mafana ny fifandresen-dahatra, ary tsapa fa toa tsy nahomby ny an'ilay mpanao ny sasiny, satria tsy voatazany ilay tovovavy.

Maro ny FD ampiasain'izy ireo ao izay samy manana ny anjara asany avokoa, ary samy mitondra sy/na maneho fihetseham-po maro loko avy arakaraka ny tanjona kendren'ny mpiteny.

Toy izao ny endrika isehoan'izany ao :

♦ Mikendry izay hampateza ny fifankatiavan'izy roa ralehilahy (manao ny sasiny) eto ka manoritsoritra feno fandokafana an'ilay olon-tiany amin'ny alalan'ilay ohabolana nanokafany ny teniny hoe « *volomaso : sady haingo no tohan'aina* ». Taorian'izay fandokafana nataony izay izy vao naneho ny hadisoam-panantenany sy ny hatezerany amin'ny alalan'ny FD : « *hianao natao ho hitsikitsika indray ve, [...], no zary voromahery hampifendro isan'andro ?* », anakianany sy anebahany an'ilay olon-tiany.

Miseho ho malemy fanahy izy aorian'izay ka be tambitamby, izay avohitran'ireto FD ireto : « *Ny tsihy no fola-mandefitra, fa ny henjan-droa mora tapaka* » ; « *Izay to fo mpamosavy, fa ny malemy fanahy tratra am-parany* ».

Fanoritsoritana ny endrika isehoan'ny fitiavan-dravehivavy azy (« *Atao sotrobe hazo ny tiana : very tsy mahataitra, hita tsy mahafaly* ») sy ny fanehoany ny maha izy azy ny tenany (« *Ny akanga tsara soratra ve, [...], no hialana amin'ny akoho efa tamana ?* ») no manaraka izany.

Hatreto dia tsapa fa natao fitaovam-panehoan-kevitra amam-piontanam-po andonana ny saina sy ny fon'ny olona itenenana ny FD.

♦ Mamaly ny mpiteny araka ny fisehoan-javatra kosa no ataon'ny mpanao ny setriny ; ka eto dia tsy mankasitraka intsony ny fiarahan'izy roa ravehivavy ary manapa-kevitra ny hisintaka mihitsy. Hentitra ny fandavany ao ka nataony amin'ny alalana teny

maneso izany amin'ny fampiasana ity fomba fiteny ity hoe « *Tsy ny mpandefitra, no be filafila, [...], fa ny be fila vaniny no hafa kely* ».

Ireto FD manaraka ireto no nentiny naneho ireo toetra samihafa nandazany an-kitsy rano ny tenin-dralehilahy :

§ « *Ny akoholahy, hono, no mikoko vavy, tsy hanin-kahavoky fa voninahitra ifanolorana* » : toetra manambara tsy fahafaham-po no asehon'izany.

§ « *Efa halohalika ny ranombary ka vaky hehy* » : manambara hatezerana ity fomba fiteny ity.

§ « *Rehefa varotra tsy raikitra, hono, ny manao Tanala very sampy no mety* » ; « *Rehefa tsy manendrika ny sampin-kaviako, ovay fola-droa fa io no raitra* » : toetra be saina sy be hambom-po milaza fanapahan-kevitra ny hisaraka noho ny toetran'izy roa tsy mifamady mihitsy no hita eto.

§ « *Ny kanetin-jaza no misy andran-dava, ny andron-dririnina no mivadibadika* » : maneho toetra tofoka, hampoka, leo ireo fomba fiteny ireo ary koa sady maneso no manebaka an'ilay itenenana. Manitrikitrika amin'ny fomba hentitra ny fanapahan-kevitra noraisiny izany rehetra izany.

2.2.2.3. Kabary

Mizara telo lehibe ny firafitry ny kabary : *sasiny* (fialan-tsiny, azafady, hasina sy arahaba), *ranjan-kabary/vontoatiny*, *famaranana*. Samy anatofohana FD avokoa ao amin'ireo rehetra ireo fa ny anjara asany fotsiny no tsy mitovy arakaraka ireo singa mandrafitra azy ireo.

◆ Ao amin'ny sasiny

Sady amakian-dresaka izy no isarihana ny mpihaino rehetra hifantoka amin'ny tena izay miteny. Fitenin-drazana anehoana fanetren-tena no tena betsaka ao ; fangatan-dalana ihany koa mba hiteny malalaka tsy hisy hanelingelina sy tsy hisy hanapaka tampoka. Ho fanomezam-boninahitra ny mpihaino rehetra ihany koa izany na kely izy na lehibe. Ny *ethos*

sy ny *pathos* no mibahan-toerana indrindra ato ikendrena ny hihainoan'ny mpanatrika rehetra, anairana azy ireo hifantoka amin'izay lazain'ny tena.

Ohatra : *Kabarin'ny filohan'ny antenimierampirenena malagasy tamin'ny lanonampanokafana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohany ny taona 2015 (Talata, 13 janoary 2015).*

Sasiny : - Fitansana araka ny ambaratongany ireo sokajin'olona samihafa manatrika ny lanonana (Filoham-pirenena ... mpanao gazety).

- Fisaorana an'Andriamanitra :

*« Tompokolahy sy tompokovavy,
Misaotra an'Andriamanitra isika noho ny fitantanany sy ny fitiavany antsika. Misaotra Azy koa noho nanomezany antsika izao taona vaovao 2015 izao. »*

- Fiarahabana sy firarian-tsoa :

*« Ety am-piandohana àry dia heveriko fa tsara ny mamerina hatrany ny fiarahabana antsika rehetra vory eto na ny efa hita izany na ireo mbola tsy hita. **Ny mamerina indroa manana ny antitra ary aleo mamerina toy izay tsy misy mihitsy.***

Koa ny teny atao dia ialohavanay ny arahaba ombam-pirarian-tsoa ho anareo Filohan'Andrimpanjakana sy vahiny manatrika etoana ary indrindra koa isika Solombavambahoaka, fa tratry ny taona vaovao daholo. Enga anie ka hitondra soa sy fanambinana ity taona ity ary isaorana Ilay Andriamanitra Andriananahary nanome azy.

*Hoa antsika vahoaka malagasy : **ny mpamboly hahavokatra, ny mpiompy hahavanona, ny mpivarotra hahazo tombony ary samia hambinin-java-manasatra** ».*

*Sady fanomanana ny mpihaino hifantoka amin'ny resaka atao ny fomba fiteny « Ny mamerina indroa manana ny antitra ary aleo mamerina toy izay tsy misy mihitsy » no fanamafisan-dresaka ary fialan-tsiny amin'ny famerimberenana izay efa nolazaina ihany koa. Fomba fiteny mahazatra ampiasaina amin'ny firarian-tsoa kosa ny hoe «**ny mpamboly hahavokatra, ny mpiompy hahavanona, ny mpivarotra hahazo tombony ary samia hambinin-java-manasatra** ».*

◆ Ao amin'ny vontloatiny

Miankina amin'ny vontloatin-kevitra anaovana azy ny ranjan-kabary, ary arakaraka izay ihany koa ireo FD ampiasaina ao. Fandresen-dahatra ranoray no atao ato ka mampiasa tohan-kevitra betsaka kokoa ny mpiteny. Noho izany dia ny FD no raisiny ho fitaovana amin'izany : sady ataony tohan-kevitra izy no anazavany izay tiany hambara ihany koa.

Ny *logos* indray no tena mahazo laka ato ka ny lafiny saina no tena lalaovin'ny mpiteny ampiasany ireo zohin-kevitra lôjika isan-karazany. Lokom-pilazana enti-mamelively no ampiasain'ny an-daniny sy ny an-kilany mandritra izany ; fa hita eny ihany ny fandokafana na

fanabantiana, ny mampihetsi-po sy mahonena ary ny mahatsikaiky mba hambabo ny olona itenenana ka hahazoana izay angatahina, na mba hahatafita ny hafatra, hahatontosa ny tiana hatao.

Ohatra : (tohin'ny *kabarin'ny filohan'ny antenimierampirenena malagasy* io ihany)

- Fampidirana ny vontoatiny :

« *Aorian'izay fiarahabana izay dia finaritra mifanatri-tava amintsika tsirairay avy indray amin'izao lanonana amin'ny fomba ôfisialy ihaonantsika eto izao. « **Toy ny akanga mahay manjohy, fosa mahay manimbolo, ka tsy avelan'ny vodiahitry ny adidy sy ny andraikitra tsy hihaona** ».*

*Lanonana enin-kaja tokoa mantsy ny fahatongavan'izay nasaina ary ny fahavoarian'ny mpanotroana. Hisasaka sahady ity ny volana janoary amin'ity taona vaovao ity. Tena mihazakazaka tokoa ny fotoana. Mihazakazaka toa izany koa ny raharham-pirenena. **Mafana ririnina hafa kely, hono, ny vonton'asa vao marain'andro, mani-pofona alohaloha ny ketrika tsara nahandro.** Vao misanta-taona isika ity dia efa asa sahady. Izany no midika fa ilain'ny Firenena isika ary afaka manompo azy amin'ny fotoana rehetra.*

*Toy ny vao omaly no nisarohana teto tamin'ny famaranana ny fivoriana ara-potoana faharoa tamin'ny faran'ny taona lasa teo. Isika Solombavambahoaka moa, vonona mandrakariva amin'ny asa ilan'ny Firenena antsika, **antsoina andro isika dia andro, antsoina alina dia alina.** Andraikitra lehibe sy masina mantsy no iantsorohantsika ka tsy entina amin-kahalainana.*

Maso mijery sy manjohy antsika hatrany ihany koa ny mason'ny vahoaka malagasy nifidy antsika ».

Fampidirana ny vontoatin-dresaka, mari-pankasitrahana amin'ny fahatongavan'ny tsirairay ny ohabolana hoe « *Toy ny akanga mahay manjohy, fosa mahay manimbolo, ka tsy avelan'ny vodiahitry ny adidy sy ny andraikitra tsy hihaona* ». Iderana, andokafana ka andonana ny fo sy ny sain'ny mpanatrika mba ho fanomezana hery azy ihany koa izany.

Ravaka no sady tetezamita amin'ny resaka manaraka ary mampahatsiahy ny ho fahavononan'ny tsirairay hanatanteraka ny asa ireto FD ireto : « *Mafana ririnina hafa kely, hono, ny vonton'asa vao marain'andro, mani-pofona alohaloha ny ketrika tsara nahandro* ».

Fiderana ny fahatongavan'ny tsirairay ara-potoana feno fahavitrihana kosa ity farany manao hoe « *antsoina andro isika dia andro, antsoina alina dia alina* ».

- Filazalazana ny vontoatiny amin'ny ankapobeny :

« *Mahakasika ity fotoam-pivoriana tsy ara-potoana ity indrindra, atsipy sahady ety ampiandohana fa maromaro ihany ireo lalàna hodinihina araka ny efa namakian'ny mpitantsoatra azy teo ary voarakitra tao amin'ny Didim-pitondrana mampiantso antsika.*

Asa lehibe sy maika tokoa izy ireo ary amin'ny ankapobeny dia mifantoka tanteraka amin'ny fampijoroana ireo refitra takin'izao Repôblika izao » [...].

Tsy mety mantsy ny milalao voro-maty sy ho lany andro eo am-pisikinana fotsiny.

Tompokolahy sy tompokovavy,

Asa ireo, tsy ny malemy alain'ny molotra fa ny mafy alain'ny nify. Voafetra rahateo ny fotoana hikatrohantsika eto. Koa andeha re voasana ny voanjo hahitana ny tavan'arosony, fa tsy hatao varo-boanatsindrana izy ity ka hisy ankifonofono, na varotra omby anaty ambiaty ka hisy ankinafina.

Aoka mba tsy hisy nyhitsiky amin'ny nifin-drahalahiny, ny sasany no tonga matetika sy miasa, ka ny sasany no hibatika rehefa vita ny asa.

Inoana anefa fa tsy hisy izany satria matoky ny fandraisantsika andraikitra izahay ka sanatria atsipy fotsiny tahaka ny vato natsindry ahazana ny asa, ka ny lavenona lasan'ny rano, ny lamba lasan'ny tompony. Isika ihany no voa raha izay satria ny fotaka mahavoa fe, mahavoa ranjo. Izany hoe, ny asa tsy efa, mamatotra.

Koa mampanantena anareo vahoaka sy mpitondra izahay fa hovitaina hatramin'ny farany ny andraikitra ka tsy hafahafa fiasa ho alin'andro manombatombana, ho hitanareo eo fa ilofosanay toy ny efa mahazatra anay io, ka na hiasana alina aza, vita no anarany » [...].

Maro ny FD ampiasaina ato amin'ity filazalazana ny vontoatiny ity ; horaisina tsirairay izany ka ambara manaraka azy eo avy hatrany ny anjara asany ao amin'ilay lahateny :

✓ « *Tsy mety ny milalao voro-maty sy ho lany andro eo am-pisikinana fotsiny* » : Famaranana ny fanazavana naroso sy fananterana ny fahazotoan'ny mpikatroka tsirairay avy izany.

✓ « *Tsy ny malemy alain'ny molotra fa ny mafy alain'ny nify* » : Anohanana ny hasarotry ny asa miandry ka ho fampiomana ny mpisehatra rehetra ity.

✓ « *Andeha voasana ny voanjo hahitana ny tavan'arosony, fa tsy hatao varo-boanatsindrana izy ity ka hisy ankifonofono, na varotra omby anaty ambiaty ka hisy ankinafina* » : Famakiana ny vontoatin-dresaka anentanana ny mpandray anjara samy handray ny andraikitra tandrify azy avy, fampirisihana hiasa avy hatrany.

✓ « *Aoka mba tsy hisy ny hitsiky amin'ny nifin-drahalahiny* » : sady mamelively izany no manentana ihany koa.

✓ « *Sanatria atsipy fotsiny tahaka ny vato natsindry ahazana ny asa, ka ny lavenona lasan'ny rano, ny lamba lasan'ny tompony* », « *Ny fotaka mahavoa fe, mahavoa ranjo* » : fampisaintsainana, andonana ny saina aman'eritreritry ny tsirairay araka ny lôjika misy ; fampitandremana amin'izay mety ho fanaovana tandrevaka sy ny ho vokatr'izany.

✓ « *Tsy hafahafa fiasa ho alin'andro manombatombana* » : ravaka sady fampitoniana ho fanomezan-toky ny mpampiasa, fanamafisana ny hananan'ny isambatan'olona ny fahavononana hiasa tsara amim-pahazotoana.

♦ Any amin'ny famaranana

Ny lafin'ny fo no tena lalaovina ato amin'ny famaranana ka atao izay hampanaiky mora foana ny olona itenenana. Aseho amin'ny endrika mapithetsi-po/mahonena izany, atao mampihomehy/mahafalifaly indraindray, kanefa fanehoana ny lafiny lôjika tsy azo ihodivirana ihany koa ; ny FD maneho izany rehetra izany no ampiasaina ao.

Tsy nampiasa FD ny Filoha teo amin'ny famaranany ny kabarin'ny ka andeha handinika ny teny famaranana amina kabarin'olon-kafa indray isika.

Ohatra1 : Lahateny famaranana ataon'ny tompom-panasana fanao amina famakiana ny mofon'ny fianise (fianisay) nalaina tao amin'ny boky nosoratan'i Fidélis-Justin Rabetsimandranto, mitondra ny lohateny hoe *Kabary taloha sy ankehitriny*, 39p, p.24 (tsy hita ny taona sy ny toerana nanontana azy satria efa nisy rovitra io boky io) :

*« Efa mifarana izao ny sakafo izay nomaninay handraisana anareo.
Raha ny hafaliana no hamparina, tokony ho **hanim-pito loha** tokoa no naroso, kanefa **mason-tsokina izay vita teto tompoko, ka ny kely ananana no ahiratriratra, ary tantely tapa-bata ka ny vava no enti-mameno azy. Nahandron-takatry ny ory, ka ny takatry ny tena tokoa no naroso, sahaza anay mpanome io, fa tsy mendrika anareo tolora »***.

Famaranan-dresaka mandona ny fon'ny mpihaino izany satria nasehon'ny mpiteny fa tsy tena afa-po tamin'ny zavatra narosony izy noho ny fahambonian'ny olona nanotrana ; kanefa izy tsy afa-nanohatra noho tsy fananana.

Sady fialan-tsiny io no fandresen-dahatra manambara fa mba tena nanao izay tratrany izy mpiteny ; nanao ezaka makadiry mifanentana amin'ny fahefa-mividy.

Mifono fanetren-tena manome voninahitra ny mpanatrika koa io lahateny io ; mametraka ny olona amin'ny toerana sahaza azy avy, feno fanajana. Ny fanalefahan-kevitra no paikady nampiasainy teto ambaboana ny mpihaino azy ialany amin'izay mety ho fanomezan-tsiny samihafa. Nasehony aloha fa afa-po tanteraka izy tamin'ny fahatongavan'ny mpanotrana vao niala tsiny amin'izay tsy fifandanjan'ny tolotra izay.

Ireto ny FD nataony sesilany tao anatin'izany : *« tokony ho hanim-pito loha tokoa no naroso, kanefa mason-tsokina izay vita teto tompoko, ka ny kely ananana no ahiratriratra, ary tantely tapa-bata ka ny vava no enti-mameno azy. Nahandron-takatry ny ory, ka ny*

takatry ny tena tokoa no naroso ». Ny mpampifandray kanefa no maneho izany fifanoherana izany eto.

Ohatra2 : Kabary famaranana « ALA TSIKAFARA » noforonin'i Armand Michel avy any Toamasina, nalaina tao amin'ny boky *Kabary*, Imp. TPFJKM Imarivolanitra, 1988, 26p, p.24 (kabary nahazo loka voalohany nampanaovin'ny Ministeran'ny Fanolokoloana sy ny Zava-kanto Revolisionera) :

« Boriborina karaha latsero, toritorina karaha vakôña, vakivakiana karaha ny vendraña, atao mazava alina karaha ny kintana, izany amin'anjy iñy solanga tsy mahazo hono ny tandrok'andoro [adoro : antambo].

Faharony fahatelon'izany, tsy taretra, tsy lafi-manasy hoy zaho teo kirindro, tsy mba mahamo ny tenin'Andriana, tsotsotra arahaba ny tañindraña, fohy arahaba ny mpandeha, arahaba mandraiña maika ho antoandro, arahaba antoandro maika ho hariva izany fohy tsy mahadisaka. Lava sy mahakamo, natao tsotsotra arahaba ny tañindraña, fohy arahaba ny mpandeha, tsy mahalava tandroka aomby no miteraka, tsy mahamena ravintsabo no mataoy, taboribory ny vihin'añaña, fohy ny voan'angivy, lava ny raha miampioaka, fohy ny raha misongaña, vaky ny raha manañ'ila, folaka ny raha manantàpaka. Izy koa manodidin-driaka mañolo-dranomasina dorian-tany lavoa-masôva atody ny lakana antsirañana, apetraka ny teny aminareo.»

Misy fitanisana sesilany FD maneho famafaran-dresaka eto.

Natao ireo rehetra ireo mba hanomanana ny mpihaino amin'ny ho fiafaran'ny resaka ataon'ny mpiteny. Te hilaza izy fa hatreo ny vontoatin-dresaka ambarany ka hametra-beloma ny tenany.

Handresy lahatra no tanjon'ny mpiteny ao anatin'izany ka mampiasa toe-javatra tsy azo ihodivirana izy.

FD miseho amin'ny endrika maro samihafa no nentiny naneho izany fandresen-dahatra izany :

✓ Miendrika fanoharana : « *Boriborina karaha latsero, toritorina karaha vakôña, vakivakiana karaha ny vendraña, atao mazava alina karaha ny kintana* » : Ilazana famintinan-dresaka kanefa mazava ireo, azon'ny mpihaino.

✓ Manoritsoritra toe-javatra : « *solanga tsy mahazo hono ny tandrok'andoro* », « *tsotsotra arahaba ny tañindraña, fohy arahaba ny mpandeha, arahaba mandraiña maika ho antoandro, arahaba antoandro maika ho hariva* », « *taboribory ny vihin'añaña, fohy ny voan'angivy* » : Ny hamehana no avohitran'ireo FD ireo sady ho fampidiran-dresaka amaranana ny lahateny ihany koa.

✓ Maneho fampitahana : « *tsy taretra, tsy lafi-manasy* » : ampanarahiny aorian'io ny zavatra ampitahainy, dia ny *kirindro* (voavitsy, sandrin-tongotra).

Ilazana io fa mety ho reraka ny mpihaino tsy mahazo seza ka tsy hanalava resaka intsony izy mpiteny.

✓ Mampifandray anton-javatra sy voka-javatra : « *Lava ny raha miampioka, fohy ny raha misongaña, vaky ny raha manañ'ila, fôlaka ny raha manan-tapaka* » : Manambara izay mety ho voka-dratsin'ny teny lava ka tsy maintsy hafahezina ireo FD ireo. Anehoana ny fahaizamanaja ny mpihaino no antony itenenana azy.

✓ Maneho lôjika tsy azo ialana : « *manodidin-driaka mañolo-dranomasina dorian-tany* » : Lôjika izany satria rehefa miresaka riaka dia eny amon-dranomasina izany ; izany dia midika hoe tsy ho tapitra na oviana na oviana ny resaka atao raha tsy hay ny mamintina sy mamarana azy, ary mety hiverimberina aza izany indraindray.

Mandona ny fo sy ny saina avokoa izy rehetra ireo.

Fehin'ny fizarana faharoa

Nodinihina tato amin'ity fizarana faharoa ity ny momba ny piragimatikan'ny serasera mampiasa FD ka lafin-javatra roa miavaka tsara no nijerena tamin'izany :

Tao amin'ny tapany voalohany no namakafakana ny piragimatika, izay fomba hahazoa-manazava ny laza iray. Nofakafakaina tao anatin'izany ireo lafin-javatra samihafa voakasik'izany piragimatika izany, toy ny serasera sy ny manodidina azy rehetra, ny fizahoana sy ny endrika aseho mandritra ny filazana ka noezahina nofantarina ny fifandraisany amin'ny FD.

Ny tapany faharoa farany kosa no nampiharana ireo fahalalana hita ireo. Fandinihana lahateny tsotra sy lahateny literera no natao tao anatin'izany nitiliana ny fiasan'ny FD sy ny anjara asany ao. Voaporofa, noho izany, tao fa tena zava-dehibe ny fampiasana ny FD anaty lahateny eo amin'ny serasera : manohina ny fo izy ary mikitika ny saina ihany koa, ka tokony hampiasaina mba ho ravaky ny lahateny, hampisaintsainana ny mpandray ary handresena lahatra azy.

Nenti-nandinika ireo rehetra ireo ny lalan-tsaina momba ny serasera aman-teny araka ny fomba fijerin'i Romana Jakobson sy ny fizahoana araka ny fijerin'i Kerbrat-Orecchioni.

FIZARANA FAHATELO

FAMPIANARANA MAMPIASA NY FITENIN-DRAZANA

3.0. Fampidirana momba ny fahalalana fototra tokony hilaina

Tsy hain'ny tanora sy ny olon-dehibe intsony ny mahazo ary mampiasa ny fitenin-drazana eo amin'ny sehatra samihafa. Na ny mpampianatra aza tsy mahay izany, koa eto izahay dia manatsidika soso-kevitra ho amin'ny hahazoana ny hevitra ny FD sy ny hananana angona momba azy ary amin'ny fampiasana izany ao anaty lahateny samihafa.

Harena ny FD ka tokony hokolokoloina amin'ny alalan'ny fampianarana azy ny olona, indrindra fa ny mpianatra. Mitaky ezaka manokana avy amin'ny mpampianatra izany, ilaina koa ny fananana fandavan-tena sy finiavana (*volonté*). Araka izany dia tsy maintsy manana fahalalana betsaka ny mpampianatra ka ao anatin'izay no anivanany izay kely homeny ny mpianany.

Mila fahalalana fototra na ny mpianatra na ny mpampianatra, ary mitaky paikady pedagôjika mahomby ny fampitana azy. Koa inona avy ireo lafin-javatra mila ho fantatra raha hampianatra ny fitenin-drazana ?

Ainan'ny asa fampianarana ny maha izy azy ny mpampianatra sy ny fahaizany manao sivana ny zavatra hampianariny. Misy fahalalana fototra maro lafy no takina aminy noho izany ka ndeha hasian-teny ny momba ireo.

3.1. Ireo fahalalana fototra tokony hananan'ny mpampianatra

Amin'ny haifampianarana dia zavatra roa tsy afa-misaraka ny zavatra hampianarina sy ny paikady hoenti-mampianatra azy. Noho izany, voalohany, ny mpampianatra dia tokony hanana fahalalana izay tena ilaina fara fahakeliny momba ireo paika pedagôjika na momba ny pedagôjia ankapobeny sy ireo fahalalana momba ny haifampianarana ny taranja hampianariny (*pédagogie appliquée*) ; ary faharoa, dia tokony hanana fahalalana feno momba ilay zavatra hampianariny izy.

3.1.1. Fahalalana manokana takina aminy momba ny lafiny pedagôjia

Mampiditra zava-baovao amin'ny mpianatra ny mpampianatra¹³⁴ ary tsy maintsy manombana izany izy avy eo. Tomponandraikitra lehibe izy ao an-dakilasy amin'ny fampandehanana sy fandrindrana ny asa rehetra atao ao. Manao izay fomba rehetra hahatratraran'ny mpianany ny tanjona izy. Koa lafin-javatra maro¹³⁵ no tsy maintsy ilaina amin'ny fanomanana izay rehetra hampianarina izay.

Ny fandinihana manokana ny telolafin'ny haifampianarana aloha no zava-dehibe voalohany indrindra hahafaha-manatontosa ireo rehetra ireo.


Koa eto àry dia indramina ny telolafin'ny haifampianarana nataon'i R. Legendre satria azo ampiharina amin'ny fampianarana ny teny araka ny fanehoan'i C. Germain azy¹³⁶.

Singa efatra lehibe eto no mifampiankina mandritra ny fandrafetam-pahalalana : dia *ny mpianatra*, *ny fahalalana*, *ny hodidina rehetra*, *ary ireo lafin-javatra samihafa manampy ny mpianatra amin'ny fahazoana ny fahalalana omena azy*, izay fintinin'i R. Legendre amin'ny hoe SOMA. Fototra iorenan'ny fianarana/ fampianarana izany ka tsarany anazavana azy fohifohy aloha araka ny kisary nomen'i Legendre.

¹³⁴Craddock sy Guerrien (1998 : 235), taterin'i H. Hilton ao amin'ny *Didactique de langue*, « Apprendre, c'est intégrer des informations nouvelles en mémoire », p.14

¹³⁵https://www.unige.ch/fapse/life/livres/alpha/P/Perrenoud_1999_A.html, « Dix grandes familles de compétences ont été retenues : 1. organiser et animer des situations d'apprentissage ; 2. gérer la progression des apprentissages ; 3. concevoir et faire évoluer des dispositifs de différenciation ; 4. impliquer les élèves dans leurs apprentissages et leur travail ; 5. travailler en équipe ; 6. participer à la gestion de l'école ; 7. informer et impliquer les parents ; 8. se servir des technologies nouvelles ; 9. affronter les devoirs et les dilemmes éthiques de la profession ; 10. gérer sa propre formation continue. »

¹³⁶C.Germain, *Evolution de l'enseignement de langue-5000 ans d'histoire*, 1993, « Dans son *Dictionnaire actuel de l'éducation*⁵⁵, Legendre définit un modèle de *situation pédagogique*⁵⁶ qui comporte quatre composantes : le sujet (S) : l'être humain mis en situation d'apprentissage (que nous appelons l'apprenant) ; l'objet (O) : les objectifs à atteindre (pour nous, le savoir) ; le milieu (M) : l'environnement éducatif humain (enseignant, orienteurs, conseillers, etc.), les opérations (administratives et d'évaluation) et les moyens (locaux, équipements, matériel didactique, temps, finances) ; l'agent (A) : les « ressources d'assistance » telles que les personnes (enseignant, autres élèves), les moyens (livres, matériel audiovisuel, etc.) et les processus (travail individuel ou collectif, cours magistral, etc.) (Legendre, 1988, cité par Germain, 1989, passim). », p10



Kisary3 : Ny telolafin'ny haifampianarana nomen'i R. Legendre.

Izao no azo anazavana io kisary io izay ampiarina amin'ny fampianarana ny FD :

Ny *Objet* dia ilay tanjona hotratrarina amin'ny fampianarana ka ny hahazana ny fitenin-drazana izany eto. Ny FD no fahalalana fototra ho an'ny mpianatra ary ananan'ny mpampianatra. Mitady ireo tetika amam-paika samihafa ny mpampianatra hampitany izany amin'ny mpianany ; fa an-daniny kosa ny mpianatra dia mba manao izay fomba rehetra hahazany sy hananany an'io fahalalana io.

Ohatra : Ny hahazoana ny hevitra FD iray no tanjona dia mampanao asa isan-tarika ny mpampianatra anatanterahana izany.

Omena azy ohatra ity toromarika ity : Omeo ny hevitra ara-bakiteny ary ny hevitra ambadika fonosin'ity FD ity ka asongadino avy eo ny soa toavina voiziny. “*Adaladala toa zokim-bomanga, ka ny lehibe indray no mihosin-davenona*”.

Hevitra ara-bakiteny takina amin'ny mpianatra : ny vomanga lehibe no alain'ny olona atonony matetika fa tsy ny madinika.

Hevitra ambadika : oharina amin'ny olona izay toe-javatra izay ka ny zoky na ny lehibe indray no tsy ampy saina ka manaotao foana na maloto, adala.

Soa toavina voiziny : mpananatra ny madinika no anjara asan'ny lehibe amin'ny Malagasy ka tokony hanam-panahy miohatra amin'ny kely na ny zandriny izy.

Ny mpianatra no *Sujet* izay manana ny maha izy azy manokana ka mila ho fantatry ny mpampianatra. Hafa noho ny mpampianatra izy, tsy eo amin'ny taonany sy ny fomba fijeriny

ihany fa amin'ny rafi-tsaina sy ny fari-pahalalana ananany indrindra ihany koa. Manery ny mpampianatra izany handanjanja ny fampianarana hataony. Araka izany dia tsy izay fahalalana rehetra ananan'ny mpampianatra akory dia homena ny mpianatra avokoa fa tsy maintsy mifantina amin'izany izy mba ho lasa fahalalana azo ampianarina¹³⁷.

Ohatra : maro ireo FD miresaka zavatra mamofady sy/na tsy mifanaraka amin'ny taona na ny toe-tsain'ny fiarahamonina niavian'ilay mpianatra dia tsy tokony homena azy. Ohatra ny FD hoe “*Voatavo tsy mifandraka*” dia tsy azo aseho ny mpianatra any amin'ny faritr' Antsiranana satria teny ratsy aminy ny hoe “*voatavo*”.

Agent ny mpampianatra. Izany hoe manampy ny mpianatra izy amin'ny fanovozam-pahalalana ataony ka tokony hanana paika sy fomba samihafa anatanterahana izany. Izy ihany koa no mifantina ireo fitaovana rehetra ilaina amin'izany mba hanamora sy hanafaingana ny asa rehetra. Mampiasa horonam-peo, ohatra, izy ihainoana teny na lahateny voaravaka FD ka tsoahina avokoa izay FD re ao hotadidiana sy hampiasaina.

Ny tontolo manodidina ny mpianatra sy ny mpampianatra kosa no ambara amin'ny *Milieu*. Olon'ny fiarahamonina izy ireo ka fehezin'ny fepetra isan-karazany mamaritra izany. Miantoka sy mandray anjara betsaka amin'izay mety ho fahombiazana na tsy ho fahombiazan'ny fampitana sy ny fanovozam-pahalalana ny tontolo misy azy roa tonta ireo ; tsy miankina loatra amin'izy ireo izany. Izay no antony itrandrahan'ny mpianatra na ny mpampianatra izay paikady hampahombiazany ny asany.

Tsy ampy tahirin-kevitra ny tontolo ambanivohitra ka tokony hivozona amin'izany ny mpampianatra : manomana izy na manamaro lahateny misy FD hanaovana ilay fanangonana.

Tsoa-kevitra :

Mpanampy ny mpianatra ny mpampianatra amin'ny fandrafetana ny fahalalana. Mpandrindra ihany koa izy amin'izay asa rehetra atao hanatrarana ny tanjona. Adidiny noho izany ny manovo fahalalana betsaka aloha, na amin'ny lafiny pedagôjia izany na momba ny zavatra hampianariny. Manao ho zava-dehibe ny famantarana ny maha izy azy ny mpianany izy, ary tsy tokony hanadino fa voafehin'ny tontolo manodidina azy ireo ny hetsika rehetra izay hatao. Mila atao mifanaraka amin'izay tontolo izay ny fomba ampitana ny fahalalana : ny

¹³⁷<http://joseph.rezeau.pagesperso-orange.fr/recherche/theseNet/theseNet-1 -2.html>, « Dans le cadre de l'apprentissage par instruction, la médiation de l'enseignant intervient sur le « savoir savant » pour le didactiser (d), le transformer en « savoir à faire apprendre. »

fitaovana ampiasaina, ny fiteny, ny fihetsika, ny fatran'ny zavatra atolotra ny mpianatra, ny fomba enti-mampita azy, sns.

Ireto avy araka izany ireo fahalalana tokony hananan'ny mpampianatra eo amin'ny lafiny pedagôjia :

Voalohany, ilaina ny fahaizany mamaky sy mandinika ny fandaharam-pianarana ka mijery izay ifandraisan'ny vontointin-desona amin'ny andavanandron'ny mpianatra (ny fiarahamonina sy ny filany). Manaraka izany ny fahaizany manasokajy io vontointiny io araka ny ambaratongam-pahasarotany sy izay mety ho fifandraisan'izany amin'ny zava-misy.

Ohatra : tokony hialoha lalana mandrakariva ny fampianarana ny finoana ny fampianarana ny tsangan-kevitra samihafa ao amin'ny taranja malgasy ; fa amin'ny FD kosa dia tokony ho ny fampiasana tenin'olona/zavatra taterina mivantana amin'ny fampiasana ny hoe “hoay ilay ...” (*wellerisme*) no ampianarina voalohany, amin'ireo karazany iraika ambin'ny folo fototra ireo, izay mora azo kokoa ary ny fampiasana fehezanteny takona ila (ny L) no atao amin'ny farany noho izy tena saro-takarina.

Faharoa, takina aminy ny fahaizana mitsinjara ny vontointin-desona ifanaraka amin'ny tetiandrom-pampianarana (*calendrier scolaire*) sy ny tetiandro tsotra ka mifandraika amin'ny maha izy azy ny olona hampianarina (atao mifandraika amin'ny fari-pahalalany, amin'ny taonany, amin'ny toerana sy/na ny faritra misy azy sy/na iainany, amin'ny finoana amampiheverana manan-danja hajain'ilay fiarahamonina ...). Tsinjaraina araka ny lohahevitra lazain'ny fandaharam-pianarana mandritra ny taona ny FD ; ohatra ao amin'ny kilasy T11 dia fantenana ireo FD mivoy ny tsangan-kevitra “marina, rariny, hitsiny”. Ohatra : “*Ny marina mitavozavoza tsy maharesy ny lainga tsara lahatra*”, “*Ny heloka ibaboana mody rariny, ny rariny itompoana mody heloka*”, sns.

Fahatelo manaraka izany ny filana fahaizana mikaroka tahirin-kevitra mifandraika amin'ny lesona (vontointiny) hahalafatra ny fanomanan-desona hoenti-manatratra ny tanjona kendrena ; anisan'izany ny boky miresaka ireny FD ireny, boky ahitana lahateny voaraka FD.

Fahafatra, dia ny fahafehezana ireo paika enti-mampita izany : toy ny famantarana ny mpianatra manokana aloha (lafiny *psychologie*) sy amin'ny maha olon'ny fiarahamonina azy

ahafahana mampifanaraka ny fampianarana hatao aminy¹³⁸ ; ary miainga mandrakariva avy amin'ny zavatra tsotra kokoa ny fampianarana mankamin'ny sarotra indrindra. Safidiny, noho izany, ny mifantina fomba samihafa¹³⁹ amolavolany ny lesona : na izy hanao fampianarana tolotra, na izy hampikaroka ny mpianany arakaraka ny zava-misy. Fototra ilafihan'ny fampitana fahalalana ny fahaiza-misafidy ny tetika mifanoaka amin'ny mpianatra sy ny zavatra ampianarina. Ohatra, tsy azo atao tolotra velively ny fanangonana ny FD fa tsy maintsy asaina karohin'ny mpianatra anaty boky na any amin'ny fiarahamonina mba ho mora aminy ny mitadidy azy.

Manampy an'ireo ny fahaiza-mamaritra ny tanjona kendrena amin'ny fampianarana hatao (tanjona fohy sy lavitra ezaka) ; ary tokony hotandremana toy ny anakandriamaso ny fahafolahana tsara ny zavatra fampianarina mba tsy hanomezana zavatra diso ny mpianatra. Ny famaritana sy fametrahana ny tanjona no arofanin'ny fizotran'ny lesona. Ohatra, izao no tanjona faritana momba ny fanangonana ny FD : “Mpianatra afaka manangona sy mitadidy FD fampiasa eo amin'ny fiarahamonina misy azy”.

Ny fahadimy dia ny fahalalana momba ny fanombanana : tsy maintsy tomanana ny mpianatra arakaraka ny tanjona nokendren'ny tena (mifanaraka amin'ny fampianarana natao). Ao ny fanombanana ireo fahalalana efa ananan'ny mpianatra mialoha ny hanomezana zava-baovao azy (*évaluation prédictive*), ary ao ny fanombanana ny zavatra rehetra nomena azy nandritra ny fampianarana (*évaluations formatives et certificatives*).

Endrika maro, araka izany, no isehoan'ity tombana faharoa ity : tombana atao mandritra sy/na aorian'ny seho izay kendrena hahamafy orina ny lesona, tombana atao amina fotoana manokana izay mety hatao hisondrotana kilasy na hahazoana mari-pahaizana.

Mba hampisy lanja ny zavatra natao ary koa mba hahatsapana fa tafita ny zavatra nampianarina no antony anaovana izany. Anisan'ny miteraka fahavitrihana sy faharisihana (*motivation*) amin'ny mpianatra ny fanombanana azy. Ny tombana natao hahazoana mari-pahaizana sy/na hisondrotana kilasy no tena ankafizin'izy ireo ; hahatsapany ny maha izy azy ny tenany rahateo izany.

¹³⁸UNESCO, *Document d'appui à l'intention des élèves-maîtres*, 2004, « Dans l'exercice de son métier, l'enseignant(e) doit avoir une connaissance approfondie de l'apprenant qui est un enfant. Cette connaissance ne doit pas seulement être théorique. Elle doit aussi et surtout être pratique car son utilité doit être sentie à travers la résolution des problèmes de comportements des apprenants », p.13

¹³⁹F. MACAIRE sy P. RAYMOND, *Notre beau métier*, 1964, « En pédagogie, la méthode consiste à choisir (qualité-quantité), à disposer (ordre-progression), à exposer (procédés) les éléments voulus pour amener l'enfant à connaître la vérité », p.41

Mandritra izay fanombanana azy izay dia avela hiasa manokana izy ka mamolavola samirery ny asa rehetra ampanaovina azy. Ny mba hananany fahaleovantena eo amin'ny asa ataony aloha vao mitarika azy any amin'ny fiainany andavanandro sy rahatrizay¹⁴⁰ no tanjona goavana amin'izany. Araka izany àry dia sady voatomban'ny mpampianatra ny mpianatra no manombana ny tenany ihany koa. Ilana famaritana tanjona mifanaraka amin'ny vontoatin-desona nomena ny tombana ; ohatra, *mpianatra afaka mitadidy FD vitsivitsy* no tanjona kendrena dia izao no tombana azo atao : asaina mitanisa FD 3 na 4 miresaka ny lohahevitry ny lesona izy, omena FD tsy feno ka izy no manohy izany, sns.

Ilana ny fahafehezana ny lalan-tsain'ny tombana avokoa ireo rehetra ireo mba hahamatihanina ny mpianatra tsirairay.

Fahenina, noho ity asa ity mifototra amin'ny serasera aman-teny, dia ilaina ny hananan'ny mpampianatra fahalalana momba ny fandaharan-teny nomen'i Olivier Reboul ; eo koa ny fahalalana ireo fepetra mifehy ny haiteny sy ny haitenin-dahateny (*lois du discours*, ireo *principes de conversation nataon'i Grice*). Ahafahana mamorona lahateny tsara rindra izany ary ahafaha-manoro ny mpianatra ihany koa mba handamina tsara ny asa rehetra ampanaovina azy. Manangona FD aloha izy ary mamantatra tsara ny fepetra mifehy ny fandrafetana lahateny, manangona hevitra vao mandrafitra izany.

Noho izany dia andraikitra makadiry no miandry azy mpampianatra eo amin'ny fanabeazana : takina ny fanaovany fantina izay zavatra hampianariny (fifandraisana *mpampianatra--fahalalana*), ary ny fitadiavana sy fifantenana izay fomba rehetra hampianarana azy (fifandraisana *mpampianatra--mpianatra*).

❖ Ny fanaovana fantina

Ny fanaovana jery todika ny telolafin'ny haifampianarana nomen'i R. Legendre no atao mialoha amin'izany fantina izany. Jerena ny fifandraisana eo amin'ny zavatra ampianarina (FD) sy ny mpampianatra (*Agent—Objet*) ; eo no ifotoran'ny fanaovana fantina satria mila zavatra mora azo, tsy mavesatra amin' ny mpianatra izany. Mifantina ampahany, azo

¹⁴⁰Robert RIVIERE, *L'échec scolaire est-il une fatalité ?*, 1992, « Etre autonome sur le plan pédagogique, c'est identifier ses contraintes, ses ressources, c'est évaluer, bref, c'est bâtir un projet. Mais c'est aussi être responsable et chercher soi-même les solutions », p.193

ampianarina saha ny mpianatra, amin'ireo fahalalana izay ananany ny mpampianatra¹⁴¹. Aorian'izay fanaovany fantina izay izy no mandinika ireo paika samihafa hoentiny manatontosa ny fampitam-pahalalana.

Io fahaiza-mifidy ny tetika am-paika enti-mampianatra io no avokavoky ny haifampianarana mahomby.

Ankoatra ny fitenin-drazana izay fahalalana fototra hampitaina amin'ny mpianatra, ny fepetran'ny fandaharan-teny nomen'i O. Reboul ihany koa dia tokony hofantenan'ny mpampianatra ka omena ny mpianany, satria handaha-teny izy. Fintinina tsotra dia tsotra izany dia atolotra ny mpianatra mba hampisy rindra ny lahateny ataony.

3.1.2. Fahalalana manokana takina aminy momba ny zavatra hampianariny

Miankina tanteraka amin'ny zavatra hampianarina ny lafin-javatra takina ho hain'ny mpampianatra ; fa amin'ny fampianarana ny FD amin'ny maha fitaovan-tserasera azy dia ireto no tsy maintsy ananan'ny mpampianatra fara fahakeliny :

Tokony hanana fahalalana manokana momba ny fitenin-drazana (FD) izy : mahalala momba ny famaritana azy, ny firafiny na ny endrika isehoany, ny karazany tsirairay avy, ny fiforonany, ny fomba fanehoan-kevitra aminy, ny lohahevitra voiziny sy ny fomba fampiasana azy ka ampifanarahany amin'ny sehatra misy sady iainana izany.

Fehezina tsara ireo ary folahina mba ho mafy orina ao aminy ka ahafahana mamolavola izay tokony homena ny mpianatra. Ny fandinihana tahirin-kevitra samihafa ary ny famerimberenana azy ireny matetika no ananana angona betsaka momba izany.

Mila saina matotra ahafaha-mijery ny lafin-javatra madinika indrindra ny fanakaran-kevitra voiziny sy ny fandinihana ny firafiny aman'endrika isehoany.

Mila manana fahalalana manokana momba ny serasera amin'ny ankapobeny izy. Tokony ho hainy ny famaritana ny atao hoe serasera ; zava-dehibe ihany koa ny

¹⁴¹http://joseph.rezeau.pagesperso-orange.fr/recherche/theseNet/theseNet-1_-2.html, « Si nous nous intéressons à l'apprenant (A) en tant que sujet de l'apprentissage, nous tenons ici deux des trois côtés du triangle pédagogique : le côté de la didactisation, ou de la « transposition didactique » (S □ d □ S') d'une part, et celui de la pédagogie (S' □ A □ S'') d'autre part. »

fahafantarana ny firafitra sy ny endrika isehoan'izany serasera izany ; ary anisan'ny fahalalana kely indrindra takina mba ho hainy ny fepetra mampahomby ny serasera mba hahafahany mifandray tsara amin'ny mpianany sy mba hampahomby ny fampianarana ataony, sns.

Ny fahalalana manokana momba ny lahateny dia anisan'ny fananana tokony hipetraka ao an-tsain'ny mpampianatra ihany koa : mahafantatra ka mahavaka ny sokajin-dahateny samihafa, mahavaka ireo karazan-dahateny ka afaka mamaritra azy ireo tsirairay avy, mahadinika ny firafiny ary ny tanjona kendrena aminy. Vokatr'izany dia tokony ho afaka mamorona lahateny izy ary havanana amin'ny fampamorona izany ny mpianany. Manome paika enti-mamorona lahateny.

Farany, ankoatra ny famaritana tanjona amin'izay rehetra hampianarina mba tsy hampivaona ny lesona atao dia ilaina ihany koa ny fahaizan'ny mpampianatra mandrindra ny asa rehetra atao mialoha, mandritra ary aorian'ny seho (tsy mikorontana). Mila misy lôjika avokoa ny asa rehetra.

Nifototra tamin'ireny lafin-javatra roa lehibe ireny àry ny fahalalana fototra takina hananan'ny mpampianatra : dia fahalalana eo amin'ny lafiny pedagôjia ary ny fahalalana momba ny zavatra hampianarina. Inona amin'ireny àry ny mba homena mpianatra ?

3.2. Ireo fahalalana fototra tokony homena ny mpianatra

Teren'ny zava-misy manodidina azy na ny mpianatra na ny mpampianatra eo ampanatontosana ny andraikiny avy ka tsy maintsy mampifanaraka izay rehetra atao amin'izay zava-misy izay. Mandany fotoana betsaka noho izany ny mpampianatra mandinika ny mpianany sy ny tontolo misy azy mba hahafahany manao ny fantina .

Ireo fahalalana fototra mikasika ny vontoatin-desona ihany no homena azy ireo raha hita fa sady ilainy ao am-pianarana izany no ilainy ihany koa any amin'ny fiainana andavanandro, satria misy tanjona kendrena hatrany ny fampianarana.

Ny serasera mampiasa fitenin-drazana no lohahevitra ny asa, noho izany dia ireo fahalalana fototra momba ny serasera sy ny lahateny ary izay mifandraika amin'ny FD no tokony hofintinina homena ny mpianatra.

3.2.1. Fahalalana ilaina ho hain'ny mpianatra momba ny serasera sy ny lahateny

Fitaovana amantarana ny ao an-tsain'ny olona iray izay miteny ka ampitany vaovao sy fahalalana amin'ny olona hafa¹⁴² ny teny. Io fizaràna amin'ny hafa izay ananan'ny tena atao amin'ny alalan'ny teny io no mampisy ny serasera¹⁴³ aman-teny ka arafitra sy arindra arakaraka ny lahateny izany. Izany lafin-javatra izany no ilazana fa anisan'ny zava-dehibe amin'ny fianarana/fampianarana ny FD ny anomezana ny mpianatra fahalalana tsotra momba ny lahateny sy ny serasera ; ka ireto singa ireto no kely indrindra tokony ho hainy amin'izany :

- Ny fahalalana mikasika ny serasera amin'ny ankapobeny. Tsy mijanona ho fahalalana fotsiny ao an-tsain'ny mpianatra izany fa tena ampihariny mandritra ny fotoana andrantoany fahaizana ao an-dakilasy sy any an-tsekoly, ary ampiasainy ihany koa any anivon'ny fiarahamonina misy azy.

- Ny fahalalana momba ny lahateny : ampahafantarina azy ny famaritana tsotra momba ny atao hoe *lahateny* ; omena azy ihany koa ny mampiavaka ny sokajin-dahateny (*genre de discours*), toy ny *lahateny an-gazety*, ny *toriteny*, ny *literatiora*, ny *famelabelaran-kevitra*,... sy ny karazan-dahateny (*type de discours*) : ny *lahateny manazava*, *mitantara*, sns.

Ny famaritana, ny endrika sy ny firafiny ary ny tanjona kendrena aminy no tena ilaina ho fantatry ny mpianatra amin'io vondrona faharoa ametravana ny lahateny io. Tsy hohadinoina ireo lalànan'ny fandaharan-teny nambara tany aloha ireo.

Izay no azo ambara mikasika ny serasera sy ny lahateny ; ny momba ny FD indray no hasian-teny manaraka.

¹⁴²A.Reboul sy J. Moeschler, op. cit. « Le langage est probablement d'abord et avant toute chose un outil de représentation et de transmission de connaissance et d'information », p.17.

¹⁴³O. Ducrot, op. cit. « Il n'y aurait communication que lorsque, et dans la mesure où, il y a communication de quelque chose », p.2

3.2.2. *Fahalalana tokony homena ny mpianatra momba ny FD*

Ao amin'ny fandaharam-pianarana momba ny taranja malagasy any amin'ny sekoly ambatonga fahatelo dia tanjona telo lehibe no tokony hotratrarina amin'ny fampianarana azy : tanjon'ny taranja, tanjon'ny fampianarana ny taranja malagasy ao amin'ny ambaratonga fahatelo ary ny an'ny fampianarana azy isan-kilasy.

Voasoritra mazava tsara ao amin'ny tanjona voalohany fa “*ny fampianarana ny taranja malagasy dia natao handalan'ny mpianatra ny kolontsaina sy ny rafi-pisainana malagasy araka ny fivoaran'ny tantara. Nokendrena ihany koa ny hahaizany mihaino, maneho sy manohana hevitra. Hamafisina izany ao amin'ny tanjona faharoa ka ambara fa “rehefa mahavita ny ambaratonga fahatelo ny mpianatra dia afaka manaporofa ny fananany saina mahay mamakafaka ary maneho sy manohana ny heviny ; mikirakira sy mampiasa ny teny malagasy amin'ny maha fitaovam-panehoan-kevitra sy fifaneraserana azy”*.

Araka izany, izay lafin-javatra rehetra mikasika ny teny dia tokony hianarana avokoa, ka anisan'izany ny andian-teny raiki-drafitra antsoina hoe *fitenin-drazana* izay fitaovana tsy tokony ho lefin'ny fotoana noho ny anatra mafonja fonosin'izy ireny.

Tsy voasokajy ao anatin'ny vontoatin-desona hianarana notsinjaraina araka ny fafana ao amin'ny fandaharam-pianarana ankehitriny anefa ny FD ka toy ny tsy misy ao an-tsain'ny mpampianatra ny fampianarana azy. Tsy notanisaina manokana ao ny fitenin-drazana kanefa ilaina amin'ny fanatontosana lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pianarana.

Enti-mitrandraka lesona izy ireny kanefa tsy ianarana akory ka mitavozavoza ny mpianatra mampiasa azy. Ny karazana literatiora am-bava sasany ianaran'ny mpianatra, toy ny hain-teny dia mampiasa FD sesilany ka sahirana mafy ny mpianatra manakatra ny tiany holazaina. Noho izany, raha tsy hovain'ny Fanjakana io fandaharam-pianarana io ka anisan'ny ampidirina ao ny FD dia tsy maintsy mitady fomba ny mpanabe mpianatra ny taranja teny aman-tsoratra malagasy anisihana ny fampianarana ny FD. Sady mifono kolontsaina izy ireny no fitaovam-panehoana sy fanohanan-kevitra ihany koa.

Ekena fa fitaovana iasan'ny mpampianatra amin'ny fampianarana lohahevitra iray ao amin'ny taranja Malagasy ny FD ; kanefa mbola maro ny mpianatra tsy mahay azy io. Tsy ampianarina manokana ny mpianatra ny momba ny FD, hany ka kisendrasendra fotsiny ny

fahaizany azy. Tsy matoky loatra ny valin-teny nomeny izy ; tsy voafehiny tanteraka ny FD omeny (ohatra, ny tena heviny).

Ireto àry ireo fahalalana tokony homena ny mpianatra momba izany : *fahalalana momba ny FD mandeha manokana* (izay andiniana ny mombamomba ny FD sy ny endrika isehoany, fomba itadidiana azy mba hananana angona, ary izay mety hahatakarana ny hevitra fonosiny), *ary ny fomba ampiasana ny FD ao anaty lahateny*.

3.2.2.1.Ny fahalalana ilaina momba ny FD mandeha manokana

Ny tanjona ngeza indrindra kendrena amin'ity lafiny ity dia izay hananan'ny mpianatra angona betsaka momba ny FD, mba hankafizany sy hahaliana azy amin'ny FD ka hahatsiarovany fahafinaretana amin'ny fihainoana sy/na fitenenana azy ireny.

Ireto no atao mba hanatrarana izany :

✓ Ny fanangonana ny FD

Araka ny lalan-tsain'ny fandaharan-teny nomen'i Olivier Reboul dia angonina avokoa aloha izay rehetra holazaina : toy ny lohahevitra horesahina sy ny sehatra, ny porofon-kevitra sy/na ny tohan-kevitra rehetra, fanomanana ny drafitra andrindrana ilay lahateny, sns. Noho izany dia tokony hampianarina ny mpianatra ny fomba fanangonana aloha sy fitadidiana ny FD vao miroso amin'ny fampiasana azy izy ireo.

Noho ity FD ity efa vitsy mpampiasa dia sarotra ny fanangonana azy. Sintonin'ny fiarahamonina avy amin'ny tontolo manodidina azy izy ireo ka izay no mahatonga azy ireny ho mbola marobe no tsy voaangona. Misy amin'ireny ohabolana amam-pomba fiteny ireny tsy hita afa-tsy amin'ilay faritra iray izay namoronana azy ihany, satria ny zava-misy iainan'ny mponina amin'ilay toerana / faritra no nodinihiny ka nandrafetany azy.

Ohatra1 : “*Takeo tsy nomba an'i Lingana ka efa rendrika vao alaivo kô za Lemirante*”. Ao amin'ny faritr'i Mahanoro no ahitana io fomba fiteny io ary toe-javatra iainana any no ambarany.

Toy izao ny heviny raha hohazavaina tsotsotra :

lingana = olona tsy misy namana, mandeha irery, misingana.

lemirante = olona roa na maromaro, olona miara-dàlana / iray dia, tsy misingana

nomba = niaraka

Izao no tiana hambara ao araka ireo hevi-teny ireo : niangavian’ny namana mba hiara-hiampita rano taminy ity olona iray, kanefa tsy nandeha. Rehefa nilaozan’io namany io anefa izy dia nanaraka avy tao aoriana indray saingy rendrika samirery ka niantso vonjy. Izany hoe lasa ilay olona nitarika azy rehefa nahita namana hafa, kanjo nantsoiny indray ireo avy teo mba hanavotra azy. Tsy nety intsony ireto namany ka nanebaka sy nandatsa azy.

Araka izany dia tsy maintsy any amin’ny faritra mampiasa lalana an-drano na koa miampita rano matetika no hahenoana ny FD tahatahaka itony ; ny voambolana ampiasaina ihany koa dia miavaka arakaraka ny kolontsain’ily fiarahamonina tsirairay.

Ohatra2 : “*Anjoanjo*”, *hoy ilay nangaha zana-gisy*”.

Any amin’ny faritra mitahiry gisa tahaka ny any Antsihanaka sy any Anosimboahangy no mampiasa an’io FD io.

anjoanjo = handrankandrana, atao foana na ho ahoana izay ho vokany na ho ahoana.

mangaha = mangataka

gisy = gisa

Voron-drano lehibe ompiana ny gisa izay somary lafolafo vidy ihany ka tsy mba fangataka mihitsy, satria mety tsy homen’ny tompony. Koa noho ny zanany izay heverina ho mbola kely mila fikarakarana maharitra dia andramana angatahina ihany sao mba ho azo.

Sady atao tohan-kevitra amina fangatahan-javatra io FD io no atao fialana bala (fialana henatra) ihany koa rehefa nangata-javatra tsy nahazo ny olona iray.

Araka izany àry dia ireto misy paika vitsivitsy azo ampanaovina ny mpianatra hananany angona betsaka momba ny FD :

Fomba voalohany, rehefa hampianatra manangona ny FD ny mpampianatra dia tokony hitsinjara ny mpianany ho andiany (*groupe*) roa lehibe na telo arakaraka ny safidiny. Ny iray voalohany mikaroka ny FD izay efa voarakitra an-tsoratra ; ny iray faharoa kosa manao

fanadihadiana mivantana am-bava (*enquête*) amin'izay olona heverina fa hahazoana izany ; ary ampirisihana ihany koa anefa ilay tarika nambara teo aloha mba hanontany ireo zokiolona any amin'ny faritra niaviany any na any amin'izay niainany anatevenana ny angona.

Toy izao no atao amin'izany :

➤ Kendrena aloha, voalohany indrindra, ny anomezana mialoha ny mpianatra ireo fanontaniana na ny toromarika rehetra ; izany hoe efa zaraina tsotra mialoha ny fialan-tsasatra ny asa hatao sy ny tarika voafidy hanao izany. Asa mandritra ny taona izany ka aorian'ny fialan-tsasatra lehibe no tokony hanangonana azy.

➤ Asaina manendry izay ho filohany (*moniteur*) io tarika lehibe io mba handrindra sy hanara-maso ny fizotran'ny asa, ary hanome toromarika ho an'ny namany momba ny paika hoenti-manatontosa ny fikarohana.

➤ Omena azy ireo ny toromarika rehetra ahafaha-manangona ilay FD ka avela hahaleo tena izy amin'ny fitrandrahana ampanaovina azy.

Ohatra :

🚦 *Ho an'izay hikaoka ny FD efa voasoratra* : asaina mitady ireo FD voasoratra any anaty boky samihafa izy ireo (boky mirakitra FD, boky fianarana teny na fomba amam-panao (*manuel*), boky fianarana mamaky teny toy ny *Tantelin-jaza*, *Ny voaary*, boky mirakitra kabary, sns).

🚦 *Ho an'izay ampanaovina fanadihadiana (enquête)* dia asaina manontany ireo olona rehetra heveriny fa hahazoana izany izy ireo (zokiolona, ray aman-dreny, namana, sns). Atoro azy ny fomba isan-karazany enti-manao fanadihadiana, indrindra fa ny fahaiza-manaja ny olona iresahana. Mandray antsoratra hatrany isaky ny misy valin-teny omen'ny olona hadihadiana mba hahitany fa liana amin'izay ambarany ny mpanadihady, na koa maka feo.

Marihina fa tsy ferana ny FD ampanangonana azy ireo ankoatra izay tena manambara zavatra tena mahamenatra ka tsy faseho masoandro.

➤ Asaina avondrony araka ny zavatra lazainy na ny lohahevitra voiziny izany mba hahamora ny fampianarana azy. Ohatra : atokana izay FD miresaka momba ny rano, ny olombelona, ny teny, sns.

➤ Rehefa tonga ny fotoana ilana azy ka heverina fa efa maromaro ny voaangona dia ampanaovina tatitra ny asa vitany ny tarika tsirairay ka ampifanarahana amin'izay lohahevitra voalaza ao amin'ny fandaharam-pianarana izany. Izany hoe manaraka ny vontoatin'ny fandaharam-pianarana ny mpampianatra ka arindrany araka izay ireo FD asainy taterin'ny mpianatra, ary miara-mandray an'ireny ny rehetra.

Ohatra, izay FD miresaka momba an'Andriamanitra sy ny fihavanana ary ny firaisankina fotsiny aloha no atolotra ; raha mbola misy ny fotoana vao tohizana amin'ny hafa indray.

Toy izany hatrany no hanaovana azy.

➤ Omena tambin-kahasasarana ny mpianatra ho fampirisihana azy hazoto hikaroka (isa/naoty no mora kokoa tokony homena azy).

➤ Tsy maintsy manao fandravonana ny mpampianatra any amin'ny farany.

Fomba faharoa, ampihainoana lahateny ny mpianatra. Ny hahaliana azy amin'ny FD no zana-tanjona katsahina ato, hitiavany azy, ka izao ny fomba atao amin'izany :

➤ Ampirisihina na entina ny mpianatra hanatrika lahateny ataon'ny olona efa matihanina amin'izany any amin'ireny fomba amam-panao isan-karazany ireny, ampanatrehana kabary ara-panjakana ataon'ny mpitondra isan-tsokajiny izy ka anontaniana azy ireo FD ren'ny sy ny fihetseham-pony tamin'izany.

➤ Miantso olona mahay mikabary mampiasa FD ho ao am-pianarana ny mpampianatra, raha azo atao, ka asaina manazavazava fohy momba ny FD izy ary mampihatra izany amina lahateny mikasika sehatra iray voafaritra avy eo.

Atao matetikitika izany ary ovaovana ny olona antsoina mba hiovaova ihany koa ny FD ren'ny ankizy. Samy manana ny fahaizany maneho sy manohina ny fihetseham-po mantsy ny olona tsirairay.

➤ Ampihainoana lahateny maro samihafa ao an-dakilasy amin'ny alalan'ny fampiasana vata fandraisam-peo (horonam-peo) ny mpianatra. Ampamerenana ny ampahany amin'izany izy ireo ka sandaina hatrany ny asa vita : omena tombon'isa (*bonus*) izay mazoto ka atao arakaraka ny hatsaran'ny zava-bitany ny isa omena azy.

➤ Tokony hampiasa FD matetika ny mpampianatra ao an-dakilasy raha misy hirika tokony hampiasany izany mba hahenoan'ny mpianatra ny tsiron'ny fampiasana ireo FD ireo.

Izay no torohevitra tsotra sy fohy azo natolotra ny mpampianatra mba hananan'ny mpianany angona momba ny FD. Koa satria natao hotadidiana no antony nanangonana azy ireny, dia tokony hojerena indray ny fomba hatao amin'izany.

✓ Ny fitadidiana ny fitenin-drazana

Asan'ny saina ny fitadidiana izay tena ainan'ny fianarana ny teny¹⁴⁴ ka mila fikolokoloana manokana. Miankina amin'ny toe-batana sy toe-pahasalaman'ny olona tsirairay izy io ; miankina ihany koa amin'ny tontolo manodidina azy¹⁴⁵. Arakaraka izay maha izy azy manokana ny olona / mpianatra tsirairay izay no handraisany haingana na ho ela kokoa ny zavatra omena azy.

Mety holavin'ny olona mandala ny siansa, ohatra, ny fisian'ny vintana ka tsy anekeny marin-drano sy tsy andraketany ao an-tsaina akory ilay fitenenana hoe “*Andriamanitra no nanome fa i Balita no tsy nambinina*”. Mety hankininy amin'ny tsy fahaizana izany toe-javatra izany (tsy fahaiza-mitantana, tsy fahaiza-mitandrina, sns).

Noho izany dia ilana paika isan-karazany ny fampitadidiana ny mpianatra an'ireny FD ireny ka anisan'izany, ohatra, ireto :

➤ Hazavaina aminy ny antony namoronan'ny Ntaolo ny FD sy ny maha zava-dehibe azy.

¹⁴⁴<https://www.google.com/search?q=Gaonac%27h%2C%20D.%20%282005%29%20M%C3%A9moire%20et%20m%C3%A9morisation%20en%20langues>, « C'est une évidence de dire que la mémoire et la mémorisation sont au cœur de toute acquisition langagière »

¹⁴⁵CLARK (2001 :2747), taterin'i H. Hilton, op. cit., « Tout acte communicatif est « situé » socialement : les participants sont dans un contexte social déterminé, à un moment donné, avec un chacun un rôle socio-culturel déterminé et un but pragmatique (individuel et/ou collectif, avoué et/ou « privé ») », p.88

➤ Atoro ny mpianatra fa sady ilaina eo amin'ny fiainana andavanandro ny FD aman-kevitra fonosiny no ilaina ihany koa izany any an-tsekoly (ikarohana fahalalana, ampiasaina, sns).

➤ Ampifaneraserana matetika amin'ny FD ny mpianatra ary tsara kokoa ny fampamerimberenana azy an'izany¹⁴⁶. Atao miendrika tombana izany, izany hoe ampanaovina asa mitaky FD izy.

Ohatra, asaina manome FD mivoy lohahevitra iray ny mpianatra, ampanohizina FD banga, sns ; na atao miendrika famelabelarana sy/na sarintsarin-tsehatra ilalaovana ny FD amina lahateny : toy ny fifaninana miala tsiny, ohatra, sns. Manaraka izay dia zarina matrika/mihaino lahateny ataon'olona izy ireo mba hahatsapany ny fomba fampiasana ireny FD ireny sy hampivoatra azy amin'izay lafiny fahaiza-mandaha-teny izay¹⁴⁷.

Raha tsy mahita olona handaha-teny mivantana amin'ny mpianatra dia takina/entanina ny mpampianatra mba hampiasa horonam-peo mirakitra lahateny voaravaka FD ; hahitan'ny mpianatra sahady amin'izay fotoana izay ny fomba fampiasana azy ireny. Anisan'ny tsara kokoa ny fampiasana azy ireny satria azo averimberina matetika¹⁴⁸ mandra-pahaizana an'ilay lahateny.

Ampirisihina ihany koa ny mpianatra hanohana amin'ny alalan'ny FD ny hevitra arosy ao amin'izay famoronan-dahateny ataony.

Maka lohahevitra iray ny mpampianatra dia maniraka ny mpianatra hanolotra FD mifanandrify amin'izany. Ohatra : lohahevitra momba ny fihavanana, firaisankina, fahamarinana, hakanosana, sns.

Omena lahateny voaravaka FD izy ka asaina mitsimpona izany avy ao ; asaina tohizany izay tsy miseho amin'ny endrika feno, amboarina kosa izay niova endrika tanteraka.

¹⁴⁶H. HILTON, op. cit., « Il faut dans la formation scolaire en langues trouver des astuces pédagogiques pour compenser le peu de temps de contact avec la langue », p.152

¹⁴⁷LIEVEN sy TOMASELLO (2008 :172), taterin'i H. Hilton, op. cit., « La fréquence des structures discursives utilisées par les parents et par les enseignants et rencontrées dans les livres et les supports audio-visuels consultés par l'enfant influencent fortement ce développement », p.126

¹⁴⁸F. MACAIRE sy P. RAYMOND, op. cit., « Certains disques [et magnétophones] sont conçus spécialement pour les leçons de langage. Ils donnent le modèle à imiter ; ils ont l'avantage de permettre les répétitions », p.55

Ohatra : Tononkalon'i Rado tao amin'ny *Voninkazo adaladala*, 2003, p.79,
mitondra ny lohateny hoe : “MAHITSY”

MAHITSY

*Ny hazo avo ihany no tena **halan-drivotra**
Fa ny iva kely tsy be mpanozongozona
Vao tafakatra avoataony mihovotrovotra
Tiany hazera foana hataony taingim-bozona.*

*Ny hazo raha mahitsy dia **halan'ny famaky**
Fa ny bingo kosa mainka koa arovany
Ny mahitsy ihany no **atao fitia paraky**
Sitrany eo am-bava fa nony avy eo arorany.
[...]*

RADO

31 Octobre 1995

Iarahan'ny besinimaro mamaky aloha io ka jerena izay teny diso fanoratra vao ampiasaina ny mpianatra.

Azo atao koa ny mampamaky azy fotsiny lahateny tahaka itony ka rehefa voavaky indroa na intelo izany dia fafana hiala ny FD tao aminy ka ny mpianatra no irahina mamerina izany amin'ny toerany ao anatin'ilay lahateny avy eo.

Ohatra : Raisina ilay lahateny momba ny “FITIAVAN-TENA” nomena any amin'ny fizarana faharoan'ity asa ity anatontosana izany eto.

Marihina fa mbola tsy fianarana mampiasa azy anaty lahateny no atao eto fa manao izay fomba itadidiana azy fotsiny ihany.

Ampahany heverinay fa manampy amin'ny fitadidiana ny FD ireo, fa hojerena manaraka kosa ny amantarana ny maha FD ny FD rehefa noheverina fa ananana ny angona momba azy. Izany hoe dinihina amin'izay ny maha andian-teny raiki-drafitra azy izay hafa noho ny hafa. Ny firafiny no hiaingana voalohany amin'izany vao miroso amin'izay hahazoana ny heviny.

Famantarana ny maha FD ny FD sy amin'ny maha andian-teny raiki-drafitra azy

✓ Ny endriky ny FD

Ny fahaiza-mamantatra ny FD no tanjona ankapobeny hotratrarina amin'ity zana-dohateny ity. Ato ny mpianatra dia tokony ho afaka mamaritra ny atao hoe FD sady afaka manavaka ilay sokajy roa lehibe mandrafitra azy (ohabolana sy fomba fiteny) ; afaka mamantatra ihany koa firafiny amoahana ireo endrika fototra iraika ambin'ny folo isehoany, ary afaka manavaka ny endrika eo am-pampiasan'ny olona azy koa izy.

◆ Famaritana

Famaritana ara-tantara aloha no tokony havoaka voalohany vao ny araka endrika. Raha ny famaritana ara-tantara no tiana hivoaka dia miainga amin'ilay anarana hoe “fitenin-drazana” isika : asaina rasain'ny mpianatra io teny io hahitana ny fototeny mandrafitra azy “teny + Razana” ; vita izay dia anontaniana azy ny mety ho heviny hahazoana ny hoe *fiteny navelan'ny Razana, nolovaina tamin'ny Razana*.

Azo io hevitra tsotra io vao atolotra azy ny hevitra ny mpandinika toa an'i Maurice Rasamuel ao amin'ny boky *Ny Fitenin-drazana, boky 1, 2, 3, 4, 5*, 2012, p.3 sy p.8 hoe “Teny napetraky ny Razana”, “Feon'ny Razana izay efa maty ka velona indray”.

Raha ny famaritana araka endrika kosa no havoaka dia tsy maintsy mifantana FD vitsivitsy ny mpampianatra iaraha-mamahavaha amin'ny mpianatra mba hahazoana ilay heviny hoe “*Fomba fiteny fohy, hentitra, mafonja, maneho hevitra marina eken'ny besinimaro izay notsoahina avy tamin'ny zava-misy.*” Fanatsoahan-kevitra¹⁴⁹ miainga avy amin'izay famahavahana izay no enti-mamaritra azy amin'ity lafiny endrika ity ka hahafahana manavaka ny ohabolana amin'ny fomba fiteny. Dinihina ny endriny ary jerena ny firafiny : ny sokajin-teny mandrafitra azy, ny rafitry ny fehezanteny, sns, amoahana ny maha samy hafa ny ohabolana sy ny fomba fiteny.

Ohatra 1 : “***Toy ny kitranotranon'ankizy ka manao soa horavana***”.

¹⁴⁹ F. MACAIRE sy P. RAYMOND, op. cit. « La méthode inductive ou méthode de recherche fait appel aux sens de l'enfant, elle veut que l'on parte des exemples pour arriver à la règle », p.43

Famahavahana : Toy ny (teny enti-manohatra) + *kitranotranon'ankizy ka manao soa horavana*.

Ohatra2 : “*Manalasala **ohatry ny** vozon'akoho : hanina toa taolany, hariana toa nofony*”.

Famahavahana : “*Manalasala + ohatry ny (teny enti-manohatra) + vozon'akoho : hanina toa taolany, hariana toa nofony*”.

Ohatra3 : “*Fara fahitana izao*”, **hoy ilay** voa bala amin'ny masony”.

Famahavahana : “*Fara fahitana izao*” + hoy ilay voa bala amin'ny masony.
(tenin'olona taterina mivantana)

Ohatra4 : « *Ny tsihy no fola-mandefitra* ».

Famahavahana : Ny tsihy (L) no (kianteny mpamadi-drafitra) fola-mandefitra (EM).
Fehezanteny mivadi-drafitra tsy ahitana teny enti-manohatra no misy eto.

Ohatra5 : « *Manan-tsira ka mahay mahandro* ».

Famahavahana : Manan-tsira (L) ka (kianteny mpamadi-drafitra) mahay mahandro (EM). Fehezanteny mivadi-drafitra tsy ahitana teny enti-manohatra no misy eto.

Ohatra6 : “*Rahany zaza no tia tsapa fatanadia ny reniny no be tonotono*».

Famahavahana : Raha + *ny zaza no tia tsapa fatana* + dia + *ny reniny no be tonotono*.

Misy fehezan-kevitra roa mifampiankina amin'ny alalan'ny mpampiankina Raha ... dia
... ao :

- fk1 (ny zaza no tia tsapa fatana) ;
- fk2 (ny reniny no be tonotono).

Araka izany dia saro-drafitra kokoa io FD io ary tsy ahitana teny enti-manohatra.

Fehiny izay hotadidian'ny mpianatra :

✚ Ny ohabolana dia ahitana ohatrohatra na teny enti-manohatra na koa miseho amin'ny fitaterana mivantana tenin'olona na tenim-biby.

Ohatra : “Toy ny kitranotranon'ankizy ka manao soa horavana” ; “Manalasala ohatry ny vozon'akoho : hanina toa taolany, hariana toa nofony” ; “Fara fahitana izao”, hoy ilay voa bala amin'ny masonry”.

✚ Ny fomba fiteny indray dia mety ho fehezanteny tso-drafitra na mivadi-drafitra ka tsy ahitana teny enti-manohatra, tsy misy ohatrohatra ; mety hiseho amin'ny fehezanteny saro-drafitra koa izy, izany hoe fehezanteny mifampiankina. Misy sarinteny samihafa ao aminy raha takarina.

Ohatra : “*Izay be no basy*”, « *Manan-tsira ka mahay mahandro* », « *Ny tsihy no folamandefitra* », sns.

Samy mety hiseho amin'ny alalan'ny fehezanteny mivadi-drafitra avokoa na ny ohabolana na ny fomba fiteny.

Izay ny paika azo ampianarana ny famaritana ny FD fa ndeha hojerena indray ny fomba ampianarana ny endrika isehoany.

◆ Ny firafiny sy ny endrika isehoany

Aorian'io famaritana io no androsoana tsirairay avy ireo endrika iraiika ambin'ny folo isehoan'ny FD. Vahavahana tahaka ny natao nitady ny famaritana teo aloha ny fandinihana atao eto anavahana ny fahasamihafany ka asesy avy amin'ny karazany mora indrindra izany mankamin'ny sarotra kokoa.

Asehonay amin'ny alalan'ny fafana izany araka ny fisesin'ny laharam-pahasaratany avy (ny laharana voalohany no ampianarina voalohany ka alefa araka izay hatrany).

Laharana	Endrika isehoany	Ohatra
1°	Fampiasana tenin'olona/zavatra taterina mivantana amin'ny fampiasana ny hoe "hoy ilay ..." (<i>wellerisme</i>)	a) "« <i>Feony ihany</i> », hoy ilay jamba nitsapa tafondro" b) "Mamba nohitsahin'omby, ka «Asa izay ao ivoho ao "
2°	Fampiasana fehezanteny mivadi-drafitra anasongadinana fampitahana na toetra miavaka izay takona ila na tsia	a) « Ny tsihy no fola-mandefitra » (fa tsy izaho) b) « Manan-tsira (antony) ka mahay mahandro(vokany) » d) « Ny hazo avo (dia) halan-drivotra » (manambara fanana toetra miavaka eo anivon'ny fiarahamonina)
3°	Fampiasana fanalefahana fampitahana amin'ny alalan'ny teny hoe <u>tsy mba...</u>	a) " <i>Tsy mba</i> ny afo handoro, fa ny masoandro be hanahazana"
4°	Fampiasana teny maro hevitra sy/na mitovy fanonona fa samy hafa hevitra	a) " <i>Fatra-pila <u>tombony</u> ka <u>natombiny</u></i> " b) " <i>Teny tsy <u>azo</u> mampi<u>azo</u>azo</i> "
5°	Fampiasana teny enti-manohatra, mampitaha	a) « Lany tetika toa ondry momba » b) « Miharihary toy ny kary am-pamoloana » d) « Ohatry ny sinibe vakin-tsiny ka matin-jaza tezaina »
6°	Fampiasana fimiran-jotra (<i>parallélisme</i>)	a) « Ny tsinjaka maro mahay fa// ny dada no sarotra ianarana » b) « Hitraka tsy avelan'ny alahelo// hiondrika tsy avelan'ny voninahitra »
7°	Filalaovana amin'ny feo izay miseho amin'ny endrika telo	a) <u>Teny mitovy fanonona</u> : « Kibo <u>manina</u> tsy mahatsiaro <u>hanina</u> » b) <u>Tamberim-peo</u> : « Temitra ivelany toa tandrotrano , miainga ho avo ka mandry irery » d) <u>Teny feo (onomatopée)</u> : « Ny orana <u>mivatratratra</u> mandalo vetivety »
8°	Fampiasana teny savily mpampitohy, mpampifandray, mpampiankin-kevitra : « ...fa..., ...fa...fa..., tsy misy...fa..., raha...dia..., ny...fa ny..., ...tsy...ka...vao..., ...ka/ : (teboka roa) ..., na ialohavan'ny mpanampy te : te...ka... »	a) " <i>Raha ny manan-drainy no anarina <u>dia</u> ny kamboty no mahazo aloha</i> ". b) " <i>Kibokibohin'ny marina <u>ka</u> milaza tsy anontaniana</i> " d) " <i>Tsy misy lehibe noho ny vato <u>fa</u> raha tsy miteny (dia) angeren'ny vorona</i> " e) " <i>Tsongoy fon-tena, tsongoy fon'olona, <u>fa</u> raha marary ny an'ny tena (dia) mba marary ny an'olona</i> " f) " <i>Te hoderain'ny akoho <u>ka</u> mitoto vary diabolana</i> "
9°	Fampiasana fehezanteny mandidy izay maneho anatra mivantana	a) <u>Mandrara tsotra amin'ny alalan'ny fampiasana ireo teny savily maneho fandrarana, toy ny</u> : « <u>tsy mety...</u> , <u>aza...</u> , <u>raha...aza...</u> , <u>aza...ka...</u> , <u>aza...ohatra ny...</u> , <u>aza...toa...</u> » : « Tsy mety raha fony tsimbotry niaraka ihany ka adrisa vao hifanary » (tsimbotry # adrisa) ; " <i>Aza mitsiriri-bady</i> " b) <u>Mandrara sady mampisafidy malalaka amin'ny</u>

		<u>alalan'ny teny savily maneho fandrana, toy ny</u> : « <u>aza...fa..., aza...fa...fa...</u> » : « Aza manetrikatrika ny an'olona farehefa masaka batain'ny tompo » d) <u>Mandrara amin'ny alalan'ny fampiasana teny savily maneho safidy mampisaintsaina</u> : Fampiasana ny « <u>izay...izay.../ izay...fa.../ izay...</u> » : « Izay mitambatra vato, izay misaraka fasika » Fampiasana ny « <u>ny...fa...</u> » : “Ny manao soa tsy mahafaty antoka fa ny manao ratsy hoenjehin'ny ataony” Fampiasana ny « <u>...tsy mahaleo...</u> » : « Ny hery (dia) tsy mahaleo ny fanahy » Fampiasana ny teny milaza fandavana tsy miaraka amin'ireo teny hafa. Toy izao ny endrika isehoany : « <u>ny ...tsy...tsy..., raha tsy...tsy..., tsy...tsy..., ...tsy..., ny...tsy..., ny...tsy...dia...</u> » : « Raha tsy sahy faty tsymifono lambamena » ; « Tsy miady, tsy miady, ny kobay eny an-kelika ihany » Fampiasana ny “<u>ny...tsy mba</u>” : “Ny ratsy fo (dia) tsy mba manan-kavana” Fampiasana ny “<u>ny...tsy...fa...</u>” : “Ny nenina tsy mipetraka atao “mbay lalana” ary tsy mitsidika ato “mandrosoa”, fa aoriana vao mandatsa” Fampiasana ny mpilaza toetra tsara (soa) : “Soa lavo hahay mamindra, soa kenda hahay mitsako” d) <u>Mandrara amin'ny alalan'ny fampiasana teny savily maneho safidy manilika</u> : “Aleoko tsy misy toy izay misy ratsy” ; “Raha vazo mitovy ihany dia ny tsy mita rano no tsara” e) <u>Mandidy amin'ny alalan'ny fampiasana sokajin-teny maneho fanirahana, baiko</u> : « Mandehana dieny malaina fa rehefa mazoto tsy afaka intsony » ; « Mba arahabarabao ny rehetra fa tsy fantatra izay horafozanina » c) <u>Fampiasana ny filazam-potoana ho avy maneho firariana</u> : « Hangidy lavitry ny faty ; ho mamy tian'ny vola » ; « Veloma ry sakaiza ; tsy ho voan'ny an-tanan- tena anie, tsy haratran'ny an-tanan'olona »
10°	Fampiasana ireo paika enti- manazava, toy ny fampiasana ny « teboka roa (:), ny ka, ny faingo, <u>ny ...fa ..., ny ...tsy...fa...</u> »	a) « Ravin-kazo manintsana, ny lasa tsy ahoana fa ny sisa ampaniriana » b) « Miady varotra am-pandanjanakamisalasala amin'ny efa lafo » d) “Vitsika nahazo valala : tonga ny entana fa ny vava

	raha an-tsoratra fa fiatoana kely raha am-bava	<i>no tsy omby</i>
11°	Fampiasana fehezanteny takona ila (ny L)	a) « <i>Maniry zaza ka tera-dahy</i> »

Fafana3 : Fafana maneho ny ambaratongam-pahasarotan'ny FD

Fanamarihana :

1) Tsinjaraina araka ny lanjan'ora fiasana ireo rehetra ireo ary kendrena mba hifanaraka amin'ny fari-pahalalan'ny mpianatra izany.

2) Tsy omena feno tahaka ny nanolorana azy ato amin'ny asa fikarohana anefa ny karazany fahasivy izay mampiasa fehezanteny mandidy maneho anatra mivantana amin'ny alalan'ireo teny savily isan-karazany fa fantenana izay vitsivitsy maneho izany mba tsy havesatra amin'ny mpianatra.

Ny karazany fahafolo kosa dia hakana ohatra iray avy.

Rehefa masaka tsara ireo vao dinihina ny endrika telo hafa hita vokatry ny fampiasan'ny olona azy ka atao ary asesy toy ny natao tao amin'ny endrika fototra ihany. Toy izao no tokony ho filaharan'ny fampianarana azy :

12° - Miseho amin'ny endrika lahabolana hafa

➤ Ny ankamantatra sy ny fitenin-drazana

Aseho ny mpianatra fa ny ankamantatra dia manomboka amin'ny hoe Inona àry izany ? , ary ny FD dia manomboka amin'ny hoe Aza manao toy ny

Ankamantatra : ***Inona àry izany ?***

Malailay fonosana ; (valiny : «*fary* »).

Ohabolana : « ***Aza manao toy ny***« fary »
ka malailay fonosana ».

➤ Ny ankifidy sy ny fitenin-drazana

Avahana ilay zavatra na toe-javatra (tj) ampisafidianina ; dinihina ny tombon-kevitra entin'ilay mpampitohy ; omenany hevitra ny FD.

Ny ankifidy manomboka amin'ny hoe alao izay ho anao. Ohatra : Alao izay ho anao : *taitra miaraka amin'ny maro sa taitra irery*.

Ny ankamantatra kosa tonga dia mampitohy ilay toe-javatra amin'ny alalan'ny mpampifandray mampiankin-kevitra. Ohatra : « Taitra ny be tsy mba taitra(tj1) *fa*(mpampifandray mampiankin-kevitra manasaraka ilay toe-javatra roa)taitra irery vao mamaky takotra (tj2)».

➤ Ny fampitahana sy ny fitenin-drazana

Fantarina ny zavatra roa ampitahaina dia jerena ny maha izy azy avy ka izay no iorenan'ny fampitahana ; zavatra roa mitovy sokajy mazàna no ampitahaina.

Ohatra1 : « Sakamalao sy havoza ka samy manana ny hanitra ho azy ».

Sakamalao # havozo = samy zava-maniry mani-pofona ka tsy misy tomba sy hala.

Atafy ny toetry ny olona izay toetra izay anaovana ny fampitahana.

13°- Miseho amin'ny endrika fanontaniana

Misy teny enti-manontany ao aminy ka rehefa hampianatra azy ny mpianatra dia asaina esoriny ireo teny ireo.

Ohatra : “*Voangaly ve aho ka ho faty an-kazo tokana ?*”

→ *Voangaly aho ka ho faty an-kazo tokana* = maty an-kazo tokana ny voangaly.

Heviny : Tsy toy izany ny olona (aho).

“*Nahoana no maniry manitra ohatry ny boka anaty tapia ?*”

14°- Fampiasana filaza mandidy enti-mandrara na maniraka amin'ny alalan'ny :
aza..., aza...ohatry ny..., aza ...tahaka ny..., aza atao..., aza manao..., aza atao toy
ny..., ataovy..., ataovy toy ny..., manaova..., aza...fa ataovy..., tahaka ny..., toy ny...,
tsy mety raha...

Misy teny asosoka eny aloha na eny aorian'ny FD ka esorina fotsiny ireo andinihana azy.

Toy izao no fisehon'izany :

➤ Ireo misy teny hafa nampiana eo alohan'ilay endrika fototra

Teny nanampy azy	Endrika fototra
<i>Aza manao</i> —→ « Aza manao fihavana-molotra : tezitra vao mifanatona ».	fihavana-molotra : tezitra vao mifanatona
<i>Aza atao toy ny</i> —→ « Aza atao toy ny vato tsindry ahazana ka raha maloka ny andro atsipy ».	vato tsindry ahazana ka raha maloka ny andro atsipy
<i>Ataovy</i> —→ « Ataovy sotroranon'akoho : kely azo, andrandraina ; be azo andrandraina ».	sotroranon'akoho : kely azo, andrandraina ; be azo andrandraina
<i>Toy ny</i> —→ « Toy ny kitranotranon'ankizy ka manao soa horavana ».	kitranotranon'ankizy ka manao soa horavana

Fafana4 : Fafana maneho ny endrika faharoa amin'ny fampiasan'ny olona ny FD izay misy teny natamby eo aloha.

➤ Ireo misy teny hafa nampiana eo aloha sy any anatin'ilay endrika fototra

- « Tsy mety raha kely mialoha Andriana toy ny tehina ».
- « Tsy mety raha mandi-manatrika, fa vaso-miamboho toa ravin-tseva ».

Fehiny : Vahavahana tsara aloha ireo endrika fototra ireo ka jerena ny tena fahasamihafan'izy tsirairay avy voa mandinika ireo endrika telo hafa mifototra amin'ny fampiasan'ny olona azy.

Kendrena amin'ity lesona ity ny hahafahan'ny mpianatra manavaka ireo endrika samihafa isehoan'ny FD. Alaina avy any amin'ny mpianatra izay FD hainy na manolotra ny

mpampianatra dia iaraha-mamahavaha ka atokana izay hita ho mitovitovy. Dinihina ny rafi-pehezanteny sy ny fipetraky ny voambolana tsirairay mandrafitra azy sao misy tokony hofenoina izay takona, fantarina ny sokajin-teny rehetra namoronana azy ka miankina amin'izay ny fanasokajiana atao.

Samatsamahana mihitsy ilay FD ka atao toy ny manavaka ny anjara asan'ny fehezanteny, omena ny anaran'ny sokajin-teny tsirairay mandrafitra azy ka takarina ny tombon-kevitra entiny.

Ohatra1 : « Raha + ny zaza no tia tsapa fatana + dia + ny reniny no be tonotono ». Ankoatra ny fisian'ny mpampiankim-pehezan-kevitra Raha ... dia ... ao amin'io FD io dia misy fampifandraisana anton-javatra sy voka-javatra koa : *ny reniny no be tonotono* (antony) ; *ny zaza no tia tsapa fatana* (vokany) ; mira zotra (misy *parallelisme*) ireo fehezan-kevitra ireo.

Ohatra2 : « *Raha mahay fianarana fa raha tsy mahay feno arina* ».

Misy fampiasana teny roa mitovy fanonona : *fianarana*, *feno arina*.

Ohatra3 : « *Tsy mba ny akanga hanidina aho fa ny vorombazaha entina amin'ny tendany* ». Ahitana sokajin-teny mpanampy enti-manalefaka hevitra na filazan-javatra ao, toy ny tsy mba.

Tahaka izay avokoa no atao amin'ireo endrika hafa rehetra ireo.

Ny hahafahan'ny mpianatra manjohy hatramin'ny farany ny vontoatim-pahalalana ampianarina azy no imasoan'ny mpampianatra eto. Tokony hametraka fomba fiasa matipaika anatarana izany izy. Manandanja kokoa amin'izany ny fiaingana avy amin'ny zavatra moramora kokoa mankamin'ny sarotra kokoa araka ny efa nambara teo. Asesy araka izay fahaserotany izay ny fampianarana ny FD amin'ny mpianatra. Atomboka amin'ny fampianarana ireo endrika fototra niforonany izany ary faranana amin'ny endrika vokatry ny fampiasan'ny olona azy.

Ohatra : tokony efa hay aloha ny karazany faha 7) *fampiasana fanalefahan-kevitra amin'ny alalan'ny teny hoe : tsy mba...* (« *Tsy mba ny mafy halain'ny nify, fa ny malemy*

raisin'ny molotra”) vao tokony hampianarina ny karazany faha 11) *fampiasana fehezanteny takona ila (« Voatavo tsy mifandraka »*), takona ny L.

Tsiahivina etoana fa torolalana ho an'ny mpampianatra ity omenay ity ka atolotray araka ny ambaratongam-pahasaratany tokony hampianaran'ny mpampianatra azy izany.

Haseho amin'ny alalana ohatra manaraka eto ireo karazany efatra ambin'ny folo ireo anavahana ny fahasamihafany sy ny mba hanazavana ny fitondrana ny fampianarana azy. Hanampy ny mpampianatra koa izany amin'ny ho fanatevenany ny ohatra isaky ny karazany avy :

a) Ireo endrika fototra ananan'ny FD

Ohatra avy hatrany isak'ireo karazany ireo no hatolotray eto :

1°- Fampiasana tenin'olona/zavatra taterina mivantana amin'ny fampiasana ny hoe “hoy ilay ...” (wellerisme)

Ity no karazany aroso voalohany indrindra satria mora azo kokoa ny ny hevitra ambarany.

Atao avy hatrany ny famantarana ny tiana holazaina amin'ilay teny taterina : ampy aloha ny fanakarana ny heviny ara-bakiteny. Azo izay hevitra izay vao fantarina ny hevitr'ilay FD.

Ohatra : « *"Izay no takatra" : hoy ilay namahan-takatra* ».

Hazavaina aloha ny voambolana tsirairay (sarotra) toy ny “*takatra*” araka ny hita eto : *takatra = tratra* : ilazana ny fahatongavana amin'ny fetra farany nokendrena, nefa koa mety ho izay azon'ny aina natao ihany. Vita izay vao aseho ny hevitr'ilay FD : *maneho ny tsy fahafaha-manohatra intsony amina toe-javatra iray miseho*. Ohatra sakafo, famelabelaran-kevitra, sns.

2°- Fampiasana fehezanteny mivadi-drafitra anasongadinana fampitahana na toetra miavaka izay takona ila na tsia

Miankina amin'ny fari-pahalalan'ny mpianatra ny fomba enti-manazava ity karazany ity : tsy maintsy avadika ho fehezanteny tso-drafitra aloha izy mba ho mora azo. Jerena ihany koa izay teny sarotra ao aminy vao omena ny hevitr'ilay fehezanteny.

Ampahatsiahivina ny mpianatra fa tokony hitohy io FD io ; dia iaraha-mandinika izay mety ho tohiny. Ny fahitana izay tohiny izay no manampy amin'ny fahazoana ny tiana hambara amin'ilay FD. Takarina hatrany anefa ny hevitra ambadika isaky ny mahita ny hevitra ara-bakiteny.

Ohatra : « *Ny be **no** basy* » (*fa tsy ny vitsy*) : mivadi-drafitra. Izany hoe azo heverina fa hoe "*fa tsy ny vitsy*" no teny tokony hatohy manaraka eo aoriana satria mitory firaisankina io FD io. Entanina amin'ny fomba ankolaka ny olona mba hiombona amin'izay rehetra atao.

Fanazavana hevi-teny :

be : maro an'isa

basy : mahery, matanjaka, mahavita zavatra

Toy izao no azo rehefa atao tso-drafitra izy : **Ny basy dia ny be* (Io no manavaka ny andian-teny raiki-drafitra : somary hafahafa ny mihaino an'io fehezanteny io).

Izao no heviny : « mahery, matanjaka, mahavita zavatra ny olona maro an'isa ».

Azo atao koa ny tsy manova azy ho tso-drafitra fa tonga dia hazavaina avy hatrany.

Fanohizana ny FD : “*Ny be **no** basy (fa tsy ny vitsy)*”

Hita noho izany fa manambara firaisan-kina io FD io. Mahery kokoa ny olo-marano noho ny olom-bitsy na ara-kevitra izany na ara-batana (tanjaka).

Toy izay avokoa no atao amin'ireo mitovy endrika amin'iny ohatra nomena iny sy amin'ireto ohatra roa manaraka ireto : « *Manan-tsira* (antony) **ka** *mahay mahandro* (vokany) » ; « *Ny hazo avo (**dia**) halan-drivotra* » (manambara fanana toetra miavaka eo anivon'ny fiarahamonina).

3°- Fampiasana fanalefahana fampitahana amin'ny alalan'ny teny hoe : « tsy mba... »

Rehefa dinihina ny ohatra tsirairay izay hatolotra eto dia tsapa fa misy zavatra roa hatrany no ampitahaina na koa toetra manokana asongadina izay miharihary avokoa ao amin'ilay FD.

Ohatra :

“Tsy mba ny ankamaroam-bahoaka fa olona iray toa zato”.

Ampifanatrehana ny “vahoaka” sy ny “olona iray” eto. Koa raha hanazava azy araka izany dia jerena ireo zavatra roa ampifanatrehana ireo ; dinihina ny toetrany nany heviny.

Ohatra : “vahoaka” : maro ka mahavita zavatra ; “olona iray” : tsy mahavita zavatra miohatra amin'izay vitan'ny maro.

Takarina aorian'izay ny ambara amin'ilay fanalefahan-kevitra “tsy mba”.

Ny “tsy mba” dia maneho fifangarihan-kevitra indraindray, fa ny tena andraikiny dia ny manalefaka ny filazan-javatra. Ka eto amin'ity ohatra ity izy dia maneho ny tsy fahamarinana mandrakariva ny hevitra hoe “tsy mahavita zavatra ny olona vitsy ny iray”.

Ambaran'ny mpiteny fa na dia iray aza izy dia mety hahavita izay vitany ihany, kanefa tsy tokony homena tsiny raha sanatria ka tsy mahatontosa ilay asa hatramin'ny farany na tsy dia nahafa-po loatra aza. Efa nanao izay tratry ny ainy izy.

Atao tsara petraka amin'ny mpianatra aloha noho izany ny fanazavana ny hevitra ny tsy mba vao mijery ny fifandraisany amin'ireo vombolana hafa miaraka aminy.

Fanamarihana : Tsy voatery hiharihary ireo zavatra ampitahaina ireo fa mety ho takona ao ambadiky ny hevitra'ilay zavatra iray voalaza ao ny iray ampilaharina aminy.

Ohatra : « **Tsy mba** tsiriry vorona aho ka manidina raha ritra ny rano ». Tsy hita ilay zavatra na toe-javatra ampitahaina aminy fa mila takarina.

Ny anarana “tsiriry” no teny fototra mitondra ny fampitahana eto, ka ny mpamari-toetra “vorona” manaraka azy eo aoriany no andinihana izay zavatra ampifanolorina amin'izany. Koa raha misy noho izany ny “tsiriry vorona” dia misy koa ny “tsiriry tsy vorona”.

Miankina amin'ny traikefan'ny mpianatra no hahitany ilay zavatra faharoa ampitahaina amin'ny “*tsiriry vorona*”. Hazavain'ny fehezan-kevitra eo aoriany mantsy fa manidina izy rehefa tsy misy/ritra ny rano nonenany ; noho izany dia tsy afa-manidina tahaka izany ny “*tsiriry tsy vorona*”.

Araka izany dia asaina avoakan'ny mpianatra amin'ny alalan'ny fanontaniana valiny ataon'ny mpampianatra ny hoe “*tsiriry ahitra*”.

Ny tsiriry vorona sy ny tsiriry ahitra araka izany no zavaboary roa ampilaharina eto, izay samy manana ny toetra manavaka azy manokana avokoa :

- a) Ratsy toetra ny tsiriry vorona (Miala izy rehefa tsy misy ny zavatra ilainy eo amin'ilay toerana nahazatra azy : manidina).
- b) Tsara toetra ny tsiriry ahitra (Miaraka amin'ny tsara iraisana ary miara-ory amin'izay mahaory).

Ny fifankatiavana no hevi-dalina ao anatin'io FD io : fitiavan'olon-droa, na fitiavana eo anivon'ny fiarahamonina, sns.

4°- Fampiasana teny maro hevitra sy/na mitovy fanonona fa samy hafa hevitra

Filazan-javatra tsotra no atao ato ka ny fanazavana ny hevitr'ireo teny mitovy fanonona ireo no miantoka ny fahazoana izay holazaina.

Ohatra : “**(ny)** Teny tsy **azo(dia)** **mampiazoazo**”

azo : mazava

mampiazoazo : mampisalasala, mahasadaikatra, manahirana, ...

Heviny : Tsy azo tanterahina ny zavatra iray raha toa ka tsy mazava izay hatao aminy.

5°- Fampiasana teny enti-manohatra, mampitaha

Aseho ny mpianatra eto fa tsy eo ilay zavatra oharina fa ny anoharana miaraka amin'izay mety ho toetrany no miharihary ao amin'ilay FD. Arakaraka ny mpiteny izany ny famaritana ny oharina ao.

Ohatra : « *Miebo tapany **ohatry ny rano an-tatatra** ».*

Izao ny fomba atao :

- a) avahana aloha ny teny enti-manohatra : ohatry ny ;
- b) jerena ilay zavatra anoharana rano an-tatatra ;
- d) fantarina ny toetrany ;
- e) atao ny fanontaniana hoe « *Oharina amin'inona izy io ?* ». Ny sehatra no mamaritra izany.

Hita eny alohan'ilay tompony hatrany ny toetrany :

ohatra1 : “Miebo tapany ***ohatry ny rano an-tatatra***” ;
Toetran’ny anoharana Anoharana

ohatra2 : « Miharihary **toy ny** kary am-pamoloana ».

Toetran'ny anoharana	Anoharana
----------------------	-----------

Misy fifanahafana noho izany ny toetran'ny anoharana sy ny an'ny oharina ka ho azo avy hatrany ny tiana hambara.

Fanamarihana : Ato amin'ny FD hoe « *Izay adala no toa an-drainy* » dia tsy misy famaritana loatra ny toetran'ilay ray fa ny toetran'ilay zanaka no ambara eto. Izany hoe toy ny adala izay olona tsy mahavita zavatra mihoatra ny vitan'ny rainy.

6°- Fampiasana fimiran-jotra (parallélisme)

Fampifanolorana toe-javatra roa no atao ato ka jerena mihasinakina ny hevitra fehezanteny voalohany sy ny an'ny fehezanteny faharoa. Vita izay vao dinihina ny mety ho fifandraisany.

Ohatra : “*Mandady vita// mitsambikim-bila*”.

Araka ny mahazatra dia manao fanazavana hevi-teny hatrany.

mandady : ara-bakiteny, mandeha amin'ny alalan'ny tongotra sy tanana ; hevitra ambadika, miadana ny fandeha, ela vao ho tonga amin'ny toerana haleha.

mitsambikina : ara-bakiteny, mandingana mafy ; hevitra ambadika, maika ka manao ny tsy tokony hatao, manaotao foana.

vila (vilana) : ara-bakiteny : “tsy mahitsy, miala amin'ily toetra na toerana nametrahana azy teo aloha, tsy manaraka ny fenitra naptetraka” ; hevitra ambadika : “ratsy, tsy tody amin'ny tanjona kendrena, sahirana, iharan-diloza, sns”.

Araka izany dia sady mandrara ny mpiteny eto no mampisafidy ny olona itenenany ka ilazany fa tsarany mandady noho ny mitsambikina.

Ireny ihany no dingana arahina anazavana an'ireo FD rehetra mitovy endrika aminy.

7°- Filalaovana amin'ny feo izay miseho amin'ny endrika telo

Ny fomba natao tao amin'ily karazany fahefatra ihany no ampiharina eto : mifototra amin'ny fanazavana hevi-teny.

Ireto no ohatra ampiharana izany :

➤ Teny mitovy fanonona (mandray roa ity)

Ohatra : “*Sambatra kosa **Raherana** fa manan-**kierana**// sambatra **Razozoro** fa manan-**kijoroana**”.*

➤ Tamberim-peo

Ohatra : “**(ny)** Teny tsy azo (**dia**) mampiazoazo”.

➤ Teny feo (onomatopée)

Ohatra : « Ny orana **mivatravatra** mandalo vetivety ».

8°- Fampiasana teny savily mpampitohy, mpampifandray, mpampiankin-kevitra: « ...fa..., ...fa...fa..., tsy misy...fa..., raha...dia..., ny...fa ny..., ...tsy...ka...vao..., ...ka/ : (teboka roa) ..., na ialohavan'ny mpanampy te : te...ka... »

Samatsamahana ilay FD dia avahana ny fehezan-kevitra (fzk) sy ny teny savily ao anatiny. Dinihina ny tombon-kevitra entin'ireny teny savily ireny ; takarina ny hevitra ny fehezan-kevitra tsirairay vao lazaina ny tiana hambara amin'ilay FD.

Ohatra : “Ny takatra no mahavita ny trano **ka** ny vorondolo no mibohy”.

fzk1 : Ny takatra no nahavita ny trano.

fzk2 : Ny vorondolo no mibohy.

ka : mpampifandray mpampiankina ny *fzk1* amin'ny *fzk2* izay maneho fanakianana.

Araka izany dia hita fa misy ny filiban'ny sasany amin'ny zavatra tsy niasarany ka kianin'ny mpiteny.

Miantehitra amin'ny herin'ny hafa foana ny vorondolo ; dia tahaka izany koa ny olona manana io toetra io.

Enti-manakiana olona izany ary azo ampiasaina amin'ny fanehoan-kevitra, fanazavana raha tsy tiana ny hiresaka mivantana an'ilay toe-java-miseho. Ohatra : anakianana ny zaza mpandova izay mirehareha amin'ny harenan'ny ray aman-dreniny.

Ohatra vitsy ireto azo atao tahaka izay natao teo : “**Raha** ny manan-drainy no anarina **dia** ny kamboty no mahazo aloha” ; “Kibokibohin'ny marina **ka** milaza tsy anontaniana” ; “**Tsy misy** lehibe noho ny vato **fa raha** tsy miteny (**dia**) angeryny ny vorona” ; “**Tsongoy** fon-tena, **tsongoy** fon'olona, **fa raha** marary ny an'ny tena (**dia**) mba marary ny an'olona”.

9°- Fampiasana fehezanteny mandidy izay maneho anatra mivantana

Avahana avokoa ny singan-teny tsirairay mandrafitra ilay FD dia hazavaina ireo vao ambara ny heviny (FD).

Ampiharina izany amin'ireto zana-tsokajy rehetra manaraka ireto :

- a) Mandrara tsotra amin'ny alalan'ny fampiasana ireo teny savily maneho fandrarana, toy ny: « tsy mety..., aza..., raha...aza..., aza...ka..., aza...ohatra ny..., aza...toa... ».

Ohatra : « **Tsy mety** raha fony tsimbotry niaraka ihany ka adrisa vao hifanary » (tsimbotry # adrisa) ; “**Aza** mitsiriri-bady” ; “**Aza** atao **toy ny** vato tsindry ahazana **ka** raha maloka ny andro (dia) atsipy”, ...

- b) Mandrara sady mampisafidy malalaka amin'ny alalan'ny teny savily maneho fandrarana, toy ny : « aza...fa..., aza...fa...fa... »

Ohatra : « **Aza** manetrikatrika ny an'olona **fa** rehefa masaka batain'ny tompony » ; “**Aza** manao rano lalina ila **ka** raha marivo, hotsobohana **fa** raha lalina hihemorana” ; « **Aza** mihomehy lavo **fa** ny tody tsy misy **fa** ny atao no miverina ».

- d) Mandrara amin'ny alalan'ny fampiasana teny savily maneho safidy mampisaintsaina

Fampiasana ny « izay...izay.../ izay...fa.../ izay... »

Ohatra : « **Izay** mitambatra vato, **izay** misaraka fasika » ; “**Izay** tsy miady (dia) olom-boto **fa** izay to fo (no) mpamosavy”.

Fampiasana ny « ny...fa... »

Ohatra : “**Ny** manao soa tsy mahafaty antoka **fa** ny manao ratsy hoenjehin'ny ataony”.

Fampiasana ny « ...tsy mahaleo... »

Ohatra : « Ny hery (dia) **tsy mahaleo** ny fanahy » ; “Ny havan-dratsy (dia) **tsy mahaleo** ny sakaiza tiana”.

Fampiasana ny teny milaza fandavana tsy miaraka amin'ireo teny hafa.
Toy izao ny endrika isehoany: « ny ...tsy...tsy..., raha tsy...tsy...,
tsy...tsy..., ...tsy..., ny...tsy..., ny...tsy...dia... »

Ohatra : « **Raha tsy sahy faty tsy** mifono lambamena » ; « **Tsy miady, tsy miady, ny** kobay eny an-kelika ihany » ; « Tanàna haolo **tsy** ilaozan'ambiaty »

Fampiasana ny “ny...tsy mba”

Ohatra : “**Ny ratsy fo (dia) tsy mba** manan-kavana” ; “**(ny) Sola** malahelo (dia) **tsy mba** Rangahy”.

Fampiasana ny “ny...tsy...fa...”

Ohatra : “**Ny nenina tsy** mipetraka atao “mbay lalana” ary **tsy** mitsidika ato “mandrosoa”, **fa** aoriana vao mandatsa”

Fampiasana ny mpilaza toetra tsara (soa)

Ohatra : “**Soa** lavo hahay mamindra, **soa** kenda hahay mitsako”.

➤ Mandrara amin'ny alalan'ny fampiasana teny savily maneho safidy manilika

Ohatra : “**Aleoko tsy misy toy izay misy ratsy**” ; “**Raha** vazo mitovy ihany **dia** ny tsy mita rano no tsara” ; « **Raha** tanora tsy ho jejo **dia aleo** maty ho razana » ; « **Raha** volavolain-ko somotra, **aza** mamilafila ho vaoka » ; « **Aza** ny lohasaha mangina no jerena **fa** Andramanitra an-tampon'ny loha » ; « Ny roa no **tsara** noho ny iray ; raha lavo misy mpanarina » ; « Maro ny sima fa izay vaky orona no **ratsy** ».

➤ Mandidy amin'ny alalan'ny fampiasana sokajin-teny maneho fanirahana, baiko

Ireto kosa indray avy hatrany dia takarina ny heviny fa tsy mila esorina ireo teny na andian-teny maneho filaza mandidy.

Ohatra : « **Mandehana** dieny malaina fa rehefa mazoto tsy afaka intsony » ; “**Mba arahabarabao** ny rehetra fa tsy fantatra izay horafozanina » ; « **Manaova** soa vato fa misy ipetrahana » ; « **Raha** manao ka tsy ambinina, ampisambory fa havana ory ; fa

raha miraviravy tanana tsy miasa, avelao hivarina amin'ny tany » ; « Maromaroa fiteraka fa tsy ilaozan'izay ho tsara » ; « Raha zaza sarotra ala-nify dia aoka ho sosona » ; “Ataovy fihavanam-bava sy Tanana : raha marary ny tanana dia mitsoka ny vava ; raha marary ny vava dia misafo ny tanana”.

Eto no tokony hampianarana ilay tranga maningana, izany hoe ilay FD azo avy tamin'ny fanambarana ny mpampiankina raha sy ny mpamari-toetra malina ka lasa anaran-tsamirery ny fiandohany : “Ramalina aza mifehy hazo tokana”.

Misy fanirahana ankolaka ao fonosin'izany fomba fiteny izany.

➤ Fampiasana ny filazam-potoana ho avy maneho firariana

Ohatra : « **H**angidy lavitry ny faty ; **ho** mamy tian'ny vola » ; « *Veloma* ry sakaiza ; tsy **ho** voan'ny an-tanan-tena **anie**, tsy **haratran**'ny an-tanan'olona ».

10°- Fampiasana ireo paika enti-manazava, toy ny fampiasana ny « teboka roa (:), ny ka, ny faingo, ny fa, ny ...tsy...fa... » raha an-tsoratra fa fiatoana kely raha am-bava

Misy fanazavana toetra na toe-javatra atao ato amin'ity sokajy ity. Ny famahavahana ny fomba nandrafetana azy no manampy amin'ny fahazoana ny heviny.

Natsipy eny aloha ny zavatra hohazavaina ka manaraka eo aoriana ny hevitr'izany. Koa mialoha ny hamerenana ilay FD amin'ny fiteny andavandro (FA) dia asiana tsipika eo ambanin'ilay zavatra na ilay toe-javatra resahina, na avahana mihitsy izy aloha. Vita izay vao avadika amin'ny FA ilay FD dia takarina ny heviny.

Azo atao ihany koa ny manao ny fanontaniana hoe : “Maninona/manao ahoana ny ...?”, na “Inona ny zava-mitranga na mety hitranga...?”.

Ohatra1 : “*Lamban'angidina ka itafiam-belona (dia) tsy mahatafy ; ifonosa-maty (dia) tsy mahafono*”.

Fanazavana hevi-teny :

lamba : zavatra vita avy amin'ny zava-maniry ka atao fitafiana.

angidina (Régis Rajemisa Raolison, 2003 : 82) : [anarana] bibikely lavalava vatana, manana elatra manify dia manify roa mifanaingina an-daniny avy, ary manidintsidina eny ambony rano [ana habakabaka].

Tsy mahasarona ny vatany manontolo io elany (lambany) io.

Fanazavana ny hevitra ny FD :

Avahana ilay zavatra/toe-javatra resahina : *lamban'angidina*.

Atao ny fanontaniana : *Maninona ny lamban'angidina ? ; valiny : itafiam-belona (dia) tsy mahatafy ; ifonosa-maty (dia) tsy mahafono*.

Avoaka ny hevitra ny FD : *Mba manana tahaka izay ananan'ny olona rehetra ihany saingy tsy mahafa-po ; tsy mahavita araka izay iheverana azy, na koa toa tsy ilaina akory*.

Anehoana, ilazana toe-javatra tsy ampy ka tsy mahafa-po eo amin'ny fiainana izany, na tsy dia ilainy loatra.

Ohatra2 : "*Tsingeringerin'ankizy **ka** ny mijery azy no fanina*".

Fanazavana hevi-teny :

Tahaka ny natao teo ihany ny dingana arahina amin'ity fa ny fanontaniana atao dia hoe : *Manao ahoana ny **tsingeringerin'ankizy** ? Inona ny zava-mitranga amin'izany ?*

Valiny : *fanina izay mijery azy*

Hevitra ny FD : Hafa ny manao hadalana ka ny olona iray karazana, iray fiaviana, iray asa, iray sokajy aminy no sahirana, menatra, afa-baraka.

11°- Fampiasana fehezanteny takona ila (ny L)

Aorian'ny fanazavana hevi-teny dia atao ny fanontaniana hoe : Manao ahoana/ inona maninona/ iza ...? sns.

Ohatra : « *Mitarika hazo an-tendrony* ».

Manao ahoana/ inona no miseho rehefa mitarika hazo an-tendrony ? Dia ny valin'izay no heviny.

Toy izay avokoa no atao amin'ireto : « *Voatavo tsy mifandraka* » ; « *Maniry zaza ka tera-dahy* ».

a) **Ireo endrika vokatry ny fampiasan'ny olona azy**

12°- Miseho amin'ny endrika lahabolana hafa

Ny ankamantatra sy ny fitenin-drazana

Miainga amin'ny fanazavana ny hevi-teny ka avahana ny valin'ilay ankamantatra. Ny toetran'iny valin'ankamantatra iny no atafy ny olona, na tonga dia ny valin'ilay ankamantatra avy hatrany no tiana holazaina.

Ohatra :

Ankamantatra	Ohabolana
<i>Inona àry izany ?</i> Malailay fonosana ; (valiny : « <i>fary</i> »)	- <i>Aza manao toy ny</i> « fary » <i>ka malailay fonosana.</i>
<i>Inona àry izany ?</i> Velona iray trano, maty iray fasana ; (valiny : « <i>olona</i> »)	- « <i>Velona iray trano, maty iray fasana</i> »

Fafana5 : Fafana maneho ny fifanahafan'ny ankamanatatra sy ny ohabolana.

Ny ankifidy sy ny fitenin-drazana

Avahana ilay zavatra na toe-javatra ampisafidianina ; dinihina ny tombon-kevitra entin'ilay mpampitohy ; omenany hevitra ny FD.

Ohatra : « *Taitra ny be tsy mba taitra fa taitra irery vao mamaky takotra* ».

- *tj1* : taitra miaraka amin'ny betsaka ;
- *tj2* : taitra irery ka mamaky takotra.

Heviny : Ratsy ny misaraka amin'ny besinimaro ka tsy tokony hatao.

Ny fampitahana sy ny fitenin-drazana

Fantarina ny zavatra roa ampitahaina dia jerena ny maha izy azy ny tsirairay avy ka izay no iorenan'ny fampitahana ; zavatra roa mitovy sokajy mazàna no ampitahaina.

Ohatra1 : « *Sakamalao sy havoza ka samy manana ny hanitra ho azy* ».

Sakamalao # havoza = samy zava-maniry mani-pofona ka tsy misy tombo sy hala.

Entina amin'ny fiainan'ny olona izay toetra izay anaovana ny fampitahana. Izany hoe ilay toe-javatra manasongadina ny maha izy azy ny olona tsirairay izay no avohitra amin'ny fampitahana ny toetran'ireo zava-maniry ireo.

Ohatra2 : « *Samy zanaky ny mpanefy ka tsy hifampidera taim-by* ».

Zanaky ny mpanefy : mahay manefy, mahalala vy mafy = samy manana ny maha izy azy ny tsirairay ka tsy tokony hifanambany.

13°- *Miseho amin'ny endrika fanontaniana*

Esorina ireo singa maneho fanontaniana dia avadika ho tso-drafitra ilay fehezanteny hahazoana mora foana ny heviny.

Ohatra : “*Voangaly ve aho ka ho faty an-kazo tokana ?*”

—→ *Voangaly aho ka ho faty an-kazo tokana* = maty an-kazo tokana ny voangaly.

Heviny : Tsy toy izany ny olona (aho).

14°- Fampiasana filaza mandidy enti-mandrara na maniraka amin'ny alalan'ny : aza..., aza...ohatry ny..., aza ...tahaka ny..., aza atao..., aza manao..., aza atao toy ny..., ataovy..., ataovy toy ny..., manaova..., aza...fa ataovy..., tahaka ny..., toy ny..., tsy mety raha...

Esorina fotsiny ireo teny natamby ny endrika fototra ireo dia atao tahaka ny mahazatra ny fanazavana rehetra.

Ireo misy teny hafa nampiana eo alohan'ily endrika fototra

Teny nanampy azy	Endrika fototra
<i>Aza manao</i> → « Aza manao fihavana-molotra : tezitra vao mifanatona ».	fihavana-molotra : tezitra vao mifanatona
<i>Aza atao toy ny</i> → « Aza atao toy ny vato tsindry ahazana ka raha maloka ny andro atsipy ».	vato tsindry ahazana ka raha maloka ny andro atsipy
<i>Ataovy</i> → « Ataovy sotroranon'akoho : kely azo, andrandraina ; be azo, andrandraina ».	sotroranon'akoho : kely azo, andrandraina ; be azo, andrandraina
<i>Toy ny</i> → « Toy ny kitranotranon'ankizy ka manao soa horavana ».	kitranotranon'ankizy ka manao soa horavana

Fafana6 : Fafana maneho ny fisian'ny teny hafa napetraka eo alohan'ny endrika fototry ny FD.

Ireo misy teny hafa nampiana eo aloha sy any anatin'ily endrika fototra

Ohatra : « **Tsy mety raha** kely mialoha Andriana **toy ny** tehina » ; « **Tsy mety** raha mandi-manatrika, fa vaso-miamboho **toa** ravin-tseva ».

Ireny efatra ambin'ny folo karazana ireny ny endrika isehoan'ny FD izay ilana paika samihafa ny fanavahana azy sy ny fanakarana ny heviny.

Misy ny mampiasa azy ireny manao tohy vakana (maromaro no ampiarahina) ka dinihina ny seha-kevitra iraisany dia amin'ny alalan'izay no anazavana azy.

Izao no fisehon'izany :

Ohatra :

« *Ny zaza mitomany ivoho, te hobabena ;*

Ny mitomany eo anoloana, te hampofoina ;

Ny mitomany eo an-kila, te hotantanana ;

Ary nyolona no mitaraina amintsika, te hovonjena ».

mitomany, mitaraina : samy ao anatin'ny seha-kevitry ny alahelo, fahoriana

hobabena, hampofoina, hotantanana, hovonjena : samy manamabara fifanampiana, fanavotana hialan'ny hafa amin'ny fahoriana sy fijaliana mianjady aminy.

Maniraka ny olona rehetra hifampitsinjo noho izany io FD io.

Ny olona efa manana traikefa no mampiasa ny endrika toy izany ka efa hain'ny mpianatra ny FD mandeha singana vao ampianarina azy ny FD atao mifampitohy toy izao.

Fanampim-panazavana momba ny fomba fahazoana ny hevitra ny FD

Ny endriky ny FD dia tsy mahazatra, mihataka amin'ny fiteny andavanandro.

Kendrena ato amin'ity lafiny ity ny ahafahan'ny mpianatra mahazo tsy amim-pihambahamba ny hevitra fonosin'ny FD. Aoro ny mpianatra aloha ireo dingana roa tsy maintsy holalovana amin'ny fanakarana ny heviny vao asaina ampihariny izany. Asa isan-tarika aloha no atao voalohany vao manao ny azy tsirairay ny mpianatra.

Araka izany dia takarina aloha ny heviny ara-bakiteny vao manakatra izay ao ambadiny avy eo.

Toy izao no lalana harahina amin'izany :

Raisina ilay FD dia averina amin'ny fomba fiteny andavanandro aloha amantarana ny heviny ara-bakiteny ; azo izay hevitra ara-bakiteny izay vao sarihina mankany amin'ny hevitra ambadika.

Raha tomorina mantsy ny fiforonan'ireny FD ireny dia azo heverina fa niainga avy tamin'ny fiteny andavanandro ihany : nisy zava-nitranga iray tsapan'ny olona sady iainany ka

hitany fa miverimberina ary mitovy sy marina foana izany dia tazoniny ilay teny ka ampiasainy eo amin'ny fiainana. Miainga amin'ny zava-misy marina foana izy araka izany.

Mila omena ny mpianatra noho izany ireto tranga nenti-namorona ny FD ireto :

- ◆ *Famadihan-drafi-pehezanteny tsy manaraka loatra ny lalàna mifehy ny fitsipiky ny teny*

Rehefa mamadika ny rafi-pehezanteny mantsy dia tsy maintsy mampiasa kianteny mpamadi-drafitra ny fiteny andavanandro (FA) ; fa amin'ny fitenin-drazana kosa dia tsy voatery haseho izany, ka izay no maha raiki-drafitra azy. Noho izany raha te hahazo ny heviny dia aseho izay endriny amin'ny FA izay.

Ohatra :

FD₁ : « *Ny tsihy **no** fola-mandefitra* » > FA : Ny fola-mandefitra dia ny tsihy.

Miseho eto ny kianteny mpamadi-drafitra.

- ◆ *Fampiharana ny paikan'ny fanazavana*

Ohatra FD₁ : “*Vorontsilozà vangian-kavana : ny hafaliana dia safo-morona, haravoana dia fenomanana, ka doboka amponga sy ny akoralava dia miketriketrika sy manakoako fa ny hafaham-bahiny no tsy misy*”.

FA : *Safo-morona ny hafalian'ny vorontsilozà vangin-kavana, fenomanana ny haravoany ary miketriketrika sy manakoako ny doboka amponga sy ny akoralava, saingy, indrisy, tsy misy akory izay sakafo mba hafahana ny vahiny.*

Ny FD mampiasa ny fehezanteny mivadi-drafitra sy ireo miendrika fanontaniana ary izay mampiasa fehezanteny takona ila no tena voakasik'ity paika ity.

Ohatra FD₂ : “*Fozalahy ririnina : samy mitady tamenany ho azy*” > FA : Ny fozalahy ririninasamy mitady tamenany ho azy.

Tsy hita tao amin'ilay FD ny kianteny dia sy ny mpanoritra anarana iombonana ny.

Ohatra FD₃ : “*Zanaka velon-kalina ka ny am-pony hafa, ny am-poko hafa*” > FA : Zanaka velon-kalina **ka** ny am-pony dia hafa, ny am-poko dia hafa.

Natsipy eny aloha avy hatrany ny teny mitondra anjara asa lazaina (L) mba hisongadina ny tiana hambara ; nesorina ny kianteny mpamadi-drafitra dia.

OhatraFD₄ : « *Atody tsy miady amam-bato* » > FA : Ny atody dia tsy miady amam-bato.

Tsy hita tao amin’ily FD ny kianteny dia.

◆ *Fanakonana avy hatrany ny Lazaina*

FD : « *Voatavo tsy mifandraka* » > FA : Voatavo tsy mifandraka (izy/ianao ...)

Jerena tsirairay ny hevitr’ireo teny ireo vao dinihina amin’ny maha raiki-drafitra azy izy avy eo satria toka-mihasina ny hevitr’izy ireo hoy i Gaston Gross.

Tsy dia ilaina loatra intsony ny mamerina ireto karazany manaraka ireto amin’ny FA fa tonga dia takarina avy hatrany ny heviny araka ny soso-kevitra nomenay teo aloha :

- ◆ *Fanampiana sokajin-teny samihafa eny aloha na eny anelanelan’ily mandrafitra azy* : toy manampy, teny enti-manohatra, mpampiankina, sns.
- ◆ *Fitaterana teny mivantana* (tenin’olona na tenim-biby)
- ◆ *Fampiasana filaza mandidy*

Miharihary avy hatrany kosa ny lohahevitra voiziny matetika. Ohatra : Miresaka momba ny fitiavana ny hoe « *Sarotra entina toy ny rafozam-be tsiny : omena ny manta, « tsy omby vilany* » ; *omena ny masaka, « sisa tsy lany* ».

Ny fahazoana ny heviny kosa no hahitana ny soa toavina fonosiny. Anisan’ny soa toavina, ohatra, ao amin’io FD nomena teo io ny fanajan’ny vinanto ny rafozana ka tsy maintsy omen-javatra tsara mandrakariva ; ary adidin’ny zanaka ny mitaiza ny ray aman-dreny rehefa antitra izy.

Fanamarihana : Mandray roa ihany ireo FD ahitana sokajin-teny samihafa (toy ny mpanampy, mpampitohy/ mpampiankina ...), ny fialaovana amin’ny feo ary ireo maka endrika lahabolana hafa; tahaka izany koa ireo misy fampitahana. Izany hoe misy ireo tsy maintsy averina amin’ny fiteny andavanandro vao hazavaina ny heviny, fa misy kosa ireo tonga dia azo hazavaina avy hatrany.

Ireto ohatra ireto dia azo hazavaina avy hatrany sady tsy dia saro-takarina ny heviny : *“Botrin’ny nataony toy ny famaky” ; “Manaova dieny malaina fa rehefa mazoto tsy afaka intsony”*.

Ireny no azo ambara momba ny fampianarana ny FD mandeha manokana, koa inona kosa ireo fahalalana tokony homena ny mpianatra momba ny fampiasana ny FD ao anaty lahateny ?

3.2.2.2. Ny fampiasana ny FD ao anaty lahateny

Tsy mandeha irery ny FD fa tsy maintsy atsofoka anaty lahateny ampivohitra ny anjara asany (mamelively, mandoka, manentana, manabanty, mampihomehy ...). Fantenana izy ireny hifanaraka amin’ny sehatra sy ny lohahevitra resahina ary indrindra amin’ny vontoatin-kevitra andaharan-teny.

Fampiharana¹⁵⁰ ireo fahalalana rehetra azo momba ny FD no atao amin’izany. Ambara amin’ny mpianatra fa mila mamaritra ny sehatra horeshahina aloha izy, manangona hevitra sy/na tohan-kevitra ilaina vao mandrindra izany an-tsoratra.

Izay hahaliana ny mpianatra, ny hitiavany mampiasa ny FD, ary ny hahazatra azy amin’izany no tanjona tiana hotratrarina eto. Koa ireto manaraka ireto ny paika ahafaha-mampianatra izany :

a) Araka ny natao tany amin’ny fanangonana ny FD, dia ampifaneraserana amina lahateny voaravaka FD (fiatrehana mivantana olona mandaha-teny, fihainoana horonam-peo, famakiana lahateny) izy ka asaina dinihiny amin’izany ny fomba fampiasana azy; asaina avoakany ny lanjany (mambabo, maneso, haingo na ravaky ny lahateny).

b) Omena lahateny feno FD izy dia asaina tsoahiny izay FD hita ao, asaina tohizany izay miseho amin’ny endrika tsy feno, asaina hazavainy ny heviny tsirairay avy. Anontaniana ny tombon’ny fisian’ny FD ao amin’ily lahateny.

¹⁵⁰ F. MACAIRE sy P. RAYMOND, op. cit. « [La méthode déductive] : c’est une méthode qui convient à l’exposition, à la démonstration. [...] Les enfants vérifient la règle, l’appliquent dans des exemples », p.44

Ohatra : Tononkalo, “SAMIA MOA MAKAN NY TIANA”

SAMIA MOA MAKAN NY TIANA

Zazavavy tsy endrehin-damba sarika,

Zary endrika roa mifangarika ...

Iza anefa àry moa no adidiana

Fa samia ê maka ny tiana!

Raha mifidy ka maka ny njola,

Haitraitra ve sa angola ?

Tsy an-dRahiratra moa ny tarehy

Fa ny vintana no hafa fandeha !

Ao ny tsara tarehy petaka orona !

Fa ny soa dia tsy mety hitangorona

Ho harenan'ny olona iay!

An-dRatamorainy ny vintana,

Fa tsisy tarehy tsy hihintsana

Ka ho fatratra mandrakizay !

Dox, Folihala, 1968, p.113

d)Asaina mamerina amin'ny laoniny lahateny mikorontana.

Akoronta araka ny fari-pahalalan'ny mpianatra ity lahateny ity ka asaina averiny amin'ny laoniny avy eo. Ampamakiana azy indray mandeha aloha ilay lahateny mirindra vao omena azy ilay mitkorontana halaminy.

Lahateny fangatahana fanampiana ara-bola na ara-tsakafo amina ray aman-dreny ara-pitondrana, na amina fikambanana misahana izany (resaka am-bava mivantana).

Lahateny : Vontoatiny

...

Hitanareo ihany, Tompoko, fa mba maro ny olona izay manana ny maha izy azy eny aminay eny ; kanefa moa ny omby mahia tsy lelafin'ny namany ary ny kely tsy mba mamindro ka tsy hitan'ny olona ny tena.

Manana havana ihany koa izahay any dilambato any kanefa araka ny fitenenana, “ny afo lavitra tsy azo amindroana, ny afi-dafitra tsy mahafehy faty, ny vary zato tsy manaramandeha, ary ny nifin-drahalahy tsy fienti-mihomehy. Ka noho izany indrindra, Tompoko, no nahatonga anay eto satria ny marary tsy mitaraina very tanik'aody. Sahirana ny mponina ao aminay, indrindra fa ny tenanay manatrika anareo izao ka mila famatsiana ara-bola na ara-tsakafo. Mba manao izay ho vitanay ihany izahay saingy ny nambolen-tsy naniry ary ny nasosoka maty maso ; miezaka andro aman'alina izahay kanefa ny harena toy ny rano antamim-bato : jerena toa mangilatra nefa raha tovozina tsy hahazoana ; toy ny lamban'angidina izay mba hitanay : itafiam-belona tsy mahatafy, ifonosa-maty tsy mahafono ;

ka vonjeo izahay hanarenanay ny fiainanay indray. Anisan'ny nanampy trotraka ny fahasahirananay iny fandalovan'ny rivodoza iny.

Raha mahazo anio izahay dia manome toky anareo fa hanao ho atodin-taitso fa tsy hanao hata-dava ohatry ny saka akory.

Manantena ny hamoram-ponareo izahay, Tompoko, ka dia misaotra mialoha.

*Rasolonirina Eugène
Antananarivo,
Talata, 08 febroary 2016*

e) Ampamenoana ny banga amin'ny lahateny amin'ny alalan'ny FD.

Fomba roa no azo isafidianana na ampiarahana eto :

Voalohany, avela banga ilay lahateny ka ny mpianatra no mitady ny FD hatsofoka ao araka ny traikefany ;

Faharoa, omena azy ireo FD samihafa dia mameno ny banga amin'ny alalan'ireny izy.

Omena ny mpianatra ny FD dia izy no mameno ny banga amin'ny lahateny :

Lahateny :

Eny àry Tompokolahy sy Tompokovavy, lavitra i Ankaratra ka tsy tongako, avo ny lanitra ka tsy tratray, ary maro ianareo ka tsy ho voatetinay isam-baravarana avokoa hanehoanay mianakavy ny hafalianay noho ny fanampianareo tamin'ny famonoana ny afo teo. Sanatria, Tompoko atao ... ianareo ka odian-tsy hita fa ny sampanam-pito, ny lalambe valo ka izay tsy ombana mety malahelo; ary ny harena toy ny rano an-tamim-bato : raha jerena toa mangilatra fa raha tovozina tsy hahazoana ka tsy manana zavatra hatolotra anareo ny tenanay afa-tsy ny fisaorana am-bava tahaka izao ihany. Hafalian'ny tsy manana re Tompoko izy ity ka ... ankasitrahana ny soa vitanareo. Ary tsy toroana vanjo hohadiana ianareo fa mahita ny manjo anay indroa mahita ny maizina toy ny tain'omby natsentsin-davaka izao. Noho izany dia fisaorana eram-po eran-tsaina no atolotray anareo ho ... hitsidika ny isam-baravarananareo tsirairay avy.

Ny Andriana no manjaka, ny vahoaka ; ny hazo no ... ary ny afo tsy maty raha tsy nisy ianareo. Koa tsy mba atao ho sitraka andro anaovana toy ny tongotr'omby mihosy anie izany fa atao ... ; atao toy ny landy : velona itafiana, maty ifonosana ka ny Andriamanitra be fahasoavana anie hamaly ny soa vitanareo.

...

Misaotra Tommpokolahy, mankasitraka Tompovavy !

*Rasolonirina Eugène
Antananarivo,
Talata, 09 febroary 2016*

Ireto no hamenoana ny banga : *tonom-bomanga vory vahoaka/ sitraka enti-matory ka hovaliana raha mahatsiaro/ toy ny masoandro avy hariva : /Hangidy lavitry ny faty anie ianareo ary ho mamy tian'ny vola./ny nify no atapy /vanon-ko lakana dia ny tany naniriany no tsara.*

f) Ampamoronana lahateny an-tsoratra misy FD ny mpianatra.

Fialan-tsiny

Ny fialan-tsiny dia misy fanatobahana ny fahaiza-maneho fanetren-tena, ka anomezana hasina sy haja ny olona itenenana. Amphafantarina ny mpianatra izay ka omena azy ireo FD maneho izany andrafetany lahateny.

Ohatra iray asaina hotohizan'ny mpianatra ity aseho eto ity :

Lahateny :

Aza fady indrindra re, Tompoko, ny omby raha hiady dia manala saron-tandroka, ny akoho raha haneno miala kopakopaka fa izaho raha hiteny dia tsy maintsy miala tsiny aminareo. Satria ny teny atao toy ny tory hisatra ka tsy ilaozan'izay manjilatra, koa sorohina dieny mialoha rahateo izany.

Asaina tohizan'ny mpianatra io ka ambara aminy fa ampiasaina ireo FD maneho ny fanetren-tenan'ny mpiteny toy ny : “ *Izahay voatavo tsy mifandraka*”, “*Tsy mialoha Andriana toa tehina*”, “*Tsy paza izahay/aho ka misoritika ambonin'ny maventy*”, “*Tsy hanao gisa lahy mangala-ketsa ka ny mangalatra indray no avo vava*”, “*Tsy milaza tena ohatry ny papelika na hisora-tena tahaka ny voatango*”, “*Tsy misomidika ambony toa menaka, tsy mitselaka alohan'ny vanja toa bala*”, *tsy mitsako alohan'ny vazana*”, “*Tsy mba ny ankamaroambahoaka fa olona iray toa zato*” ; ireo manasohaso ny olona itenenana : “*Ianareo toy ny olona monina am-bava ala ka mahita ny mahitsy hokapaina, monina amoron-drano ka mahita ny marivo hirobohana ary monina amoron-kady ka mahita ny tevana hiviliana*”, “*Sambatra kosa Raherana fa manan-kierana, sambatra Razozoro fa manan-kijoroana, fa finaritra izahay manana anareo ray aman-dreny : andry iankinana, somotra ihazonana, masoandro mitondra hafanana, volana manazava ny lalana, kiady sy voninahitra*”, “*Ianareo ray aman-dreny : lakana itana, fivoy ianteherana, ary tohatra hisandratana sy elatra hanidinana, valala fiandry fasana, vorompotsy tsy mandao ny omby, hitsikitsika tsy miala*

aman-kazo, sotrobe mahita ny ao am-pon'ny vilany” ; ary ireo manambara ny fahasarotan'ny fandraisam-pitenenana, tahaka ny “*Ny mitondra tehina mora fa ny mitondra teny sarotra*”, “*Ny teny tsy azo mampiazoazo*”, “*Mitafy lamba imason'ny tompony ka sakodiavatra ihany*”, “*Ny tsinjaka maro mahay fa ny dada no sarotra ianarana*”, sns.

Azony ampiasaina ihany koa ireo FD manoritsoritra ny toetry ny tsiny, toy ny : “*Ny tsiny toy ny oram-panala : an-koditra vao mahangoly ; zava-mavesatra tsy zakan'ny teo aloha ka ombako tsy mahazaka*” ; ... ary ireo FD anehoana fanariana tsiny : “*Enga anie ny tsiny ho toy ny tandroka adaoro : aloha tsy hanakana, afara tsy hanenjika, an-tany tsy hipoitra, ambony tsy hianjera, ary an-drirana tsy haneritery*”, ...

Fanamarihana : Tsy voatery asaina atsofoky ny mpianatra anaty lahateny avokoa izy rehetra ireo fa asaina fantenany izay tena ilainy amin'izany hahatsara ny lahatehy hataony.

Anatra sy kiana

Arakaraka ny sehatra ampiasana azy ny sanda na ny lokom-pilazana entin'ny FD.

Ny FD enti-mananatra, ohatra, indraindray dia azo anakianana, anesoana, andatsana olona manda na tsy mandray ny fananarana azy, kanefa tra-boina avy eo.

Ohatra, nambara tamin'ny olona iray fa tsy mety ny manao ratsy aman'olona nany mangalatra zavatr'olona, dia izao ny fomba fiteny nampiasaina : *aza variana manao ratsy fa “ny mahery tsy maody anie tsy ela velona e !”, ary “Tandremo ny atao rehetra faraha ela ny ihinanan-dronono dia fotsy ny vava”*.

Raha tsy mahomby izay anatra izay dia izao no tenin'ilay mpananatra mandatsa azy : “*Akory àry, ela nihinanan-dronono (ianao) ka fotsy ny vava*”.

Araka izany dia tokony hatoro ny mpianatra io fifandraisana io ahafahany mampiasa ireny FD ireny. Aseho amin'ny alalana fafana aloha io fifandraisana io mba ho angona ao aminy mialoha ny hanomezana ohatra fampiasana azy anaty lahateny.

Toe-javatra	Fitenin-drazana
FANANARANA	Atomboka amin'ny "tandremo fa ..." avokoa ireto : <i>" ... nytendrom-po tsy mba namana", "... ny fo rano mafana ka izay tsy mahatsindry azy no mainy", "... ny fo tezitra tsy ananan-drariny", "... ny mahery tsy mody tsy ela velona", "... ny hery tsy mahaleo ny fanahy", "... ny tody tsy misy fa ny atao no miverina", "... ny omby rohizina amin'ny tandrany, ny samoina samborina amin'ny lelany, ary ny olona tanana amin'ny teniny", "... ny singam-bolo mandavo ny vositra", "... ny hazo tokana tsy mba ala, ny olon-drery tsy mba vahoaka, ny tondro tokana tsy mahazo hao", "... izay to fo mpamosavy", ...</i> Ireto kosa dia atomboka amin'ny "aza ..." : <i>" ... ny lohasaha mangina no jerena fa Andriamanitra antampon'ny loha", "... tezitra alohan'ny rariny ka tsy misy hasiana ny hitsiny", "... manetriketrika ny an'olona fa rehefa masaka batain'ny tompony", "... manao toy ny valalan'ambo : fony kely mitsipitsipika, nony lehibe tsy afa-manidina, ka mandady mandraka antitra", "... mitoe-poana ohatry ny vato : ny lehibe tsy miteny, ny kely tsy misy mpananatra", ...</i> Endrika hafa : <i>"Aleo very tsikalankalam-bola toy izay very tsikalankalam-pihavanana", "Aleo miadan-ko reniny toy izay mitsatsaingo-ko vantony", "Aleo mahantra arin'ny azy toy izay manan-karem-boafady", "Volamena latsaka ambovoka, tsy havelan'ny hasoany tsy hihiratra", "Ramalina aza mifehy hazo tokana", "Manaova mpirahalalahy mialanala : ianao tokiko, izaho tokinao", "Ny mita be tsy lanin'ny mamba", "Ny akanga maro tsy vakin'ambo", "Atsipy ny tady an-tandroky ny omby, atsipy ny teny am-pon'ny mahalala".</i> Fanamarihana : Misy amin'ireo ampiasaina amin'ny fandatsana ka esorina ireo teny nalampy eo alohany ireo.
FANAKIANANA, LATSA, TEBAKA	<i>"Madio manatrika fa maizi-miamboho toa ravin-tseva", Toy ny harefo : mahitsy ivelany fa miefitrefitra an-kibony", "Toy ny voara : jere-mandina, amboloina manitra ; nony verahina feno vitsika", "Ny fo tezitra tsy ananan-drariny", (azo atao eto avokoa ireo nambara tao amin'ny anatra saingy esorina ny teny nalampy eo alohany) ; "Setroky ny kitay nalaina, main'ny afo natsangany", "Tanora ratsy fihary, antitra vao ratsy laoka", "Manamaimbo tena toa voatavo fiteren-dronono", "Mpivaro-drano tratr'orana ka tratry ny varotra natao", "Lozodozo-pahandro, mantamanta fitono ka ny atao no mankarary", "Dedaka tonga rafozana : tranobonga ka asiam-pandri-baratra, akoho ka indramam-paky", "Ny kibo be famory, ny maso be famaritry ka ny fo no mitahiry raki-dratsy", "Todin'ny ambora tsy nalaina ka mivongika hazo tsy fantatra".</i>

Fafana7 : Fafana maneho ny fifandraisan'ireo FD enti-mananatra sy enti-mandatsa/maneso/manebaka.

Araka io fafana io, rehefa handatsa dia azo ampiasaina ireo FD maneho fananarana saingy esorina ireo teny nalampy eo aloha, satria matetika ny latsa dia atao aorian'ny fananarana tsy noraisin'izay nanarina.

Lahateny roa no asaina hotohizan'ny mpianatra anehoana izany :

Lahateny fananarana olona mba hanararaotra fotoana

Apetraka sy hazavaina tsara amin'ny mpianatra ny sehatra resahina hahafahany manohy ilay lahateny.

Ohatra :

Toromarika : Hananatra olona/namana/zandry hanararaotra fotoana ianao, fanteno avy ireo FD anatanterahana izany ka soraty ny lahateninao momba izany.

Izao no fiandohan'ny lahateny ohatra hotohizan'ny mpianatra :

Nifamotoana eto isika amin'ny maha zoky sy zandry antsika. Mpirahalany mianala isika eto ka ianareo dia tokiko ary izaho tokinareo, ary sady iray vatsy no iray aina rahateo ka tsy hifanafina izay zavatra mahasoa.

Fantantsika tsara fa mandalo ity hatanorana ity ary rehefa antitra dia tsy ho afaka manao na inona na inona intsony. Noho izany dia ...

Lahateny mandatsa mifanandrify amin'izay ka asaina hotohizan'ny mpianatra

Hoy mantsy ny Ntaolo amintsika, "Toy ny tsipak'ombalahy ny ana-dray aman-dreny : raha mahavao mahafanina, raha tsy mahavao mahafaty". Koa mihatra amintsika izany amin'izao fotoana izao ; nefa ...

Ny fizahozahoana sy ny doka tena

Na handoka tena na handoka olona na zavatra na haneho fizahozahoana dia mampiasa ireo FD maneho ny maha izy azy ny tena na ilay toe-javatra dokafana.

Ity misy lahateny mandoka andresen-dahatra olona handray ny andraikitra napetraka taminy.

Olona notendrena hitarika fikambanana iray :

Lahateny :

Rehefa nikaon-doha ny maro dia hita sy tsapa fa ianao no olona mahatondra ity fikambanantsika ity. Vato nasondrotry tany ianao ; ampinga ara-bolamena : mitraka voninahitra ny lanitra, miondrika fahazavan'ny tany ; antsibe tsara hofana ka tsy mena-maso ny hazo ; tangena tsara hafatra ka tsy mena-mitsara ary afo lohataona ka tsy mena-maso ny bozaka.

Tsy hoe midera vady mahay mandihy izahay eto fa ao ianao sandry hilaza azy. Koa raiso re ny andraikitra omenay anao fa ...

(Anisan'ny azo atao eo ireto : “Ny adidy tsy an’olon-dratsy”, “Ny voninahitra an-tsobika aza atao am-patambary”, “Aza araraka ny menaka efa mby an-doha”).

Lahateny anehoana fizahozahoana vokatry ny fanakianana ataon'ny hafa

Eny re, marina fa zaza velon-kalina izahay ka tsy nahita ny andro niposaka, ary mety ho ny adala monina Ankaratra ka tsy mahalala sahondra ho vaky ; kanefa aza atao ho ny kely tsy mba mamindro a! Papango lahy anaty katsaka ny aty ka izay mivoaka dia dadany avokoa. ...

(Ireto ny FD tokony hanohizan'ny mpianatra azy : “Tandrema fa ny singam-bolo mandavo ny vositra, ny tampoka tsy mahalehilahy”, “Izaho ombidia taranaky ny omby mahery”, “Sokina mita rano aho ka tsy mahabe vava-mamba, trandraka anaty vato ka tsy mahakinga mpihaza, ary tsintsina tsara trano ka kely ihany fa mitomban-dahy, adibo namaky voam-bendraña : kely fa rain-dahiny”, “Vintsy miori-drano : sady manja no mangamanga”).

g) Ampaovina sarintsarin-tsehatra miendrika fifaninana ao an-dakilasy ny mpianatra mba hankafizany ny fampiasana azy; azo atao koa ny mampirisika azy ireo hampiasa FD mandritra ny fanaovana famelabelan-kevitra ka ampitomboina ny naoty azon'izay nampiasa azy araka ny tokony ho izy.

h) Asaina manadihady feno lahateny voaravaka FD ny mpianatra. Atao tahaka ny fanadihadiana lahateny rehetra: mamoka ny drafitra antsipiriany ary mamorona lahateny mifanadrify amin'izany.

Fanamarihana ankapobeny momba ny fampianarana ny FD

Ireny paikady samihafa ireny dia tsy natokana fotsiny ho an'ny mpianatra manokana fa azo ampiharina ihany koa amin'ny olona eny anivon'ny fiarahamonina samihafa. Ny fanazarana ny olona hiteny mampiasa ny FD no zava-dehibe kendrena anatin'izany.

Fehin'ny fizarana fahatelo

Torolalana ahafahan'ny mpampianatra mpianatra ny FD no natolotra tato amin'ity fizarana fahatelo ity. Soso-kevitra maromaro no nambara tao anatin'izany, na ho an'ny mpianatra na ho an'ny mpampianatra. Hita tao fa ilana fahalalana fototra maro rantsana ny fampianarana mampiasa ny FD : tokony hahafehy ireo paikady pedagôjika ahafahamanangona ireo FD ireo izy, tokony hahafolaka ireo paika fampitadiavana azy ny mpianatra sy izay mety ho fomba fanatsofohana ny FD ao anaty lahateny.

Ny telolafin'ny haifampianarana nomen'i Legendre no nofantenana tato mba hahazan'ny mpampianatra mifantina izay fahalalana homeny ny mpianany. Koa tsapa araka izany tao fa ankoatra ny fahalalana nofidina momba ny serasera sy ny lahateny ary ny FD dia anisan'ny fahalalana tokony hanaovan'ny mpampianatra fantina ihany koa ny lalan-tsain'ny fandaharan-teny nomen'i Olivier Reboul. Manampy ny mpianatra amin'izay famoronana rehetra hataony mantsy izany.

Nohamafisina koa fa tokony hahafolaka tsara ny zavatra hampianariny ny mpampianatra tsirairay mba tsy hisian'ny fampianaran-diso na hivaona amin-javatra hafa. Tandremana fatratra araka izany ny zavatra rehetra atao mandritra ny seho na ao an-tsekoly mihitsy.

Taorian'ny fanolorana ireo fahalalana ho an'ny mpampianatra ireo no nilazana fa tokony hanana tetika amam-paika entiny mianatra samirery izay fahalalana eo anatrehan'ny mpianatra ankoatra ny fotoana kely niarahany tamin'ny mpampianatra. Mijery ny fomba azy manokana izy hianarany izay fahalalana kely nomena azy. Tomponandraikitra tanteraka amin'izay mety ho fahombiazany na tsia eo amin'ny amin'ny fandrantoam-pahalalana ataony izy.

Ny hananan'ny mpianatra angona momba ny FD sy ny hahamatihanina azy amin'ny fampiasana izany ao anaty lahateny samihafa no tanjona ngeza indrindra tratarina amin'ity lafiny ity ; koa azo tratarina izany raha toa ka voahajan'ny mpianatra sy ny mpampianatra ireo torolalana vitsivitsy natolotra azy ireo.

TENY FAMARANANA

a) *Ny fahasahiranana teo am-panatontosana ny asa*

Na dia ny miteny aza sarotra ka mainka fa ny manao asa fikarohana tahaka itony. “*Tahaka ny adibo*¹⁵¹ *namaky voam-bendraña*¹⁵²” izy ka “*kely fa rain-dahiny*”.

Araka izany dia tojo fahasahiranana maro izahay teo am-panatontosana izao asa izao : teo ny tsy nahafahana nibaiko ny fotoana ka nilaozany, teo ny lafiny ara-bola sy ny olana teo anivon’ny fianakaviana ; fa teo indrindra ihany koa ny fahasarotan’ny fitadiavana ny tahirin-kevitra samihafa.

Tsy natao nahakivy anefa ireo rehetra ireo fa nitadiavana vahaolana hatrany ka tonga ihany amin’izao fahazoana vokatry izao izahay.

d) *Famintinana ny isam-pizarana sady filazana ny lanjan’ny asa*

Fandinihananyankapobeny momba ny FD no natao tao amin’ny fizarana voalohany ka nampiharana ny lalan-tsaina ara-drafitra mifototra amin’ny fandinihana ny teny araka ny fomba fijerin’ireo mpandinika toa an’i Ferdinand de Saussure sy i Gaston Gross, ary teo koa ny fampiharana ny lalan-tsaina ara-drafitra enti-mandalina fiarahamonina araka ny fomba fijerin’ny antrôpôlôga fonkisionalisita toa an’i Malinowski ; ny amin’ny maha teny azy ny FD izay mifamatotra tanteraka amin’ny fiarahamonina nipoirany no antony nandraisana ity lalan-tsaina fonkisionalisita ity.

Ny firafitry ny FD araka izany no nentinay namaritra azy ka nahafahana nanavaka ny ohabolana amin’ny fomba fiteny.

Hita nandritra ny fanadihadiana natao fa misy ny endrika fototra iraisa ambin’ny folo iorenan’ny FD ary ao ireo endrika telo hafa izay vokatry ny fampiasan’ny olona azy. Samy manana ny mampiavaka azy avokoa izy rehetra ireo.

Navohitra koa ny paika enti-manakatra ny hevitra fonosin’ireny FD ireny araka izay firafiny izay ka tsapa fa tena anisan’ireo andian-teny raiki-drafitra izy : toka-mihasina na ny firafiny na ny heviny. Jery faobe kosa no natao nandinihana ny lohahevitra fonosiny ka nahitana fa miresaka momba ny zavaboary rehetra ny FD malagasy : voary manana aina sy/na tsy manana aina. Ny toetra sy fihetsika amam-pomba fiainan’ireo no ventesiny ao, resahany ihany koa ny momba ny zavatra rehetra vitan’ny olombelona (voatrolombelona).

¹⁵¹Voronkely maintimainty fahita eny an-tanimbary

¹⁵²Voana herana

Ny fizarana faharoa no nandinihana ny lafiny piragimatikan'ny serasera mampiasa ny FD. Nofakafakaina manokana ny momba ny piragimatika izay zavatra miditra an-tsehatra amin'ny fahazoana ny laza voafaritry ny seha-tserasera iray. Nojerena tao ireo lafin-javatra samihafa mahasahana izany piragimatika izany, toy ny serasera sy ny lahateny, ny fizahoana sy ireo endrika samihafa aseho na isehoan'ny mpifanerasera ary ireo loko-pilazana (*regitres*) isan-tsokajiny. Mandray anjara amin'ny fahazoana ny laza (*énoncé*) avokoa ireo rehetra ireo ; ka tsapa tao fa sady mandona ny fo ny fampiasana ny FD no mikitika ny saina ihany koa.

Ny fomba fampiasana azy sy ny anjara asany ao anaty lahateny no namaranana ity fizarana ity. Sady ravaky ny lahateny izy mba hanintona no lasa tohan-kevitra enti-mandresy lahatra ihany koa ; ahafaha-manoritsoritra zavatra na teo-javatra iray koa izy ary azo atao ho fitaovana amin'ny fanazavan-kevitra, sns.

Ny lalan-tsain'ny serasera aman-teny araka ny fomba fijerin'i Roman Jakobson sy ny momba ny fandaharan-teny araka an'i Kerbrat-Orecchioni mandinika manokana ny fizahoana no nenti-nitrandraka ireo rehetra ireo.

Tao amin'ny fizarana fahatelo no nanomezanay torolalana fohy ho an'ny mpampianatra ny amin'ny fampianarana ny FD sy ny fomba fampiasana azy ao anaty lahateny.

Nambara io torolalana io mba hahafahan'ny mpampianatra manome fahalalana ho an'ny mpianany : samy nohazavaina sy natolotra tao avokoa ireo fahalalana fototra ankapobeny tokony hananan'ny mpampianatra eo amin'ny lafiny pedagôjia ankapobeny sy ny fampianarana ilay vontootim-pahalalana. Naorina tamin'ny maha zava-dehibe ny fampiasana ny FD ny fandresen-dahatra tamin'izany.

Nezahina navohitra tao ireo hevitra fototra ambaran'ny telolafin'ny haifampianarana nomen'i Legendre itondrana ny fampianarana ; naiditra tao anatin'izany ny lalan-tsain'ny fandaharan-teny nomen'i Olivier Reboul anatontosana ny asa famoronana lahateny.

TAHIRIN-KEVITRA NOVAKINA NENTLI-NANATONTOSA NY ASA

IREO BOKY MOMBA NY HAITENY KA TENA BOKY FOTOTRA NANOVOZAN-KEVITRA ARY NOFAKAFAKAINA NITONDRANA NY ASA

- | | |
|------------------------------------|--|
| ADAM (J. M.) et all,
(2007) | <i>L'argumentation publicitaire</i> , Edition Armand Colin, 238p |
| AMOSSY (R.),
(2000) | <i>L'argumentation dans le discours</i> , Paris, 227p |
| AUSTIN (J.L.),
(1970) | <i>Quand dire c'est faire</i> , Edition du Seuil, Paris, 188p |
| DUCROT (O.),
(1980) | <i>Dire et ne pas dire</i> , Collection Savoir, 315p |
| GROSS (G.),
(1996) | <i>Les expressions figées en français</i> , Ophrys |
| HILTON (H.)
(2011) | <i>Systèmes émergents : Acquisition, Traitement et Didactique des langues</i> , Lyon, 188p (thèse de doctorat : HDR) |
| JAKOBSON (R.),
(1963) | <i>Essais de la linguistique générale</i> , Tome I, Edition Minuit, Paris, 257p |
| KERBRAT-ORECCHIONI (C.),
(1980) | <i>L'énonciation de la subjectivité dans le langage</i> , Edition Armand Colin, 290p |

- LEDEE (C.),
(2011) *L'interprétation des expressions figées du français vers le Langage des Signes Français. Le cas des expressions figées françaises relatives au corps humain*, Université Charles de Gaulle-Lille3, 65p
- MAGNARD,
(2000) *Méthodes et pratiques du français au lycée*, Edition Magnard, 384p
- RAJAONA (S.),
(1972) *Structure du malgache*, Edition Ambozontany Fianarantsoa, 785p
- RATILARAY (S.M.) et al,
Document d'Appui en vue de Favoriser la Recherche sur les Cours malagasy, MEN, 75p (tsy misy daty sy taona nanontana azy).
- RAVOLAHARIMANANA (M. V.)
(2014) *Ny pragmatikan'ny haiteny, araka ny ahitana azy ao amin'ny tantara tsangana sangy mahery nosoratan'i Rodlish*, Mémoire de CAPEN, Antananarivo, 208p
- REBOUL (A.) et al,
(1998) *La pragmatique aujourd'hui*, Edition du Seuil, 210p
- REBOUL (O.),
(1991) *Introduction à la rhétorique*, PUF, Paris, 239p
- SAUSSURE (F.),
(1997) *Cours de linguistique générale*, Edition Payot, 269p

SULKOWSKA (M.), (2005)	<i>Expressions figées</i> , Université de Silésie, Institut d'Etudes Romanes, Département de Linguistique Romane, Séminaire de Spécialisation, Sosnowic, 30p
---------------------------	---

BOKY MOMBA NY HAIFAMPIANARANA : boky nakana hevitra mahakasika ny fomba itondrana ny fampianarana sy ny fahaiza-mampianatra

GERMAIN (C.) (1993)	<i>Evolution de l'enseignement de langue-5000 ans d'histoire</i> , Edition CLE Internationale, Paris, 351p
------------------------	--

MACAIRE (F.) et all, (1964)	<i>Notre beau métier</i> , Edition Saint-Paul, Paris, 512p.
--------------------------------	---

RIVIERE (R.), (1992)	<i>L'échec scolaire est-il une fatalité ?</i> , Edition Hatier, France, 215p
-------------------------	--

UNESCO, (2004)	<i>Document d'appui à l'intention des élèves-mètres</i> , 86p
-------------------	---

RAKIBOLANA

CHARAUDEAU (P.) et all, (2002)	<i>Dictionnaire d'analyse du discours</i> , Edition du Seuil, 661p
-----------------------------------	--

DUBOIS et all, (1973)	<i>Dictionnaire linguistique</i> , Edition Larousse, Paris, 516p
--------------------------	--

Dictionnaire français, (2004)	<i>Le Robert scolaire</i> , Imp. MAURY, France, 1478p
----------------------------------	---

RABENILAINA (R. B.) et all,
(2015)

Vitasoa, Dictionnaire Français-Malgache,
Edition Ambozontany Analamahitsy
Antananarivo, 1600p.

RAJEMISA-RAOLISON
(R.),
(2003)

Rakibolana malagasy, Edition Ambozontany
Analamahitsy Antananarivo, 1061p.

Microsoft Encarta junior
(2008)

BOKY HAFA

RAJAONA (S.),
(1972)

Takelaka notsongaina I, Edition Ambozontany
Fianarantsoa, 201p

SARTRE (J.P.),
(1970)

Qu'est-ce que la littérature ?, Edition
Gallimard, (momba ny literatiora), 374p

GAZETY : tahirin-kevitra nakana hevitra

Inona ny vaovao, lah.1480,p.02, ny alatsinainy, 26 may 2014

Ao Raha, lah.3017, p.12, ny talata, 15 septambra 2015

**IREO BOKY MIRESAKA MOMBA NY FITENIN-DRAZANA : nakana ohatra FD
ary nakana nanovozan-kevitra**

- ANDRIAMANJATO (R.),
(2002) *Le tsiny et le tody dans la pensée malgache*,
Edition Salohy, 100p
- CHAPUS G.S. et all,
(1949.1950) *Le sens de l'humour dans les proverbes
malgaches*, Bulletin de l'Académie Malgache,
n°03.XXIX, pp7-13
- DAHLE (L.),
(1984) *Anganon'ny Ntaolo*, TPFLM, Antananarivo,
296p
- DAMA-NTSOHA
(1953) *La technique de la conception de la vie chez les
Malgaches, révélée par leurs proverbes*, Imp.
Masoandro, Antananarivo, 108p
- DEZ (J.),
Proverbes betsimisaraka, Bull. de Madag.,
n°251-252(1971) pp.349-379, n°253 pp.455-
480
- DOMENICHI-RAMIARAMANANA
(B.),
(1983) *Du ohabolana au hainteny*, Edition
KARTHALA, Paris, 665p
- FANONY (F.),
(2011) *Ôhabôlaña Betsimisaraka*, Antananarivo,
170p
- HOULDER (J.A.),
(1960) *Ethnologie et proverbes malgaches*, Imprimerie
Luthérienne Antananarivo, 216p.
- LALA-RAKOTOSON (R.J.A.),
Lovako T10, Edition Ambozontany
Analamahitsy Antananarivo, 248p

- LAIMIJAY (J.),
(1961) *Ohabolana Betsimisaraka*, Boky III, Imp. IARIVO, Antananarivo, 91p.
- MANFRED (M. P.),
(2003) *Sôva sy ohabolana*, Fianarantsoa, 380p.
- NAVONE (G.),
(1977) *Ethnologie et proverbes malgaches, Ny atao no miverina*, Ambozontany Fianarantsoa, (Collection Gasikara), 227p.
- RABENANDRASANA
(L.F.),
(2008) *Ohabolana sy fombam-pitenenana*, Antananarivo, 160p
- RAHAJARIZAFY (R.P.A.),
(1970) *Ny ohabolana malagasy*, Edition Ambozontany Analamahitsy Antananarivo, 160p
- RAHAJARIZAFY (R.P.A.),
(2011) *Hanitra nentin-drazana*, Edition Ambozontany Analamahitsy Antananarivo, 88p.
- RAINIHIFINA (J.),
(1961) *Lovantsaina Betsileo boky III*, Imp. Catholique, Fianarantsoa, 270p
- RAKOTOBE (M.)
(2004) *Ny fahendrena malagasy*, TPFLM, Antananarivo, 103p
- RAKOTOSON (Ph.), (1964), *Ohabolana tantsiraka*, Impr. Luth., Tananarive, 165p
- RAMAROSON (L.),
(1962) *Ohabolana sy fomba fiteny*, Imp. Catholique, Fianarantsoa, 96p

- RASAMUEL (M.),
(2012) *Ny fitenin-drazana Boky 1-2-3-4-5*, Trano Printy FJKM Imarivolanitra, 210p
- RATSIMBAZAFY (L.),
(1948) *Ohabolana vaovao*, Tananarive, Impr. Ny Antsiva, 16p
- SAMSON (R.),
(1965) *Ohabolana Betsimisaraka*, Antananarivo, 35p
- VOLOLONANAHARY (R.J.),
(1995) *Ny fomba fampianarana ny ohabolana eo anivon'ny taranja malagasy, Mémoire de CAPEN*, 181p.

BOKY NAKANA OHATRA

- ANDRIAMALALA (E.D.),
(2009) *Menarana*, Librairei Mixte, Antananarivo, 80p
- ANDRIAMANGATIANA (I.P.),
(2001) *Onjam-pilafila*, Faribolana I.P.A., Antananarivo, 130p
- (2007) *Sarobabay*, Faribolana I.P.A., Antananarivo, 62p
- RAZAKANDRAINY (J. V. S.),
(1968) *Folihala*, Tranom-printim-pirenena, Antananarivo, 156p
- RAHAJARIZAFY (R.P.A.),
(2004) *Filôzôfia malagasy*, Edition Ambozontany Analamahitsy Antananarivo, 155p

TRANONKALA

NANOVOZAN-KEVITRA

- http://fr.wikipedia.org/wiki/Bronis%C5%82aw_Malinowski
- <http://www.ac-bordeaux.fr/Etablissement/JMonnet/ses/coursocio/socio.htm>.,
- http://www.sfu.ca/fren270/semiologie/page2_6.html#start,
- <http://semen.revues.org/docannexe/image-1.jpeg>
- <http://enkatsu.free.fr/weblog/index.php?>...
- <http://formationcip.overblog.com/pages/>...
- *discours.pdf*.
- *Linguistique et pragmatique.pdf*
- *eer-I-2-02-balatchi.pdf*
- www.composite.org
- *Zéboute.wordpress.com./2012/03/24/le ...*
- <http://www.sfu.ca/fren270/sémiologie/page2-6.html#start>
- <http://fr.m.wikipedia.org/wiki/Discours>,
- *eer-I-2-02-balatchi.pdf*, op. cit
- *Lecture 1-4.pdf*
- *Hdr-Hilton-nov. 2009*
- Mme Réalini, *51-les-registres-littéraires.pdf*
- <http://www.etudEtudes-littéraires.com>
- es-littéraires.com/argumentation.php
- <http://joseph.rezeau.pagesperso-orange.fr/recherche/theseNet/>

FAMINTINANA

Fandinihana ny fitenin-drazana araka ny firafiny sy ny endrika isehoany ary ny fanehoan-kevitra ao aminy no natao ao amin'ny fizarana voalohan'ity asa ity ka hita fa andian-teny raiki-drafitra izy io ; ny lanjany sy ny fomba fampiasana azy kosa ny ao amin'ny fizarana faharoa ; ary fanolorana ireo paika enti-mampianatra azy no natao ao amin'ny fahatelo. Tsapa nandritra ny fandalinana fa maneho tanteraka ny izahon'ny mpiteny ny fitenin-drazana ampiasainy.

RESUME

Nous avons analysé, dans la première partie de cette œuvre, les structures intrinsèques et extrinsèques des idiomes et proverbes malagasy (fitenin-drazana ou FD) ; la valeur et les techniques d'emploi de ce FD dans la seconde partie ; et enfin, dans la troisième partie, nous proposons quelques stratégies pour l'enseigner. Nous avons constaté pendant cette analyse que le FD exprime la subjectivité totale du locuteur.

SUMMARY

This research focuses on the analysis of Malagasy proverbs and idioms. The first part deals with intrinsic and extrinsic structures. The second part is about their value and use. Finally the third part deals with some strategies to teach them. During the analysis, we have realized that the idioms and proverbs show the subjectivity of the speaker.

TOVANA

TOVANA I

a) Ohatra amin'ny FD anazavana ny lalan-tsaina fonkisionalista

Ohatra, ity misy FD fampiasa any amin'ny faritra atsinanana enti-manoritsoritra ny endrika asehon'ny vehivavy antitra manoloana ny fahasimban'ny fitaovana fitateran-drano antsoina hoe « lañanana » : « Abidy vaky lañanana ka misaraka amin-trehy ».

Abidy = rafotsibe ; *lañanana* = volobe novolavolaina ho fitaovana fitateran-drano any amorontsiraka ; *hehy* = hetsika ataon'ny olona amin'ny alalan'ny vava misokatra, mampiseho ny nify ka mamoka feo mafy na antonony izay maneho hafaliana.

Ireo teny rehetra ireo dia tsy azo afindra toerana na ampifanoloana amin'ny teny hafa mitovy hevitra aminy raha tiana ho voatana ny hakantony. Anisan'ny endri-panajana ny fiarahamonina nipoiran'ilay FD ireo rehetra ireo.

Atao ihany koa io FD io mandritra ny rasavolana (fanaovam-beloma fa samy hamonjy ny toerana misy azy ny tsirairay) manao hoe « Abidy vaky lañanana isika ka misaraka amin-trehy ». Nahafinaritra noho izany ny fiarahana tamin'io fotoana io.

b) Fanampim-panazavana ny lalan-tsain'ny fahaiza-mandaha-teny araka an'i Olivier Reboul

Raha fintinina izany fomba fijery izany dia izao no azo anazavana azy :

- *Ny fikarohan-kevitra* : Karohina sy angonina avokoa ireo singa rehetra heverina fa ilaina eo amin'ny lahateny hatao : ny hevitra, ny tohan-kevitra, ny voambolana (mila mifanoaka amin'ny sehatra ny voambolana ampiasaina). Azo ambara ho lisitra fotsiny avy amin'ny olona samihafa no atao eto izay tenenina amin'ny teny vahiny hoe « *brainstorming* » (mandray avy hatrany tsy misy fanivanana izay zavatra na hevitra rehetra tonga ao an-tsaina fotsiny aloha) ; satria, matetika, tena ilaina ireny hevitra na voambolana tongatonga ho azy ireny mandritra ny fandrindrana an-tsoratra ny lahateny.

- *Ny fandaminana izay holazaina* : Fantenana izay ilaina rehetra tamin'ireo voaangona ka alamina sy arindra araka ny hafonjany mba hisian'ny lôjika sy fikaonana hampahomby ny fandresen-dahatra. Izany hoe manao fanasokajiana aloha vao mandrafitra : fanasokajiana ny

voambolana hampiasaina, fanasokajiana ny hevitra araka ny lôjika sy ny hafonjan'ilay lahateny (fanombohana, vontootiny, famaranana).

- *Ny fandrafetana ny lahateny* : Mila fanomanana ny zavatra rehetra ka tsara aloha arindra an-tsoratra tsotsotra ny lahateny hatao. Ato no andaharana ny voambolana rehetra voafantina anaingoana ny hevitra aroso ka hiteraka fahalianana ho an'ny mpihaino.

- *Ny fanatontosana ny lahateny* : Mialoha ny hiatrehana ny olona itenenana dia raketina ao an-tsaina avokoa aloha ireo zava-dehibe rehetra tokony holazaina (ny hevitra, ny voambolana, ny paika samihafa, ets). Koa eo am-panatontosana ny lahateny voarafitra no ilalaovana ny toetry ny endriky mpandaha-teny isan-karazany hambaboana ny mpihaino (ny *éthos*) ary koa izay hahazoana sy handonana ny fon'ny olona itenenana (*pothos*). Mety hatao amin'ny alalan'ny fanetsehana ny zavatra hita maso amin'ny tena izany (vatana, tanana, maso, sns), fa mety koa ho amin'ny alalan'ny teny tenenina.

Tena zava-dehibe tsy azo atao ambanin-javatra ny fanajana ireo dingana ireo, hoy i O. Reboul, raha tian-ko tsara ny lahateny.

d) Fanampim-pitanisana momba ny dingana efa vita mikasika ny fandinihana ny FD

- Ireo nandahatra ny FD araka ny abidia sady nanazava fohy ny heviny na ny hevitra ny teny sarotra. Izany hoe nalahany araka ny feo manomboka azy ny FD ka mirindra manaraka ny fisesin'ny abidia malagasy avy eo amin'ny A hatramin'ny Z izany ; ary nohazavaina ny hevitr'izany rehetra izany. Ohatra : Ny bokin-dRainihifina, *Lovantsaina betsileo boky III*, 1961.

Misy koa ireo nandahatra ny FD araka ny abidia ihany saingy tsy manazava hevitra fa mandika azy amin'ny teny firantsay fotsiny. Ohatra : Ny bokin'i Fanony Fulgence, *Ôhabôlaña Betsimisaraka*, 2011.

- Ireo nandrahatra azy araka ny lohahevitra voiziny :

Ny teny dia mifono hevitra, ary ny FD dia tahaka izany. Misy hevitra voiziny izy ireny ka araka izay no andaharan'ny mpandinika azy sady asiany fanazavana fohy. Ohatra : Ny bokin-dRahajarizafy, *Ny ohabolana malagasy*, 1970.

- Ireo nanao fampitahana ny FD amin'ny lahateny hafa :

Misy fifanahafana amina lahabolana hafa ny FD ka ireny no dinihin'ny mpandinika.

Ohatra :

1) Ny ohabolana hebreo sy ny ohabolana malagasy nampitahain-dRazafintsalama Josefa, *Imerinalavasifina*, 1930.

2) Ny ohabolana sy ny hain-teny, nampitahain'i Domenichini-Ramiaramanana Bakoly, *Du ohabolana au hainteny*, 1983.

- Ireo namakafaka sy nandinika ny fomba fijery aman-kolontsaina fonosin'ireny FD ireny :

Niainga avy tamin'ireny FD ireny no nandinihana ny kolontsain'ny mponina namorona azy. Ohatra : Andriamanjato R., Rahajarizafy R. P. A., Dama-Ntsoha, Chapus Georges Sully sy Razanajoary :

- Andriamanjato R., *Le tsiny et le today dans la pensée malgache*, 1957 : Ny fiheveran'ny Malagasy momba ny tsiny sy today no vahavahany ao.

- Rahajarizafy R. P. A. : Nandinika ny fampiasana ny FD ao anatina kabary malagasy. Nandrindra ihany koa ireo FD araka ny lohahevitra sy ny fihetseham-po voiziny izy ary nanolotra ny firafiny amin'ny fomba mifintina. Taratra ao amin'ny fanadihadiany fa mivoy fihetseham-po samihafa ny sasany amin'ireny FD ireny.

- Dama-Ntsoha : Namahavaha ny fiheveran'ny Malagasy momba ny fiainana.

- Chapus Georges Sully sy Razanajoary : Sady nijery ny lafiny mahatsikaiky amin'ny fitenenana izy no nanazava fohy ny heviny amin'ny teny firantsay ihany koa.

TOVANA II

Asa efa nivoaka momba ny fandinihana ny FD

Maro ireo asa momba ny fandinihana ny fitenin-drazana efa nivoaka izay manana ny zavatra nodinihiny avy. Amin'ny ankapobeny dia saika niompana tamin'ny fanasokajiana ny FD avokoa ireo mpandinika ireo ; santionany amin'ireny ireto :

Ireo nandahatra ny fitenin-drazana araka ny abidia sady nanazava fohy ny heviny na ny hevitra ny teny sarotra

- RATSIMBAZAFY Louis, *Ohabolana vaovao*, Tananarive, Impr. Ny Antsiva, 1948 : Misy ohabolana miisa 2300 voalahatra araka ny abidia hatreo amin'ny M.

- SAMSON Robert, *Ohabolana Betsimisaraka*, Antananarivo, 1965 : Ahitana fitenin-drazana 844 voalahatra araka ny abidia ary misy hevi-teny (hevitra ny voambolana sarotra).

- LAIMIYAY Joël, *Ohabolana Betsimisaraka*, Boky III, Imp. IARIVO, Antananarivo, 1961 : Misy ohabolana 1145 voalahatra araka ny abidia ary misy fivoasana ny teny sy ny hevitra mety tsy ho azo.

- RAINIHIFINA J., *Lovantsaina Betsileo* boky III, Imp. Catholique, Fianarantsoa, 1961 : Misy ohabolana 2002 voalahatra araka ny abidia ary misy fanazavana teny sarotra.

- P. MANFRED M. Ofmcap, *Sôva sy ohabolana*, Fianarantsoa, 2003 : Sôva sy ohabolana tsimihety no ao ; voalahatra araka ny abidia hatreo amin'ny Z.

-FANONY Fulgence, *Ôhabôlaña Betsimisaraka*, Antananarivo, 2011 : Voalahatra araka ny abidia hatreo amin'ny Z ; misy dikan-teny amin'ny teny firantsay.

Ireo nandrahatra azy araka ny foto-kevitra voiziny

- NICOL H., *Choix de proverbes malgaches*, 1930 : misy dikan-teny frantsay.

- RAMAROSON Léonard, *Ohabolana sy fomba fiteny*, 1962 : misy tsikera

- RABENANDRASANA Lalao François, *Ohabolana sy Fombam-pitenenana*, 2008 : Misy ohabolana 449 voarindra araka ny lohahevitra ; ahitana fanazavana fohy sy fanolorana ny heviny.

Ny nanao fampitahana ny fitenin-drazana amin'ny lahateny hafa

- DOMENICHINI-RAMIARAMANANA Bakoly, *Du ohabolana au hainteny*, Edition KARTHALA, Paris, 1983 : Fampitahana ny ohabolana sy ny hain-teny.

Ireo namakafaka sy nandinika ny fomba fijery aman-kolontsaina fonosin'ireny fitenenana ireny

- ANDRIAMANJATO R., *Le tsiny et le tody dans la pensée malgache*, Edition Salohy, 2002 : Ny fiheveran'ny Malagasy momba ny tsiny sy tody no vahavahany ao.

- RAHAJARIZAFY R. P. A., *Hanitra nentin-drazana*, Edition Ambozontany Analamahitsy Antananarivo, 2011.

- RAHAJARIZAFY R. P. A., *Filôzôfia malagasy*, Edition Ambozontany Analamahitsy Antananarivo, 2004.

- RAHAJARIZAFY R.P.A., *Ny ohabolana malagasy*, Edition Ambozontany Analamahitsy Antananarivo, 2011 : Nandrindra ireo fitenin-drazana araka ny lohahevitra sy ny fihetseham-po voiziny izy ary nanolotra ny firafiny amin'ny fomba mifintina. Taratra ao amin'ny fanadihadiany fa mivoy fihetseham-po samihafa ny sasany amin'ireny fitenin-drazana ireny.

- DAMA-NTSOHA, *La technique de la conception de la vie chez les Malgaches, révélée par leurs proverbes*, Imp. Masoandro, Tananarive, 1947, p.108

- CHAPUS G.S. et RAZANAJOARY, *Le sens de l'humour dans les proverbes malgaches*, Bull. Acad. Malg., n°3. t. XXIX (1949-1950) p.p.7-13

TOVANA III

Ireo endrika efatra ambin'ny folo isehoan'ny FD nalahatra araka ny ambaratongam-pahasaratany avy (fanampiny) :

1°- Fampiasana tenin'olona/zavatra taterina mivantana (wellerisme)

“Kely ray nahazo jiolahy : “Tano fa azoko, vonjeo aho fa lasany”.

“Amalona, hono, ity Andriamanitra !” hoy ilay jamba nomena amalona”.

“Fara fahitana izao”, hoy ilay voa bala amin'ny masony”.

2°- Fampiasana fehezanteny mivadi-drafitra anasongadinana fampitahana izay takona ila

“Mpiasabe vonton’ anatra **ka** manao “mbay lalana” an-tsena”.

(**ny**) Mahery tsy maody (**dia**) tsy ela velona ».

“(ny) Singam-bolo (**dia**) tsy mahafehy faty”.

“(ny) Teny atsipin’ ny manam-panahy (**dia**) raisin’ ny mpahalala”.

« Ny akoho taman-trano (**dia**) tsy atakalo akanga tsara soratra (mandositra).

3°- Fampiasana fanalefahana fampitahana amin’ ny alalan’ ny teny hoe : « tsy mba... »

« **Tsy mba** tsiriry vorona aho ka manidina raha ritra ny rano ».

“**Tsy mba** ny afo handoro, fa ny masoandro be hanahazana”.

“**Tsy mba** ny mafy halain’ ny nify, fa ny malemy raisin’ ny molotra”.

“**Tsy mba** ny manta hotoazana aho fa ny masaka efa mihintsana”.

“**Tsy mba** roa vao mahatapaka tahaka ny hety aho, fa antsy mahaleo tena”.

“**Tsy mba** ny omby maditra hofolahina, fa ny reniomby teren-tsy mirohy”.

“**Tsy mba** ny rambony hanamavo ny vodiny aho fa ny lelany hanamandina ny trafony”.

4°- Fampiasana teny maro hevitra sy/na mitovy fanonona fa samy hafa hevitra

« "Izay no **takatra**" : hoy ilay namahan-**takatra** » / “Toy ilay nahandro **takatra**, ka izay no **takatry** ny ananana”.

« Kibo **manina** tsy mahatsiaro **hanina** ».

5°- Fampiasana teny enti-manohatra

« Izay adala no **toa** an-drainy ».

“Maika tsy faingana **ohatry ny** boka ndeha hanambady”.

“Manalasala **ohatry ny** vozon’ akoho : hanina toa taolany, hariana toa nofony”.

« **Toy ny** kitranotranon’ ankizy ka manao soa horavana ».

6°- Fampiasana fimiran-jotra (parallélisme)

« **Raha** ny zaza no tia tsapa fatana : // **diany** reniny no be tonotononon’ ».

« (**raha**) Ela nihinanan-dronono : // (**dia**) fotsy ny vava ».

« Ny nambolen **(dia)** -tsy naniry// ny nasosoka **(dia)** maty maso ».

“(ny) Lamba fohy **(dia)** tsy an’olon-jejo// (ny) lamba lava **(dia)** tsy an’olon-kamo”.

« Papango maty, vorom-boafandrika// mataho-tody aho fa vorom-boavono ».

« Tataro be vava// sohihy lava malotra : izay tandrify ny vava **(dia)** tsetsefina ».

« Ny varavarana no anton’ny trano// ny vavahady no anton’ny vohitra// ny kiady no anton’ny saha ».

« Dedaka tonga rafozana ka tranobongo ka asiam-pandri-baratra// akoho ka indramam-pamaky// volaventy ka ampanjanahina// eranambatry ka atao telo fonosana ».

“Sambatra kosa Raherana fa manan-kierana// sambatra Razozoro fa manan-kijoroana// fa mahantra kosa Ratatamo : velona manao ranomaso havozone, maty manao ranomaso havozone”.

7°- Filalaovana amin’ny feo izay miseho amin’ny endrika telo

➤ Teny mitovy fanonona

« "Izay no **takatra**" : hoy ilay namahan-**takatra** »/ “Toy ilay nahandro **takatra**, ka izay no **takatra** ny ananana”.

“(ny) Teny tsy **azo(dia)** mampiazoazo”.

“Aza mila voa tsy **àry** toy ny mpisikidy mampandihy ny **marary**”.

“Miady fo toy ny oran-ko **ritra** : ho lasa ihany ka miriadriatra”.

“Raha mahay **fianarana**, fa raha tsy mahay feno **arina**”.

“Volivoanjon-d**Rakaretsaka** : ny an’ny tena tsy vita ka ny an’ny an’olona **karatsehina**”.

“Raha tsy mety ho **hevitra** dia **havitra**”.

“Sarotra entina toy ny rafozam-be tsiny : omena ny manta, “tsy omby **vilany** ; omena ny masaka, “sisy tsy **lany**”.

8°- Fampiasana teny savily mpampitohy, mpampifandray, mpampiankin-kevitra:
« ...fa..., ...fa...fa..., tsy misy...fa..., raha...dia..., ny...fa ny..., ...tsy...ka...vao...,
...ka/ : (teboka roa) ..., na ialohavan'ny mpanampy te : te...ka...

“Ny anarana tanim-boanjo **ka** izay kely famaritra no ratsy”.

“Mpiasabe vonton'anatra **ka** manao ombay lalana an-tsena”.

“Fararano tsy manango-mololo **ka** lohataona **vao** mifako vody vary”.

«**Te** hoderain'ny goaika **ka** mamboly voanjo ririnina ».

“**Te** hoderain'ny akoho **ka** mitoto vary diavolana”.

« Tombon-dalana ny lasa **fa** lalan-karahana ihany ».

“Ny mitondra tehina mora **fa** ny mitondra tena sarotra”.

“Ny adala tsy mahalala ny tsy misy **fa** ny hamoronana ihany no fantany”.

“Fantatro **fa** tohon-javatra **fa** iniako jonoin-kankarary”.

“Andro hamaizan'ny trano dia manao afo am-bilanikely, **fa** rahampitso manao afo am-borodamba”.

“Ny fahafatesana tsy mba heloka **fa** zara hetra”.

“Fy ny toho, fy ny amalona **fa ny** lelako tsy ataoko jono”.

“**Tsy misy** mangidy noho ny sakay **fa** raha teny ierana dia hanina”.

“**Tsy misy** mahay mandeha ohatry ny akoho **fa raha** mandeha amin'ny sahafa solafaka ihany”.

9°- Fampiasana fehezanteny mandidy izay maneho anatra mivantana

➤ Mandrara tsotra amin'ny alalan'ny fampiasana ireo teny savily maneho fandrarana, toy ny : « tsy mety..., aza..., raha...aza..., aza...ka..., aza...ohatra ny..., aza...toa... ».

“**Aza** ny tompon'omby terena no ampisotroina ny hontsam-boatavo”.

“**Aza** mandalo tanà-misy havana”.

“**Aza** manao fon'ny mpanefy : mikapo-dalitra ambony lovia ka mamoy sasanangy tsy satry”.

“Raha sarotin-katsiaka (dia) **aza** tia vary aloha”.

“**Aza** manao fitia paraky **ka** hatreo am-bava no miakatra ihany”.

“**Aza** misolo voina ny akalana **ka** mitetika hena ambony fe”.

“**Aza** odian-tsy hita **ohatry ny** tonom-bomanga misy vahiny”.

“**Aza** mitoe-poana **ohatry ny** vato : ny lehibe tsy miteny, ny kely tsy misy mpananatra”.

“**Aza** mitompo teny fantatra **toa** ny antsikely be zarana”.

“**Aza** mandihy am-piringa **toa** vorondolo”.

“**Aza** manao masoandro avy atsinanana **ka** ny avo ihany no taingenana”.

- Mandrara sady mampisafidy malalaka amin’ny alalan’ny teny savily maneho fandrarana, toy ny : « aza...fa..., aza...fa...fa... »

“**Aza** midera vady mahay mandihy **fa** ao ny sandriny hilaza azy”.

“**Aza** ny lohasaha mangina no jerena **fa** ny Andriamanitra antompon’ny loha”.

“**Aza** ny haben’ny vary maina no zahana **fa** ny taona halana no heverina”.

“**Aza** misomidika ambony toa menaka **fa** ataovy latsaka anaty toa tsoaka”.

“**Aza** tobatobaina ny vary **fa** ny mitsidika an-tranon-drafy no tsy toha”.

- Mandrara amin’ny alalan’ny fampiasana teny savily maneho safidy mampisaintsaina

Fampiasana ny « izay...izay.../ izay...fa.../ izay... ».

“**Izay** tsy mahay sobika mahay (dia) fatambary”.

“**Izay** iray donak’afy (dia) iray dinidinika”.

“**Izay** adala no toa an-drainy”.

“**Izay** manoro lalà-mahitsy (dia) mamindra aina”.

“**Izay** manova fantsaka (dia) vaky siny, **izay** manova fitana (dia) lanin’ny mamba”.

Fampiasana ny « ny...fa... »

“**Ny** lainga (dia) mampisolantsolana andro ilazana **fa** mampivalomainty raha mifanatrika”.

Fampiasana ny « ...tsy mahaleo... »

“**Ny** voky **tsy mahaleo** ny tsaroana”.

“**Ny** fandio iray siny (dia) **tsy mahaleo** ny fandoto iray tandroka”.

Fampiasana ny teny milaza fandavana tsy miaraka amin'ireo teny hafa. Toy izao ny endrika isehoany : « ny ...tsy...tsy..., raha tsy...tsy..., tsy...tsy..., ...tsy..., ny...tsy..., ny...tsy...dia... »

“**Ny** hitsiny **tsy** aritra, ny rariny **tsy** enti-mandefitra”.

“**Ny** havan-tiana (dia) **tsy** iaraha-monina”.

“**Ny** adala no **tsy** ambakaina (**dia**) ny Andriamanitra mahatahotra”.

Fampiasana ny “ny...tsy mba”

“**Ny** kely (dia) **tsy mba** mamindro”.

➤ Mandrara amin'ny alalan'ny fampiasana teny savily maneho safidy manilika

« **Aleo** very tsikalankalam-bola **toy izay** very tsikalankalam-pihavanana ».

“**Aleo** manontanitany foana hihomehezana **toy izay** manaonao foana hotezerana”.

“Vikina alina : **aleo** mihoatra **toy izay** ho latsaka”.

« **Raha** dobo tsy ho sahy siny **dia** miketraka ho renirano ».

“**Raha** hitsangana ka tsy hahay (**dia**) **aleo** mitomoe-misonenika”.

“**Raha** ankasomparana no atao (**dia**) haboriako samy tsy hanana”.

“**Aza** manao masoandro avy atsinanana ka ny avo ihany no taingenana **fa** manaova masoandro avy andrefana ka izay mivoha tsidihina avokoa”.

10°- Fampiasana ireo paika enti-manazava, toy ny fampiasana ny « teboka roa (:), ny ka, ny faingo, ny fa, ny ...tsy...fa... » raha an-tsoratra fa fiatoana kely raha am-bava

“Zanaka velon-kalina **ka** ny am-pony (dia) hafa, ny am-poko (dia) hafa”.

« Tsikovoka sy fandiorano : volo no iraisana fa ny fomba samy manana ny azy ».

“Fozalahy ririnina : samy mitady tamenany ho azy”.

11°- Fampiasana fehezanteny takona ila (ny L)

“Mandihy tsy afa-tavony”.

“Miala reraka am-bavam-boay”.

b) Ireo endrika vokatry ny fampiasan'ny olona azy

12°- Miseho amin'ny endrika lahabolana hafa

➤ **Ny ankamantatra sy ny fitenin-drazana**

Inona àry izany ?

Maizina anatin'ny mazava ; (valiny : “ *jamba*”) / « *Maizina anatin'ny mazava **ohatry ny jamba** ».*

Inona àry izany ?

Ny arivo lahy tsy maty indray andro ; (valiny : “*fanenitra na tantely*”) / « *Ny arivo lahy tsy maty indray andro* ».

Inona àry izany ?

Lehibe vao manary lamba ; (valiny : “*fary*”) / « *Lehibe vao manary lamba **toa fary** ».*

Inona àry izany ?

Kely mialoha Andriana ; (valiny : “*tehina*”) / « *Kely mialoha Adriana **toa** tehina* ».

13°- Miseho amin'ny endrika fanontaniana

“***Nahoana*** no maniry manitra ohatry ny boka anaty tapia ?”

« Sitry ***ve*** aho ka ho velona ambony vato ?

14°- Fampiasana filaza mandidy enti-mandrara na maniraka amin'ny alalan'ny :
aza..., aza...ohatry ny..., aza ...tahaka ny..., aza atao..., aza manao..., aza atao toy
ny..., ataovy..., ataovy toy ny..., manaova..., aza...fa ataovy..., tahaka ny..., toy ny...,
tsy mety raha...

Ireo misy teny hafa nampiana eo alohan'ilay endrika fototra

➤ Ireo misy teny hafa nampiana eo alohan'ilay endrika fototra

Aza manao fon'ny mpanefy : mikapo-dalitra ambony lovia ka mamoy sasanagy tsy satry ».

→ “*Aza **manao** fon'ny mpanefy : mikapo-dalitra ambony lovia ka mamoy sasanagy tsy satry*”.

Toy ny vakan-drazana isika ka izay mihata-maso aloha velezina, ary izay tsy ampy fenoina

→ « ***Toy ny** vakan-drazana isika ka izay mihata-maso aloha velezina, ary izay tsy ampy fenoina* ».

TOVANA IV

Fitenin-drazana avy any amin'ny faritra vitsivitsy

Tandroy

- 1) “*Dagoro mitete tahalake, ndra tie tsy be abo*” ~ “*Vano mitaingin-tahalaka, na tsy lehibe aza avo*”.
- 2) “*Fanambalam-balavo : samby mikepoka ty azo*” ~ “*Fanambadiam-boalavo : samy mikepoka izay azony*”.
- 3) “*Kadramidra tsako le, tsy mifampigaga ty sandre bey*” ~ “*Voavahy sy katsaka lena : aoka tsy hifanambaka fa samy lehibe*”.
- 4) “*Kitrane païen'akanga, ta ty tongisen-dambo*” ~ “*Aleo hehezina ny akanga toy izay trongisin-dambo* ».

- 5) «Kaliñan-doha tsy manafaka hetoka, vetsevetse tsy manafaka hamaniña» ~ “Ny hifikifi-doha tsy mahafaka hadisoana, ny vetsovetso tsy mahafaka alahelo fa tsy maintsy miteny hanambara ny ao am-po” = “Ny hetaheta tsy afa-dronono”.
- 6) «Korokoro sofya te-hahare, kosokoso maso te hahatrea» ~ “Ny kisokitsokirana ny atisofina diañe fitiavana mba handre tsara, ny hikosokosehana ny maso dia izy mba tiana hazava kosa» = «Ny anambadian-ko namana ; ny hiterahan-ko dimby».
- 7) «Sadrô navoa-drano : tsy rô tsy vente» ~ «Sotrobe nandoaran-drano : tsy mitondra ro, tsy mampakatra ny ventiny».
- 8) «Sôra, sambe mila ho mena-e» ~ “Sôra ka samy manao izay hahatavy ny tenany” = “Fozalahy ririnina ka samy mitady tamenany ho azy».
- 9) «Toko pai-e, vato treako» ~ “Toko notadiavina ka vato no hita” = “Naniry zaza ka tera-dahy”.
- 10) “Trafon-kena nomey no mahere, am-bava mitsamike, am-po mivetsevetse” ~ “Trafon-kena nome-mahery : am-bava homana, am-po mieritreritra”.
- 11) “Tsy mandika loha gañane” ~ «Aza manao rano dikain’ny zinga».
- 12) “Tsipiritse homba fole, tsy longo fa fahamaro” ~ “Tsikirity miara-dia amim-pody, tsy tompon-dia fa mpanaraka”.
- 13) “Vaza nihinan-tsele : diso kelekele fa tobo ky an-tsihin-drene” ~ «Diso kely toy ny boloky nihinan-tsely fa nipetraka an-tsihin-dreny”.

Tanosy

- 1) “Amalo nirahi-nantsaka tsy mivery sasy”. ~ «Amalona nirahina nantsaka tsy miverina intsony” = “Sira latsaka an-drano tsy azo raofina intsony”.
- 2) “Asa vali-rano, tsy vita raha tsy ifanampia”.
- 3) «Aza atao fitiavan’atronga¹, manao tia ko mangaro-maso» ~ «Aza manao fitiavan’atronga, milaza ho tia nefa mangaro-maso”.
- 4) «Hafa ny mitaiza ny varika, ka hafa ny amokonany an-tratra» ~ «Olon-kafa no niteraka ka olon-kafa no tompoiny”.
- 5) “Havana am-molotry” ~ “Havana raha misy patsa”.
- 6) “Hazo an’ala, vahy an’ala : ny miharo koa mifampipalipalitsa” ~ “Toy ny hazo sy ny vahy any an’ala, ka izay mifanakaiky tsy maintsy mifatopatotra”.

¹ Olon-dia lava volo, lava hoho, mena maso

- 7) *“Heloky soko², tsinay misy azy koa tsifatsifariñy” ~ “Manao hatezeran-kankana, ka ny tsinay mitaiza azy indray no kaikeriny”.*
- 8) *“Indroa maty hô vary naraha” ~ “Indroa maty toy ny vary narahana”.*
- 9) *“Jamba nome amalo : “fisake ny ohiny ko homa” ~ “Ilay jamba nomena amalona : “fisaka ny rambony ka mihinana”.*
- 10) *“Lambo manaraka aloka, tsy hery fa havoza”.*
- 11) *“Longoza maty, sinto³ mandimby”.*
- 12) *“Toko tinalia, vato no hita” ~ “Nitady toko ka sendra vato”.*
- 13) *“Zana-bôà, tsy ampianarin-domano”.*

Bara

- 1) *« Haly fozan'i Monga : manosika azy himpoly » ~ “Hady fozan'i Monga : manosika azy hiverina” = “Boka mihalom-poza : manosika azy hiverina”.*
- 2) *« Izay asondrotra votry ».*
- 3) *« Tangeringerin'adala mandavo ny hendry ».*
- 4) *« Takatsy nasia sira, vorondolo nasia ana : homana izay mahasahy » ~ “Takatra nasian-tsira, vorondolo nasian'anana : homana izay mahasahy”.*
- 5) *« Tsindrok'akoho ny tsara : tsy vory ka ho vary aby, misy vato anelanelany eny » ~ “Toy ny tsindrok'akoho ny resaka : tsy izay rehetra voafaokan'ny vava ka ho vary avokoa fa mba misy vato ihany eny anelanelany eny”.*

Mahafaly

- 1) *« Am-bava tsy voahota, an-tanan-tsy voarae » ~ “Ny ao am-bava tsy voatsako, ny ao an-tanana tsy voatana” = “Ny an-tanam-botsotra, ny antenain-tsy azo”.*
- 2) *“Bageda ty vola toe lainy ty ndrona” ~ “Vomanga ny miteny ka laitran'ny banga”= “Mora ny miteny fa ny manao no sarotra”.*
- 3) *“Firaen-dambo ze mania” ~ “Firain-dambo izay mania” = “Izay be no basy fa izay vitsy lanin'ny vitsika”.*
- 4) *“Lia ty tanana, limbaza ty tongony” ~ “Ny dian'ny tanany dimbiasan'ny tongony”.*
- 5) *“Ranomaso tsy mahatra-pate” ~ “Ranomaso tsy miaraka amam-paty”.*

² Kankana

³ Solofon-dongoza

- 6) *“Saro-dolohazo ho I rene ihao” ~ “Saro-dolohavinatoa renihao~ “Saro-tiana toa landy mohaka : tiana vao misarigotra”.*
- 7) *“Zalilia henam-bondraka (hena matavy), vonjena mahia “~ “Rano am-bonim-bato”.*
- 8) *“Tantely naharo amam-babo”~ “Tantely miaraka amam-bahona”.*
- 9) *“Tora –jaka nahavita “~ “Nanary ny zavatra nahavonjy “~ “Mitsipa-doha lakanitana”.*
- 10) *“Vato an-tanan-drahamba tsy atora-boro” ~ “Vato an-tanan-drahalahy tsy atora-borona”.*
- 11) *“Ze mahatante ty filone homa ty matoene” ~ “Izay maharitra ny filendolendony (voanemba) mbola tanora , homana azy (matsiro satria afa) antitra tsara”.*

Sakalava

- 1) *“Nanadino vady namangy rafozaña : hadino zava -mahery”.*
- 2) *“Antibavim-boaniho ; matoy vao mihontsaña “~ “ Amberivatry ;antitra vao mikoritsana”.*
- 3) *“Banga mifanekitry, boka mifanindry ; samby miala mazava”.*
- 4) *“Botra zanaka ; marim-pivolaña” ~ “ Izay manan-sira no mahay mahandro”.*
- 5) *“Mihanjohanjo karaha vady lova namai-dahy tokana” ~ “Mampifilafila toy ny vady entim-doloha nitera-dahy tokana”.*
- 6) *“Tamatamam-pary mamy ; mangady vahatra an-tany” ~ “ Tamam-pary mamy , ka mangady ny fakany”.*
- 7) *“Voalavo lahy manamory lakana, raha tsy fatao maharanga sofina” ~ “Ambolobitaka ,ambolo matavy : zavatra tsy hay tsy azo ibitabitahana”.*

Tsimihety

- 1) *“Akoholahibe vohin’ny mongo, samby mangala ny an-tendany”.*
- 2) *“Añambo satroka tsy mandreby rivotro ; zanak’andriamanitra tsy maty amin’añarany”.*
- 3) *“Añan-tsahoño nahoño amaloño, aniky ampoñony”.*
- 4) *“Añivo tsy matavy toa rambon-kena”.*
- 5) *“Antiboavy nilefa mahaleñy ; takatr’izy naiña”.*
- 6) *“Aza mijabedaka amaloño am-bovo ; tsy ny eo ho lôsoño mô ny aña tsy ho azo”.*

- 7) *“Sala be ny antambo, vary añaty riha tsy hanin-dambo”.*
- 8) *“Aza mañano tantely lava nify ; folo taoño tsy misy haminy”.*
- 9) *“Diavôlaña mañôraña andro : tsara mandra-teña”.*
- 10) *“Domohiñy azon’i Ngiaka ; zaho mahazo no manaña ny era”.*
- 11) *“Elany ninterana ka azom-bahy ny nify”.*
- 12) *“Enom-boroña sahalalôño : henoko iniany pôla henoko koa amarañy”.*
- 13) *“Gamadiniky misongerigeriñy, sojabe no fani-maso”.*
- 14) *“Kabary faha fôdy, vôlaña faha karaoko ; raha jiaby kony e, rombandrombahiñy”.*
- 15) *“kabija lohasaha, maramara alaiñy”~“Tavolo maniry eny an-dohasaha : (tsy mamody nefa maha te hiady amin’izato volondohany midofadoofa=madera ravina fa poa-taho”.*
- 16) *“Lakana nivalaña aliñy, nihitako fa tsy nohaiko”.*
- 17) *“Lalan-tsy hay, maiziñy antoandro”.*
- 18) *“Lela nantsilañy tsy azo ahôhotro”.*
- 19) *“Levenam-bola tandrify masôva ; ny vato sary omby , tôrotra fa tsy izy”.*
- 20) *“Tohobe latsaka alañana : tsy misy tôngotro hanipaka, tsy misy tañana handangotro”.*
- 21) *“Tsôratsôraaka angivy, mafaiky tiam-baiavy”~“Amberivatry an-tany mena tsy tian’ny olona fa tian’i landy”.*

Tesaka

- 1) *“Miasa tsy homa akô fangady”.*
- 2) *“Atody mokokoy : aloa mahafaty mahafaty reny, ately mahafaty ray”.*
- 3) *“Samby zanaka pamily tsy mifamarotra tsikora mantsy” ~“Samy zanaky ny mpanihika ka tsy hifampivarotra patsa maimbo”.*
- 4) *“Tody atsy today ary akô lakan’e pila via”.*

Tanosimboahangy

- 1) *“Sesy ambin’ny be tombokantsôro⁴ : izay mandeha ihany no arahina”.*
- 2) *“Mivezivezy karaha firaka atakalo”.*



⁴ Vay amin’ny tongotra : vakivaky

- 3) *“Mañararaotra karaha baña mihomehy alina”.*
- 4) *“Vola nisamborina : tsy very fa mialaka terana”.*
- 5) *“Antobavy very leoña : mitahino izay kadonany”.*
- 6) *“Tain-delo an-tsena : ny rahan-teña azahoan-doza”.*
- 7) *“Milefa fôsa ka sendra vontsira”.*
- 8) *“Voly parakin’ny tsy homana ka hohanin’izay homana azy”.*
- 9) *“Antibavy nañano balila : avelao ilamina dia misesy”.*
- 10) *“Ny eritreritra de rôpilanina fa ny aina hamindra sarety robaka”.*
- 11) *“Ny tsiñy tsy hamono mampanindry mandry”.*
- 12) *“Gana mitety benga (bainga) : ny ahanina tsy azo ; ny tratra mangana”.*
- 13) *“Saoña mibaby anaka : tsy tanjaka fa avotra aina”.*
- 14) *“Vavan-kisô misy sira ka izay mahasahy homana”.*
- 15) *“Tataro be vava ; sohihy lava molotra : izay tandrify ny vava tsetsefina”.*
- 16) *“Gisilahy mangala-ketsa : izy mangalatra indray no añambo vava”.*
- 17) *“Sakalava very aomby : ny rahan-teña hita no entina mody”.*
- 18) *“Kovioka⁵ am-pataña, fandrika an-davenona ka raha tsy mahavoa mpamindro mahavoa mpahandro”.*
- 19) *“Ny hazakazaka tsy mba de (dia) fa ny miada-mora mahazo ny lavitra”.*
- 20) *“Akôndro mahie (mahia) misy masaka : saro-dazaina amin-kavana”.*

⁵ Fandrika vorona na biby vita amin’ny hazo azo aforitra, ka ny ilany (vodiny) mitsatoka amin’ny tany sy hazo madinika voatapatapaka ihazonana ilay navoritra (rakaraka ny halehiben’ny zavatra hofandrina ny halehiben’ny hazo azo aforitra).

TOVANA V

Ireo tompon'ny teoria nampiasaina



NY MOMBAMOMBA NY BOKY

Haifampianaranamampiasany fitenin-drazana ao anaty lahateny no
vontoatin'ity sasafikarohana ity ka nodinihanatao anatin'afizaran'atelo hibe izany:

I – Ankapobeny momba ny fitenin-drazana

II – Ny piragimatika ny seraseramampiasa ny fitenin-drazana

III – Fampianarana mampiasa ny fitenin-drazana

Isan'ny takila : 226

Isan'ny kisary : 03

Isan'ny fafana : 07

Isan'ny tovana : 05

FAMINTINANA

Fandinihana ny fitenin-drazana araka ny firafiny sy ny endrika isehoany
ary ny fanehoan-kevitra ao amin'ny fizaran'avoalohan'ity asa ity
ka hita fa andian-teny raiki-drafitra izy io ; ny lanjany sy ny
fombafampiasana azy kosa ny ao amin'ny fizaran'afaharoa ; ary fanolorana ireo
paikaenti-mampianatra azy no natao ao amin'ny fahatelo. Tsapanandritra ny
fandalinana fa manehotanteraka ny izahon'ny mpiteny ny fitenin-
drazana ampiasainy.

Tenymanan-danja : ny fitenin-drazana, andian-teny raiki-drafitra
(*expressions figées*), fizarahana (*subjectivité*), piragimatika (*pragmatique*),
haifampianarana (didactique).

Mpikaroka : RASOLONIRINA Eugène

Mpitarika : Ramatoa RATIARAY Suzette Malalatiana (maître de
conférences)

Date de soutenance : 03 Mars 2016